Anticiper, mialoha, mañaloha, manao aloha, maka aloha, manao sandra, mamahavaha.—un paiement, mankefa aloha ou sandra. — sur ses revenus, mandány haréana sandra.— sur les temps, mandika taona, mañiana andro, mamokin' andro, misarombak'andro. — sur le bien d'autrui, manao fangady belela, mangálatra. vo Usurper. ANTICIPÉ, maláky loatra, mañiana, mialoha andro. ANTICIPATION, fialohána, fañalána aloha, fahazóana aloha, fañiánana. Par—, d'avance.

Antidartreux: remèdes —, fañala kesa.

Antidate, andro tsy éndrika avy, andro ts'izy. L'ANTIDATER, milaza andro aloha lóatra.

Antidote, aody, fañafody, fañéfitra, fandáfika, vo alexipharmaque.

Antienne, lohanantsa másina, tapak'antsa; h fialohankira, fañalohan'antsa.

Antilaiteux, maharitra ronóno, mahasitrana ronono.

Antilope, osy mivolimbólina tándroka.
Antipape, rafy ny Papa, papa boka, mpiháboka ho papa.
Antipathie, fo tsy tia; tsy fitiávana, h fankahalána. HAINE. Sentiments ANTIPATHIQUES, fo mifankalaiña, h mifankahala, mifamótitra, mifandrafy, tsy mifañáraka, tsy mifañeky, tsy mifankatia, tsy mifanka-azo, tsy miraiky.
Antiphonier, antiphonaire, taratasy ny lohanantsa.
Antiphysique, mañantambo, mandoza, manamánkona.
Antipodes, ny ambány ny tany. Les —, ny o mónina ambany ny tany, mifamoti-bity amy ntsika, ou mánana tóngotra tandrify ny tongo'ntsika, ou mifanandrify tómboka amy ntsika.
Antiputride, tsy mahaló, tsy mahamótraka, tsy mahamántsina.
Antiquaille, závatra ela avy amy ontaolo.
ANTIQUAIRE, o mahafántatra ny z ela, mpandinika ny taozávatra faharazandrazáñina.
Antique, ela, sk lehánika, tsy vao, hay, haihay, haihaihay; fah'antaloha, fah'antaolo. ANTIQUITÉ, fahelána, dh fahela; dh fahiny; fahanteràna. L'— a eu ses arts, ny antaloha mba nahay z maro. Les — de Rome, ny tao-závatra ela anaty Roma. vo ancien, âgé.
Antispasmodique, mahaketrak'òzatra, mampandry òzatra, miaro ny miendatréndatra, dh miaro ny voly, miaro ny tévika, ? fañala tromba.
Antithèse, teny mifandiso, hévitra mifanisotra.
Antivénérien, dh miaro ny kibay.
Antre, hitsika, lava-tany, lava-bato, hitsi-bato, lávaka, pv jómana, h zoma; tranombibv, torabintsy.
Anuiter: s'—, mañariva, mañálina, tratr'alina.
Anus, fory.
Anxiété, g ahiahy, fañahiahiana. Longue —, h tapitapy. Etre dans l'—, mañahiahy, manahy, miahy, miahiahy, h maro heréhina; pour q, h mahína, mahinahina; avec —, an'ahiahy. Dans une — continuelle, g mandri-andriran'antsy, h mandri-tsirangaranga, mandri-vodivodiana, mandri-antendron-tsaboha, mandri-andriran-défona, mandri-añahiahy, h mitapitapy. vo angoisse.
Août, h ? alahamady, pv volambita.
Apaiser q, mankamora, pv mañala héloka, mañala hasira, manambitamby, mañatrakátraka, mampangíña, mañala fo, mampirádana, h mampiónona, h mampiónina o. — la colère, les vents, mañétraka, mampandry ny hasira &. — la faim, la soif, mañala mosary, hetaheta; mañétsaka ny kibo; mahétsaka. S'—, mihamora, kétraka; afakáfaka, mióñona, miónina, mandry.

Apanage, anjara, zara, anjady.

Apathie, aran'ahy, fiaránan'ahy, baran'ahy, tsy fanahiana, fo maty, fo tsy mahareñy z, fo miborétaka. APATHIQUE, miaran'ahy, baran'ahy, mibaran'ahy, tsisy fo, maty fo, tsy mañahy raha, tsy mahareñy z na hafañana na alahelo, matoro fo, tola fo, manara fo, tsivinitra, h moramoraina, dh tsy mahatsiaro.

Apercevoir qc, s'— de qc, mihita z. S'— l'un l'autre, mifankahita. Qc aperçu, z hita. Qc qui s'aperçoit, z hita, vo APPARAÎTRE, COMPRENDRE. Un APERÇU, fahitána, fizahána, tápany; en donner un —, manoro tápaka, mañambara azy hely, mamotsifotsy, mamándana. En —, en abrégé.

Apéritif: remède —, aody mahazava kibo, aody mampándeha, mamaha, mamoha, mahasôkatra; ? fankandeha.

Apetisser, h manakely, mankahely.

A-PEU-PRÈS mort, karaha maty, karaha ho faty. C'est — fini, kelikely foana no tsy efa, efa ho efa izy, kely foana no tavela, kelikely no sisa. Se contenter d'un —, tsy mañahy ny kely tavela, ny ila hoho sisa. Faire les choses —, manaotao foana, tsy mahavita, tsy mahatody, tsy mamara asa, tsy mañala fara asa. Ils sont — sembables, miramira reo. — là, aoao, h aohoao. vo madiva, saiky, vaiky, mitsitsy; Environ, Presque.

Aphélie, ny aleha ny *Planète* manalávitra ny masoandro indrindra. vo apogée.

Apiquer, manangánga, mampitsingánga, maninganga ny sakampalazy.

Apitoyer q, h mampiantra, pv mampitse-kibo, mampitsepo o, g mampalahelo o. S'—, h miantra, pv mite-po, mafiraina, mite-kibo, mitsetsétra.

Aplanir un chemin, manamárina, mankamarimárina, mampira, mampirana, mampérana, mampirampira, mampitovy, manamarin-drano lálana, mañala montomóntotra azy. — une montagne &, mañetry, manjetra, mamísaka, mañétraka vóhitra; mampandry volo; mamánkona fafa. — les difficultés, manala ny sárotra, mahamora ny sarotra. S'—, mihiamárina, mizétra, vao ho mira, vao ho kétraka, efa ho áfaka. APLANISSEMENT, ac fanamarínana, fampirána, fampiráñana; n hamarénana, hamirána, hamiráñana.

Aplatir qc, mamísaka, mamisapísaka z. APLATISSEMENT, famisáhana, famisapisáhana. vo aplanir.

APLOMB, g árina; tsiñariñárina, hamarénana. D'—, márina; mijolo, h mijoro. Le mettre d'—, mañárina azy. Se mettre d'—, miárina. Qui a de l'— dans sa conduite, marintoetra. Le porter d'—, manao tsiariñárina azy. Son —, ny hamaréna'ny.

Apocalypse, taratasy amy ny *Bibily*, misy ny k nambara ny Zanahary amy ny masindahy *Jean*; fañambarána. Style d'—, fivólana sarotr'azo fôtony.

Apocryphe, tsy to lóatra, tsy mahatoky, tsy hay tompo.

Apogée, ny aleha ny *Planète* manalávitra ny tany indrindra. L'— de la gloire, le SOMMET.

Apologie, ac fañalan-tsiñy, fiarôvana, fiderána; n fialantsiñy. Faire l'— de q, manala-tsiñy, miaro, h midera, pv mañengy, mandrangy, mañángy, mankalaza, mampialatsiny o. Faire sa propre —, miala-tsiny, miaro tena, pv mandrengy vátana, manao hialána, mankalaza tena. Discours APOLOGÉTIQUE, toriteny misy fañalan-tsiñy.

APOLOGUE, angano hely tsara fañanáran'olona; h arira, h hatsikiana. vo fable.

Apoplexie, aretin-doha avy támpoka mahatòrana tsitra, ka indraikindraiky mahafaty.

Apostasie, fialána amy ny Zanahary, fihemórana, fiodinana, fañodinana. APOSTASIER, mahafoy Zanahary, miala amy ny Zanahary, mihémotra. vo abandonner. Un APOSTAT, o nahafoy, namádika Zanahary, niódina támy ny.

Apostème, fery, tsongo; h ? tsevodrano. vo abcès.

Aposter q, manoetra, manátoka, manángana, mampitoetra o hifilo.

Apostille, soso-tsóratra, h anampy, pv fañampian-tsóratra. APOSTILLER une lettre, mañampy sòratra, manoso-tsòratra azy, mañisy soratra amy ny sorítan-tavela.

Apostolat, fatao ny *Apôtre*, raharaha ny iraka. Pendant son —, tamy ny taona nandaisa'ny ánatra tamy ny o, mbola izy mitondra ánatra. La carrière APOSTOLIQUE, ny nombány ny apôtra. Préfet —, solo papa, iraky papa; bref —, taratasy avy amy ny papa. La doctrine —, ny k nambára, nampianáriny, no lazainy ny apôtra, ny fañambarány, ny fañanárana avy amy ny apotra. Prêcher à l'—, APOSTOLIQUEMENT, manao toriánatry apôtra, mira fañanárany amy ny apotra, toy apotra izy manánatra.

Apostrophe à q, todi-bólana, tora-bólana tampotámpoka; teny atòraka, pv ranteha-bólana. — orthographique, (') tebo-tsóritra fanesórana sòratra vakifeo. APOSTROPHER q, mitodi-bólana o, mitora bólana amy ny o, miantso o tampotámpoka, manao vólana mamaky hándrina. L'— d'un soufflet, mitoraka tefamaina azy, mitopy téfaka azy.

Apostumer, pv mañásaka, pv miveñaveña, h mibenabéna.

Apothéose, fanandrátana olona hanjary Zanahary. Le jour de son —, ny andro niakárany hanjary andriamánitra. En faire l'—, le Déifier.

Apothicaire, mpivárotra aody, pv mpikopok'aody, mpa-

nao ody. APOTHICAIRERIE, fikopóban'aody.

Apôtre, aharan-dreo fololahy roy amby nofidiny i Jeso-Kry, niráhi'ny hilaza ny filazan-tsara amy ny tany ziaby. Iraka, apôtra.

Apparaître, g miseho, mibóaka, h mivóaka. Mampiseho tena, maneho tena, mamoa-bátana, h mipósaka, pv mipótsaka, h mipoitra, pv mipótsika. vo manirinkina, g mitranga, mifòkatra, miókatra. — tout à coup, h — támpoka, pv — sobéraka; h miranga, misémbana. — à peine, h mamelovelo. — en songe, h manindri-maudry, azo nofy. Qui apparaît, hita, hita maso, tafiseho, tafivóaka, tafipósaka. vo Paraître.

Apparat, g fihamínana, h fihaingóana, rehareha, g tabiha, g rendrarendra, pv tabotabo, dh rendrirendry. Parler avec —, mirehareha mivólana. vo pompe.

Apparaux d'un navire, vo agrès.

Appareil, vo vorongo, vorónkona, rónkona. — d'une cérémonie, ny hámina, fihaminana, h fihaingóana, filavánana. — d'une plaie, foño, famboárana; feby, famehézana. D'une fracture, pv lotsátsa, h hámatra. Lever l'—, mañala foño azy, mamaha azy.

Appareiller des objets, mampiharo, mampiraiky, mampiáraka, mampivady, h mambóatra, pv mañantsary, manokotóko z mira; mampira, mampitovy z. S'—, miraiky, miharo amy ny fahanámana. Le navire APPAREILLE, mameladay, mamaha lay, mamava-day ny sambo. APPAREILLAGE, vava-day, vela-day, famaváran-day, faméláran-day, famahán-day.

Apparemment qu'il viendra, tandry ho avy izy, karaha ho avy izy, ahihi'ko ho avy izy; ho avy izy angaha, angaha ho avy izy, handra ho avy izy. vo Peut-être.

Apparence: ses —, ny sora ny, taréhy ny, labara ny, vajihy ny, volo ny, saro'ny, h éndri'ny, nódi'ny, rávi'ny, h bika ny, toi'ny, fófo'ny, siki'ny; fóno ny; ny ivélany, ambélany; ny hoso'ny, ny nahósotra azy; ny sikini'ny, ny manákona azy, ny hita maso ámy ny, ny ambony; ny fisehóany, fipotsáhany. Fausse —, h ankósotra. vo APPARAT. Sauver les —, pv mañal'antsa, h miala salay. D'une — trompeuse, malaza rávina. Se laisser prendre aux —, mividy vólony, Prendre, avoir l'— d'un bœuf, misary, mivolo, miéndrika aomby. Sous l'— d'une brebis, mivolo ondry, misáfotra hoditr'ondry. Sous les — du pain, takôfany ny sora ny mofo. Ce n'est qu'une —, tsy teñandraha ankitiny izy. Des passions sous une — de piété, fo ratsy voa foño hóditra másina. Beau en —, karaha tsara, sk koazaka senga; sage en —, tsara toetra imaso. Travailler en —, manao sary miasa. Qe de

grande —, z voréraka, mivoréraka, bóboka. Il y a grande — de guerre, hiady reo hóñoka ; vao hamôfona ny ady, misy fofon'ady.

Apparent, visible, hita, miharihary, h mibaribary, h mijohary, tsy mivóny, tsy miáfina, h manjala, g mijalajala. vo APPARAÎTRE. Un talent —, fañahy bóboka, foañáty, poak' aty, voréraka; jery drádraka, kapoak'aty.

Apparenter q, l'allier. S'—, s'allier. Ce mariage l'a mal apparenté, vady ny zay nampahazo azy hávana ratsy, efa ratsy hávana izy efa manambady.

Apparier, vo accoupler. Ils sont appariés, efa tsiroiroy, efa mivady reo.

Apparition, fisehoána, fiboáhana, fiposáhana ; z miseho. J'ai eu une —, niboáhany énjika, nisehóa'ny nofy to aho. vo matoatoa, nofy, ambiroa, tsindrimandry. Le jour de son —, ny andro nisehóa'ny. J'en ai vu l'—, hita ko tafi-pótsaka izy. Faire une légère —, mamántana, miviona foana, nanao viona foana. vo apparaître.

Appartement, trano miéfitra, trano.

APPARTENIR à q, APPARTENANT à q, misy tompo, manantompo. Ce qui APPARTIENT à q, raha n'ólona, zavatr'olona. Il m'—, h ahy, g anahy, sk anakahy, pv nihin'ahy, sk nihinakahy izy. (C-à-d il est Mien ; vo tien, sien &). Il — à q, an'ólona izy, nihin'ólona izy. L'homme — à Dieu, Zanahary no tompo ny olona; nihiny Zanahary, h an'andriamanitra ny ólona. A qui — ceci? an'ia, h an'iza, g an-jovy, pv nihin'ia, nihin-jovy ity ? zovy no tompo ny ity? Il ne m'— pas de parler, tsy zaho no tòkony hivólana, tsy zaho no tompo ny teny, ou ny fitenénana. Il n'— pas à tout le monde de juger, tsy ny o ziaby no mahamalo, ou no mpañito, ou no tompo ny fimalóana. Cette vis-ci — au fusil, celle-ci — à la presse, ity fatsika ity MOMBA ny basy, ity FOMBA ny fañeréna; io NIHY ny basy, ity TÁPAKY ny fañeréna ; io MIÁRAKA ámy ny basy. Remettez-les chacune à l'objet auquel elle—, ampodio samby amy ny z OMBÁNY ou Fombány.

Appât, ófana, pv hófana, h jono, pv mahísa ; z mahatia; titaônana; langomalemy. vo amorce; odeur, ruse. APPÂTER q, mitárika o amy ny hánina, vo amorcer q. — un oiseau, l'abecquer. — une volaille, l'engraisser.

Appauvrir q, mañala haréana o, mañalala fanáñana o, mandrébaka, manjénjina, mankahalala o, manao ono-bélona, manao halala vélona o, mampalahelo o. — les terres, mamono dity, mañala dity tany. — le sang, mahafatifaty ny ra. S'—, very haréana, mihalahalala, mihalahélo ; nahafáhana, matimaty, matimaty dity ; mihakely harena, manjary halala. APPAUVRISSEMENT, haverezan-karéana. vo RUINE.

Appeau, z fitsiófina fikaihain-bórona. Vórona mpikaika havana amy ny fándrika. Fikaika, fañantso.

Appel, antso, fiantsóana, pv fañantsóvana; kaika, fikaihana, h haika. Faire l'— nominal, manantso ny o samby amy ny añárany, manónona ny o. Jugement sans —, ito, malo tsy impodiánana. Faire —, vo Recourir, DEMANDER; DÉFIER, ASSIGNER. APPELER q, miantso,pv mañantso, mikaika, h mihaika o; mampiavy o, mañasa o avy. — du geste, mañátsika o. — à grands cris,h mihohahoha, pv mandróntona; vo CRIER. — les choses par leurs noms, manónona ny z samby amy ny añárany, tsy mañovaova añárana ny z. — du secours, mala-bonjy, mikai-bonjy. — le malheur, mampidi-doza, mandatsa-loina. En — au roi, mangátaka ho malóiny ny mpanjaka. Cri pour appeler q, Oie! oh toi! Là où on L'APPELLE, amy ny tany misy mañantso azy, amy ny tany añiráhana azy. J'en — de votre décision, ny malo nao tsy ombá'ko, tsy eké'ko. J'en — au roi, hengo an-dapa aho; mila malo, mitady fitsarána amy ny andríana aho. Je m'—, (je me Nomme) Rakoto, ny añara'ko, Rakoto; i Rakoto no anára'ko. Comment s'— t-il? ino ny añára'ny? Q qu'on —, qui s'— Rano, o añárana Rano, ataondreo Rano; h o atao ny anarany hoe, Rano? Qu'appellez-vous kabija? ino ny kabija voláñi'nao? ino atao nao kabija? Il s'appela Paul, málaka anarana i Paoly izy. Comment l'appelez-vous? ino anarana atao nao azy? ino no añárana ome'nao azy? Appelez-le Fáraka,ataovo Fáraka ny anara'ny.Appelez-le par son nom, toñóno izy, toñóno ny anara'ny. L'APPELANT et L'INTIMÉ,ny mpikaika ndraky ny kaíhina, h ny mpihaika sy ny hekaina, ny niantso sy ny voantso.

Appendice, sósoka, fañampíana, h fanampy ny, h anampy; tóvona.

Appendre, mañantona. vo pendre.

Appentis, pv trano komby,trano salámpana, aloka; aloka mifify riba; alok'amboa, trano-ila.

Appesantir qc, mankavésatra, mahavesatra azy. S' —, mihavésatra, manjary mavésatra. S' — sur qc, mitambésatra amy ny z, manindry, mamokéka,mañetry,manjetra o. APPESANTI par l'eau, efa mavésatra amy ny rano. Le sommeil appesantit les paupières, ny toro maso mahatsindry ny hodimaso. J'appesantirai ma main sur lui, ny tana'ko hatsindry ko azy, havela ko hanindry azy, havela ko hitambésatra ámy ny; ho vesari'ko ny taña'ko izy, ho tsindria'ko tánana izy, hanindry tánana azy aho. vo aggraver. APPESANTISSEMENT, havesárana, fahavesárana.

Appéter les aliments, mila, mañiry, ti-hahazo, tia, h mitsiriritra hánina, ngoain-kanina; miliaka, sk sijy, pv liana.

APPÉTIBLE, mahasijy, mahaliana.

Appétit, hazavan-kibo, hazavan-troka; filan-kánina, mosary; hanoánana; kibo. Qui a bon—, homam-be, tia-hánina, ti-hihínana, mahatélim-be, be fihinánana, mosary, silaona, mazava kibo, tsy vintsina, tsy voky, be fihóta, saro-boky, saro-bíntsina, saro-bokisina, saro-bintsíñana, liana, sijy, h? líaka. Qui n'a pas d'—, maizim-bótraka, tsy mosary, tsy liana, kely fihinánana. — sensuel, — désordonné, fingoaiñana; des richesses, fingoaiñan-karéana. Qui ôte l'—, mañizin-troka. Qc APPÉTISSANT, z mahasijy, mahaliana, mahatia, mahangoaina, matavy, mahazava vôtraka, firô, mahavoky. Selon son appétit, érany ny kibo.

Applaudir q, h mitéhaka, mitehatéhaka, pv manéhaka, manehatéhaka, pv mirombo, ? mandrombo o; h mandoka, manakóra; mandróboka. — à q, miarahaba o. VO LOUER. S'—, se louer. APPLAUDISSEMENT, téhaka, téfaka, fitefáhana, h fiteháhana, rombo, firombóana, akora. vo louanges. APPLAUDISSEUR, mpandaza, h mpandrobo, pv mpandróboka; h mpidera, h mpandóka; mpitéhaka, mpanéfaka, mpirombo.

Appliquer qc sur qc, Mamétaka, mañatao z amy ny z; qc à q, Manindra z amy ny o; une somme, mañisy vola, VO ALLOUER; un soufflet à q, manéfaka o, mamely rantéhaka o; une couleur à qc, manósotra z; son esprit, S'— à qc, (être APPLIQUÉ,) manómbina jery, h mañampa-tsaina, mametak' aina, mifántsika, manao ny fanahy ziaby, mamory jery amy ny z; mitándrina, misaina, mikinía, mañampôko, h mañampó, mihévitra z, VO S'ADONNER; TÂCHER. S'— qc, mihaboka, mihambo, málaka, maka; mifofo, mañisoka z. Ce mot s'applique à nous, h mihátra, pv mipáka, avy, misampy, misangávina amy ntsika, maharo mahatákatra, mahavoa antsika; nihy ntsika, h ho antsika zany vola'ny zany. APPLICABLE, mora apétaka, mora afindra. APPLICATION, fametáhana, famindrána; fametáhan'aiña, fanombénan-jery. S'en faire l'—, mamindra azy amy ny tena. Etudier avec —, s'appliquer à l'étude, miana-drékitra.

Appointements, karama, GAGES. L'appointer, manóme karama azy. L'— d'une corvée, mañíkotra azy amy ny asa be.

Apporter qc, dites: PORTER qc ICI.

Apposer les scellés, mandoko azy; mameta-petra, mañatao loko-fetra amy ny, mametra azy amy ny loko. — le sceau, manisy kasé azy, manisy sora-pady azy, manisy azy ny máriky ny fanjakána.

Apprécier qc, h manómbana z; une marchandise, manisy tóñona, manisy vídiny azy. Qc qu'on ne peut —, z tsisy vídiny. Qui sait —, h mahatombana, mahalala ny hatsára ny z, mahay ny tohombidiana, ny fividiana. vo mibango, man-

kafy, mankatavy ; manôhatra, ESTIMER. APPRÉCIABLE, azo tombánana, mora asíana tóhona, mora oliárina. APPRÉCIATION, tómbana, fanombánana, h ? tetiny, vídiny ; fibangóana.

Appréhender, pv midóña, g matáhotra, marimárika, vodivodíana, mañahiahy. vo taminjo. —, saisir. APPRÉHENSION, táhotra, fidôñana, ahiahy, hamarimaríhana, fimarimarihana, fañahiahíana, fisambórana, fahitána.

Apprendre qc, miánatra z ; une nouvelle, maharéñy, h mandré k. — qc à q, L'ENSEIGNER. Que l'on apprend, qui s'apprend, ianárana, reñy, h re. APPRENTI, mpiánatra, vao hiánatra, anila ny mahay. Le mettre en APPRENTISSAGE, mampíditra azy amy ny Fianárana, mañatao azy añila ny mahay, mampiánatra azy.

Apprêter qc &, mañajary, mañatsary z, mahandro hánina, mamboatra, mamoatra; mañinahina, mañôhotra. — à rire, mampihomehy. S'—, mihinahína, pv mihána ; efa ho avy, efa ho roso. S'— à partir, manolio-dia. S'—, se parer. APPRÊTS, fañajaríana, fañávana, fandrahóana, famboárana; — de guerre, fañinahinána, fañohórana-táfika, tafika hinahinaina.

Apprivoiser, manamána, mankazátra, mahazátra, mankamora, mandresy, mamólaka. S'—, mihiazátra, mihiatamána. APPRIVOISÉ, tamána, zatra, fólaka.

Approbateur, mpiántoka, mpañeky, mpandaza, mety, mankasítraka, tia, mpañáraka, mpidera. APPROBATION, fiantóhana, ántoka, era. Demander l'—, mangátaka lálana, on ántoka; miera amy ny o. vo manóka, miantóka.

Approchant, miramira, mitovitovy, manahatáhaka, songo, sakaváviny. — l'un de l'autre, vo voisins.

Approcher qc, mandroso z. p aroso. —, s'avancer; mandroso, mañátona, avy, mitéka, mitetéka, mankaríny, h manakeky, mandríkitra. vo mitsenatsena, mitezantézana. S'— de qc, mandroso, avy, miteka amy ny z; manátona z, mankaríny, manakeky, mandríkitra, h manantánona, mamonjy, mitezantézana, mitsena azy. — doucement et courbé co le chasseur, g misoko, misokosoko, h mijoko, manjoko azy. Le faire —, mampandroso, mampiavy, mampañátona azy. S'— l'un de l'autre, mifañátona, mifankaríny, mifanakeky, mifandríkitra, mifampitsenatsena, mieka, vo se serrer. Dont on approche, hatónina, ankarinína, akekéna, rikitina, vonjéna, tezantezáñina, tsenatsenaina, sokosokóina. APPROCHE, fañatóñana; dia. vo abords, accès. Craindre l'— de la mort, matahotra hatóñiny ny faty, matahotra ny faty efa mariny.

Approfondir un trou, mankalálina, mandálina, h mana-

lálina lávaka, mangady eka. — une question, h manádina, manalina, manalinálina, g mandínika. APPROFONDISSEMENT, fandalínana; fanadinana, fanalinalínana, fanalinalémana, fandiníhana.

Approprier qc, manajary, manatsary, mambóatra. S'— qc, mihámboka, mihambo z; mifofo, manisoka, mitana z; malaka raha n'ólona, málaka z nihin-tena, maka z ho antena. APPROPRIATION, fihambóana.

Approuver, mety, miántoka, manántoka, tia, manáraka, manome lálana; mankasitraka, mankatsara, manéky, mandefa, manángana, mandaza, manórina, mandréritra, mankafátratra, mankató, mankafónitra, mankalaza, manátrika, manoina, tsy manady. Il approuve, tsara hoy izy, ataovo hoy izy; mety izy. VO ACCEPTER, agréable.

Approvisionner q, mamatsy o, manampi-raha o, manisy be azy, mameno z o, manénika o, manome be azy. S'—, málaka z maro. Bien APPROVISIONNÉ, ampi-raha, ari-fánaka, feno raha tíana, heni-draha ilaina, voa vatsy. APPROVISIONNEMENT, famatsíana, vatsy; z mahénika. APPROVISIONNEUR, mpamatsy, mpanénika, mpamélona, mpambóatra, mpanome.

Appui, tóhana, fáhana, iankínana, fiankínana; éfaka, saléka, famatrárana, h fiantehérana, fanoháñana, famaháñana. Appuyer une muraille, manisy — azy, manóhana, manáhana, manafátratra, manamafy azy. — le fusil contre la cloison, manánkina basy amy ny riba. — sur qc, manindry z. p tsindríana. — la main sur qc, manindry tánana amy ny z. p atsindry. — sur une pensée, Insister. S'— sur qc, miánkina, h miantéhitra amy ny z. vo mitavandra, matoky, misengy. Sur un bâton, mitéhina.

Âpre *au goût*, madiro, matsiko, matsitso, mafaika, maharikivy, mahafangolisoly, mangídy, h béntona, ? mangintsy. *au toucher*, marokoroko, marao, maraorao ; q —, o masiatarehy, masia-bólana, sárotra, mafai-bolana. ÂPREMENT, vo âcrement. ÂPRETÉ, hadiro, hafaika, faharikiviana, ngidy; harokorokóana, rao, raorao, ? fáharaoraôvana ; hasíaka, hasiáhana, hasarótana.

Après le dîner, — avoir mangé, — la prière, — la messe, j'irai, avy nihinana, efa nijoro, h nony nihinana, lehefa nijiro, h rehefa nivávaka, efa ny lamesy, avy tamy ny lamesy, afárany lamesy zaho handeha. — cela, j'irai, — j'irai, efa zany zaho handeha, aviteo, avieo, avitankeo zaho handeha; h ary dia handeha, ary koa handeha, ary amy ny zany handeha izaho. Il est arrivé —, tafárany izy, navy taoriana izy. J'irai —, hanáraka aho, ho avy afarany aho, tetéky zaho handeha, h atonohoato izaho handeha. L'année d'— son départ, ny taona fanáraka ny nandéhana'ny. Qui vient

— vous? zovy no fanáraka anao? — qu'il eut parlé il mourut, lehefa, h relıefa, h nony nivólana izy, naty, h dia naty. Quelques jours —, áfaka (*ou* lasa, maty) andro raiky raiky. Peu —, betibétika. Assez longtemps —, efa náhampy elaela. Eh bien! —! akory ndreky! ino koa? — lui je n'aime rien tant que la solitude, afak'izy, zaho tsy tia z koa laha tsy ny hatokánana; ny faharoy ny mahery tia ko, ny hatokánana. Il est le plus savant après vous, fanáraka anao amy ny habezampanahy izy, izy no bebe fanahy afaran'ao, izy no mahay fanáraka anao. — coup, fg ranomaso tsy miarak' amim-paty; afarany, hariva lóatra. Régner — q, lui succéder. Courir — q, crier — q, le poursuivre, appeler. Je suis — un ouvrage, amy ny asa aho, miasa aho, mamara asa nalai' ko aho. Etre — q, le tourmenter &. J'irai longtemps — vous, havela ko ho ela anao aviteo zaho handeha, efa roso ela anao zaho handeha. Il est mort longtemps — Radama, naty ela tafárany i Radama izy, ela tafárany i Radama no nifatesa'ny; efa naty ela i Radama, naty izy. Que l'on citera ci—, ho lazaina betibétika, ambanimbány (ou alohaloha, plus avant, plus loin). — tout il n'y a pas grand mal, tsy manino lóatra, tsisy vintana.

Après-demain, afak'amaray, h rahafak'ampitso. Après-midi, après-dinée, vers 1 heure ou 2, g folak'andro, h tolak'andro, miveñ'andro, mivena kely, andromivena kely; h mitsidik'andro, h efa nitaotao vovòñana. Vers 3 heures, folak'andro malemy, mivenabe, folak'androbe. efa malemy andro, Vers 4 heures, modi-ombi-tera-bao.

Après-soupée, efa hômana hariva.

Âpreté, hatsiko, hafaika, h hafaitra.

Apte, mahefa, mahay, ampi-jery, maha- avec la racine. Aptitude, fahaíana, h fahaírana, fahefána, pv jery, saina, fanahy, hafainganan-tsaina. vo adresse.

Aquatique, an-drano, vélona *ou* maniry anaty rano. Herbe —, ahi-drano, Oiseau —, vorondrano. Terre —, Marais.

Aqueduc, lakandrano, hadirano, ranomandika-námana.

Aqueux, be rano, mandranorano, maranorano, mitsiranorano, misy rano; bobo-drano, fenorano, h mitsaotsao.

Aquilin, vókoka ámbaky ny soñy ny papango, Qui a un nez —, o vokok'órona, melok'órona.

Aquilon, rívotr'aváratra, ny aváraka, varatráza. aquilonaire, avy aváratra.

Aquosité, ny rano be ámy ny; ny habobóhana.

Arabe, Arabo; Antalaotra, h Talaotra. L'Arabie, ny tany ny Arabo. Gomme arabique, loko arabo, lokonarabo, loko avy amy ny Arabo. Arabisme, fataombolan-dreo Arabo.

Arable: terre —, tany mora pongisina amy ny *Charrue*.

Arack, *ou* Rack, áraka, tóaka, barandy, barisa.
Araignée, reniınparòratra, raimparòratra, h hala. Grosse —, vankôhy.
Araser, vo arraser.
Aratoire : instruments —, z fitsabóan-tany, z fizavárantany.
Arbalète, antsáky misy záhana; h tsipika. Tirer à l'—, manantsaky.
Arbitre, o foana natsángany (*ou* nofidíny) ny námany hañito ankány; elanelam-panahy, o mahavitrana k; mpitsara, mpimalo, mpañito. Prendre un —, manangana o himalo. Se constituer l'— de qc, mitsangana foana himalo z. Je vous en fais l'—, avela ko ho malóin'ao izy, anao tia ko himalo azy. —, maître absolu, mpanápaka, mpañito, mpandidy, tompo be; vo absolu. Le libre —, fo vótsotra, fo mahefa ny tiany, fo tompo ny díany, fo mahafidy; ny fifidíana, py fifidíanana, fahafidiana; havotsôram-pó, ? safidy. vo LIBERTÉ. Selon son libre —, sa volonté. ARBITRER, mimalomalo, vo juger. ARBITRAGE, malo n'olona, fimalóana, h fitsarána, fanapáhana. Se soumettre à l'—, mañeky malomalo nkávana, ny ito nkávana, ny orimbato ny námana, ny faratény ny námana nimalo. ARBITRAIRE, mañáraka ny sitra-po, dh tsy azo zehéna, dh ? tsy azo didíana, ataotao foana erany ny kibo; manao ny sitra-po, mitompo-teny, mañáraka ny jery ntena, mañaram-po. vo absolu.
Arborer, manángana, mañórina, mampákatra.
Arbre, hazo, kakazo. Le gros de l'—, ny vatany, ny fôtony ny hazo. L'— de la croix, ny hazo-misákana. — généalogique, ? tohitohy n'olona,? razan'olona mitohitohy.
Arbrisseau, arbuste, hazo madínika. vo kiríhitra.
Arc pour tirer, py antsáky, h tsipika. Qui a plusieurs cordes à son —, o maro fanaovana, sadrò-roi-lela. —, cintre, vonto, vóhotra, kibítsoka; z manao volantsiñana; vôvona, tafo; z mivókoka, mivóhotra, mivonto, vo milántika. Son—, ny ivontôsany, ny ivohóra'ny, ny mivonto. ARCADE, varaváranа *ou* áloka mivòhotra, hítsika mivonto ambóny.
Arc-boutant, tóhana, fáhana. vo appui.
Arceau, vóhotra, mivóhotra. — pour les fractures, ? vovo, vòvona.
Arc-en-ciel, py sobeha; h ávana, h antsibe-n'andriamánitra.
Archal: fil d'—, tari-bý, tari-baráhina.
Archange, anjely be, arikanjely.
Arche de pont, ny vovòñana, ny vôvona, ny tora-páfana, ny mivóhotra. — de Noé, sambo, h fiara, lakandráfitra nitoérany i Noe tamy ny safadrano. L'— d'alliance, h ny vatra

ny fanekéna, pv vatra ny filongóana.

Archéologie, ny fahalalána ny z maro natao ny ontaolo, na trano na sarin'ólona na sókitra.

Archer, mpitan'antsáky, h mpitana tsipika, mpanantsaky.

Archet (de violon), ny zána'ny, tsôrany, tsorakazo, fitendréna, fititíhana, ? sohóana, ? famerivery.

Archevêque, *Evêque* be, mifehy *Evêque*, mpifehy; Arisivéka. ARCHEVÊCHÉ, ny trano ny *Archevêque* ndraky ny tany fehéziny.

Archi-, indrindra, be. — fou, adala indrindra, adala be.

Archidiacre, mpijoro be natsángany ny *Evêque* hifehy ny námany; talé ny *Curé*. Arisidiáka.

Archiduc, andriandahy any an-tany *Autriche*. ARCHIDUCHESSE, andriambavy hávany ny *Archiduc*. ARCHIDUCHÉ, ny tokotany ny *Archiduc*.

Archiépiscopal, any ny (pv nihy ny) *Archevêque*. ARCHIÉPISCOPAT, ny handriánany ny *Archevêque*.

Archipel, nosi-maro, ranomasina maromaro nosy; nosy mivorivory; ? toko-nosy.

Archiprêtre, mpijoro voalóhany, lohanampijoro.

Architecte, mpiasa trano, mahafórona trano, mpamórona, mpandráfitra, mpamoron-tsaina amy ny fanavan-trano, mahay fandrafétana, mahay ráfitra. ARCHITECTURE, fahaízan-dráfitra, fandrafétana. — navale, ny fanavan-tsambo. — militaire, fanangáuan-drova.

Archives, taratasy ela, sora-pady faharázana. Aux —, amy ny fitehirízan taratasy ela. ARCHIVISTE, mpiambina *Archives*.

Arçon, hazo vôhotra asampy amy ny sovaly hanjary fipetráhana. Perdre les —, látsaka amy ny sovaly; veri-jery, resy. Ferme dans ses —, sur ses —, tsy resy, tsy rébaka. ARÇONNER q, le tourmenter.

Arctique, aváratra.

Ardélion, mpitsololóaka, mpitsolóhotra, mpitsotróaka, mpitsotsotróaka; mpirebik'antsa n'ólona.

Ardent, may, miréhitra, be afo, mireda, miredareda, mitselatsélaka, midedadeda, mibobobobo. Soleil —, masoandro (*ou* haiñandro, mahamay) be-daindaina, be-rendréna, midaindaina, mandrendréna, mangankáña, manginkina, mibaina. Fièvre —, tazo mahamay, mafana be. Q —, o may, fátatra, may fo, maimay, mafana fo, mazoto, h dódona, h dódoka, g meka, vésoka, setra, marísika; be aina, loza, h maty ny hiany; maheri-víntana. vo h mivandry, miadi-fó; mánina, mandoro, mañoro. ARDEMMENT, amy ny fo may. ARDEUR, afo, hafanána; heri-mpó, zoto-mpo, hazoto-mpo, harisíhana, havitríhana. — du soleil, haiñandro,

taninandro, haimahamay, tanimahamay.

Ardillon, ny fátsika amy ny hándrotra, ny fitrébika amy ny fampoéhana, ny taòlana amy ny gadra n'etra.

Ardoise, solétra, sila-bato. Des —, silatsila-bato.

Ardu, sárotra, aníhina, abo, sárotra-tákatra, rangaina, rangávina, pv rangásina, sarotr'anihina, mitsángana.

Are, ôhatry ny ampísany; tokotany efa-joro alaina ôhatra hañeráñana ny tany.

Arène, sable. Descendre dans l'—, mizotso amy ny baramanja fiadivana, miyárina hiady.

Aréole de tissu, maso. L'— de la lune, ny fáritry ny vôlana, fari-bólana, fari-dañóñana. — de bouton, ny fariborý ny, ny fári'ny. ARÉOLÉ, misy fáritra.

Aréopage, trano fitsarána tañy i *Athènes*.havorian'olombeventy; areopazy.

Aréotique, mañely, maharava. Médecine —, fañély, fañeli-ra, fandrava-liho, fañeli-nana.

Arête, fátsika, taòlana, taolampilao, fatsi-pilao, h fatsibazandrano. — d'un angle, ny rírany. A vive —, maraňidrírany, velon-drírany. —, croûtes, kóko, kókony. —, queue, ohy. — d'un épi, sómotra, ny somo'ny. — de baleine, somo-trózona.

ARGENT ou OR, monnayé ou non, VOLA, sk FANJAVA. ARGENT, —fotsy. Cuiller d'argent, sotro-vola —. Drap d'—, lamba mandeha vola fotsy; d'— demi-fin, de faux —, lamba mandeha-firaka. Mauvais —, h tombankova, tontankova. — comptant, h tora-bótsotra, vola 'mby antáñana. ARGENTÉ, voa hoso-bola fotsy, ankósotra vola fotsy, mihoso-bola fotsy. Ruisseau —, rano vola, rano mipelapélatra, mangarangárana. L'ARGENTER, manoso-bola fotsy azy, manao ankoso-bola fotsy azy, mañisy vola azy. De L'ARGENTERIE, vola, raha-vola, h zava-bola, h fánaka-vola, sk zaka-fanjava. ARGENTEUR, mpanoso-bola fotsy, mpanao ankoso-bola fotsy. ARGENTIN, karaba vola. Teint —, mangantsa, h mangatsohatso, fotsy mangantsa, fotsi-jéaka, fotsy manjoríaka, fotsy manjéaka. Son—, feo vola, eno vola, feo madio, feo mañeno.

Argile, tani-mora, h tani-manga, g tani-dítra. ? fótaka, h dilatra; tani-dílatra, tani-ditsaka, feta; pako, tani-fitefénа, lémboka, tany. ARGILEUX, misy tani-manga; be tanimanga; dítsaka.

Argot, fiteny ndreo mpifilo, volan'olika, teny miolikólika; beko, verobéroka. vo ambiguités. — d'arbre, tendrondrántsana, zañozaño. ARGOTER, manápaka ny tendrondráhaka.

Argue, fañanjaham-bola, h fanezáham-bola, fitaríhambola. ARGUER l'argent, mañanja-bola, mañeza-bola; mitaripanjava.

Arguer qc de faux, pv manandra, h manandry lenga azy, maniñy azy, h manendrikéndrika lenga azy. — de là, Conclure.

Argument, teny maharesy, vólana maharébaka, teny maható; hévitra, fôtotra, ántony, foto-bólana, fôtony; h? laha-bólana, lafi-teny, lafi-bólana; volana aláñka, teny alâhatra, adi-hévitra; ? fifandírana, adi-jery. — pressant, teny mahasetra, mahateri-setra, mahateri-méka. — captieux, fandri-bólana, fandripandri-bólana. Vaincu par —, h resiláhatra. J'en tire un — contre vous, manjary fôtony, *ou* misy fotony añadia'ko anao izy; vo PREUVE, INDICE. ARGUMENTER, pv miadi-jery, miadi-hévitra, h mandaha-teny, mandafi-bólana. — l'un contre l'autre, mifandaha-teny, mifandítra, mifandresi-teny, mifandresi-jery, mifandaha-kévitra. ARGUMENTATION, adijery, fandaharan-teny, fandafiran-teny, fifandirana.

Argus, zato maso; maromaro maso; fg mpitsikilo, pv mpitsilo.

Argutie, vólana fanavan-tsaina, adiadi-hévitra.

Arianisme, hadisoan-jery ndreo fehény i *Arius*, tsy nankató ny Hazanahâry ny Jeso-Kry.

Aride, maina, pv maika; káfana; pv kéntana, mangéntana. vo kiha, ritra. ARIDITÉ, hamaínana, hamaihana, haritrivana. Dans une — complète, maika káfana.

Ariette, antsa kely maivañivana no maitoito.

Aristocratie, fanjakána didian'andriandahy maro. ARISTOCRATE, o tia ny *Aristocratie*, o andáñy ndreo beventy, momba ny olombe.

Arithmétique, fañisáua, sk fañisáhana. ARITHMÉTICIEN, o mahay *Arithmétique*, o mahísa, mahay fanisána.

Arlequin, o kabíaka, misora tarondro, mivolo tarondro hampihomehy; vo amusant; fg o fito-vava, o maro-vava; akanga roy tany; evanevan'ólona, o tsintsinga, tantanandroa-léla, dafi-maíntina, koto-vilavíla.

Armateur, o mampanóndrana amy ny sambo; Mpamondro sambo; mpamóñona sambo.

Armature, ny fehivý maro mahatána ny vi-somalíka.

Arme, fiadiana, pv fiadívana, z fiadívana. — offensive, — blanche, léfona, saboha, salohy, sábatra. — à feu, basy, ampingáratra, fitifirana, poleta. — défensive, ampinga. Q sous les —, o mitan-défona, mitam-basy, ambasy, an-défona, o mitsangan-défona. Faire, tirer des —, miana-défona, miánatra tora-défona, mitavan'amin'antsy. Déposer les —, mametra-defona. Exercé aux —, fiady. Le faire passer par les —, mandéfona azy. Des — de noblesse, fady, sorapady, voninábitra. Aux —! fohá! fohá!

Arme, mitána z fiadivána. — jusqu'aux dents, maro léfona. A main —, amy ny lefona (*ou* basy &). Bâton — de fer, kibay misy vy. Navire —, sambo vóhona, vonon-draha, ampy z fiadivana, ampy karamaoka, hénika, vonon-piadivana.

Armée, táfika, eka, h aikia, bétsaka, maro, lahatra; miaramila maro. — navale, sambo-miady maro, táfika andranomásina.

Armement, fañéhana táfika, fañamboaran'ady, fanangánana táfika, famorian-tafika, famorian-zava-piadivana. L'— d'une troupe, ses armes. L'— d'un navire, ny fañisiana z amy ny sambo, famoñónan-tsambo.

Arménie, tany añy amy ny *Asie*. Arimenía.

Armer q, mañome azy léfona, basy, fiadivana; mamoñon-draha azy. — un navire, mamóñona azy; mañampy z azy; de guerre, mañondram-piadivana amy ny sambo; de commerce, mañisy karamaoka azy, h mañondram-pánaka ámy ny. — un canon, mañisy bala tafondro. — le fusil, mandátsaka azy ambékany, h manátrana azy. Les — les uns contre les autres, les Exciter. Armez les avirons, asakáno ny fivé, ababóha antsákany ny fivé. S'armer, mala-piadivana, mala-défona &. S'— de qc contre q, maka, mandray z hiady o; mala-pamangóana azy.

Armistice, andro fañekéna tsy iadivana, elan'andro fametrahan-défona, andro itsahárana; toetr'andro tsy iadivana; fitsaháran'ady, ala-voly, ala-disaka.

Armoire, vatra-mitsángana, toeran'éntana; g Lalimoára, Lalomoára.

Armoiries, voñináhitra ny rázana. famantaram-honináhitra.

Armure, foño-mbátana.

Armurier, mpanao fiadivana, mpizávatra basy, léfona &.

Aromate, z mañitra, zava-mañitra, fihánitra, pv fiffuto, z mahafinto. aromatique, manitra, mafinto, mahafinto, he hañitra, be finto. L'aromatiser, manisy z manitra azy, manisy fihanitra azy, mankamanitra, h manamánitra, mankafinto, mahamañitra, mahafinto azy.

Arôme, háñitra, fôfona máñitra, z manitra.

Aronde, hirondelle. Entaille en queue d'—, vava-n'aomby.

Arpent, tokotany efa-joro alaina ôhatra hañeráñana tany. vo arc. arpenter un terrain, mañôhatra, mañérana tany, ? mandrefy tany. Q qui arpente, o abodia. arpentage, fañoháran-tany.

Arquebuse, basy fentin-dreo taloha.

Arquer qc, pv mamôhotra, pv mamônkoka, R mamókoka z, mamo volantsiñana. S'—, mivôhotra, mivònkoka, mi-

vòkoka. ARQUÉ, vòhotra.

Arracher un arbre, un clou &, mañómbotra, miómbotra, mañávotra azy, mañombo-kazo, mañombo-pátsika; une corne, h manòvoka tándroka; un brin d'herbe, manóaka, manatsóaka áhitra; une épine, manóaka, manókitra, mañala fatsi-kazo. vo mandróritra, mandrórotra, mandriritra, maka ankery, mandrómbaka, mamóhatra, mamóngotra, mañôkatra. S'—, miómbotra, miávotra, miévotra, matsóaka, áfaka, miala, fóhatra. S'— qc l'un à l'autre, mifandróritra z. ARRACHEMENT, fañombótana, fañavôtana. ARRACHEUR de dents, mpañombo-ký, mpanómbotra nify.

Arranger qc, mañajary, mañatsary, h mambóatra; mandáhatra, mandrántina, mandrantiranty, mandrindra, mandámina, h mandanto, mañandálana, mampiandálana; manómpy, mikajy; manavangávana, mañavankávana; h mikajakaja, mandavo-rary, mandrékitra, mankatsara z. S'—, mihiajary, mihiatsary; miláhatra, mirántina, milámina, milanto, miandálana. S'— pour l'avoir, manao zay tôkony hahazóana azy, manao hazahóana azy. S'— ensemble, mifañeky, mifanka-azo, mifañáraka. Arrangez-vous comme vous pouvez, anareo manaova; zay hatao nareo; anareo mizahá ny fanaôvana azy. ARRANGEMENT, fañajaríana, fañátsaríana, famboárana, fandahárana, fandrindrána; andahatra, láhatra, éndrika, andálana; filahárana; fanekéna, fifanekéna, fifanaráhana, vo tsipi-rìany, laha-páhitra. C'est ARRANGÉ, efa manjary, efa voa hajary, efa tsara, efa andáhatra izy.

Arraser un mur, pv mamángitra, h mamárana rova; mampira, mampitovy azy amy ny náinana; mankamarina azy.

Arrenter, h manofa. vo louer.

Arrérages, ny tavela tsy voa loa; h ny sisa tsy voa loa, ny tsy voa efa; vôlana tóndroka tsy voa efa.

Arrêter qc, mampitsáhatra, mampitsángana, mampijánona, mampiáñona, manángana, mampiáhana, h mampiáfitra, manáfitra, h manapiato, h mampiáhona, h mampiáhotra, manáhotra; misákana; h mandáfatra; h manantefa. —qc pour soi, mifoto, mamofo, mañisoka, mitana. —, saisir, misámbotra, manámbotra, h miházona, mitána. —, fixer, mandrékitra, mandidy, mañito. — une vigne, un arbre, manápaka tendro azy, mamono lálana azy. — *ou* s'—, mitsángana, mitsáhatra, miáhana, mijánona, miáfitra, miáñona; miantóana, miantóka, miato, miáhona; mipétraka, mifitaka, h miantefa, miháudrona, miónina; rékitra, mandrékitra. S'— de temps en temps, ça et là, mitsahatsáhatra, miahañáhana, miafitráfitra. Il est ARRÊTÉ, tafitsángana, tafitsáhatra izy; voa sámbotra izy; azo, rékitra izy. Un ARRÊT,

un ARRÊTÉ, malo rékitra, k voa ito; ito, malo, didy, fetra. vo sákana, sámpona. Un point D'ARRÊT, vékany ; fitsahárana, fitsangánana. Il est aux —, en ARRESTATION, ambala-hóngotra izy, natao fato-bava izy, efa ampáhitra izy, ampahitr'ety izy. ARRESTATION, fisambórana, fanambórana, fitánana.

Arrhes, pv fitána, h fitánana, h fampitánana, pv débaka, h ampontánana ; fiantôhana. Donner des —, mametra-pitána, ? mampitána, mametra-débaka.

Arriéré, tavela; tsy efa; ela.

Arrière: l'— du navire, ny vody ny. Il est en —, afárany izy. Il était en —, tafárany izy. En parler en —, mivólana azy amboho, ivoho, aoríana, ankodiatra. Je suis fort en —, mbola lávitra afárany aho. Aller en —, mandeha voho, miôtra, miaôtra, manao dia miaôtra. Rentrer en —, mihémotra. Regarder en —, mitódika, h mihérika. Retourner en —, miamboho, mivérina. Rester en —, S'ARRIÉRER, mitambótsotra afárany, h midanésaka, h midarésaka, pv mikirindreva, sk mikirireva, h mihenahena afárany, mitambotsóaka afarany. En — tout le monde ! mialá anareo ! miengá anareo ! mihemóra anareo ! midrisóa anareo !

Arrière-corps, efi-trano amboho; ny efitra afárany.

Arrière-faix, g tavóny, h áhitra; des animaux, h vavaony.

Arrière-garde, ny vodiady ; vodi-lálana, vodi-dia ; vodin-táfika.

Arrière-goût, ny makíana tavela ambava nihinan-draha, ny farankánitra, faranímbo, farany hanitra, imbo fara.

Arrière-neveu, zánaka lahy ny *Neveu* va ny *Nièce*.

Arrière-nièce, zanaka vavy ny *Neveu* va ny *Nièce*.

Arrière-petit fils, arrière-petite fille, zanaka lahy va zánaka vavy ny zafy; g zafiafy, pv ? tsingafiafy.

Arrière-point, zai-mody.

Arriérer, mahela, mankaela, mampidriso, mamela afárany. S'—, mitambótsotra afárany, tavela afárany ; ? miaoríana, miafárany.

Arrière-saison, ny fararano.

Arrimer, vo arranger; mamotrétrika, mamótrika, mamétraka, mamátatra.

Arrivage, fahatongávana, on fiaviany ny sambo ; sambo tody ; ny tany fahontsahan 'éntana ; tafiana ; sambo vao ho avy.

Arriver, avy; tonga, tody; tamy; vo tantéraka. — à, — jusque, vo ATTEINDRE. Laisser —, miambevy, miválana. Le jour où arriva sa mort, ny andro nifatesa'ny. ARRIVÉE, fiaviana, h fahatongávana. Le jour de son —, ny andro n'avia'ny, h nihavia'ny, h nahatongáva'ny, pv nitongá'ny. Il ARRIVE un navire, avy sambo. Il lui est arrivé un malheur,

voina nanjó azy, nozoim-bóina izy, tra-boina izy. S'il arrive que je..., dites, Si je...

Arrogance, pv angatrángatra, h angitrángitra, fiangatrangárana, fiangitrangírana, h tehateha, h tehintéhina, pv tehoteho, pv tefotefo. ARROGANT, miangatrángatra, miangitrangitra, mitehateha, mitehoteho &. vo avonávona, evaeva, eva, anjonánjona, andranándrana, angánga, reharéha, ? zakazaka, ? tsikiona, réhaka.

Arroger: s'—, vo s'approprier. S'— le droit de commander, h mañetrétra; ? mihambo fanapáhana; de juger sa propre cause, h manakoli-vahy.

Arrondir une face ou une boule, mamoribory, mamorivory, mamborivory; une boule, manakiboribory; qc long, mamóny, mankavóny. S'—, mihaboribory. ARRONDISSEMENT, ac famoriboriana; famonésana, fankavonésana; n haboribory, haboriboríana. —, District.

Arroser les plants, mandena tsabo; la chambre, mamafirano ny trano. vo manopy rano, mañidin-drano, manomparano. L'— de larmes, mandena rano maso azy. ARROSÉ, efa lena, efa nilémana, efa misy rano, efa voa fafi-rano izy. ARROSOIR, z fandemau-tsabo, z famafázan-drano.

Arrow-root, kabija, h tavolo.

Arsenal, trano fanaovam-piadívana, trano fitahirízan-piadívana, trano ny fiadívana.

Arsenic, *Minéral* mahafaty.

Arsin, nay, voa-oro

Art, h fahaizan-jávatra, pv fahaian-draha; fanavan-jávatra, fañanôvan-draha, fizavárañ-draha, fisaiñan-jávatra. Qc fait avec —, tao-závatra misy saina, z nisaínina maéva; nasíana jery, nasíana fañahy. L'— de la guerre, ny fisainan'ady, fandaháran'ady; apprendre l'— de la guerre, miánatra ny fiadívana, miana-panavan'ady. Les — d'agrément, fanavan-tsoma. Apprendre les — libéraux, mianapanahy. Les gens de l'—, ny mahay. Habile dans son art, mavítrika amy ny z fatao ny.

ARTÈRE, ny ôzatra mitondra ny ra avy amy ny fo hiely amy ny vátana ziaby.

Article: Divisé en 3 —, telo toko, tókony, rasa, firasâna, bongo, h zara, h fizarána. Un — à vendre, vidíana, z havidy. Un — important, kabary, závatra, raha bevava, zaka be fiavíana. Un — de foi, z finóana, z fanekéna. A l'— de la mort, Raha'mby amy ny hifatésana, lahefa ho faty. L'— de deux os, h famavána, itohízana, tohy, fanandríana, tóhona; Leur JOINTURE. L'— LE, Ny zana-bólana NY, ny tsivolambólana NY.

Articulation des os, fikatróhana, fanandríana, h famavá-

na; Itolrizana, tóñona, tohy. —, prononciation, fanoñónana, fanoñontoñónana tsara.

Articulé, tsara fanoñónana, ? antóñona, tsara tóñona.

ARTICULER, manóñona tsara, tsy mampiharoharo ny teny, tsy mibadabada; manokantôkana teny, miteny mora.

Artifice, Art, saina &. —, ruse, fitaka, sombelia, angoly, h sándoka, h solóky, famorónan-tsaina, famoronam-pitaka; fándrika, fandripándrika, fandri-totófana, h safeli-jaza minono, safélika, h pelipélika, g félika, ? fángoka, ? fangopángoka. User d'—, être ARTIFICIEUX, mamitaka, mihendry, manao saina, mañambáka, mamelipélika, mamálana, manangoly, mifelipélika, mamorom-pitaka, manao soloky, mandiso, mandainga, manao félika, manao safélika, mamándrotra. ARTIFICIEL, atao ny o; tsy izy loatra fa avy amy ny fanahy. Fleurs —, indram-boñinkazo, voñinkazo mindrana, sari-mboñinkazo. Mémoire—, fañahy mindrana, tsy izy loatra. ARTIFICIEUSEMENT, amy ny fitaka. Agir —, manao saina; hendrihendry. FEU D'ARTIFICE, filalaovam-banja, afo vanja.

Artificier, mpanao filalaovam-banja.

Artillerie, ny tafondro maro ndraka ny z maro fomba azy; ny tafondro. Antiliry, dh antily. Officier d'—, tompo ny tafondro. Les ARTILLEURS, ny miaramila mpandefa tafondro, mpañandefa tafondro, mpitan-tafondro.

Artimon, andry ntsambo ambody ny.

Artisan, mpiasa z mila táñana malitsy, mpizávatra, mpanao zavatra.

Artiste, mpiasa z mila fanahy be; o mahay z. Qc ARTISTEMENT travaillé, asa-mbazaha, h voa-bazaha; z mivendrivendry, pv mirendrirendry, tsara fanaovana, tsara fizavárana; mirijarija, ? koa tinefy, koa zinávatra, koa naloa, koa niváñina, koa vinánina.

Aruspice, mpisikidy amy ny tsinay mbiby. ? mpaminany; mpanao hitsak'andro, pv isak'andro; mpañontány amy ny tsinay mbiby.

Asbeste, añarambato tsy mety levon'afo.

Ascarides, hánkana kely mavôñy añaty kibo; sakoitra; kánkana.

ASCENDANCE, ASCENDANT, (supériorité,) habézana, fiamboniana. Avoir de l'— sur les autres, mahiraka, mahazétra, mahétaka, maharesy o; bebé ny námana, h ambonimbóny noho ny námana. Prendre de l'— sur q, miambonimbony, miaboabo amy ny o, mañétaka o, vo abaisser.

Ascendant a, mákatra, miákatra, misóndrotra, manondro-láñitra, manondro-hiboka, mañánika. Signes —, kintana mañaváratra Mes —, ny raza'ko.

Ascention, fiakárana, fanongána, fisondrótana, fisandrátana. Le jour de l'—de N. S., ny andro niakárany ny tompo ntsika an-dánitra. Sa force ASCENSIONNELLE, ny herimbátana mahasóndrotra azy.

Ascète, tsy mpiáfaka, *ou* tsy mañala jery amy ny fijoróana. Ouvrage ASCÉTIQUE, taratasy fianárana ny fanahy ny Zanahary.

Asie, añarany tany be añy avaratr'atsiñánana iboáhany ireo *Indiens, Chinois* &.

Asile, Azyle, trano fifalirana; rova, fefy, vala, fifefiana; fiarôvana; fivoniana, h fieréna.

Aspect, maso, h taréhy, pv sora, pv lahara, h tava, pv vajihy, h éndrika, h bika, toetra; toi-bintana, toe-tsora, víntana; h tokotanintarehy. Il a un vilain —, ratsy — izy. Il craint à l'— de la mort, efa imaso ny faty izy matáhotra; matáhotra izy mahita mahafaty. Maison qui présente un bel— de loin, maharavo maso, mañeriñérina, mieriñérina, mazava, mérina, miérina, pv miharinkárina, h miharihary, mirendrarendra; tsara fahitána, tsara fisehóana, tsara fijeréna, tsara fidírana, tsara añatréfana, tsara añolóana. —farouche, pv foroforo, haforoforo.

Asperge, añaran'añana tsara fohánina karaha volo vao haniry.

Asperger qc, mamafi-rano azy. vo mañáfana. ASPERGÈS, ASPERSOIR, famafazan-drano. ASPERSION, fafi-rano; vo áfana.

Aspérité, barokorokóana, marokoroko, haraoraóvana, bongobongo, avotrávotra, tongotóngona, montomóntotra, ongonóngona.

Asphalte, loko maintina mihialbery lahefa omby amy ny tsioka.

Asphyxie, hasempôrana, fahasempórana. ASPHYXIÉ, sémpotra, ? sempórina. ASPHYXIER q, manéinpotra, mahasémpotra, mamono fiaiñana azy. s'—, manempotr'aiña.

Aspic, bibilava hely mañékitra mena ka mahafaty.

Aspirer, malak'aiña, mala-piaiñana; Mitséntsitra, mifoka, mitsóntsona. Manónona an-tenda, toy ny manao HARY, fa tsy ARY. — à qc, tia, mañiry, mila, mitady, ta-hahazo, mandiñy. ASPIRANT, mpila, mpitady, mpangátaka. ASPIRATION, fitarihiam-piaiñana; faniriana, fikatsáhana, faníñana. Fanoñónana antenda.

Assaillir q, une place, manao adi-rimbona, adi-sarimbona, adi-amparímbona azy, mirimbona azy, manótotra, manáfotra, manárona, manodidina azy; mandatsak'azy ambory (*ou* andetra, antsárona); manao ambory azy, mandetra, mankaletra azy, mañariary azy; miantonta, miantôraka amy ny o, mifankaletra hiady o, miady o. ASSSAILLANT, ny mpa-

mely aloha, mpipoa-basy aloha, ny mpitarik'ady, mpiady, mpitondra ady, mpañátona, mpanampon'ady, ? mananatr' ady, h mpanombok'ady, mpandrómbaka, mpanóhitra, mpirímbona, mpanodidina, mpamely. vo assaut.

Assainir qc, mañala fofondratsy azy. —un vase en terre, manala térona azy, h manantsohára azy.

Assaisonner qc, mañisy rô (*ou* sira, laoka, siramamy, sólika, fiháñitra, zaka-mamy) azy; mankafi-rô azy, mankatavy, mandaoka azy, mañatao z mamy ámy ny. assaisonnement, z mahafirô, fankafizana, z hankafizana, laoka; sira, sólika, z alaoka.

Assassin, mpamono o ankodiatra; mpanao lefompohy, mpanao hala-bonóana, mpangala-bonóana o; jiolahy. assassinat, g vonoan'ólona ambolio, hala-bonóana, vono-mòka, vono-trebotrebo, von'olona. assassiner q, mangala-bonóana o, manao lefompohy azy, manao vonomoka azy, mamono o añindrana.

Assaut, adi-sarómbaka, adi-rómbaka. Livrer l'—, monter à l'—, prendre d'—, miróınbaka, misarombaka, mandrómbaka, manao adi-sarombaka azy; mañani-drova. Pris d'—, áfaka. Faire — de vitesse à la course, mifañia lomay, mifañala hazakázaka, manao saromba-day, misaromba-domay, manao lai-sarómbaka, manao sakalolo. Faire — d'esprit, mifañia hibitra. vo assaillir.

Assécher, mañkamaika, manamaina.

Assembler, mamory, mandáñona, h manángona; mañaonkaona, mañándroka. vo mamómpona, mamómpotra, manobíbika. — une case, mampiraiky, mampiharo ny hazo ziaby, Réunir. S'—, mivory, miláñona, mihaona, h miángona, mihaonkaona, miharo. assemblée, g havoriana; ? fiangónana, g lañónana. — joyeuse, voak'ampinga; pour jouer, lanónana; bruyante, kabarintsáhona, kabarimbelivavy; générale, mavolamba, podríndrina, veliríndrina; publique, kabary. Le lieu de l'—, fivoriana, fiangónana, filañónana. Assemblés en masse, vorihiky, voriéka. assemblage, amas, tas. Un — de vices et de vertus, hatsarampanahy maro miharoharo ratsy.

Asséner un coup, un coup de bâton à q, mandómona, mandóna, mandondóna, mandonadona o; mamely tsíka (*ou* tsítotra, poka, litsaka) o; mandómona kibay o; mamango, mamely, mikápoka o.

Assentiment, consentement. Exprimer son —, miántoka, mañeky. vo approuver.

Asseoir qc, mamétraka, mampifitaka, mampitoetra, manoetra, mampipetraka, manómbina z. S'—, être assis, mifitaka, mipétraka, mitoetra, mantoetra, mitómbina; man-

tómboka. Sur les talons, g mitringitringy, h miengiuéngina, miringiringy, mingitringitra. A son aise, les jambes étendues, mivalahétraka, mikétraka, mivalámpatra, mivalan' ámpatra, miámpatra, dh mivalahétraka. Par terre, h mitorovoka. Les jambes croisées l'une sur l'autre, h mitalapétraka, g mamandi-bity, manovom-bity; croisées à l'orientale, mitambolopoza.

Assermenter q, pv mampiloka, mampifanta, h mampianiana, h ? mampingoso, pv ? mampiangosa, mampiáfaka, h manao vely rano, *ou* sk tsindronaomby, *ou* h lefon'omby azy. ASSERMENTÉ, niloka, nifanta, nianiana, natao veli-rano &; h nivelirano, h nilefonomby, efa namehi-téna, mifetra.

Assertion, teny avóaka

Bandoulière, sampy; savóko. ? sampilahy. Porter une —, misavoko, misy sampy, manao sampy.

Banlieue, tany manodidina tanána; tany fehény tanána.

Banne, lay be atao áloka ambóny ny lákana &.

Banneret, mahatondra saina amy ny ady.

Bannière, g saina, sk fañéva, pv berámbona, g hémbana.

Bannir q, Mandróaka, manesi-tany, mandroaka-tany, mandronji-tany azy, mitora azy. BANNI, voa roaka, niroáhina, voa sesi-tany. BANNISSEMENT, fandroáhana, fitorávana.

Banque, fividiam-bola; fanakalovam-bola; trano famelambola hisôsoka. Billet de —, taratasy fividiam-bola.

Banqueroute, tsy fankefána trosa. Faire —, tsy ampy vola hanefána trosa; reki-trosa.

Banquet, fihinánana be ipetráhan'olombe máro; fañásána; fihinanam-pý; zava-py, z fi-rô. BANQUETER, mañasa, manao fihinánam-pý, mihinan-java-pý, homam-pirô.

Banquette, fipetráhana; Talatala, farafara, láfatra.

Banquier, ny tompo ny *Banque*. Mpamidy vola; ny mpitana vola mizánaka; mapanakalo vola.

Baobab, Bozo.

Baptême, batemy, fanasána, ? fanéhana másina; ny rano ny Zanahary, ny rano mahadio; h batisa. LE BAPTISER, manome-batemy, mambatize, mambatemy, h mambatisa, h manao batisa azy; manome azy ny rano ny Zanahary, mandio *ou* Manasa azy amy ny rano ny Zanahary. — une cloche, Mijoro famohamandry. Eau BAPTISMALE, rano-batemy, rano fanávana batize, rano ny Zanahary, rano fambatizéna. BAPTISÉ, efa batize, efa nahazo batemy; h efa batisa, efa misy batisa. Le BAPTISTÈRE, ny trano fanavam-batize.

Baquet, h tavy, g gamela, sajoa, h siny, fitobian-drano; kanovo, fanovózana, trobáka.

Baqueter, manala rano ny lákana amy ny fitovizana, mitrobo rano ny lákana.

Baragouin, Verobéroka, h berobéroka, h boeriboèrika, g gedrogedro; beko. BARAGOUINER, Mi—. vo badabáda, bebobéboka. BARAGOUINAGE, fiveroberóhana; fibekóana.

Baraque, trano ratsy, kivohy, kiboko, kivoko; tranofotsy, tranobózaka; h tranobongo; trano-tómboka. BARAQUER, ma-

nao trano foana.

Baratte, sajoa-hazo faiiontsankontsánana ronono-mandry hanalána sólika azy. **Baratter**, maiiontsankóntsana.

Barbacane, lóaka aboabo mahifitra fiboáhany ny rano; hírika fitifirana; py herakéraka, h harakáraka, h hirangírana.

Barbare, masíaka, tsy miantra, lozabe; marokoroko fanahy; badrahodra; avy lávitra, avy tany andafy, tsy vókatry ny tany; añala, nadý; tsy mañaja, tsy mahay závatra; hafa. Langage —, vólana miotakótaka, tsy mahitsy, beko, verobéroka. **Barbarie**, hasiáhana, hasarôtam-po, tsy fiantrana; tsy fahaizan-jávatra; harokorokóana, tsy fahitsíana, tsy fanajána. **Barbarisme**, teny tsy mahitsy, fiteny miótaka; antambombólana. Faire des —, mañantambo-vólana.

Barbe, sómotra; volontsaoka, h volontsomaka. — de riz, somo-bary. — de baleine, somo-trózona. Jeune —, vakisómotra, mangidi-vaoka; sans —, bori-saoka. Faire la —, Mañala sómotra.

Barbelé : dard —, léfona somórina.

Barbet, amboa miolikoli-bolo mahery milomáño.

Barbier, mpanala sómotra.

Barboter, mikárona anaty fótaka, mamoha fótaka amy ny soñy toy ny dókotra ; ? midabadaba; ? mitsikapokápoka. —, Manetsikétsika rano amy ny táñana. Mandia fótaka, mañitsa-pótaka, mandrevorevo.

Barbouillage, Fotétaka, somapétroka ; hósotra ratsy fanaôvana; be-tsikoko; sôratra ratsiratsy; téntina; somabida; somabidandraha; somabida-ntsôratra; somabidam-bólana; z sosontsòsona ; petapeta-doko tsisy fotony. **Barbouiller**, mamotétaka, manao somapétroka, manao ratsy fanósotra, manosotrôsotra foana; manéntina foana, h manávona; manao sarinjávatra tsy mahay; manoratsôratra foana, manao sôratra somabida. vo Salir, Embrouiller, Gâter. Se —, mihósotra, mihosotrósotra, miténtina, h mitávona, mihíalotoloto, mihosi-fótaka ; g mifotétaka, mipotétaka, h mikotétaka, mihósina, mipótaka. **Barbouilleur**, mpanao somapétroka, mpanao somabida, mpamotetaka, mpanoratsôratra foana ; mpanao sarindraha tsy mahay ; mpanao ratsy fanósotra.

Barbu, somórina, besómotra, lavasómotra.

Bard, fibatabatána, fibalabaláma.

Bardeau, sila-kazo, silatsilakazo, h kapila hazo hatafo trano.

Barguinage, adi-várotra. ? Firoa-saina, ? fisalasalána. **Barguiner**, miadi-várotra. Miroa-saina, misalasala, ? mihefahefa.

Baril, baríka hely, vatra boribory holok'aty. — de poudre, barika-pondy; h kásaka, h kasa-banja.

barillage, ny mamindra divay amy ny tavohangy.

bariolage, sòratra maro *ou* loko maro samby hafa volo miharoharo. vo barbouillage. BARIOLER, mamentimpéntina foana, mandrangirangy foana, manoratsòratra hafahafa. BARIOLÉ, misoratsòratra hafahafa; maromaro sòratra; pentimpéntina.

barlong, lava-ila.

baromètre, z fañohárana ny bavesárany ny *Atmosphère* sy ny fiová'ny. baromêtr*a*.

baron, olom-be, ombe lahy, sojà, soja lahy, teña lahy; andriana. BARONNE, andóña, andóñ*a*-vavy; andriambavy. BARONNAGE, ny handriánany ny *Baron*.

baroque, tsy boribory tsara, marokoroko; kabiaka, ? tsy antsahala, adala fanaovana, sirantsirana; h sámpona, ratsy fórona.

barque, lákana, sambo hely, fiondránana.

barre, sákana, bárany; — de fer, ánjaka, anja-by. — de porte, sákana, sakambaravárana, tapakazo lava, h hidy, fanidíana. — d'appui, fiankínana. — sur un mot, sóritra. — de tribunal, fieférana, sákana. Argent en —, h akora, akorambola, valongam-bola. Réduire qc en barre, mañánjaka, mañanjakánjaka. Appelé à la —, antsóina amy ny fitsarána, py fimalóana. Jouer aux —, mifaníana, mifanámbotra. BARRER un passage, Misákana lálana; y mettre une barre, manisy sakana azy; mañidy azy. — un mot, mamono sòratra. vo mandrara, miaro, mamala, mañimba, mandrava, mahafoana. vo bâton.

barreau, sákana, ? hidy, fieférana. Le —, ny tokotány fitsangánana ireo mpandaha-teny amy ny fimalóana. Quitter le —, miala amy ny fikabaríana.

barrette, sátroka hely mena no marírana féntiny ireo *Cardinaux*.

barricade, tampin-dálana, esi-dalana, támpina, támpika, ésika, sákana; z maro atovontóvona hamono lálana. Le BARRICADER, Mañésika, manámpina, manámpika, misákana, mamémpina azy. Se —, manao fefy hivoníana, manangandrova hiaro tena.

barrière, sákana; Fieférana, fefy, rova, manda, vala; fiarovana.

barrique, barika, pipa.

bas, basse, iva, iyaíva; ambáuy. Terrain —, tany kétraka, látsaka, lémpona. Âme —, o abily fanahy. Esprit —, fañahy marivo; o tsy lalin-tsaina. A — prix, mora vidy. Eau —, rano marivo. La mer est —, efa haka ny ranomasina. La marée —, ny rano haka. vo rano gegy. Le — peuple, ny oaróhan-tany n'olona, h ny faraidina, ny bozak'aman'áhitra,

ny ólona foana, olom-poana. Arbre —, hazo botcta, botétaka, boleta. Panier —, hárona talélaka, tabébaka. Messe —, Mesa tsy omban'antsa. Parler à voix —, mibisibisika. Avoir l'oreille —, miondri-tsófina, lavo sofina. En — âge, mbola tañora, mbola vitsy taona, mbola zaza. Vue —, maso manjávona. Qui a la vue —, o manjavona maso.

BAS : le —, ny ambány ny, ny vody ny, ny fòtotrà, ny fotony, ny fanàmbániny. Le vin est au —, kely sisa izy, efa faribódiny foana, arivódiny foana, marimbody foana izy. L'envoyer en —, Mamárina azy.

BAS ad : Parler —, Mivólana moramora, mibisibisika, manjotso feo, mañeta-peo. En —, ambány. Plus —, ambanimbány. Là —, añy ambány añy. A — ! apotrálio ! ravão! robáto ! simbáo ! mizotsóa! midina! Mettre — (un petit), Mitéraka, mamaitra ; (plusieurs petits) Mañidina. Mettre chapeau —, manala sátroka. Mettre — les armes, Mametradéfona, mamétraka basy. Le tirer en —, Mitárika azy hizotso.

BAS: des —, ba, saronkógotra, fohom-bity. Porter des —, miba, mifono-tóngotra.

BASALTE, añarambato-maintina.

BASANÉ, mavo, maintinintina.

BASCULE, z mora miangánga *ou* mitsinganga ; z mitsingatsinga. ? filañjána, ? lanjana. ? antsavily,? savilivily.

BASE, vody, ambány, fañambániny; anangánana, ioréñana, fòtotra, tombóana ; vodi-andry. Sur quoi on doit le BASER, se —, ce qui doit en être la base.

BAS-FOND, tany lémpona, látsaka, kétraka, lémaka.

BASILIC, añaram-bibilava (ny maso ny mahafaty ny zahána, hónoka.)

BASILIQUE, *Église* be no tsara. bazilika.

BASIN, lamba hafa fáhana; fahan-tsiatohy.

BASSE: la —, ny lémona, ny ambáviny, ny be feo.

BASSE-COUR, tokotány ambany fitoérany ny akoko, ny aomby &. vala n'akoho, rova n'akoho; kijá; fananganam-biby.

BASSEMENT: se conduire —, s'abaisser. Penser —, iva-jery. vo bas.

BASSESSE, haïvána, haïvaïvána; babiliana; ?havetána;fanjeram-bátana, fanetren-tena; kolélana, kolélaka, fikolelábana. Faire des —, miláfika, mibáboka, mikolélana, mikolelaka, milélatra tóngotra, mandady, milela-paladia, miambanimbány.

BASSET, amboa fohy ranjo; ? amboatókovato.

BASSIN, lovia, vilia; kapila, tavy. — dans les terres, kamory, farihy, rano-vory, tobindrano, mahetsabory, vavarano, hory, lóvoka.

BASSINER un lit, Mamána fandríana. Se — les yeux, Maña-

sasasa maso amy ny rano mafána. BASSINOIRE, z famanámpandriana. vo fésana.

BASSINET, sofim-basy, sófina; fátana.

BASSON, mozíka fitsiófina mira amy ny valiha abo. valiha, volo fitsiofina.

BASTION, rova-tany matsiraka. manda-tany, fiarôvana.

BASTONNADE, vangovango-kibay. LE BASTONNER, le BÂTONNER, Mameliveli-tehim-pohy, Mikapokapoka-kibay, mandómona-kibay, mandona-hazo azy, mamitsopítsoka azy.

BÂT d'âne, *selle* misy fitoeran'éntana.

BATACLAN, karamaoka, h fánaka.

BATAILLE, ady; fiadívana, h fiadíana. Livrer —, attaquer. Gagner —, vaincre. Corps de —, tron'ady. BATAILLER, Miady; Miadiady. BATAILLON, saramba be, beloha; miaramila vorihiky, *ou* mirai-dia.

BÂTARD : enfant —, zanak'ampásina, anak'aminámbina, h zaza sary; zanak'amonto, zanak'ambélany, anak'antány, h zana-dranitra. Fruit —, voankazo ratsy, mafotrafôtra. Animal —, roi-karázana, tsy hay rázana. Chat —, sakavavimpiso. Plante —, maniry ho azy. vo abâtardir.

BATARDEAU, esi-drano, sakandrano; faneseban-drano; h fefiloha, ? faria; famonóan-dálana ny rano.

BATEAU, sambo kely, lakam-be, lakan-dráfitra; botry; fiara.

BATELAGE, ny hakabiáhany ny *Bateleur*, ny soma ny.

BATELET, *Bateau* kely.

BATELEUR, o kabiaka mampihomehy amy ny laolao atao ny.

BATELIER, mpivé lákana, mpitehin-dákana, mpampíta, mpampitsáka, mpitan-dakana, tompondákana; baharía.

BATIFOLER, misomasoma foana, manao fisoman-jaza.

BÂTIMENT, trano; zomba; orintrano; sambo.

BÂTIR une maison, Mañórina, manángana, mitsabo, manao trano. — un village, Mamórona tanána. — un vaisseau, Mandráfitra, mitsabo, mizávatra, miasa sambo. — en pierres, Mañovontôvom-bato.

BÂTISSE, trano; asa, závatra, ráfitra, orintrano.

BATISTE, lamba fotsy tsara; h hariry tsara.

BÂTON, kibay, Téhina; kibango, hazo, tapakazo; h langilangy, kinonga. vo baguette. — de vieillesse, fiankínana. Travailler à — rompus, Mandikadika, Mañelanélana. — de cire, loko nantely mivalóngana lava; anja-doko, vatrirandoko, loko mavôny; loko matsôraka, tsora-doko. — de sucre, tsôraka-siramamy, tsora-tsiramany, ? vonimbatomamy. BÂTONNER, bastonner. — un article, Effacer. BÂTONNIER, mpitan-téhina. BÂTONNISTE, mpiady amy ny kibay, mahaviombiona téhina.

BATTAGE, fivelézam-bary, h famolóana.

BATTANT de cloche, lay vy hely anaty ny famohamandry, ? fively, ? voany, ? lela. Porte à deux —, varavárana vakiroy. Un —, ny ílany raiky, ny fáfany raiky.

BATTANT, mpively, mpitéhaka. Métier —, asa marésaka. Pluie battante, Averse.

BATTE, famely, famisábana, vatrítra.

BATTEMENT, vango, vely, kápoka; toto. — des mains, téhaka, pv téfaka, vo Applaudir. — du cœur, tebotéboka, tipatipaka, tepotepo ny fo. — des ailes, kopakópaka, popóka.

BATTERIE, famangóana; rova misy tafondro. batirý, baterý. — de cuisine, karamaoka fahandróana.

BATTEUR, mpamely, mpikápoka, mpamango; mpitoto. — á la chasse, mpikena. — de pavés, mpiriorio. — d'estrade, miaramila mpitsapa tany; mpisafosafo, tilitily.

BATTOIR, famely; vatritra, tantanan-kazo.

BATTRE, ac, Mamango, Mamely, Mively, h mikápoka, pv mañáboka, h mandáboka, h mandínaka, h manávoka; mamangovango, mamelively, mikapokápoka, mañabokáboka; mandóna, mandonadóna, mandondóna, mandómona, miady, mamôfoka, h mipaika, mipaipaika, h manjofo, h mandinadínaka, h manjézika, h mandákotra, mamétsaka, h mandaina, h mañetsakétsaka, h mandároka. — la terre, l'ennemi, Mitoto azy. — en brèche, Mamango handrómbina. — le linge, h manonitóny; pv manotóka, mamopóka. — le cœur, mitebotéboka, mitipatípaka, mitsibotsiboka, mitepotepo. — le beurre, Mañontsankóntsana ronóno. — des mains, APPLAUDIR. — la campagne, Déraisonner. — le pavé, Roder. — monnaie, manao, vola. — des ailes, mañofokófoka élatra. — de l'aile, ketrak'ila, vézaka; mirépaka, mikoréfaka, mikotrépaka, mikolépaka; mikolitsaka. — contre qc, mikóña, migáña amy ny z; vo Heurter. Se —, Miady, sk Mialy; mifamango, mifamely. Le tambour bat, Mivango.

BATTU de l'orage, donainy, domóniny ny oramháratra. Chemin —, lálana másaka, madisa, velona, diávin'ólona, dian'ólona.

BATTUE, fikéñana; fikapokapóhana.

BAUDET, ampondra.

BAUDRIER, fehikibo, fandaisan-tsábatra; fifehíana; tambevy, tambálana.

BAUME, ranonkazo mánitra; ménaka mánitra, fiháñitra, fifinto, zava-mañitra, raha mafinto, sólika-mafinto. BAUMIER, hazo avíany ny *Baume*.

BAVARD, babillard. BAVARDER, babiller. BAVARDAGE, babil.

BAVE, vôrimhava, farora-bava, fari-bava; ranivy, forafora. BAVER, BAVEUR, Mamôry, mamorivôry; mamorafôra vorimbava, rara-borimbava, rara-bòry, misy vory, ivína,

rarak'ivy, mifotafota ranivy, mitsororó-dranivy, mitorak' ivy, mifari-bava, mandatsa-bory, maditsa-bava.

BAVETTE, lamba atao amy ny tratra ny zaza mamôry, *ou* rarak'ivy; fiaro-vory, fiaro-ranivy, hefin-trara, hefin-akanjo, fiaro-vôrimbava.

BAVOCHÉ, misy vory, mamory; behòsotra, tsy madio. BAVOCHER, mandoto, tsy mankadio.

BAYER, misaṅasaṅa, misaṅáka, misaṅáṅa; misoka-bava; vo h manóaka, pv maṅoatra; h mibánjina, pv maṅéritra, pv mijeríana, pv mitséndrina.

BAZAR, tsena. Au —, Aṅy an-tsena.

BÉANT, mibéaṅa, misòkatra, mibaṅaháṅa; mivoha, bevava. vo bayer.

BÉAT, miháboka mijoro tsara.

BÉATIFIER q, Manángana olo-másina, Mampiditra o amy ny olo-bezara an-dánitra, Mankamásina o; manángana azy andániny ny olo-bezara, mankabezara, mankafináritra o. Milaza izy efa bezara, efa Fináritra. BÉATIFICATION, fanangánana, fanandrátana o amy ny olo-bezara andánitra; filazána izy efa an-dánitra. BÉATIFIÉ, efa tafiditra amy ny fináritra; efa bezara, efa finaritra. BÉATIFIQUE, Mahafinaritra, mahasámbatra, mahabezara.

BEAU, BEL, BELLE, Tsara, soa, senga; maeva, h méndrika, g maéndrika, dh manéndrika; h feja, meja, mafeja, mifejaféja, g tsara-endrika, tsara-vintana, vintáṅina, tsara-sora, tsara tarehy, tian-ko-jeréna, tian-ko-zaháṅa, te-hojeréna, mahatehizaha. vo h mavana. BEAU MAIS FRAGILE, h fg lokanga-hísatra. BEAU-PÈRE, rafozan-dahy; ? ray kely. BELLE-MÈRE, rafozam-bavy. BEAU-FILS, vinanto-lahy. BELLE-FILLE, vinanto-vavy. BEAU-FRÈRE, h zaotra, pv raṅaotra, zao-dahy, ranao-dahy. BELLE-SOEUR, zao-bavy, raṅao-bavy? akory anao raṅaotra?

BEAU ad: J'ai — vous chercher, manjengy anao foana aho, na dia mitady anao ela aho, ndre mila anao ela aho. Tout —! ne vous fâchez pas, moramorá anao! volia ánao, aza tézitra anao! anao e! aza vínitra anao.

BEAUCOUP, BR. maro, bétsaka, boba, maro be. vo Fátatra, Fónitra, álina, arivo; sesehena, disovala; rohontany, tambo; vari-ráraka.

BEAUPRÉ, ny falazy mandry mibóaka alóha ny sambo; fanondro-manga; liona.

BEAUTÉ, hatsara, haseṅga, hasoa; haeváṅa, hatsaráṅa, hasoávana, haseṅgáṅa, éndrika, haéndrika, hamaendréhana; vintana, h bika; hatsara-ntsora, hatsara-mbajihy.

BEC, vavam-bórona, sóṅy, mólotra, pv tôtoka. — de plume, ny tendro ny, loha ny. Qui a le — de lièvre, sima,

vo rómbina.

bécarre, añaran-tsóratra mahónjom-peo amy ny lamozika.

bec-d'âne, fándraka-mahifitra, fitorak'ômpaka.

bêche, fangady, antsoro, fihady, sk fihaly; antsétra, fikápa; rápaka. Vieille —, h mondrampangady. bêcher, mamókaka, mitongy, h mitrongy, mipongy tany. vo mangady, mihady, sk mihaly.

béchique, tsy mampikóhaka. Remède —, aody tratra.

becquée, vo Abecquer.

becqueter, pv mitékoka, pv mitékotra, pv mitséngoka. ? mitotóka. vo mitsíndroka. Se —, mifampitékotra.

bedaine, kibo, kibo be.

bedeau, o mitan-téhina anaty *l'Église*.

beffroi, traño abo indrindra misy lakilosy fanairana.

bégayer, bégue, pv Fafá, mifafá; h miakáka. vo tambalela, tambatamba-lela, ámbatra, amba-dela, miambatrámba-lela; miafitráfitra, miahaháhana; bredouiller. bégaiement, fifafána, akáka, fiakakána.

bégueule, viavy adala miavonávona. Faire la —, miangananángana, g mihetrahêtra, mañetrahetra. vo Milantidántika; mihatrakátraka, mihetrakétraka, h mihendrahendra, mihandrahandra.

béguin, lamba-ndoha fotsy.

béguine, *Religieuse* tsy manao voady. béguinage, traño firaíhan-dreo *Béguines*.

bel, belle, vo beau.

bêler, bêlant, h mibarareoka, pv mibé. bêlement, barareoka, fibarareoka; be, fibéana.

belette, añáram-biby; h kionkiona, pv boky.

bélier, ondri-lahy, pv aondri-lahy, añaran-kintana.

bélitre, karin'ólona, karilahy, lahifady.

bellement, moramora.

belligérant, miady, manáfika, mpanáfika.

belliqueux, fiady, ti-hiady, maheri-miady, tia ady.

bellot, bellotte: enfant —, zaza tsara, mahafatifaty, meja, mafeja, tsara dia tsara.

belvédère, trano hely mitíkina amy ny trano be ka fizaháña lávitra.

bémol, sóratra mahazotso ny feo amy ny lamozika.

bénédicité, fijoróana aloha ny fihinánana. benedisité.

bénédiction, fafirano; fisaôrana, fijoróana, joro, saotra, tsiodrano; tahy, fitahíana; añoaño. vo sambasamba. Demander la —, mangátaka fafirano, ho saorana, hojoróina, ho tahína. Lui donner la —, le bénir.

bénéfice, z azo, tombo, antómbony; tombombárotra; tamby. bénéficier, mahazo z; mahazo antombony.

BENÊT, ambáka, maola, léfaka, adala, marivo-fañahy, mora ambakaina.

BÉNÉVOLE, agissant bénévolement, manao z an-jotompó, manao foana, manao tsy géhina. vo mora, miantra, malemi-fañahy.

BÉNIN, qui agit BÉNIGNEMENT, mora, mora fañahy, malemi-fanahy, tsy mahafaty, tia olona, h miantra. vo Affable. BÉNIGNITÉ, hamorána, halemimpanáhy.

BÉNIR une église &, Mijoro; misaotra, h? misórona; mamafi-rano, h mitsio-drano azy. — Dieu, mankasitraka azy. vo Louer. —, protéger, mitahy, mañámbina, manasoa, mahafináritra, mañátrika, mañome zara. Objet BÉNIT, eau BÉNITE, z voa-joro, nijoróina, jinóro; voa saotra, voa fafirano. Famille BÉNIE du ciel, o mpifoko tahíny, ambíniny, atréfiny, soáviny, hasoáviny ny Zanahary; h trétrika; bezara, fináritra, h sámbatra. Bénissez-moi, saôro, h saóry, joró, fafazorano; tsiofo-rano, tahio, atrefo aho. BÉNITIER, fasian-drano voa joro, fitoeran-drano fijoróana. —, coquille, fima.

BENJOIN, émboka abo hañitra.

BÉQUILLE, tohan'ólona, téhina, téhina heléhina, fiankinana. BÉQUILLER, mitehina, mandehandeha, manoham-bátana.

BERCAIL, vala n'ondry; h fisoko; vala; dh? kobiza.

BERCEAU, kibány njaza mena; fandrian-jaza minono. Trano rantsankazo; Fialófana, áloka, tsitrañotraño-rántsankazo.

BERCER un enfant, mañilankílana, mañilangílana, mañetsikétsika, mañarinkárina, h manásina, manasinkásina, manimbadibádika, mamoambóana zaza hampiroro azy. —, tromper. Se —, espérer.

BERGER, BERGÈRE, Mpiambin'ondry, mpiandry ondry, mpañahy ondry. BERGERETTE, BERGERONNETTE, zaza vavy mpiambin'ondry. BERGERIE, bercail.

BERGÈRE, fiketráhana, fiankinana malemi-láfika.

BERLUE, závona amy ny maso; h tsy fihirátana. Avoir la —, maízina maso, manjávona maso, sanjaina, h pahina, pahimpahina. ? ny masony manjapíaka, manjopíaka.

BERNABLE, o tôkony hankadalaina, h o fanadala.

BERNER, mamoambóana, mampitsambókimbókina, mampitsinjaka ambóny gony be hetsiketséhina. — q, le Railler.

BESACE, kitapo; jamóra kifóka.

BÉSICLES, solomaso asampy amy ny órona.

BESOGNE, Asa, raharaha; h lahasa. Qui va vite en —, malaky fanavan-draha.

BESOIN, filána; tsy fanáñana. Avoir — de qc, mila z. Ce dont on a —, les —, ny z ilaina. Qui est dans le —, mijaly, misérana, malahelo, mila; h tsapodílana. Au —, an-kasérana, amy ny havesóhana, an-kamérana; izikoa mila.

bestial, BESTIALEMENT, táhaky ny biby, mitovy amy ny biby. BESTIALITÉ, Fandehánana amy ny biby.
Bestiaux, biby manompo, aomby, omby.
Bestiole, biby madinika; zaza vavy adaladala.
Bêta *ou* bestiasse, didery, ambáka, h badrahodra, g vañavâña, vakaváka, tsy ary saina, tsy mahay z, mafi-sófina, adala, maola, mavesabesa-tsaina.
Bétail, vo bestiaux.
Bête, biby; káka. — féroce, — masiaka, — tsy fólaka; — dy, — madý. — de somme, — manompo. Q—, vo bêta. Agir BÊTEMENT, miadala, adala fanavan-draha, karaha adala. BÊTISE, hadaláña, haoláña, halefáhana.
Betterave, añaran'áñana mirámira amy ny mahogo ka fatao siramamy.
Beuglement, Ma; beugler, Mimá, mimamá. vo mitróña, mitréña, mifontréka; miérona, mirohondróhona; mifofotofo; mitréfona.
Beurre, soli-dronóno, mena-dronono. vo hero-dronono, ronono-mandry, hendro-dronono voa hontsankóntsana, lohamandri-ndronono. BEURRÉE, silaka-mofo voa-hosotsoli-dronono. Le beurrer, Manoso-tsoli-dronono azy, manisy mena-dronono azy.
Bévue, Erreur.
Bezeau, tapakazo sirana.
Biais: il y a du —, il va de —, il est en —, sirana, h misompirana izy. Un peu de—, sirantsirana. Le couper en —, manao didy sirana azy; mamirana, manompirana azy; manao didy manompirana azy. Il (le chemin) va de biais, h mibirioka, g mivirioka, pv mitsibirioka, h mibisioka, mania, maniasia. Prendre q en biais, mamélika, mamálaña, mamelipélika azy. Biaiser avec q, mifelipélika, miary, miolikólika. Biaisement, hasiráñana, hasiávana, birioka, virioka, tsibirioka, felipélika, olikólika, fiariana.
Biberon, fg o maheri-misótro, lian-tenda, be finómana.
Bible, ny taratasy be itsangánany ny teny ny Zanahary; ny soratra-másina; ny teny n'Andriamáñitra. ny bibily, bibоly; dh baiboly.
Bibliographe, o mahisa ny karázany taratasy ziaby.
Bibliomane, o ta-háinana taratasy maro;ngoain-taratasy.
Bibliophile, o tia taratasy.
Bibliothécaire, mpiámbina (*ou* mpiandry,mpitahiry,mpitarimy, mpikájy) taratasy. BIBLIOTHÈQUE, talatala fanangáñan-taratasy, famorian-taratasy, trano famorian-taratasy, trano-ntaratasy.
Biche, *Cerf* vavy.
Bichique, añaram-pilao madinika indrindra.

Bichon, amboakely miolikoli-bolo. BICHONNER ses cheveux, mañolikoli-bolo, mañotakótaka volo.
Bicoque, trano ratsy; trano ratsy fihinánana.
Bidet, sovaly madinika.
Bidon, kapóaka fasíana rano hinómina.
Bien : le —, c'est —, tsara, sk senga ; sk sud Soa ; maeva. En parler en —, Mivolan-tsara azy. Lui faire du —, l'Avantager, l'Aider. — différent, hafa indrindra, hafa lávitra, hafa érika. —, des —, hareana, h haréna, fanáñana, zavatsoa, fánaka, karamaoka. Mon —, ny ahy, ny anahy. —! très —! hêka! Faites-le tant — que mal, ataovo foana izy ; ndre tsara fanaôvana izy ndre ratsy. Eh —? akory?
Bien-aimé, tiana fátratra, malala, tsi-tindry, tsi-foy.
Bien-être, ny mahafinráitra; fahafinarétana.
Bienfait, z soa oména o; soa atao; fitahíana, hatsarána (*ou* hasoávana, hasengána, hazavam-pó) atao amy ny o; h fiantrana ; hasatriávana. BIENFAISANT, mahasoa, mahatsara, mahasitrana; masin-táñana; satria, mazava-fó, h miantra. BIENFAISANCE, fanavan-tsoa amy ny o, h fiantrána, fitahíana, fo mazava, pv fo satria. BIENFAITEUR, BIENFAITRICE, mpanao soa, manao soa amy ny o; mpitahy, mpiantra.
Bienheureux, très heureux.
Biennal, mahāritra taona roy.
Bien que, Quoique.
Bienséance, ny fanaôvana ny tôkony ; ny fatao manjary, h ny fanao tsara; ny manjary, ny márina, ny mahitsy, ny mety, ny fañajána, ny fitondran-tena tôkony. Qui a de la —, mahay haja, mahay fañajána, mahay ny tôkony. BIENSÉANT, tôkony, manjary, fatao, antónony, mety; ? onony.
Bientôt: j'irai —, tsy ela, tsielatsiela, h vetivety, pv vetikétika, pv hetibétika, sk betibety zaho handeha. vo toa-tsitañy, maláky, malady.
Bienveillance, fitiávana hanao soa amy ny o; fo mazava amy ny o, hazavam-po, fo ti-hanao soa amy ny o, fo mazoto hitahy o; findra-fo, hatiávana. BIENVEILLANT, ta-hanao soa amy ny o; mazava-fo, tsarafo, h miantra, mpamindra-fo.
Bienvenu, tsara fiavíana; rambésina ankaravóana; h ampiandrañóina.
Bienvenue, fiavíana, fidírana tsara.
Bière, vatra fasian'olo-maty, pv tamango, h tranovórona, h tranombórona, h vata fandevéñana.
Bière, z finómina, biéry, rano-biéry.
Bifére, Mamony in-droy isan-kerin-taona.
Biffer un mot, Mamono, mandróbaka, manimba sôratra.
Bifide, vaki-roy.
Biftek, éndin'aomby, aomby voa endy.

Bifurqué, se bifurquer, misámpana, manéfaka, mandeka, manaléka. bifurcation, sámpana, sampáñana.
Bigame, mampirafy, h mamporafy; roy vady. bigamie, fampirafésana roa.
Bigarré, misoratsóratra. Le bigarrer, manoratsôratra hafahafa azy, mañisy sôratra maro samby hafa. bigarrure, sôratra hafàhafa, soratsôratra, volo-njávatra maro loha.
Bigle, Louche.—, amboa mahery mañiana. bigler, loucher.
Bigorne, *Enclume* roi-tándroka.
Bigot, Manao sary mijoro lava; h mpivávaka mihíatsaravelatsihy, h mpihíatsáravelatsíhy amy ny fanompóana an' Andriamánitra, mijoro imaso foana; maromaro fady, maromaro fijoróana loatra. bigoterie, fijoróana imaso n'olona fa tsy ampó.
Bigne, falazy hely fañentánana éntana, falazy fañonjónana.
Bijou, g rávaka; vákana, pv harea firaváhana, vato soa. bijouterie, fanavan-drávaka; fivarotam-bákana; tranon-drávaka, trano fitahirízana ny vákany ny andriana. bijoutier, mpanao rávaka; mpivaro-bákana, mpivaro-drávaka.
Bilan, taratasy fasian'ahárana ny o nividy ndraka ny z voavidy.
Bilboquet, añaran-daolao.
Bile, afero; rano nafero. Qui en vomit, vaki-afero. fg colère. Conduit biliaire, lálany ny afero. bilieux, bilieuse, be-afero. fg Irascible.
Billard, añaram-pilalaovana famiribiriana balabala.
Bille, balabala, kiboribory, taboribory. — de bois &, vóngana, volóngana, hazo mivolóngana, volongan-kazo, volongam-bato, vongankazo. vo bloc.
Billet, taratasy hely, tápaka-taratasy. — d'entrée, taratasy fidirana, *ou* mahatafíditra.
Billion, arivo-tapitrisa.
Billon, vola tsy soa.
Billot, h voditronga, vodihazo, fòtotra, fòtotra-hazo, hazo, h akálana; hálana. vo Bûche.
Bimbelot, z filaolaòvin-jaza, z fisomaina. bimbeloterie, fivarotan-drahà fisomaina.
Binage, fanaòvana in-droy.
Binaire, roy fòtony, roy sòsona, roy soratr'isa.
Biner, mañindroy. Mipongy tany indroy. Manao Lamesa roy.
Binoculaire, roi-maso, roi-fizahána.
Biographe, mpanòratra ny havelòmany ny o. Mpanorakavelòmana. biographie, filazána ny havelòmany ny o.
Bipédal, roy dia ny halava'ny.
Bipède, roi-tóngotra, roi-vity.

Bique, osi-vavy, bengi-vavy.
Biquet, zanak'osy. Mizam-bola, filanjána-vola. BIQUETER, miterak'osy. Mandanja-vola
Bis, indroy, h indroa.—! ataovo indraiky, h atavy indray.
Bisaïeul, Ada ny dady, ada ny rázana; dadi-be, razam-bé. BISAÏEULE, reny ny dady.
Bisamuel, maháritra taona roy.
Bisbille, Adiady, ankány kely, h adi-antsanga, h adi-anoano, pv adi-volombalala. Etre en —, Mi—.
Bis-blanc, h ? manjamanja; g mavo. h ? mará, ? marará.
Biscornu, vo baroque. roi-tándroka.
Biscuit, mofo voahandro in-droy, mofo mafy, mokary mahery, mofo maditra. Sans —, tsisy vatsy.
Bise, rivotr'aváratra; aváraka; rivotr'antaváratra.
Biseau, vo sírana, sompírana, misompírana. Un —, hazo-sírana.
Biser, mody manja; malazo.
Bison, Aomby mady, h ombimanga; aomby aňála.
Bisquer, pester.
Bissac, kitapo; lasáka vaky aňivo.
Bissection, fizaran-droa, pv firasan-droy.
Bissexe, sady lahy no vavy; sèkatra.
Bissexte, Andro raiky asôsoka ny vôlana *Février* isany éfatra taona. Année BISSEXTILE, taoňa manan-toimbo.
Bistori, famatérana, fanatárana; meso hely maráňitra.
Bistourné, miotakótaka, dimbandímbana.
Bisulce *ou* bisulque, vaki-hotro, h vaki-kotro.
Bitord, ? tady, ? hendrivándritra.
Bitume, aňaran-dity. Loko, bitómy.
Bivalve, ankora miléfitra, ankora fandrákotra.
Biviaire, itraôfan-dálana roy.
Bivial, misámpana.
Bivouac, Toby tsisy lay, lasy, tobi-álina. vo kijá. Bivouaquer, mitoby, milasy; mitoby álina tsy amy ny lay.
Bizarre, maňantambo toérana, hafahafa, hafafiaiňa, hafafiaiňana, manao toeran-tsakan'ólona, manao antambo-térana, maňiji-térana, maňantambo-toérana; mitsivalampandry, tsy fatao loatra, h miangesongeso. vo miangentsangéntsana; h mihaitraitra; sámpona, h tsy antsahala; tsy mira; kabíaka. Bizarrerie, fihafahafána, toeran'antambo, antambotoérana, toeran-tsakan'ólona, h angesongeso, fiangesongesóana; haitraitra, fihaitrairana; vo angéntsana.
Blafard, fotsifotsy, malandilandy; mavomavo; ? fotsi-mátroka; fotsi-mavo.
Blâme, tsíňy, faniňiana; pv ady, faňadiana; h adidy, fanadidíana; áňatra, faňanárana. vo latsa, h ngidimkóditra;

h orinórina, sokéta, antsoláfaka, fondro, nala, voina. Qui occasionne le —, h Mahasaroposérana,g mahavoa tsiny. Le BLÂMER, Maníñy, pv mañady, h manadidy; mañánatra, pv mañantsa, mandatsa, manorinórina, mañisy tsiñy. BLÂMABLE, tòkony ho tsiñíana; azo tsiñíana; misy tsiny, tokony hadína, h tokony hadidína; h fanadidy; h fañampanga;mila tsiny.

Blanc, BLANCHE, Fotsy, sk foty; sk malandy. Très —, jiaka, jéaka, manjéaka, pv mangantsa, mangantsangantsa; h mangatsohatso, h botsátsaka, manjoriaka, g mangolakólaka &, *ou* Fotsy jeaka, fotsy mangantsa &. — et éclatant (co qc de grand au loin), pv Manjoriaka, h manjopiaka. Linge —, lamba madio, voasasa, misasa, sinása. Papier —, taratasy tsy voa sòratra, tsy misòratra. Terre —, h ravoravo. Donner dans le —, mahavoa. Le —, ny sòlatra, ny z kendréna, z tifirina. s, — d'œuf, tafótsiny, fotsin'atody. — de baleine, atidoha-ntrózona. — d'Espagne, tany fotsy malemy. Les BLANCS, ny Vazaha; sk ny Karány, Gara-maso.

Blanchâtre, fotsifotsy, ? somary fotsy.

Blancheur, hafotsy, hafotsiana, halandy.

Blanchir qc, mamotsy; mankafotsy; mahafotsy, mahalandy, mankalandy z; mandio z. — du linge, manasa. — q, Mandio o, mañala tsiñy azy. —, n, mihafotsy, mihalandy. Se —, midio, mandio tena, miala tsiñy; mamotsy vátana. BLANCHIMENT, famotsiana. BLANCHISSAGE, Sasa, fanasána. BLANCHISSEUR, mpanasa-lamba, h mpanoza. BLANCHISSERIE, fanasána; famotsíana.

Blanc-seing, ? añarana foan-tsòratra.

Blaser, h Mandombo, pv Mandómona, Mahadombo, mahadómona, h mahadófoka, mahadófotra; manosa, manosa saina, mahadofoka saina. Se —, mihadófoka. BLASÉ, dómona, dombo, dófoka, matisáñitra; étsaka, voky, émpaka; osa saina.

Blason, Fahalalána ny *Armoiries*.

Blasphème, Fañompána Zanahary va ny raha anazy; ompa; asaha, fañasahána; volan-dratsy, teni-ratsy; ózona. Le BLASPHÉMER, Mañompa, mañasáha, mivolan-dratsy, miteni-ratsy, mañózona azy; mamorafora *ou* mamòraka volan-dratsy ámy ny. BLASPHÉMATEUR, mpañompa Zanahary.

Blé, voan-draha miramira ámy ny vary; vari-mbazaha.

Blême, mavo-vava, h hátsatra. vo mavana,mivalo-árika; pv ? kotsatra,? makotsatra.

Blessure, bay; fery; voa, narátra; nakíaka. — dans l'âme, ferinaiña, pv firaiña. Toujours couvert de —, o feréna, feriferéna,tsy ialam-pery; lavabay. BLESSÉ, voa bay, misy bay, misy fery; voa, narátra, naradrátra, narátin'olona. vo mi-

farinaina, pv mafiraina; voa sélatra. Le BLESSER, mahavoa, mandrátra, maharátra, manisi-bay, manisi-fery azy; mahaferinaina, mankarary; mahadidy, mahadaika. BLESSANT, mahavoa; mahavoa fo, mahatézitra.

BLET, blette, masa-lóatra, másaka loatra.

BLEU, maitso; maitso-lánitra, maitso-jeny, maitso-vodilánitra; h manga. — foncé, kaniky. BLEUÂTRE, maitsoitso; h magamanga. BLEUIR, Mihiaitso, mihiamaitso.

BLOC, vóngana, volóngana, vongádina, valóngana; vongan-draha, h voditronga. — de marbre, volongambato, vatobe, vongambato, vato mivolóngana, vongadimbato. — de marchandises, marchandises en —, vongam-bangána, valongam-bidíana, vidiana-mivalóngana ou mivongádina, mivóngana. Vente en —, h varo-balóngana. Les mettre en —, mamóngana, mamongádina, mamalóngana azy. Mettez-les en —, atauvo valóngana & izy; avongáno izy. En faire plusieurs —, mamongambóngana azy. vo bille. Le mettre au —, mandrohy, mamátotra, mamalóngana azy.

BLOCAGE, potipoti-hato haséfaka; Solo-sóratra, kisolosolosóratra.

BLOCUS, h fahirano, pv fehirano. En faire le —, la BLOQUER, vo Assiéger.

BLOND, mavo-aláñana, fotsi-mavo, fotsi-mena, menamena. BLONDIN, mavo-volo, mazava-volo. BLONDIR, mihiamavo-mena, mihiafotsy.

BLOQUER une ville, l'Assiéger. Le — dans le trou, mandétra, manéfaka, manófotra, mandévina azy an-dávaka. p alétra, aséfaka, atsófotra, alevina. — des fondations, manefatséfaka, manémbana, manésika voditraño; manisi-sefatséfaka azy. p sefatsefáhana, sembánana, seséhana.

BLOTTIR: se —, mitambótrika, mivótrika; mitabokély, mitabotétaka, mivónkina, mamonkim-bity, mitala pétaka, mamori-tóngotra; h manjony.

BLOUSE, akanjo be mangabakáhaka, akanjo jolóbaka; salòvana, akanjo-salòvana; ? salovan-dahy. —, lávaka. Le BLOUSER, mandátsaka azy an-dávaka (ou antsóboka, ambory, antsalòvana), mamárina azy.

BLUETTE, kilalaon'afo (pv kalalaon'afo, pik'afo) matimaty.

BLUTER, Tamiser.

BOA, bibilava be, dò, be-mora.

BOBÈCHE, tanti-loko.

BOBINE, tapa-bolo; ? antsody, ? antsoly, sohóana. Le BOBINER, mamolimbólina, mamompóna, mamadiditra azy; mamandibánditra azy amy ny volo hely.

BOBO, bay kelikely; fery madinidinika; marátra kely.

BOCAGE, alakely, alavory, vorinala, h kirihitra, kirihitr'ala;

pv hirihitr'ala, hirihitra. BOCAGER, an'alakely, ankirihitr'ala.
BOCAL, tavohangy be vava; kapóaka be vava.

BŒUF, pv aomby, h omby; h ombé; — lahy; — sauvage, h — manga; pv — ala, — añala, h ombehaolo. — marqueté, — volavita. Les — du roi, ny tsimirango. — qu'on laisse sans gardien, h ombimahery.

BOIRE, minona, h misótro; — au vase à longs traits, migáka, h migóka; mitsóntsona. Papier qui boit, vo ABSORBER. Bois-le, inómo izy, sotróy izy. Le —, ny z inómina; z finómina, h fisotróina; h fisotro. vo A.

BOIS, du bois, Hazo, kakazo. — à brûler, h kitay, pv kitaina, pv hitaina, pv ataina; pv alamaty, hazomaty. Menu —, zañozaño, ripadripatr'ala, lengony, lengoléngony, ripidripitr'ala. — de fer, hazombý. — de teinture, hazo fanóhana. — de lit, kibány, farafara, hazo fandriana. — vieux et dur, h lóditra. — d'un cerf, tándroka, ampondo. — vert, hazo-lena. — sur pied, hazo vélona. — de construction, hazo fatao traño. — , forêt, Ala. Aller dans le bois, miañala. Habitant des —, o Añala, antañala, h tanála. Petit —, bocage.

BOISÉ, misy hazo, be hazo, váñona-hazo. Le BOISER, manisy hazo azy, manao rindrin-kazo, manisy lámaka hazo.
BOISERIE, riba-hazo, ríndrina hazo; peta-dríndrina.

BOISILIER, Mpanápaka hazo, mpijinja afo, mpifira ala.

BOISSEAU, vatra fañeráñam-bary, h vata, h famárana; pv pisy, gamela; h ? vata mahalány.

BOISSON, z finómina, fisotróina; h fisotro. ? finómana.

BOITE, vatra, h vata. vo hárona, sárona, hélitra; fasiandraha, pv saravy, pv sandétra, pv tsiandétra.

BOITER, BOITEUX, Mitrongaitra, mitrongay, mikondray, h kotrefa, h kotrifa, h kotringa, mikotrefa, mikotringa, mikotringatringa. — par une jambe plus courte, pv mikolítsaka, pv mikotsílaka, ketrak'ila. — par une blessure au pied, pv mitríngo, miríngotra, pv ? mitríngatra. vo h toríngana, h mirépaka, h mikolépaka, h mikoléfaka, manao tongo-dovia, h tolila, h tolítsika, mitolila, mitolítsika, mandringaringa. vo Marcher.

BOL, bakóly, kopy; finga. vo lovia lalin'aty; lémpona. —, aody taboribory atao telimóka.

BOMBANCE, fihinanam-piró, fihinánana. Faire —, hômana raha-fi-rô.

BOMBARDE, tafondro mivoha vava. BOMBARDER, mamelibomba; mitora-bomba. BOMBE, balabala-ntafondro lehibe holok'aty fasiam-banja; bomba; ? tavo-vý.

BOMBÉ, pv vôhotra, pv vónkoka, h vókoka. Se BOMBER, Mi—; mibóhitra, mivóhitra, mivóvona, mitafotafo, mivonto. Le —, mamóhotra, mamónkoka, mamókoka; mampivó-

hitra, mampivohopáfana azy. BOMBEMENT, ny vonto ny, ny voho ny.

Bombétok, Ampombitókana.

BON, BONNE, Tsara; sk senga; manjary; mety. vo soa; maéva. Q —, h olonkova, h olombe, h olonkova be; g o mora; h tsiambaibay. Un — homme, h ikiaky, g kaky, Rangahy. Une — femme, h rafotsy. Son — PLAISIR, ny soampó ny, vo VOLONTÉ. Un — mot, vólana aráhin-kehy, teni-ombankehy, vólana filiehiana. ? kilalaontsaina. Tiens —, táno mbaré. A quoi — cela, hatao ino izy ? tsara hatao ino izy ? Tout de —? ankítiny va? Trouver —, Approuver.

Bon, taratasy ny petra-bólana; taratasy fahazóan-drahu ou fakam-bola.

Bonace, fiketráhany ny ranomásina. Il survint une grande —, kétraka aby, nandry aby ny ranomásina.

Bonasse, ambáka, vakaváka, didery, dadara, manekilémpona, mora, moraina, h rainazy, h rainazibe.

Bonbon, z mamy; pátsaka mamy; z mamy fañaránan-jaza, ou fañikórana, fanantoánana, volavola ndraha-mamy. BONBONNIÈRE, pv kipondy; vatra hely fasiam-*Bonbon*.

BOND, Tsambókina, lópatra; tróatra, troatróatra; voambóana; h anteza. BONDIR, mitsambókina, mitsambokimbókina; mandópatra; mitroatra, Mitroatróatra, miantóraka, miantopy. vo mikarenjy, mikarenjirenjy, mitarémbana, mihendratréndratra; mivoambóana, mihetrahétra, mihavatrávatra, mihedrahedra, mikevikevy, mitsínjaka; miantsámbotra, miantsambotsámbotra; mandifika. ? mihinjakinjaka, mamikina, mamókina. Faire — le cœur, mamoambóana, mañónjona, mamókaka ny fo; mahaloilov, maharikoriko. BONDISSANT, mitroatróatra, mirodorodo.

BONDE d'étang, ésika, támpika, esi-drano, vavahadi-ndrano. —, trou, Hirika, lóaka. —, BONDON. BONDÉ, FENO, — be, — píaka, — pítsaka, — gáña, — eky, — mórona, tótotra; mifátratra, voafátratra. Le BONDER, mameno-mórona, mameno-píaka azy, manótotra, mamenofeno, manésika, mamoky. BONDON, támpina, tákony, tákotra, h tséntsina, tsentsimbarika. La BONDONNER, mañisi-tákotra, h manéntsina, g manámpina azy.

Bonheur, zara, anjara, h anjady; hafinarétana, fahafinarétana, h hasambárana; dh oronórona, g roandróana, firoandroánana; fiadánana. Qui a du —, manan-jara. Quel —! par —! zara! zara zany! Quel — que je ne suis pas mort, zara ko tsy naty! Par — pour moi qu'il ne soit pas cassé! zara ko! izy tsy vaky. Tsontso ko! drindra ko! noro ko! izy tsy vaky.

Boni, Tómbony, tavela, amby ny; ambóny. Bonifier, man-

katsara, h manatsara.

BONJOUR mon ami, Akory anao, drako? h akory hiany anao? finâritra anao. — à mon père, finâritra amy ny ada ko. Se donner le —, mifanao akory anao? mifañome finâritra. vo Adieu.

BONNE, viavy mpitarimy zaza; h vehivavy mpitaiza.

BONNE-AVENTURE, z tsara manjó; vintana tsara, hintana tsara, h fanaòvan-kitsak'andro; sikidy, h vinány, fanandróana. Diseur de —, mpisikidy, mpanandro; ? mpitady vintan'ólona, vo Astrologie.

BONNE-FOI, fo-mahitsy, hitsimpó, hahitsiampó; fo tsy mahafitaka; finóana tsy mañahiahy.

BONNE-FORTUNE, z tsara azo tsy nanteñaina. BONHEUR.

BONNE-GRÂCE, fitondra-tena tsara, fahaízana mitondra tena. tareby tsara. vo Mine.

BONNES-GRÂCES, fitiávana; fo. Dans ses —, ampelatáña'ny.

BONNEMENT, tsy amy ny fitaka, tsy nañahy; tsy nahiny.

BONNET, sátroka; foño-loha, saron-doha. — de nuit, ? satro-mandry, ? satrok'álina. — carré (arbre), fota-be. — chinois, h hazo-mamoha-vola. Lui mettre un —, manátroka azy.

BONNETTE, satro-behivavy, satro-bavy. —, soso-day, élatra.

BONSOIR, fiarahabána hariva. —, mandria tsara.

BONTÉ, hatsarána, hatsára, hamorána; hazavam-po, zavam-po, hasoávana, hasengána.

BORBORIGME, barborisme, h Koraraika, h korereika, pv kororaiky, pv kororéka, pv koréka; h gorareka, pv gororéka, goréka; hotrokótroka. J'ai des —, mi— ny tsinay ko zany; mangotrokótroka ny kibo ko zany.

BORD, ólotra, mólotra, mórona, h sisiny, vivitra. Au — de l'eau, añolo-drano, amoron-drano, amy ny sisindrano. Au — du toit, avivitry ny trano, ambivi-trano. Au —, ampirina; du précipice, ampirim-pámpana; andririny. — d'une étoffe, molo-damba; vo lohandamba, rambondamba. Approcher du —, en suivre le —, Mañólotra, h manamórona azy. vo ranta, fefiloha. — d'un chapeau, ny sófina. A —, an-tsambo. Je l'avais sur le — des lèvres, tam-bivi-tsoñy ko izy, tamy ny molo-hava ko izy. Sortir du —, miántsaka. Vaisseau de haut —, sambo lalin'aty, sambo abo; de bas—, sambo talèlaka, talélak'aty; sambo iva. Je suis de votre —, miandáñy, miláñy amy nao aho; andañy nao aho. Plein jusqu'au —, feno-mórona, feno-pítsaka, feno-diboka, fenogáña; sórona. Des deux —, amy ny lañy ny roy, añilany roy. Qui sont — a —, mifanólotra.

BORDAGE, rindrina; riba ny sambo va ny trano.

BORDÉE, tafondro maro miarak'alefa; rébony tafondro, réhoky tafondro. ? rehok'ila, ? rehon'añila. Courir des —,

mivirivíry, h mivilivily; manao dia mivilivily, dia miolikólika, dia n'ólitra.

BORDER un navire, mandrindrina, mandriba azy, manisy rindrina azy. — un champ, manodidina, manólotra azy; mamala, mamefy azy. — un habit, g Mandrongo, mandrongorongo, h manakotso, h maniny azy. — la voile, mañénjaka lay, mañenja-day. — un parterre, mamáritra tsabo.

BORDEREAU, taratasy fanorátaña isan-javatra.

BORDIER, mavesatr'ila, maheri-ila.

BORDURE, fáritra. vo rongo, sísiny, mólotra, loha, akotsó, ólotra.

BORÉAL, any aváratra.

BORGNE, g Gila, maty maso raiky; goa másoraiky; goa ila. toka-maso.

BORNE, fieférana, éfitra, fëtra; fáritra, fari-tany. vo fängitra, ongonóngona, tsinongonóngona; vatolahy; vato-mitsángana, orimbato; fárany, fanampérana. BORNÉ, misy fieférana; g andetra, g malètra, g añétry, anéty, h maétry, h maety; g maledétra; misy fepétra, misy fetra; mifáritra. Le BORNER, manisi-fieférana azy; mamáritra; h mamángitra; mandétra, mankalétra; h manetry, h manety; manéfitra; mamala, mamefy; mametra, manámpitra, mampitsáhatra, misákana azy. Se —, manefitr'aina, mitsáhatra, tsy manao koa; manisy fanampérana.

BORNOYER, Manangantsángana kady *ou* kosa, kiráka. —, pv mangiróhiro, mañirohiro; h mihirinkirina, mañiringírina.

BOSQUET, bocage.

BOSSE sur le dos, pv tongoa, h trafo. —, BOSSAGE, BOSSELURE, vóhitra, bóhitra, bóntsina; móntotra; montomóntotra; vonto, bongo; h tringitringy, h trinitriny; ? montòrana; z mamohitra, mivóhitra, mibóhitra; z miávotra, mibóntsina, mivonto; h bóbaka. Le BOSSELER, mampivóhitra, mampiavotrávotra azy, manisy vóhitra, mañisy móntotra azy; mampibontsimbóntsina, h mampibóbaka azy. BOSSU, misy tongoa; misy trafo; misy hongo; mivohi-bolio; vòkoka.

BOTANIQUE, ny fahaízana ny z maniry na hazo na áhitra. BOTANISTE, o mahalala ny z maniry.

BOTTE de qe, fehiana, féhian-draha, fehezan-jávatra. Une petite —, sékiny, sekimbéhana; h angoby. Une — de brèdes, sekin'áñana. Le botteler, mamehy azy.

BOTTE, saronkóngotra abo, kiraro abo. baoty, dh behoty. Le BOTTER, mañisy baoty azy. Se —, mañatao baoty. BOTTINES, *Bottes* fohy.

BOUC, osi-lahy, bengi-lahy. — émissaire, osi-alefa.

Boucan, Tany fanatsihana, tany fanalázana. z fanatsihana; Salázana, saliranto. Traño fanaovan-dratsy. Tabataba

BOUCANNER du poisson, Manátsika, manaly, manétroka filao. —, mangórona aomby añála, h mihaza ombimanga. Poisson BOUCANNÉ, filao tsátsika, tsatsi-pilao.
BOUCAUT, baríka salasala fasiam-bidiana.
Bouche, Vava. A petite —, h jobovava. A grande —, h sama, samavava, g bevava. A vilaine—, h voravora, mivoravora-vava. Qui a la — mauvaise, mantsim-bava. La — d'un soufflet, ny sóñiny. Une BOUCHÉE, erambava, h indraimbava; vava raiky. Le souiller en le portant à la bouche, g Mitsábaka, h Mitábaka azy. Présenter la —, mitóhoka; manóhoka vava. Le BOUCHER, Manákotra, h Manákona, manámpina, Manéntsina azy. BOUCHÉ, misy tákotra, mitákotra, fémpina, voa tséntsina, voa támpina.
BOUCHER, mpamono aomby, mpivaro-kena; tsi-tia-vélona. BOUCHERIE, famonóan'aomby; varo-kena. —, Massacre.
BOUCHE-TROU, kisolosolo.
BOUCHOIR, takotry lokótra, takon-dokótra, tako-dramangótroka, tamiany ny fanonárana, támpiny ny fananéhana; ? tako-memy, ? tako-mpitanéhana.
BOUCHON, tákotra, h tákona, h tséntsina. BOUCHONNER du linge, Mandíditra, Mamadíditra lamba, mandidi-dámba, manotakóta-damba. — un cheval, mandrókotra, mandrokodrókotra, Mikasokásoka sovaly amy ny diditr' áhitra *ou* amy ny fehian' áhitra.
BOUCLE, gadra n'étra; gadra, fitanan' ankanjo, h handrotr'akanjo, ? fitaríhana, h fampoéhana. vo oly, foto-bolo, kivorivory. fera. — d'oreille, kávina, h hávina ; vadintsófina; kiviro, horontsófina. vo kavin-tety, kavintsikóvoka ; felambola. BOUCLER ses souliers, mañisy gadra azy. — ses cheveux, mitály, mirándrana. Mandrándrana, manorikóritra, h manolioly, mampiolikólika volo. Cheveux BOUCLÉS, volo mitály, mirándrana, h oly, korikóritra, mikorikóritra, mibolimbólina, mitambolimbólina, miolikólika.
BOUCLIER, ampinga; ? aro. Le milieu du —, foitr'ampinga.
BOUDER, h miangelongélona, h miangéntsana, pv miangaly; Manjomóka, manjonaina, manjomótra, h mijokaika, h mijohijohy; pv manjónina, h manjorétra ; monjimónjitra, pv mirindrorindro; miérina, pv miriry, mimonjomónjo, h midongidóngy, h miviniviny, h miromodrómotra, h miromoronio, h malóny, h malonilóny, mividina, mikoinkoina, pv ? misabébina. BOUDERIE, h angelongélona, h angéntsana, pv angaly fierénana, firiríana, h dongidongy, h monjomonjo, fanjomórana, fanjomóhana. BOUDEUR, mpanjomóka, mpiangelongélona &.
BOUDIN, tsinai-ndambo voa tsentsin-drá miharo nofo, tsentsenan-dambo.

BOUDOIR, efi-trano fitokánana.

BOUE, fótaka; vo Pako, loto, feta, lotidótika; hóraka.

BOUÉE, z be taboribory mitsingáfona ambóny rano ho famantárana.

BOUEUR, mpanala fótaka. BOUEUX, be-fótaka, misy fótaka; Mangôraka, mandrévo, mangonahóna, milotidótika; be pako, h hétrina, maloto, kapôtra.

BOUFFÉE, ? tsio-bava avôraka, ? vora-tsioka, ? setro-bava; fofon'aiña aforafora be, ? híboka, ? hibo-bava. fofombava atôraka.

BOUFFER, (BOUFFANT,) mibóntsina, mibontsimbóntsina, mibóntaka, midrádraka, misabóboka, mibóboka, mibontabóntaka, h mikibotabóta, h mianiány, h mibotabóta, mivontovónto, mingitríngitra; mivoha, mivôhotra, mivókaka, miéntana. — une bête, Mampi— azy. —, manger, Mamosihósika &. vo Avidement.

BOUFFI, bóboka, bóntaka, vóntaka, drádraka, dródroka.

Le BOUFFIR, Mampi—azy &. vo bouffer. —, n, Mi—, &.

BOUFFISSURE, habobóhana, hadradráhana, vonto, havontósana, mivonto. vo taviraho.

BOUFFON, kabíaka, mpampihomehy; o manao adala. BOUFFONNER, manao soma kabíaka, mampihomehy; manao sariadala. BOUFFONNERIE, soma kabíaka; ? h vosobósotra, h ariarira.

BOUGE, efi-trano maloto. — de futaille, ny vóntony, ny montôrany.

BOUGEOIR, fitoéran-jiro, h fataovan-jiro.

BOUGER, Mihétsika, mihetsikétsika. Le faire —, mañétsika, mañetsikétsika, mampihétsika azy.

BOUGIE, jiro; labozy; fañilóvana. Regarder avec la —, mañilo; h ? mitsilo.

BOUGIER, mandoko.

BOUGIÈRE, harato malálaka.

BOUGONNER, Murmurer.

BOUGRAN, lamba matévina voa hoso-doko.

BOUILLANT, may; mandevy; mafána. — de colère, may hatezérana. vo bouillir.

BOUILLE, téhina fandotóan-drano, famelezan-drano. Bouiller l'eau, Mandoto rano hamoha filao.

BOUILLI, aombi-maty voahandro amy ny rano.

BOUILLIE, koba; hánina magodragôdra; sosoa-vóndraka, sosoa-beda, sosoa-maditsaka.

BOUILLIR, Mandevy, Mandevilevy; mikétrika, miketrikétrika; mangótroka, mangotrokótroka; h mangótraka, mangotrakótraka. Faire — de l'eau, Mamána, Mampandevy, mañétrika rano; des cendres, du linge, mahandro lavéñoka,

làmba; qe promptement, h mandeno azy. BOUILLOIRE, fiketréhana; famanan-drano.

BOUILLON, ro-nkena, rò. — de l'eau au feu, vòry, levy. Elle bout à gros —, mangotrokótroka, mikotrakòtra, mifohafoha, mandevy be; be fandevézana izy.

BOUILLONNER, Mandevilevy, h mangorovitsika; vo bouillir. Commencer à —, h mitokovory. — et jaillir, Miboiboika, mitaboika; vo mibobobóbo.

BOULANGER, mpanao mofo, mpamolavola mofo. mpanefimokary. — v n, manao mofo, mamako mofo, mamolavola mofo. BOULANGERIE, fanávana-mofo.

BOULE, ztaboribóry, z kiboribóry; balabala. — à jouer, h kodiarana.

BOULÉE, fekan-jabora.

BOULER, mampibonta-bozo, mamoha vozo.

BOULET, bala, bala-ntafondro. — rouge, bala mandevy.

BOULETTE, balabala madinika; bolabola-nkena, pako-nkena.

BOULEVARD, manda, rova, fefy, roho.

BOULEVERSER, mañaroharo, mamadibádika, mañotrankótrana, mamotipótitra, mandrobadróbaka, manonganóngana. BOULEVERSEMENT, fañaroharóana, vadibádika, famadibadihana; kotrankótrana, gódana; tabataba, hetsikétsika, famotipotérana.

BOULON, fátsika famehézana, ? fátsi-pehy, tsora-by famehézana.

BOUQUET de fleurs, fehiam-boñinkazo, fehezam-pelankazo, sekimboñinkazo; voninkazo iray fehy (*ou* rai-pehy, mifehy); ? fahim-boninkazo; d'herbes, fehezan'áhitra. BOUQUETIER, bakoly fasiam-boñinkazo. BOUQUETIÈRE, viavy mpivanga voninkazo.

BOUQUETIN, osi-lahy añala, bengi-lahy madý.

BOUQUIN, osi-ántitra, osi-matoy. Taratasy ela. BOUQUINER, mamory *ou* mila taratasy àntitra. BOUQUINISTE, mpivárotra taratasy ela.

BOURBE, fótaka mandry ambány ny rano godra; godrandraha. BOURBEUX, misy fotaka, magodra, vo boueux. BOURBIER, hóraka, fòtaka, hona, honahona, h hótsaka, tany mangonahóna, h heniheny; ? ranompótaka, rano be fotaka.

BOURBILLON, nana.

BOURDON, ada n'antely, tompo ndreo reninantely, tale ny renitantely; tale n'antely. —, lémona, réhona, ródona, rehondréhona (amy ny lamozika). —, famohamandri-maventy mandreondréona; réona. —, téhiny ny mpivahíny. BOURDONNEMENT du moucheron, g moimoy; nomoñómona, h zozozozo, h jejijejy. vo dredridredry, dridridridry, dradradradra — de personnes, emonémona, ñemoñémona, h mo-

nomónona, homohómona, pv ? rimorimo; bisibísika,h bitsibítsika, g réona, réhona, réhoka, rcondréona; ródona, rédona. BOURDONNER, Mi—.

BOURG, tanána misy tsena; tanána tsy renivóhitra, tanána bebé. BOURGADE, tanána kelikely, *Bourg* hely.

Bourgeois, antamhóhitra, h tambóhitra ; ? antantanána; h borizany. Tompontraño. La BOURGEOISIE, ny borizány rehétra.

Bourgeon, pv botiboty; tsiry; tárc ka,? tsimokazo; z mirófotra, z mibontsimbóntsina. BOURGEONNER, Mamotiboty, pv manirifatra, h mamorófotra, maniry, manároka, pv mandrongorongo, h mitrébona, h mitróbona, mitsímoka.

Bourgmestre, mpifehy ny tanána.

BOURRADE, toto, totovodi-mbasy.

BOURRASQUE, rivotra be avy rómoka, rivotra rómoka, h tsiodrivotra támpoka; fororo, ? valazy, rivodahy.

BOURRE, volondraha; tséntsina. — de fusil, hoto, sk ? toto, ? totovory.

BOURREAU, mpamono, filhitra mpamono; mpañozon-doha, mpanapa-doha.

BOURRÉE, sekin-dripadripatr'ala, fehian-kazo madinika. h kitay iray éntana, tsinjaka me-dava, dihy ravo.

BOURRELER, mampiory, manólana, mañotakótaka, mampijaly, mañékitra.

BOURRELET, hefin-doha, héfina, halandoha. — d'un canon, ny válona, valombávany. — d'une greffe, ny tongoa ny.

BOURRELIER, mpanjaitra sampisampy ntsovaly.

BOURRER un oreiller, Manéntsina óndana. — le fusil, manisy hoto azy; mañótsoka, manoto, mitoto.

BOURRIQUE, ampondra-vavy; ampondra, borika; h boraika.

BOURRIQUET, zanak'ampondra.

BOURRU : fil —, taretra mivombóña, marokoroko. Q —, saro-po, saro-bolañina. vo boudeur; Fomanga, kisokiso, miangolangola, h foizina, mongéna, séhotra, sorisoréna, sosisosy, malonilóny, tezitézitra, be-foroforo.

BOURSE, lasáka fasiam-bola, kitapo, jamora, kitapombola; kibango; fikajiam-bola. Faire — commune, manao kitapo miara-peno, mimbom-bola, tsi-misara-bola; miara-mameno, miara-mamory.

BOURSOUFLÉ, h mibohibohy &, vo bouffer, se bouffir. Le BOURSOUFLER, Mampi—, &.

Bousculer qc, mandronjironjy, mañaroharo, manositósika, mandroba-dáhatra azy &, vo bouleverser.

Bouse, tain'aomby, h tain'omby.

Casuel a, Avy foana, h sendra, h sendrasendra; tsy satry, tsy nahy, tsy nian'ólona; tsy hay handra ho avy handra tsy ho avy ; indraiky avy indraiky tsy avy. Le —, ny ambóny ny karama; ny vola azo foana ndre tsy nifanaôvana; ny tsinifanaovana.
Casuiste, Mpimalo ny k añontaníana ; mpañambara ny mety ndraiky ny tsy mety.
Catacombes, hítsika *ou* torabintsy be fandevéñana.
Cataphalque, ? sarimpásana; ? tsangambato, ? fásana foana; ? tafontamango, ? sósoka-tamango; ? hamim-paty.
Catalepsie, Aretina mahatórana.
Catalogue, Fehían'añárana, von-tadi-n'añárana, vombontadi-n'añárana, fameperan'añarana, ? fepetr'añárana; ? tohi-n'añárana, fizahan'anarana.
Cataplasme, g Fésana, fesafesa, fesan'aody, pv fisan'aody.
Cataracte, Ony miantóraka, riana miantóraka. vo Cascade. Les — du ciel, Ny tobindrano añy an-dáñitra. —,

Arreti-maso mahajamba, maso-fotsy; fotsy amy ny maso. Qui a la —, fotsi-maso.
Catarrhe, h Sery, py rèhoka. Qui a un —, marari-ntsery, serèna; py be-rèhoka, ? tratraina.
Catastrophe, Fanampérana, fàrany, loza, antambo. ? loza famarina; voina fàrany; ? fiodínana támpoka.
Catéchiser, Mañàmbara ny k ny Zanahary amy ny o. Manánatra o; Manatoro katesizy azy; Mampiànatra o; mañambara o ny lálany ny Zanahary. CATÉCHISME, katesizy, ny k ny Zanahary, ny fañambarány ny Zanahary, ny anatry ny Zanahary, ny fañanárany ny Zanahary. CATÉCHISTE, Mpañambara katesizy amy ny o; mpañánatra; o fianárana katesizy.
Catéchumène, Mpiánatra hatao hatizé; katekomèna.
Catégorie, Fáhitra, karázana; lálana, fombána; holáfany, holáfiny, láfany, láfiny.
Catégorique, Mahitsy, márina, tsy miótaka, ? tsotra; andiáriny, amy ny hitsy ny.
Cathédrale, *Eglise* misy Evêque; reni-legilizy. Reny ny trano fijóroana.
Catholicisme, Ny fanompóana Zanahary fatao amy ny tany ziaby faharazándrazáñina. CATHOLIQUE, Mino ny fañambarány ny J.-K. Mañáraka ny Papa. Fatao laitrizay; Faharazandrazáñina; Fatao amy ny zao tontolo zao. katolika. La CATHOLICITÉ, Ny olo-katolika rehétra; ny tany katolika ziaby. Ny finóany ny ireo katolika.
Cauchemar, Nofy mahaséhoka, nofy mahatsindry; nofy tsy mampiaiña.
Caudataire, Mpitondra ny rambon'akanjo ny mpijoro be.
CAURIS *ou* CORIS, Tsako-riaka.
Cause, Fótony, Tombóana, Àntony. Sans —, tsisy —; foana. Sa —, ny nahatonga azy, ny ihiaviany ny avia'ny. Se charger de la — de q, Mitóhana ny kabary n'ólona. Gagner sa —, mahazo, Maharesy. Perdre sa —, Resi-láhatra; rébaka, resy. La — de son élévation, Ny NAHA-sándratra, ny Naha-bé azy. Faire — commune, Mimbona; tokan-kabary. VO PARTI, OCCASION, INTÉRÊTS. A — de, h satria, g noho, h satrikoa. Je suis venu à — de vous, anao no fotony navia' ko; laha tsy anao tsy avy aho.
Causer, Mitéraka, Mamaitra, mañely, mampiavy, h mampihávy, mampaniry, mahatonga, mañisy, mamoha, mamélona. — de la peine, Mampalahelo. — des pleurs, Mampitomány. — la maladie, Mankarary.
Causerie, py koráña, híratra, h résaka, resadrésaka; vólana, taria, safá, h tafa, tafasiry, tati-bólana; zaka, ? tadidy, sk talily. En CAUSER, Mi— azy. CAUSEUR, Mpi—. vo Babil.

Caustique, Mahóro nofo, Mahalány nofo;mahóro, h mandoro; mahakékitra. fg Satirique.

Cautère, Aody mahoro; fañoróana, h fandoróana. CAUTÉRISER une plaie, Mahoro, h mandoro bay ; mahisy hólatra.

Conscience CAUTÉRISÉE, fo madítra, fo vato.

Caution, Débaka, ántoka, Fiantôhana, fahatokiana &, vo ARRHES. — juratoire,Deba-pamantóhana. Sujet à—, tsy tokony hiantôhana, tsy mahatoky. En être —, le CAUTIONNER, miántoka azy. CAUTIONNEMENT, vola atao débaka.

Cavalcade, Dia mitabiha amy ny sovaly.

Cavale, sovaly vavy.

CAVALERIE, CAVALIER, Miaramila an-tsovaly *ou* ambony sovaly. Bon CAVALIER, Mahay miténgina amy ny sovaly.

Cavalier, cavalière,vo LESTE; BRUSQUE.

Cave,Traño ambány tany, kótona,lávaka;torabintsy;zohy.

Cave a, Lémpona; foan'aty, hóboka, hóloka, holok'aty.

Caveau, *Cave* hely fitehirízan-divay. Torabintsy fandevéñana.

Caver, Mangady, mihady, sk mihaly; mandémpona.

Caverne, Hitsika, hitsibato, h zohy ; lávaka mitsidíhitra; traño an-tány, pv jômana,h zoma;tora-bintsy — de voleur, fanjoam-borompotsy. CAVERNEUX, maro hitsika, maro zohy &.

Cavité, Lémpona, halempónana; faaña.

CE pr; CE, CET, CETTE, CES a: C'EST votre ami, sakaiza nao izy. C'EST moi qui l'ai fait, izaho no nanao azy. CET homme-ci, ITÝ O ITÝ. CET homme-là, io o io, zay o zay, h izay o izay; zany o zany, h izany o izany. CES hommes, ireo o ireo,ireny o ireny. Cet individu, ley iny, leh'iñy. Ce vieillard, ley ántitra. C'EST POURQUOI j'y suis allé, izany no nandehána'ko tañy. CE QUE vous faites, Ny atao nao, zay *ou* izay atao nao.

CECI, Ty, h ity, itoy, h itikitra. CELA, zany, h izany ; zao, h izao ; io. C'est pour CELA que je me suis fâché, zany no nitezéza'ko.

Cécité, Hajambána, hagoána, hagóa; hasanjána.h ? hapahimpahinana.

Céder q, Mahafoy, mahatindry, mamela, mahóme, mamótsotra, mandefa, mañandefa. — n, Mieky, Mañeky, h mañeki-lémpona. — en pliant, s'enfonçant &, g milétaka, g milebolebo, g milénjotra, milenjolénjotra, h milónjitra, milonjéhitra; h midempa, h midemba, mangorábaka, mandrevo. vo milenjolenjo, milejolejo, mitabotétaka, mibotétaka, h miletsy; miheña.

Cédille, Sóritra atao ambány ny C (Ç) aloha ny A O U hankalemilemy fanoñónana azy. sedila.

Cèdre, Añaran-kazo be mañitra mitrâhantrâhana. Sedry.

Cédrie, Loko ny *Cèdre*. Loko-ntsedry.
Cédule, Taratasy misy petra-bólana. — évocatoire, taratasy famotoánana *ou* fanafárana.
Ceindre une ville, Mañodidina, Mamáritra, mamefy, mamala, mandríndrina, mandriba tanána. — le diadème, mamehy loha amy ny satroboñináhitra, málaka satro-boñináhitra, mifehy loha. Se —, g Mietra, h misikina. Dont il le CEIGNIT, nafehy ny ny loha ny, nafehy ny ny kibo ny.
Ceinture, Fehi-kibo, Etra, fehi-ntsikina, h fisikinana; fifehíana; fitehézana, fehi-vaníana. vo sadika, sarándrana.
Ceinturon, Etra fañantónan-tsábatra; ? tambálana, ? tambevy.
CELA, vo CECI.
Célébrant, h Ny mpisórona, pv mpijoro; ny mijoro; mpanao sórona, tompo ny joro, tompo ny saotra. CÉLÉBRATION, Fanávana.
Célèbre, Malaza, be-laza, reñi-laza, manan-daza, mandeha-laza, h re-laza, ? masa-daza, mihótroka, mihotrodaza, mangotrokotro-daza, hotróhin-daza, maresa-daza, mangetrikétrika, pv mañetrikétrika. CÉLÉBRER, — la messe, Manao lamesy, Mijoro, manao joro, h misórona, mañao sorona. — un mariage, Mijoro, mankamásina fanambadíana, mijoro o hivady. — q, Mandaza, mankalaza, mañisy laza, mampandeha-laza, mankabe-laza, mañaboabo, mañája, mañome laza, manañoáño, mahatsiaro, manandra-daza, mañeli-laza, mamafi-laza o. CÉLÉBRITÉ, laza, hotro-dáza, añárana, voninálitra, eno-ndaza, laza-mangótroka, lazamandeha; hotrokótroka. ? zo, ? da.
Céler, cacher.
Céleri, Añaran'áñana. Selerý.
Célérifère, Maládi-mitondra; malaki-fandaisana.
Célérité, Halakiana, h hafengánana, h hafaingiánana, haladíana, laky, lady.
Céleste, An-dáñitra, Avy *ou* mibóaka amy ny láñitra. Bleu —, Mira sora amy ny lánitra, maitso jeny; lánitra.
Célibat, Fitóvóana, hatóvóana. CÉLIBATAIRE, lehilahy tôvo, lehilahy mitôvo, lehilahy tomóetra, viavy tôvo, viavy mitôvo, viavy mitoetra. Garder le —, mitôvo.
Celle, vo CELUI.
Cellérier, Mpividy hániña, mpiambin-kániña. Cellier, traño fitehirízan-diváy; traño fikajian-kánina.
Cellule, Traño hely, efi-trano hely fitokánana, traño fitokánana. CELLULEUX, miefitréfitra, loadóaka; maro éfitra, maro lóaka.
CELUI, CELLE, Ny, zay, h izay; izy, lay, ley. — de mon père, ny añy ny ráy ko; pv niñy ny ada ko. — ci, Tý;

h itý, itoy, itony, itikitra. — là, io, iñy; h itsy, itsiákitra, itslana, itsiny. CEUX, CELLES, ny,zay, izay, reo, ireo, izareo. — ci, irety. — là, ireny, reny; ireo, reo.

cénacle, Traño fihinánana; trano fialémana. Senáloka.

cendre, pv Lavénoka, h lavénona; jofo. CENDRÉ, mávomavo, h? vásoka. vo vásotra. CENDRÉE, pátsaka madinika. CENDREUX, misy lavénona; vcvóhina. CENDRIER, tantindavénona, fitondrañ-jofo. Mpivanga jofo.

cène, Fihinánana hariva (*ou* fanasána, fialémana) natao ny Jeso-Kry ny andro taloha nifatesa'ny. fara-fihinánana.

cénobite, Mimbon-toérana amy ny námana Vie CÉNOBITIQUE, ny fimbóñan-toérana.

cénotaphe, h Fásana foana, sarim-pásana, tsangambato.

cens, Fañisan'ólona. h Hetra; Hetra ny o rehétra.

censé: Il fut censé juge, natao ndreo ho mpimalo izy; karaha mpimalo izy, ambaran-dreo *ou* voláñin-dreo, antsindreo mpimalo izy.

censeur, Mpañady, h Mpanadidy, Mpañiñy; mpañánatra. CENSURABLE, tôkony ho tsiñina (sk tiñina); tokony ho tsiníana, misy tsiñy, tokony hanárina. CENSURE, Fañadíana, tsiñy, sk tiñy, Fañiñiana, Ady, h Adidy, h Fanadidiana, h fondro. CENSURER, Mañiñy, pv Mañady, h Manadidy, mañisy tsiñy, mañisy fondro, mampitsiñy; h? mañamèloka, pv? mankaméngoka.

CENT, *Zato*. — fois, in-jato. — pour un, raiky mahazo zato, raiky mamoa zato. Quatre-cents, Efa-jato. Un — pied, trambo. Une CENTAINE d'hommes, Olona zato lahy. CENTENAIRE, zato-taona. CENTENIER, Talé n'olon-jato; mpifehy o zato; tompo zato fehéna; ambonin-jato. CENTIARE, ny fahazátony ny *Are*. CENTIÈME, a, fahazato, ampahazátony. S, Fahazátony. CENTIGRADE, Manjato, zato-rasa, zato-tápaka, zato-láfatra. CENTIGRAMME, fahazatony ny *Gramme*. CENTILITRE, fahazatony ny *Litre*. CENTIME, fahazatony ny *Franc*. CENTIMÈTRE, fahazatony ny *Mètre*. CENTISTÈRE, fahazatony ny *Stère*.

central, añivo, añivony, h Afovóany, pv ampovóany, h? aïvo; antenaténa; h Mamátona, h mamóntona, amátona. Point —, foitra. Le CENTRE, Ny —; ny fo, foi-beny, foitra, elañélana, vóntony. vo Antséfany, h kobany; fotony iboahany; — de l'armée, ny troñ'ady. — de commerce, fitraófany, fihaóñany ny inpivárotra. Au — du pays, ampoñtány; de la vallée, ampontsaha. Il est dans son —, efa amy ny tiany izy; efa am-ponéñany, ampitoérany, amy ny tany tiany izy. Le CENTRALISER, Mamory azy ziaby, mandángona azy añivo. CENTRER, Mampivonto ny añivo. CENTRIFUGE, miala amy ny afovóany. CENTRIPÈDE, Mank'amy ny añi-

vony, maka ny anivony.

centuple: au —, donner le —, mamoa zato heny. Le CENTUPLER, manao zato heny, mampamoa zato azy; manovonjato, manoso-jato azy. Se —, manjary zato, mamoa zato, mihamaro indrindra.

centurie, o zato; taona zato. Par —, mirasa zato zato. Chaque —, isan-jato. CENTURION, centenier.

cep, pv Vodi-mboalómbona, h vodi-mboalóboka. pv ? vodintakifotra, h fotomboalóboka; h tahomboalóboka. Des —, Famatórana; gadra; h parapingo, h ampaingio, h parapaingio; bolóky.

céphalalgie, Arct.ndoha; daindaina, rendréna, daindaindoha.

cependant, pv Tsantsala, pv tsentsela, pv tsantsay; h kandrefa, h kanefa, h fanefa; pv Ndre-zany, sala-zany, sambazany, pv tsari-zany; h na dia izany aza. ? nefa zany, vo kanga, kanjo, kanja &.

cérat, Loko-aody, menak'aody, savok'aody.

cerceau, Fehi-barika, hazo-lomay.

cercle, Fari-bory, fáritra boribory; tambólina, ? volindraha, fehibarika, fehimbarika; fari-bólana, fera be, pératra be; fehi-boribory. ? kivorivory, vorivory, boribory. vo fihodidinana; fivoriana, fitsingerénana, fiverimberénana, fiangónana.

cercler un tonneau, Mamehy barika.

cercueil, Tamango &, vo Bière.

céréal, Hanim-potsy maniry, toy ny vary, ny ampemba &. Vary.

cérébral, Anaty loha, amy ny ati-doha.

cérémonie, Ny fatao, h fanao; fanajána, fitandrémana; fandaisana haja; tabiha; ? fihifihy, hifihify, jihijihy. CÉRÉMONIEUX, be fanajána, maromaro fanajána, maro fatao; mifihifihy, mihifihify, mijihijihy. Marofady, be ahiahy, be tandrémana, maro-tandrémana, maro-ahina, mitandrintándrina lóatra. CÉRÉMONIAL, livatra mañambara ny fatao amy ny fijoróana.

cerf, Añaram-biby miramira amy ny ampondra, malady milomay izy, ka ny tándro'ny misampantsámpana.

cerf-volant, Sari-papango, papango-taratasy, papangobazo. Sarivolána.

cerise, Añaram-boankazo mena tahoribory. Voan'amóntana. CERISIER, h ? Amóntana, pv ? Amôtana. vo Lamoty.

cerner, Manodidina, Mamélika, mamala, mamáritra; vo Bloquer, Assiéger.

céroféraire, Mpitan-jiro, mpitondra-jiro

certain, To, ankitiny, tokoa, démoka, márina, tsy mandry'

ahialiy, mahitsy; h hairoalahy, pv hailahy; tsy ahiahina, mahafatóky. Je ne le crois pas —, tsy ankatózi'ko zany. Un —, h ólona anankíray; pv olona, olona raiky. A — jours, amy ny fetr'andro; amy ny andro nifanaôvana, amy ny fetr' andro nifanaôvana; indraikindraiky. CERTAINEMENT, ankitiny, tokoa, hiany.

certes, CERTAINEMENT.

certificat, Taratasy vav'olombélona; taratasy mahafatóky; taratasy maható; fankatózana. CERTIFIER, mankató, maható, mankamárina, ? manankitiny.

certitude, ható, hatózana; hamarinana; fahalalána, atokiana, mahafatoky.

cérumen, Tai-ntadiny, taintsófina.

céruse, Loko fotsy avy amy ny firaka.

cerveau, h Ati-doha, pv betro, ny atindoha. — creux, loha foan'aty, loha foan-jery

cervelle, h Ati-doha, pv Betro; h rondoha. Sans —, tsy manan-tsaina, loha foan'aty. Bonne —, manam-pañahy, be fañahy. — de lièvre, mahadiño, loa-pañahy.

cervical, Amy ny tenda *ou* vozo.

ces pr, ireo, reo, ireny, ireto. VO CE.

césarienne: Faire l'opération —, mandidy *ou* mamaky vótraka hañala ny zaza.

cesser n, Voly, Méñina, Miéñina; mitsáhatra, mipétraka; mijánona; maïto, támpitra, efa. VO S'ARRÊTER. — qc, Mamela, mamétraka, tsy manao koa; mañito. CESSATION, fiefána, fanampérana, fijanónana, fitsahárana; famelána, fametrâhana, fañitósana. La pluie CESSA, Naïto ny órana. Parler sans CESSE, tsy voly mivólana, tsy méñina fivólanana, tsy voly vólana, tsy tampi-bólana, mivólana lava; mitény mandrakariva, mivólana andrakizay.

cessible, Mety foy, mety avela.

cession, Famelána, pv fambelána; h famoizana, pv famoézana, fahafoézana.

c'est-à-dire: La Géographie, — la description de la terre, ny sôratry ny tany ATAO N'ÓLONA *ou* ATAO HOE, *ou* AÑÁRANA *Géographie*. ? tsentséna, ? tsentséka;? izany hoe;? hoy zany, ? ho zany, ? hoe, ? hoy, ? izay hoe.

césure, fanapáhana, fanandriana, fañitósana.

cet, cette, VO CE.

ceux, VO CELUI.

chablis, Hazo lavo ny rivotra.

CHACUN son travail, Samy, pv samby amy ny asa ny. Allez-vous en — chez vous, anareo mimpodiána samby amy ny traño ny. — en a, samby mánana aby reo. Ils reçurent — un denier, h nahazo voamena misesy avy (aby) izy.

vo Isany, isan-batana, isan-doha ; rehetra, avokoa, ziaby; tsy raikiraiky, tsirairay; manesy.

chagrin, s, Alahelo ; h fahalahelóvana. vo fitsebam-po, tsetsétra ; fahoriana. — a, Malahelo, malahelo-fó, be alahelo; keli-tròka, keli-fo; mitsetsétra, mitse-po, mite-po, mite-kibo; mafiraiña, h maferinaina, pv misory; h sorena, h sorisoréna; h mandrainikiho ; h ? sósotra. vo Bouder. —, peau, h hoditrimo. CHAGRINER, vo Attrister, Affliger; Mahadikidiky, manahirana, mampañahiahy. Se—, vo S'Attrister.

chaîne, Rojo; masombý mitohitohy *ou* mifañohy ; gadra; h tongálika, famatòrana. Faire la —, mifanohitohy, mitohitohy. — de cou, valiinbozo, tsindri-akanjo. — de tissu, teña, tenanténona. — de montagne, bongo lava ; bongo mibáboka, bongo mitohy, tazoa-mibáboka.

chaîné, Mitohitohy.

chaîneau, Lakandrano, Lakandákana.

chaînette, Rojo hely.

chaînon, Maso-ndrojo ; ? masomby. Chaîne de cent —, Rojo zato maso.

chair, g Nofo, pv nófotra, hena.

chaire, Fipetráhana abo, fitoérana ny mpitori-teny, fitorian-teny, fitorian'ánatra; fiketráhany ny Papa. Fifitáhany mpijoro-be.

chaise, Fiketráhana, fipetráhana, fifitáhana. Seza, lasezy. — à porteur, fibatabatána, fitakónana. — percée, vatra fangeréana. — de poste, kalesy malákv.

chaland, Mpividy. —, Lákana be talélaka fañondránana.

chalcographe, Mpanòratra *ou* mpisókitra amy ny varáhina.

châle, Lombo-tsóroka, lombok'avay ndry zavavy ; saly; h ngòrimanginy. — boiteux, saly takila.

châlet, Traño hely fanaòvana *Fromages* amy ny tany *Suisse*.

chaleur, Hafanána, haiñandro, haimahamay, tanin'andro, tani-mahamay; mahamay, andromay. vo tanikòrana. Il fait une — brûlante, étouffante, Midaindaina *ou* mandrendréna, *ou* be daindaina, *ou* be rendréna, *ou* mangankáña, *ou* manginkina, *ou* mibaina ny hainandro &. — moyenne, hainandrondolo, haiñandro malemy. Brûler de —, May. Femelle en —, Mañankíntsina, ? mañantsintsina. CHALEUREUX, May, mafána, marísika, mazoto, maimay. vo ARDENT.

chaloupe, Lákana be. Salopy, lasalopy. Zanaky ny sambo.

chalumeau, Tapak'áhitra foañ'aty; tsoak'áhitra, antsody, antsoly, pv anjemary, h sódina.

chamailler, *ou* se —, Miadiady, miankány, manao adi-

volombalala, ou h adi-antsanga, h adi-anoano; mifandítra, mihahohaho. CHAMAILLIS, adiady, tolonjaza, adiantsanga &.

Chamarré, Maro sôratra samby hafa volo. CHAMARRER, manoratsôratra, manao sóratra maro samby hafa volo, manao soratra somapétroka, mandrary soratra, mandrarirary. CHAMARRURE, soratra somapétroka, soratra misomabida, bidabidantsôratra.

Chambellan, Manamboninàhitra ou zafisy miámbina ny efi-trano ny mpanjáka. vo Camérier.

Cambranle, Fari-baravárana.

Chambre, Trano, efi-trano, éfitra an-trano. Valet de —, femme de —, ankizy an-trano, ankizy ampátana. — à coucher, trano fandriana. — des députés, l'Assemblée. CHAMBRÉE, tokon'ólona tokan-trano; o mimbon-trano; ? Ankohónana. CHAMBRER, Mimbon-trano, tokan-trano, tokan'éfitra.

Chambrière, Ankizy vavy manompo an-trano. Fitso-tady lava-záhana hamitsopitsóhana sovaly.

Chameau, Songaomby abo-vozo roi-tongoa; h Angamenavava, pv ? Angamiana.

Chamois, anaram-biby. Hóditry *Chamois*.

Champ, Tany, tany fiitsabóana, tsabo, h voly, tany famboliana, tanimboly, saha. — de riz, tanimbary, jinja. — de bataille, tany fiadivana. Les —, ny Hiaka, hay. Dans les —, an-kiaka, an-kay, au-tany kétraka. CHAMPÊTRE; Antsaha, antonda, ankiaka, vo Campagnards.

Champignon, Hôlatra. Champignonnière, tany vanonkôlatra.

Champion, Mpiady, h mpihaika, mpikantsy; mahery miady. vo h kalaza.

Chance, Vintana, Anjady, zara, anjara. Qui n'a plus qu'une —, h Mandrai-ni-sisa. Qui a de la —, tsara-dinitra, sk senga-linitra; mahita-mila; mazó, mazo-tánana; ? vintánina. Qui n'a pas de —, ratsi-dinitra, sk rati-linitra; tsy mahita-mila, mafána-tratra, manala-tratra; manala; pv kandriñina; sarotim-pilána, saro-piláña.

CHANCELER, CHANCELANT, g Mirepirepy, pv mirebireby; h mivézina, mivezimbézina, mihilangilana; h mivezivezy, vo misalasala, miovaova, miroa-saina, miahiahy, miahanáhana; mihebinkébina.

Chancelier, Loha ny andriambaventy, mpimalo-be, mpañito be.

Chanceux, qui a de la CHANCE. C'est fort —, tsoho tsy mazó izy, sao ratsy vintana izy; tsy hay vintana izy; tsy fántatra zay ho vinta'ny; dóñana tsy ho tody izy; ahihina izy; tsy hay izy ho tody.

Chanci, g Mavao, maimbo reny, maimbo reha, mómoka,

h bobongolo; misy bobongolo, be-bobongolo. CHANCIR n, se —, Vao havao, vao haimbo.

. Chancre, Fery mihady, vay hòmana nofo; ? bay mibenabena *ou* miveñaveña.

Chandelier, Fitoeran-jiro, h fataôvan-jiro, fañataôvan-jiro, fasian-jiro, fanangánan-jiro, vodinjiro.

Chandelle, Jiro; labozy; fañilóvana.

Change, Takalo; Fanakalòzana. Perdre au —, ? manao takalo kely. Donner le —, TROMPER. Prendre le —, se TROMPER; diso zavatr'alaina. CHANGER, Manakalo. — qc, la *Remplacer*, Manolo, manóatra, mañova; mañatao hafa. —, *Altérer*, Mañova, Mañovaóva. Le — en or, Manova azy ho vola. — un enfant, Mañova-síkina azy. Le — de lieu, Mamíndra, manapíka, mamalo azy. Le — de face, Mamádika azy; de bout, Mamótitra azy; de côté, Mamindra azy añila; mañérina azy. CHANGER n, Miova, miovaova, mihiafahafa, mañafahafa. — d'habits, miova síkina. — de lieu, de maison, Mifindra, pv mifalo, pv mitsapíka, — tany, — traño. — de couleur, mivalo. Se — en or, manjary vola; mody ho vola, miova ho vola. — de place ensemble, Mifañova tany; de case, Mifamíndra trano. Se — en rouge, Mivalo mena. Qui ne CHANGE pas, Tsimiova-tsimivalo. CHANGÉ, efa voaova, nováña; voa-solo, von-sóatra; nosolóana, efa hafa, hafahafa, efa tsy izy teo; vo Rambézina, valézina, zavárina, réndrika, olaina. CHANGEANT, Miovaova, tia fiováña; fitovava, vadikádika, tsy mahárítra, tsy mitoetra. CHANGEMENT, ac, fañováña, fanolóana, fanoárana, famindráña, fanapihana; n, fiováña, fifindrána, fitsapíhana. — de lune, Vólana antety; h tsínana, ? vólana tsíñana. CHANGEUR, Mpanakalo-vola.

Chanoine, Mpijoro mónina; mpijoro fomba ny *Evéque*. Sanoána.

Chanson, Antsa foana, kalo, korira. vo CANTIQUE. Chansonner q, manao antsa fikizáhana azy. CHANSONNIER, Mpañao antsa &.

Chant, Antsa, h hira; ósika, pv sañitra, frantsána, fihirana, fiosébana, fisañirana; vo kalo, korira, h Atoa, h sasy, kalokalo, kalosisika; rary, firarésana, ? rango. Eno, fañenóana, fañenóvana. Au — du coq, Mañeno-akoho. CHANTER, Miantsa, h mihira, miósika, misáñitra; mañeno. vo mikalo, mikorira, manao korira, manatoa, mikalokalo, misasy, mirary, mandrango, mikolondoy; ? misa. Mañeno. CHANTANT, mora antsaina, mora hiraina. CHANTEUR, CHANTRE, Mpiantsa, mpihira, mpiósika &.

Chantier, Tany famorian-kazo hatao z; fanovóñan-kazo; fitovóñan-kazo; h fiangónan-kazo. —, Tany fiasána hazo; tany fandrafetan-tsambo. — pour tonneaux, hálana ; ? ki-

bány, farafara, h akálana.
Chantonner, Miosikósika, miantsantsa, h mihirahira.
Chantre, vo chanteur.
Chanvre, h rongony.
Chaos, h ? ambángony be; tovondraha miharoharo;haroharo, voatr'ampango; z miharoharo; z sosontsósona, h z mipotipótika; ? somaharo; z tsy voa-voatra.
Chape, Sakónoka be mahasáfotra ny mpijoro; sáfotra. Sapa, kapa.
Chapeau, Sátroka; ? satrétraka. vo satro-dava, satro-pisaka, sátroka bara.
Chapelain, Mpisórona aitoetra amy ny andriana; mpijoro manao lamesa amy ny legilizy hely.
Chapeler du pain, manóditra mofo, manombintsómbina ny ambóny ny mofo manetiteti-kóditra mofo; manolontsóaka, manirindriaka, manorôvaka, manirémbaka mofo: vo Dégrader.
Chapelet, Vihindraha mitohitohy; tohi-fijoróana; tohitohy. Sapilé.
Chapelier, mpanao sátroka.
Chapelle, traño-fijoróana kely; legilizy hely. Ny hamaróany ny z fanávana lamesy. Sapély. — ardente, sapely arivo-jiro.
Chapelure, Sómbiny, sombintsómbiny ny hodi-mofo.
Chaperon, sátroka; tafo. Anti-bavy mpiámbina. Sarondoha, saron'avay, lombo-doha, trózona. Sampy an'avay. Ny ambóny ny. CHAPERONNER un mur, manafo, mamóvona, manárona, mandómboka azy.
Chapier, mpisikina *ou* mitafy *Chape*. antsárona.
Chapiteau, Loha ny andry, támpony n'andry, loha n'andry.
Chapitre, g Toko, pv tókony; loha, firasána, tápany, bóngony, fizarána; rasa. —, ny fivoriany *ou* havoriany ny *Religieux* &.
Chapitrer q, Maňánatra o ampahibemaso; maňady o imaso ny maro.
Chapon, Akoho vósitra; akoho-bosy. Le CHAPONNER, Mamósitra azy.
CHAQUE homme, ísany o, isan'ólona, isandohan'ólona, isambatan'olona. — jour, isany andro, isan'andro, isa-mahamay, isany mahamay. — fois que je le fais, isany anaôva' ko azy. — année, isankerintaona, isantaona. — semaine, isankerinandro. — enfant, isandoha ntsaiky, vo CHACUN.
Char, Kalesy, h fiarakodia, h kodia, h kiarakodia. — funèbre, kalesy fitondram-paty. CHAR-À-BANCS, Lasarety misy fiketrábana lava.
Charade, Teny tsy loa-body : famántatra, h fanónona.

Charançon, Hao-mbary.
Charbon froid, Arina. — de terre, ariutány,de bois, arinkazo. — ardent, vainafo, pv vaikafo, vai-mahamay; forôhana. Réduit en —, Fórona, Érona. Le réduire en —, Manérona. Faire du —, manao árina, mañoro hazo, mañoro árina. Le CHARBONNER, manosotr'arina azy; manôratra azy amy ny árina. CHARBONNIER, mpanao ou mpivárotra ou mpangady árina. Le —, ny Vatra fikajian'árina. La CHARBONNIÈRE, tany fañoróana ou fanávana árina.
Charbouiller le riz, Mandazo, mañérona ny vary.
Charbulle ou charbucle, Arétina manérona ny vary.
Charcuter, Mandidididy, manapatápaka ny nofo ny.
Charcuterie, fivarôtana hena-ndambo. CHARCUTIER, Mpahandro ou mpandafo hena-nkosó, h hena-nkisóa.
Chardon, pv Roitra, h roy. vo tsilo, bery; roi-memy, roimena, roi-potsy, roi-madinika, roi-bevavy; roi-belahy. CHARDONNIÈRE, tany beroitra.
Chardonneret, Anaram-bórona tsara feo.
CHARGE, Éntana; ? anéntana; z mavésatra; z mahavésatra. — d'un homme, sahaza éntiny n'olona raiky, entana eran' olona raiky. Vous m'êtes à —, tsy leo ko anao, mavésatra anao, Sárotr'éntina anao, entana tsy leo ko anao. Il est à — à lui-même, tsy mahaleo vátana izy. Les — du royaume, ny raharaha ny fanjakána. En avoir la —, mitondra; mañahy, miántoka azy. — contre q, Ampanga, tsiny, fañadiana, h Adidy, teny. Battre la —, mamango ny rafitr'ady, ny fandrafetan'ady. Revenir à la —, Mimpody amy ny loban' asa. — de fusil, fáhana, faham-basy; ? vava. — en quatre temps, Famahâñana mañéfatra. J'en ai la —, miánkina, ? misároka, mihántona, misampy, misangázona amy ko izy. CHARGER un âne, Manisy éntana azy, mañatao éntana ámy ny; mankavésatra azy. vo ACCABLER. — le navire, Manóndrana éntana amy ny sambo, mameno ny sambo. — l'ennemi, vo ATTAQUER. Le — d'un crime, Manandra ratsy, h manandry ratsy azy. — le fusil, Mamáhana, mañisy fáhana. Le — de gouverner, manasa azy hitondra ny fanjakána. Le — de qc, Manome azy z héntina,mampitondra azy z; mañánkina, mañántona, manangázona, manampy z ámy ny. Le — d'aller, de faire, mañiraka azy, mañasa azy handeha; mampandeha azy, mañasa azy hanao. — un récit,manôsoka ny volan'ólona. — trop, manóndrana lóatra. Le — de dire qc à q, manome azy volana handaisina amy ny o, mañome azy k hambara o. Se — de qc, málaka z heutina; miántoka, malak'ántoka z; misázoka, manday, mitondra. CHARGÉ, be éntana, misy éntana, efa nanondránana. vo Accablé. Temps —, andro mañiboka, mihiboka. Un CHARGÉ-D'AFFAIRE,solo-

vata, Soloteña, solombava, solontena, maso-ivoho.
Chariot, Kalesy be; fipetráhana be *ou* kibány be tarihina; kibany mandeha.
Charitable, pv Mazava-fo amy ny o, mazava-tròka, pv Matárika, pv Satria; mafiraiña hávana, tsara-fo, tia-ólona; h miántra, m.pamindra-fó; pv mirasa, mitse-po, be fitiávan' ólona, mora-fo. CHARITÉ, Fitiávana másina; hatiávana; hazavam-pó, zavam-po; fisatriávana; famindram-pó, findra-fó, fitseham-po; h fiántrána; vola na zavátra oména o; fo mazava, fo misy fitiávana. Lui faire la —, mafiraina azy ka mañome azy z.
Charivari, Lamozika mikorataba fikizáhana ólona; kirintsankirintsana ficsóana. —, Lamozika tsy mifañáraka; lamozika miady eno.
Charlatan, Mpihábóka *ou* Mpihámbo mahay aody. CHARLATANERIE, CHARLATANISME, fihabóhana, fihambóana.
Charmant, Maharikíana, Mami-hóditra, mahafinárítra, tiana, mahatsérika, mahatari-po, sitraky ny fo, máñitra, soa dia soa, sk senga la senga;? mampitia, mahatia, h tehojeréna, h mahatehizaha, mankaravo, mahafalifaly, mahataona, masim-pitarihana, mahatárika. Enfant —, h zaza mahafatifaty. CHARME, Ody, aody; ody fitia, h ody fankatóvana, ody fankatiávana; vo tsiláky, fóuoka &. —, vo Attraits. Plein de —, charmant. CHARMÉ, Rikiana, ravoravo, falifaly, etsa-po. Le CHARMER, Maharikíana, mankarikíana, mankaravoravo, mampifalifaly azy; mañisy aody fitia azy, mañazary, mitaona, mampínona fankatóvana azy. — les oreilles, Mañitikítika, mañilikítika ny tadíny.
Charnel, Tia troka, mañáran-tròka foana, tia-kibo; mañantena kibo foana.
Charneux, Misy nofo, be nofo.
Charnier, Traño fitehirizana ny taólana n'olo-maty; Taólana maro. Sajoa be fikajian-drano, fitabahan-drano, fidobibihan-drano.
Charnière, Leférana, leferan-tákona, leféram-baraváranа. ? savily.
Charnu, Be nofo, be nófotra, be hena, nofósana, matavy, vóndraka; h saingiona.
Charogne, Biby maty mántsina; faty mbiby tsy fohánina, vatambiby maty.
Charpente, Hazo voa závatra hatao traño. Raka ntraño, rakaráka. CHARPENTER, Manétika, manetitétika, mitétika, manatsáka, h manarátsaka, manapatápaka. CHARPENTIER, Mpiasa hazo, mpizávatra traño-hazo, mpandráfitra, mpizava-kazo. CHARPENTERIE, Fandrafetan-kazo, ráfitra, fiasána hazo.

Charpie, Hotondamba, hotohotondamba, hoto; tsoatsoa-damba; volovolondamba, vorohoro-damba,? vorodrongony. Faire de la —, Mañotohoto, manoatsóaka, mañónotra, mañinikinika, ? mandrotidrótika, ? mamotipótika, ? maodriatriatra lamba.

Charretée, Entana érany lasarety, sahaza ny sarety; lasarety raiky; éntana mahafeno lasarety. CHARRETIER, Mpañatidasarety. CHARRETTE, Vatra-mandeha, vatra-tarihina; sarety, lasarety; vatra misy tangérina; h kodia, h fiarakodia, h kiarakodia. Chemin de —, lálana omby ny sarety. CHARRIAGE, CHARROI, fitatéran'éntana amy ny sarety, karama ny sarety. CHARRIER, CHARROYER, mitátitra *ou* mitondra z añaty sarety. Fleuve qui CHARRIE, Manday, manindao, mitondra.

CHARROI, vo charriage. CHARROYER, vo charrier.

Charron, Mpanao *Charrettes*, h mpiasa kodia.

Charrue, Fangadi-be-lela tarihin'aomby, fangadi-tarihina, sk fihali-tarihina.

Charte, Taratasy milaza ny didi-tany; Vontady ny fanjakána. — partie, Taratasy *ou* vontady fañekén'olona roy. Taratasy fanekéna roy.

CHARTREUX, CHARTREUSE, Añárany *Religieux* fehény masindahy *Bruno*. Sarituó. CHARTREUSE, trano ndreo *Chartreux*.

Chas, Hirika, lóaka.

Châsse, Vatra (h vata) fikajiana ny taólana (*o.* ny jiny) ny olo-másina. Tamango-másina. Vatra fasiam-hátan'olomásina.

Chasse en poursuivant, Hórona, fangoróñana; h haza; fihazána; pv tadia, fitadiávana. Fañiáñana *ou* fañenjéhana, fañindriana biby. En tirant, Tifitra, tifi-bórona, fitifirana, h fitofirana. Aller à la —, faire la —, CHASSER au sanglier, Mangórona, mihaza, mañiana, mañénjika, mañindry lambo-dy; aux oiseaux, Mitifitra, mitifi-bórona. vo miremby. CHASSER q, Mandróaka, mitora, mandrifatra, mañifika; mampiala, mampibóaka, manesi-tany o; manésotra, mampidriso. — devant soi, Manesy, mampandroso, mandroso. — sur ses ancres, Mirara. — les mouches, Mandráratra lálitra.

Chasse-avant, Mpañina asa.

Chasse-chien, Mpandroak'amboa; mpitam-baraváraña.

Chasse-marée, Sambo hely roi-falazy.

Chasse-mouche, Fañimpa, fihimpa, firáratra, fandráratra lálitra.

Chasseur, Mpangórona, h mpihaza; mpitifitra; mpandróaka, fandróaka.

Chassie, Moty; nana ny maso, h tsopitsopy. CHASSIEUX, Loli-maso, didi-maso, lili-maso; hinahi-maso, pv lodilodimaso, pv lodi-maso; ny maso ny mihínaka *ou* mihinahina,

h mitsopitsopy.
Châssis, Fáritra. ? felay.
Chaste, Madio, madio-aiña, mame-bátana, mahafétra teña, madio-fitondran-tena; tsy vorery, tsy voa-loto, mifady halotóana, mifady. Vivre CHASTEMENT, Manao fitoéraña madio; ? mitrambo.CHASTETÉ, hadióvana,hadiovan-tena,fameram-bátana;fifadíana;fifadiánana;fitondran-tena madio?
Chasuble, Sakónoky ny mpijoro manao lamesy. Sazóby.
Chat, Piso, bosy, rabosy, h saka. ? tabia. — blanc,— volá. — noir, sauvage, kary. Il n'y a pas un —, h tsy misy kitoto, tsy misy tapa-jaza *ou* tapak'ólona iray akory. CHATTE, piso vavy.
Châtaigne, Aňaram-boankazo.
Châtain, Mavo, mavo-teňa.
Château, Tanána mirova; traño fiaróvana. Zomba n'andriana. — d'eau, tobi-ndrano, fitobian-drano. Faire des — en Espagne, manao Hevi-drávina, mahazo Nofy tsara, maňinofy Ariari-zato-ampandriana, manao saimpotsy.
Chat-huant, Voron-dolo.
Châtier, Mankalilo, Maňala lilo (p alána lilo); Mamólaka; h mamay, manóndrika; maňitsy, maňánatra. VO BATTRE. Maňala antsa *ou* tsiňy, *ou* faňadiana.
Chatière, Lóaka fombány ny piso. Fandri-piso.
Châtiment, Fankalilóvana, faňalána lilo, fanondréfana, famoláhana, faňanárana, h famaizana; fampijalíana, kápoka; fampioríana.
Chaton, Piso hely, zánaky piso.
Chatouillement, Hitikítika, pv hilikílika, hilikítika, pv kitikítika, h kibokibo. CHATOUILLER, Maňitikítika; maňilikítika, maňilikílika, h manibokibo, manibo; mitsibotsíboka, mitsokitsókitra, maňatrakátraka. Se —, mifaňitikítika; vo mikidikidy. Se sentir CHATOUILLÉ, Maňitikítika. Chatouillé par l'amour-propre, Mihitikítika. CHATOUILLEUX, tsy mahadiňy hitikítika; dh saro-kitikítika; mora hitikitíhina; saroboláňina, mora-vinitra.
Châtré, Vósitra. CHÂTRER, Mamósitra. CHÂTREUR, Mpamósitra.
Chattemite: Faire la —, Maňambosy; malemi-tsi-mora, malemi-mahangoly.
Chatter, Maňidiňa, mitéraka piso.
Chaud s, VO CHALEUR. —, a, Mafána; h maótroka, h mangótraka; may. Il fait —, mafana ny andro. VO ARDENT, BRÛLANT, BOUILLANT. S'habiller CHAUDEMENT, Misíkina mafána. Le poursuivre —, Mandréhitra azy.
Chaude, Afo be, afo mampandevy.
Chaudeau, Rò mafána.

Chaudière, Viláṅy be indrindra.
Chaudron, Viláṅy varáhina. CHAUDRONNIER, Mpiasa viláṅy varáhina.
Chauffage, vo Bois à brûler.
Chauffe-pied, Famanáṅ-tóngotra, famanam-bity.
Chauffer qc, Mamána, mankafána, mahafana. — n, Mihafána, maṅaly mafána, vao-hafána. Se —, Mamindro, h mikánina; h mitsikánina; mitaran'afo, vo mitsátsika, mitánina. Se — le dos, mitolo-boho, manolo-boho amy ny afo. Le vapeur CHAUFFE, Mamelon'afo izy. CHAUFFERETTE, Fátana hely famanam-bity. CHAUFFEUR, Mpamelon'afo, Mpisoron'afo, mpanoron'afo, mpisoitr'afo. —, jiolahy mpaṅoro ólona. CHAUFFOIR, traṅo famindróana.
Chaufour, Lávaka ou hitsika faṅoróan'antsoká, h fandoróan-tsokay.
Chauler le blé, Mandóna vary amy ny rano ntsokay mora izy haláky tivóana.
Chaume, Vodimbary, pv tsatsángona, tsatsangombary, foto-bary, ? ahi-bary, h ? tahombary. CHAUMER, Manápaka ny —. CHAUMIÈRE, trano mitafo vodimbary &, ou mitafovóndrona, mitafo-bózaka. CHAUMINE, *Chaumière* hely; vo Baraque.
Chausse, Lamba ou kitapo fitaváṅana.
Chaussée, Lalam-be abo; lálana nasóndrotra. Fefiloha, valamporia, rova-tany; ? tongontóngona. — d'une rue &, ny vóntony.
Chausser, vo chaussure.
CHAUSSE-TRAPPE, Fandri-bity, fandrika-tóngotra; h tonta. Fandri-posa.
CHAUSSURE, saron-tóngotra, saro-kóngotra, foṅombity, sarom-bity, sarontómboka, fono-ntómboka. CHAUSSON, — foṅy. CHAUSSETTE, — aboabo. CHAUSSER q, Maṅisy — azy. Se —, málaka ou maṅatao —. — un pied, Manároua, mamóṅo vity, maṅisy sárona azy. Pied —, Vity misy sároua, misárona, an-tsárona, mifoṅo, ampoṅo. Q —, h Mibá, mibehoty; o mikiraro, mifono-tómboka, misaronkóngotra. CHAUSSANT, qui CHAUSSE, Erany ny tóngotra, sahaza ny vity, eram-bity, faṅóko; tandry, mipáka.
Chauve, pv Solaina, h sola, pv be sola, mazao-doha, mazaojao-doha; vitsi-volondoha.
Chauve-souris, Maṅavy; grosse —, fanihy; Angavo. vo ? kaṅanavy, ? kina.
Chauveté, Hasolána.
Chauvir, Maṅoron-tsófina, moṅondri-tsófina, miondrika tadiny, maṅóho-tsófina, lavo sófina.
Chaux, h Sokay, pv Antsoká; Hárana loky, hara-másaka;

-sk. ? hara-loky.

Chavirer, Réndrika; miréndrika; mihorírana, mandrírana. vo Midobo. Le faire —, Mandréndrika azy.

Chef, Loha, Talé, mpifehy, tompo, Be, Ambóny, nahoda, masondrano, fótony. vo tompontany, antontány, anakandríana, tándroka, lohólona, lehibé, mpitárika, mpanína, mpanápaka, mpanjáka, inpañito, ombé, tándrokinitány, joary, fiasy, vadintány, katrikátriny, beventy, vaventy, maro-lahy, maro-seráñana, maro-feñéna.

Chef-d'œuvre, Tao-závatra lavo rary; Asa tody *ou* rékitra maeva, mivendrivendry, tsara fanaòvana indriñdra, mirijarija, koazáka naloa, koazáka vinániña.

Chemin, Lálana, safáry, Fombána. vo Fandeháñana, ahatongávana. Se mettre en —, Mantsafary, manafary; menga. Aller son —, CHEMINER, Mandroso dia, mandeha foana, momba lálana; ? mizozozozo, misonoñóka. — droit, Mahitsy dia.

Cheminée, Fiboáhan-tsétroka; lalan-tsétroka, Fátana. Sous la —, Ampátana, anjofo, andavénona. — du fusil, Fátana.

Chemise, Akanjo lóbaka; lóbaka, somizy. CHEMISETTE, somizy kely.

Chenal, Raño mitsororóka. Fombány ny sambo. — *ou* CHENEAU, Lakalákana fanantásana ny rano ny tafontranó.

Chenapan, Karin'ólona, jiolahy, olon-dratsy, o tsy manjary, lava-fé, ? bolody.

Chêne, Añáran-kazo be. Sény.

Cheneau, vo chenal.

Chenet, Toko fitoérany ny haz-omaty eo am-pátana.

Chènevière, Tany misy rongony *Chanvre*. CHÈNEVIS, h. voan-drongony.

Chenil, Traño n'amboa.

Chenille, Añaram-biby hely homan-dravinkazo toy ny bibintsaonjo. ? sabáboka, Anakamboanjanaháry, ? kanjehy, ? Oli-panjehy. ? Fanjéhy, ? sohérina.

Chenu, Mazao-doha, fotsy loha. vo chauve.

Cher, Tiana, tsi-tindry, tsi-foy, malala. vo CHÉRI. —, saro-bidy, bevidy, sárotra, tsy azo vidina, bevava, h héntona; be-tóñona; sarotr'azo. Acheter —, h Mihentohento. Marchand —, qui vend —, o Saro-bárotra, saro-bidiana, sarobangána. Bonjour mon —, Akory anao Raoky, raokilahy, zandry, lahy, zalahy, drako? ma chère? Zandriko vavy, zavavy? h rizavavy?

Chercher, h Mitady, pv Manjengy, mila, h mikátsaka, mikatsakátsaka. — q de tout côté, Mamarifary, ? Mámarivary z very. vo Mitsapatsapa, mamovo, mihaza, mikárona, mikaronkárona, miambezo, mandinika, mizáka, milavániny,

milatónony, mila mazava hodiávina. Aller —, Málaka. — à, ESSAYER; DÉSIRER.

Chère, Hánina, Nahandro, pv Ahandro. Faire bonne —, Mihinana z fi-rò, homam-piró, mihinam-pý.

Chèrement: l'aimer —, le CHÉRIR. Le payer —, mividy azy sárotra. Il vendit — sa vie, Tsy naty bóry izy; natao ny sarobidy indrindra ny ai'ny, tsy naty tsy nivaliana izy.

Chérir, Tia fátatra, tia fátratra, tia fónitra, tia maré; mankatia be, mankafý; tsy mahafoy, tsy mahatindry; mániña, mañampôko, h manampó, mañantena; h manolokólo; mamofo, mañikotra, mañantóana, mañisoka, mañótrona, mankatavy, mankamamy, mitrotro, mamotrovótro. CHÉRI, Tiana fátratra. Ankatiávina maré, tiany ny fo, tsi-tindry, tsi-foy, antoánana, ikórina, foföina, aniñana, h kolokolóina, anteñaina, ampokóina, ampoizina; mamy, máñitra, malala, pv kobabina, pv kobikobina, hobohobóina, tarimina, ahina, andreketam-pó; mahetsa-po, sitraky ny fo, áraky ny fo, tsy badiño; ampelatáñana. Mon enfant —, Zanak'o tsi-foy ko, fofo-ának'o, isok'ának'o, zanak'o malala ko. CHÉRISSABLE, tôkony ho tiana.

Cherté, Hasarotam-bidy, Hasarôtan-tóñona.

Chérubin, Anjely be valo voñinâhitra. Serobiny, kerobimy, serobína.

Chétif, Ratsy, ratsiratsy; tsisy várany, foana, tsy malaza; iva, mahía; h boleta; pv bodékana; mahantra; malabelo; kely, madinika, tsy vántana; nandoly, nandamóka; loly, lamóka, tsy tody.

Cheval, Sovaly, h soavaly. vo songaomby. Etre à —, se mettre à —, Miténgina, mitikina, miritika, misampy amy ny —. Que l'on met à —, Aténgina, atikina, asampy amy ny—.

Chevalement, ÉTAIE. CHEVALER, étayer.

Chevalerie, Voñinâhitry ny *Chevalier*.

Chevalet, Kibány fañoláñana o. — de violon, tóhana, hálana, fañénjana. — de peintre, tetézana; fanengénana, fanikínana, fametráhana, fáfana, fáhana; farafara; sovaly hazo.

Chevalier, o Manamboninâhitra; manam-pady. Sovalié. — d'industrie, ESCROC. — errant, Mpahery tsy manam-ponéñana, mpahery mireniróny foana.

Chevaucher, Mandeha amy ny sovaly, mitengin-tsovaly. — n, mifandia, mifañitsaka, mifanindritsíndry, mifampitikina, mifambaby.

Chevelu, Be volo, maro volo, be marománana, volóina, lava volo, maletra-volo, male-bolo, be fañeva.

Chevelure, vo cheveux.

Chevet, óndana, fibaláñana, hálana; h akálana, fañaláñana.

Cheveu, Volondoha. Les cheveux, la chevelure, Volo, volondoha, sk marománana; e vorondoha; fañeva. — de devant, volonkándrina Longue —, volo mirótsaka, mikorótsaka, mitsorótsaka, mirotsadrótsaka, h mitrahotraho, h miranorano, g mitsiratsiraka, matsiratsiraka, mirajorajo, miravi-ravy, misangazongázona. — tressée, — mitaly, — mirándrana, taly, rándrana. — par touffes, — mibongobongo; h mibangobango, mibango, mitokotoko, mivoimbóña. — crépue, — ringitra, — miringitra, — ringidringitra; ngita. — déliée et hérissée, — mibôhaka, mióbona, mivoha. — mêlée, — mifamátitra. — démêlée, — afa-pátitra. vo tokodora, fatr'ifôtony, mivon-tendro, mivoha-vody, saringita, kirikitiny.

Cheville, Fátsika, h honho, fántsika, pv rántsana; fántaka; sémbana, séfaka. — de bois, — hazo. — de fer, — vy; rantsamby, fatsi-by; h tsimatra. — du pied, pv pokopóko, h kitrokely. — du bœuf, hotrokely. — fg, támpina. chevillé, voa fátsika tsara, tsy áfaka, maro támpina. cheviller, Mamántsika, pv mamatsika, h manombo, pv mandrántsana; h mamántoka, mamántaka.

Chèvre, Osy vavy, bengy vavy. —, z fampakáran-javamavésatra; fanentánana.

Chevreau, Zanak'osy, zánaky bengy, zana-bengy.

Chèvre-pieds, ? o osi-tómboka; ? o tómbok'osy, o misy vity mbengy. ? o tongotr'osy.

Chevrette, Oraña, patsa, patsañórana; orantsaha, orandrétra; tsivakína; harandráno.

Chevreuil, Añarambiby miramira amy ny *Cerf*.

Chevrier, Mpiandry osy, mpiambim-bengy.

Chevron, Saka-mandimby, ny hazo manantv ny rápaka, ? tanti-rápaka, ? háratra, h háraka. ? tsikala, tsikálana.

Chevroter, Mitéraka (osy). Manao feo n'osy. Mitroatróatra.

Chevrotin, Hodi-janak'osy, hoditr'osy.

Chevrotine, Bala kely.

Chez q, Amy ny o. — moi, amy ko. Mon — moi, ny misy zaho, ny trano misy zaho. Aller — soi, Mody. Un — soi, traño, fitoérana.

Chiasse, Tamby; faikany ny *Métal*. Tay. C'est une —, adala tay izy.

Chicane, Tsongorávina, h antsongorávina, h antendriváry, h antsongotsóngo, antsoláfaka, antsóntsany. Chercher —, chicaner, Manao —; mitsongorávina, maka-vavadiso, miankány, mifanditra, mitsongo-teny, mila ady, mila levilevy (*ou* levolevo, *ou* sotasota); milatóñony, milavániny. — q, mandevilevy o; vo agacer; chamailler. Se —, miankány, mifanozitra, mifanao di-doha, mifanditra. chicane-

NIE, Ankány, ady, adiady, filau'ady, fiankaniana. vo CHICANE. CHICANEUR, mpila ankány, mpitsongoravina, h lavaráriny, be ditra; sárotra

Chiche, Mahetry, vo AVARE; maudala, tsy mahome be, be fandaláua. — de paroles, Matiti-vólana. Il le récompensa, CHICHEMENT, novalia'ny raha kely foana izy.

Chicorée, Aiiáran'áñana.

Chicot, Fôtotra, foto-kazo; voditronga, vodibazo. — de maïs, taôlau-tsakotsako.

Chicoter, vo chamailler.

Chien, Amboa; pv Faudróaka, alika, h kiváhy. — sauvage, amboa-dý, h amboa-dia, amboahaolo. Entre — et loup, Mivoa-dambo. — de fusil, Feuy, Fembasy. CHIENNE, Amboa vavy.

Chiendent, pv Apisaka; h ? Fandrotrárana.

Chier, Mangery.

Chiffon, Voro-damba, voroboro-damba, vorotsíkina, tapadamba ratsy; h vorokitsay, lamba tratriatra, lamba ratsy. — de papier, voroboro-taratasy. Le CHIFFONNER, Mandrofarofa, h mamozafoza, mandepidépitra, mañotikótika, mikotrankótrana, g mamirávira, mamotsipótsika, mamoripóritra, mandrátra, manetronkétrona, mampangérotra. Se —, miotikótika. vo mifeutsáhona.

CHIFFONNIER, Mpamory voro-damba.

Chiffre, Soratr'isa, isa; fañisána; pv isaka, fañisáhana, márika. CHIFFRER, Manôratra isa, mañisy sôratr'isa, mañatao sora-panisána, mañisy márika; mañisa, mañisaka.

Chignon, Hátoka, hatokangídiny, heringérina, volonkátoka.

Chimère, Hevi-drávina, jery foana, hevitr'ambóny.

Chimie, Fahalalána ny dity ndraha *ou* ny fototry ny tenandraha. CHIMISTE, Mahalala ny *Chimie*. Mahasaratsáraka ny fotony ny teñanjávatra.

Chine, Añáran-tany be any amy ny *Asie*. Sin*a*, síuy, tani-sín*a*.

Chiorme, Overy atao mpivé sambo-hely.

Chiper, Mangálatra. vo Agripper.

Chipoter, Mihenikénika, h miheninkénina; mitofézaka; votsa fanaovan-draha; meda, vozavoza. vo Barguiner; chicaner.

Chique, Hota; fitsáko ambava. ? tsakomparáky. CHIQUER, Mitsako lobáka, mihota paráky. vo manger.

Chiquenaude, h Tsipindy, pv Pinjy. Lui donner une —, maminjy, manipindy azy. vo mandíñika, manditsika.

Chiquet, Tápaka.

Chiragre, Añaran'aretin-táñana.

Chirologie, Fivoláñana amy ny táñana hetsiketséhina.

Chiromancie, Fisikidiana *ou* Fanavan-tsikidy amy ny tanána zahána ôzatra.

Chirurgie, Fandidididiana *ou* Fanapatapáhana vatan' olona habasítrana azy. Sirojy. CHIRURGIEN, Mpitaha mangatsia-tánana, *ou* manara-tánana.

Chiure, Tain-dálitra, tay.

Choc, pv Kóña, konkóña; h gáña, gangáña; g goña, g gagóña, h góana, goangóana; tóhina; ady; tósika, ronjy; pófaka, páfaka; toto, tsípaka, fikóñana, figáñana. Au moindre — il tombe, izikoa voa-kon-draha *ou* kóñin-jaka, voatsikon-jávatra izy, lavo.

Chocolat, Pako mamy, pako n-*Cacao* miharo ronono amy ny sira-mamy. Sokolá.

Chœur, O miara-mihira, tokon'olona miraik'antsa; antókony. —, Ny éfitra itoérany ny mpiantsa añaty legilizy, ny efi-piantsána. —, ny Fañarahan'antsa antsainy ny hamaróana.

Choir, Lavo. Tomber.

Choisir, Mifidy, sk mifily; mijóbona, mitsimpona, mitsimpina, mifántina, maka, málaka; mañisoka, ? mamofo, mañómbika; mitsonga. CHOISI, de CHOIX, Voa-fidy, finídy, nofidína, pv nofidiánana; sk voafily, finily &; jóbona, voajóbona, jinóbona, tsara, méndrika, tsara-fidy. Gens —, isok'ólona, jobon'ólona, h tsangan'ólona.? fidin'ólona. CHOIX, fidy, h safidy, fifidiana, fifidiánana, jóbona, fijobóñana. Un — d'homme, gens choisis.

Chômer, Manoetr'andro, Mametrak'andro; mibonéka, mijabonéka, mitaboneka; miárana, tsy miasa, mipétraka foana. Jour CHÔMÉ, toetr'andro, andro atoetra, andro tsy iasána, andro fitabonéhana. Fête —, toetr'andro fety, andro fety atoetra; fety fanoéran'andro. Saint —, olo-másina fanoéran'andro.

Chopine, Kapóaka fañeránan-drano. CHOPINER, misotrosotro, minomínona, minon-dava.

Chopper, Mikóña amy ny z; voatsitóhina. vo Broncher, se Tromper.

Choquant, Mahasósotra, marofarofa, mandronjy; mañisotrísotra-hávana lava, sárotra-hatóñina, mahadikidiky, mahadikitra, maharikoriko, mahatézitra. Choquer q, mikóña, migaña, migóaña, migagóña, migóana amy ny o. Se —, —; sôsotra. vo CHOC; CHOQUANT. CHOQUÉ, fâché.

Choriste, Mpiantsa ao an-traño n'Andriamáñitra.

Chorographie, Filazána ny sarintány.

Chorus, O miraik'antsa. Faire —, Miarak'antsa, tokambava.

Chose, h Závatra, pv raha; sk zaka; kabary. Une — quel-

conque, Antsinika, antika; z ndre ino ndre ino. C'est la même —, mira reo, tókana reo; mbola izy. M. —, láno, h lánona, ránona.

Chou, Añarañ'áñana; kabijy, kabétra, so.

Chouette, Vorondolo kely. ? vorombózaka.

Chou-fleur, Añárany *Chou* mamóñy.

Chou-palmiste, ôvaka; vo ova-drañia, ova-dara, ôvakatanávy. En ôter le chou, Mañôvaka azy.

Choyer, Mañikotra, mañantóana, mikobaby, manobohobo, mañárana; ? mamolavola, mitarímy tsara; mitaiza. vo CHÉRIR. Se —, mañaram-bátana, mañaran-tróka.

Chrême, Ménaka másina, sólika voajoro.

Chrétien, O efa-batize ka manáraka i Jeso-Kry. Kiritiána, kiritiéna, kretiana, kirisitiana. Se conduire CHRÉTIENNEMENT, manao fitoérana *ou* fitondran-teña kiritiena. La CHRÉTIENTÉ, Ny Hamaróany ny olo-kretiána; ny tany kretiéna.

Christ, Ny voa hósotry ny Zanahary. Kristy; sary ny Jeso-Kry amy ny hazo-misákana. Le —, i Jeso-Kry, i Jeso-Kristy.

Christianisme, Ny fanompóana Zanahary nambara ny Jeso-Kry; ny fañambarány ny Jeso-Kry; ny fañekéna any Jeso-Kry.

Chronique, Filazána; sôratra milaza ny atao isan'andro. ? tantara, angano. ? tetiarana. Maladie —, a, Aretim-piandry, aretin'ela; fiandry; arétina miáritra.

Chronologie, Filazána ny taona sy ny andro. Filazána ny z natao manáraky ny taona nanaòvana azy.

Chronomètre, z Fañeránana ny andro.

Chrysalide, Toetry ny vóaña mbola ampoizo ka mandiñy bauañ'élatra toy ny sohérina; g sohérina, soherindandy.

Chrysocale, ? Varáhina tsara mitovy amy ny volamena, varahim-bola. ? tsivolaména.

Chrysolithe, Añaram-bato soa fóndrana.

Chucheter, g Mitsiatsíaka.

Chuchotement, Bisibísika, h bitsibitsika, g jomojomo, h ritsodritsoka, g tsiatsíaka, h takoritsika, h sahosaho. CHUCHOTER, Mi—. CHUCHOTERIE, bítsika, fibisibisihana, fijomojomóana.

Chut! Mangiña.

Chute, Halavóana. Faire une —, vo Tomber. La — des feuilles, firaráhany ny rávina.

Chyle, Ny rô ny hánina tafatélina, ronono-nkánina.

Ci, vo à Ce, CELUI. PAR-CI, PAR-LÀ, vo ÇA-ET-LÀ, QUELQUEFOIS. CI-DEVANT, Taloha, Aloha, fahiñy, lasa, fahizay, rahateo; vo Auparavant. CI-DESSUS, Alohaloha ny izy ty, ambóny ny ity. CI-DESSOUS, CI-APRÈS, Afárany ity, ambanimbány ny ity, mañáraka izy ty.

Cible, Sólatra. Tirer à la —, Manao —, Manólatra.
ciboire, Kapoa-bola mirákotra fasiana ny *Eucharistie* másina *ou* ny Petra-kánina voahásina. kapóaka fitoérany i Jeso-Kry.
ciboule, Añaran'áñana mira amy ny dongolo.
cicatrice, Hôlatra, hola-bay, hola-pety. CICATRISER une plaie, la sécher. Se —, se sécher; manjary hólatra.
cidre, Rano ny *Pomme*.
ciel, Láñitra. vo Habakábaka. Regarder vers le —, Miandra, miandra lánitra. vo manondro-láñitra, savoan-dáñitra. — de lit, h ? tataromparafara, vovoin-pandriana.
cierge, Jiro, jiro-sávoka, jiro-lokon'antely.
cigale, Añaram-bóaña. ? pinjy.
cigare, Horóñam-paráky kely, didi-dobáka hely; pakondobáka hely, vo carotte. CIGARETTE, Foñosam-paráky hely. Faire une —, Mamoño lobáka hely.
cigogne, Vorompotsy be abo-tómboka lava-vózona.
ciguë, Añaran'áhitra mahafaty. Boire la —, Mínona tangéna.
cil, Volo-maso.
cilice, Akanjo volondrambo ntsovaly sikínina hankalilo vátana, *ou* fehivátana fijaliana; akanjo mangidy *ou* mahalilo; akanjo falilóvana *ou* fivalózana.
cilié, Misy volo; misy sómotra, somórina.
ciller, Mipy, mipipý; mipi-maso, mipipi-maso. CILLEMENT, pipý, pý; pi-maso.
cime: sa —, Támpony, tendro ny, loha ny, lengoléngo ny, añabo ny. — d'une montagne, tendrom-bóhitra.
ciment, Loko, dity; pako-mahadity. Le CIMENTER, Mandoko, mandity azy; mamehy, mampandrékitra, mampikámbana azy amy ny dity.
cimeterre, Sábatra be, saba-bónkoka matahi-dela.
cimetière, Tany fandeveñana; tani-manara, tani-maníntsy.
cimier, Sangasanga-ntsátroka. vo tokodara.
cinéraire: Urne —, Kapóaka misy jiny *ou* fonok'ólona; fikajíana amónoka *ou* jofo-n'ólo-maty.
cingler n, Ménjika; milay maláky. Le —, Mamitsóka, mamitsopítsoka, mandrítsaka azy; — tady, — tsorakazo azy. — Manóritra amy ny tady henjánina; h mitsípika.
cinq, Dimy, sk Limy; sk faifo, ? paipo; fañarak'éfatra. — fois, in-dimy. En —, Midimy, mandimy. — jours, h hadimíana.
CINQUANTE, Dimam-polo, pv dimiam-polo. Une CINQUANTAINE d'hommes, O dimiam-polo. Le CINQUANTIÈME, Fahadimiampolo ny. Un —, h Ampahadimiampolo.

cinquième a, Fahadimy ny; s h Ampahadimy ny.
CINTRE, vo Arc, Arcade. CINTRER, Arquer.
cippe, Tapak'andry, Andri-tápaka.
cirage, Loko maïntina fahósotra kiraro.
circoncision, Fora, famoràna; sk sávatra, fisavárana; didítsókiny. ? didifoitra. CIRCONCIRE, Mamora, misávatra, mandidi-tsoky. ? mandidi-foitra. CIRCONCI, Voafora, voasávatra. — naturellement, Forananahary.
circonférence, Fari-bory, vala vory, faňodidínana, manodidina; fieférana, faňeférana, fari-bólana, hadi-vory, faňótrónana, fitrahàňana.
circonflexe, Márika misámpana atikina ambóny ny sòratra vakifeo sásany (â, ê, î, ô, û); Tendrintsòratra misámpana.
circonlocution, Volan'ariary ; felipeli-bólana ; olikoli-bólana, teny mifalipálitra *ou* mamalampálana, vólana miolakólaka. Faire des —, Manao—; maňariary; manarom-pòtotra, maňodidina.
circonscription, Fieférana, faňeférana ; éfitra ; tokotany.
circonscrire, Maňisy fieférana ; mametra, maňéfitra, mamáritra, mankalétra, mandetra, mamala.
circonspect, Mitándrina, h hendry, pv mahihitra; miámhina lela, mahatam-bava, be fitandrémana. CIRCONSPECTION, fitandrémana; hahendréna, hihitra, fahihirana.
circonstance, Ny z momba; ny ampomba; ny maňodídina, ny z miáraka; ny rávina, ny zaňozaňo, hóditra; zana-draha, kiraharaha. vo víntana, vonto, tóňona; fanao, kiany, toetra, ahatongávana; ántony. Loi de —, Diditany an-kasérana *ou* an-kaméhana, an-kavesôhana. CIRCONSTANCIER, Milaza ny momba &; mandinidínika, mitsimpontsímpona.
circonvallation, Hady maňodídina, hadi-vory, fahi-rano, fehi-rano, manda; hady famérana *ou* faňeférana.
circonvenir, Manodidina, g mamangopángoka. —, Manándoka, mamélika, mamelipélika, mamitaka, manangôly, manolóky, manao-goróbaka, maňambáka. CIRCONVENTION, Tromperie.
Épitaphe, Sóratra ambony ny Levéñana, *ou* amy ny tsangam-báto.

Épithalame, Ántsa amy ny fanambadíana.

Épithète, sósok'añárana, Añarana fikizábanq; teny atóhy.

épître, Taratásy iráhina amy ny o. Epítra.

éploré, Látsa-dranomáso, mitomány, mitomitomány.

Éplucher, Mitsimpona áñana, vihiu-dráha &; mitsímpona ny átatra, mitsóngo ny ravin-drátsy, mañala ny ratsy amy ny; h mitángo áñana; Mandio azy. h Mifántina, mamántina, mifidy váry &. mañófy, mandínika.

Épointer, Mañala *ou* Maimólaka tendro. ÉPOINTÉ, Folaka tendro, Dófoka, h dófotra; bondófoka. vo Émousser.

Éponge, z malémy maniry an-dranomásina, izy loadóaka miramira amy ny hôlatra va amy ny papin' antely. z mifo-dráno, z mandri-dráno. ÉPONGER de l'eau, mañála *ou* mamôtra, mamáfa, mamaoka rano amy ny *éponge* va amy ny lamba.

épontilles, Tóhana, tómboka.

époque, Taona, fétra-taona. Tsátoka-taona amy ny fañisána ny taona lása.

époudrer, Mañala vóvoka azy, mamáfa, mañeso-bôvoka azy.

Épouiller, Mañala hao.

époumoner: S'—, ? Mandritr' aiña, ? h Mankadisaka; havokavoka; ? mifampitárik' aiña, ? misatrasátra; mitari-piaíñana.

épouse, vo époux.

épousseter, mañeso-bóvoka amy ny vátra amy ny kifúfa akapokápoka, mañifi-bóvoka, mamafa lombo-tány, mamitsópitso-bóvoka; mamopóka. ÉPOUSSETTE, Famáfa, kifáfa.

ÉPOUVANTER, ÉPOUVANTABLE, ÉPOUVANTE, vo Effrayer, Effrayant, Effroi.

Épouvantail, kady (ou kosa, h kalo, hazo) atsángana ampitahórana ny vórona an-tsabo, fandrara vorona, fandrara-borona.

Époux, Épouse, Vady, sk valy. vo — be, — kely, — bitika, — masay; — tòkana; h — fotsinaty. Toi et ton —, Anao mivady. Des ÉPOUX, Mpivady, o mivady. ÉPOUSER q, manambady o. p Vadína. Homme qui épouse, Lehilàhy mampaka-bády; pv manénga vády. Femme qui épouse, Viavy ampakárina, engaina. ÉPOUSAILLES, fampakarambády, fañengam-bady.

Épreindre, Mamína z hañala rano azy; Mamíaka. vo mamia, mamétsa, mangia. mangeka, manéry.

Épreuve, Fañandrámana, fañohárana, fañeráñana; fitsapána, fizahan-toetra, raiky alaina hizahána ny ota amy ny. vo Vonosótry; vavolombélona, fitsapam-po, fitsapampanáhy, fisafoana. A l' —, Tsy daika, tsy laika.

Épris, Tanam-pitiavana be. vo Aimer.

Éprouver, Mañándrana, mañóhatra, mañérana, mitsápa, mitsapatsápa, mitsapa-fo, manántatra, mizaha toetra ou fañáhy, mitandréñy azy. — le froid, mahareñy nára. vo mamonosótry, mamántatra; mamantapántatra; Mampinon-tangéna, manangéna, mikadaha, mikatso.

Épuiser, Mandrítra, maharítra; mañala rano azy; mandány, manjabíaka, manámpitra, h manjifa, manjifajifa. — q, manásatra, mahasásatra, mahatrótraka, mandréraka. S' —, mandritr' aiña, miritr' aiña, mandoditéña, mihíalány; nahalaníana, mihíasásatra; mikely aiña. ÉPUISÉ, Rítra, fofofritra; lány, lani-jabiaka, afak' avokoa; sásatra, trótraka, réraka, ritr' aiña, ri-piaiñana, miréraka, h mivaréraka, pv mivoréraka; lamba-látsaka; símba, vàha, tafahónaka. ÉPUISEMENT, Fandrítana, ? Haritana, ? haritrívana; Halaniana, fandaniana; hasasárana, fahasasárana, fanimbána, Hareráhana, hozangózana. ÉPUISABLE, mora ritra, mora lány, azo lanína, mety lány, azo ritrívina,

Épurer, Mandio, mankadio, mahadio (sólika, vy, rano), manala hérika. S'—, —tena, Midio, mihíadio, mañary loto, Épuration, fandióvana, fankadióvana.

Équarrir, vo Écarrir.

Équateur, Sóritra mañodídina ny tany ziaby mirasa mira azy ka manáraka ny aváratra amy ny atsimo. Efi-taona, fehikibo ny tany, fizaran-tany.

Équerre, Eram-pamorísana. Ekéra, lekera.

Équiangle, Mitovy zoro, mira rírana.

Équidistant, mira halavírana.

Equilatéral, Mira ampisany, mitovy lafy.

Équilibre. Arina, Tsiariñarina, fiaremana, hamaremana; fitovian-danja. EN —, márina, mitovy lanja. Le mettre en —, Mañárina azy. Le tenir en —, Manao tsiariñárina azy. vo mandanja, mampitovy lanja; mihevihevy; miangangá.

Équinoxe, Fitoviany ny alinandro amy ny matsáña.

Équipage, Ny hamaróan-draha momba ny olom-be, tahaka ny sovaly, ny lasarety, ny andevo, ny sorodána &. ny mpomba; mpañáraka. Tabiha. —, Ny baharia rehétra antsambo. vo fanánana, fambana, famboárana.

Équiper, h Mahari-fánaka, mañampi-raha, mamoñona karamaoka azy. manénika, mameno azy; mamboatra. ÉQUIPEMENT, Fañampiana, famoñónana, fañañónana. ÉQUIPÉ. Ampi-raha, voñon-draha, feno, hénika, ampi-závatra.

Équitable, Mahitsy malo, mahitsy, márina, tsy miángatra. ÉQUITABLEMENT, amy ny hahitsiana. Équité, vo Droiture; ráriny, tsy fiangárana.

Équitation, Fahaizana miténgina amy ny sovaly.

ÉQUIVALENT, ÉQUIVALOIR, Mitovy, mira; —lanja, —tóñona, —hatsarána, mifamaly tóñona, mitovi-fividiana, mifanérana. Égal.

Équivoque, (teny) roy hévitra. vo Ambigu, Douteux. Dilemme. mampañahiahy, mahamarimárika, isalasaláña, mampiroáhana.

Éradication, Fañombótana hazo, fañavótana, fanongótana, famotôrana.

Érafler, Maníaka hely, mandrángotra, miháotra, mandrátra. vo Dégrader, Effleurer, Écorcher.

Érater, ? Mañala áriny ólona.

Ère, Ny Taona fanamponan'isa, ny taona isaina.

Érection, Fanangánana, fañorénana; famboárana, fampitoérana, famatiárana.

Éreinter, Mamola-damósina, mamola-haníana.

Ergot de coq, fatsy n'akoholahy, hiitona, de chien, hotro-kely.

Ergoter, Miadiady, vo Chamailler, mitsibotsiboka, mitsokitsókitra o amy ny vólana. ERGOTAGE, vólana fitsokitsokírana fitsibotsibóhana. vo CHAMAILLIS.

Ériger, Manángana, mañórina; s'— en roi, — teña hanjáka. Miháboka ou Mihambo mpanjáka.

Erminette, Famaky kóvika famisábana (ou fañisárana, fanelárana) hazo.

Ermite, Mpitoka-mónina; pv o mirérika, h o mirery; o mañirery; o irery, o ireriteña, pv o rérika; Mpijonjy, pv mpijalo, pv mpijóña mpanôkana, mpilóhotra; lohotr'ólona lohodohotr'olona, o konjy, o mikonjy, h o honjihonjy, h o

hozihozy, h o hozingózina, pv o jalo, o mijalo, o mijona, ? h lóhotra, ? o lohodóhotra. Ermitage, Traño fitokánana ou fikonjiana; tokotány fijalóana.

Errant, Errer, Mandehandeha tsisy fòtony, pv Minené, pv miréndana, mandehaléha foana; pv mizenizény. h Mirenireny; g miríorio, mizenjéna, h mijiojio; h mijio, mijiajia, mivoivoy. vo mivembéña, misavembeña, very, mirendrirendry, ombienombiény, mihaolohaolo, mirendréna, misobílaka, mitotototo, ? mirendraréndra, miovaova; mañirendrina. Errer, erroné, se tromper, Ota, Diso, tafa, Mania; vo Dévier. Induire q en erreur, Mañota, Mandiso o. Les Errata, Ny soràtra ota, ny diso. Erreur, Haotána, Hadisóana, Hahotána, fahotána; ota, diso, fahadisóana.

Érudit, Mahalala z maro; maro zava-pántatra. Érudition, fahafantárana ou fahalalána z maro.

Éruption, Vóraka miporitsaka ou miforitsaka; vora-draha miporótaka; Fiporitsáhana, fiboritsáhana; famoráhana. — de volcan —, vorak'afo; afo miporítsaka, afo be misafóaka, Mibóaka amy ny tany. Faire —, Miporitsaka, miborítsaka; misafóaka, mibóaka, mivòraka, mipóaka, miboiboika, mipósaka, miboabóaka; h mivoabóaka. vo Cutané. mirôfotra, mirôfatra, miobonóbona, mirómpotra.

Escabeau, Hálana fametraham-bity, halankóngotra, tsikálana, h Akálana, kálana, fandiavan-tóngotra.

Escadre, Sambo maro iray dia, ou raiky toko, mirai-dia, miara-dia.

Escadron, Miaramila ambony sovaly miara-dia, toko sorodána.

Escalader, Mañánika. Escalade, Fañaníhana.

Escalier, Tetézana fiakárana; fiakárana, fanongána, fañaníhana.

Escamoter, Manao faoka tsy hita; mifaoka, mipaoka, mamaoka; mangálatra maláky, ? mangalatety. Escamoteur, mpangálatra maláki-táñana. mpifaopaoka, mpanáfina ampelan-táñana, mahatákatra malaky, mahasámbotra malaky.

Escapade, Faniávany Sovaly malain-kañáraka; filefána. fandosírana, fialána; lósitra.

Escarbot Añaram-bóaña miramira amy ny Anjely.

Escargot, Sifotra, ankora antety.

Escarmouche, Adiady n'ampijírika fanojy.

Escarpé: Terrain —, Tany mitsángana ou Mitsangambava, mañánika, miákatra, manonga, abo, anihina, sarotr' iakárana, miárina. vo tévana, fámpana, hántsana, tsingy.

Escarpin, Kiraro maivana.

Escarpolette, Savion-dahy; h Antsavily, savilivily, vo

Balançoire.

Esclandre, Ankány mitabataba añatréfany ny maro.

Esclavage n, Handevózana, haverézana, fahaverézana, fiverézana; vo fiabilíana. ac Fañandevòzana, fahaverézana, fanamporiána. ESCLAVE, andevo, amporia, h ondevo; o very; aukizy, vo abily; abilin'olona. vo Ompikely, zazahova, kilonja. Réduire en —, Mañandevo, mañamporia, mamery, mahavery.

Escogriffe, Mpálaka foana tsy mangátaka, o tañan-tsipeko, o tsipeko-tánana; o abo tsy méndrika.

Escompte, ? Vola fov, ? sara-bola, ? iso-bola. ESCOMPTER ? Manakalo vola, mahafoy vola; mañala (*ou* mañésotra, mañáraka) tápaky ny vola isaina.

Escorte, Miaramila mañátitra ka miaro an-dálana; aro an-dálana; fiaróvana. ESCORTER; Momba azy hiaro azy; miaro, mañodidina, mañariary, momba.

Escouade, Miaramila vitsivitsy fehezin'ólona vitsi-Vohinálhitra.

Escrime, Fahain'ady amy ny sábatra va amy ny saboha; fahaízan-défona, fianaran-tsábatra, fañitrikitríhan-tsábatra; fianaran-tsindrika. ESCRIMER, s'—, Manitrikitri-tsábatra, mañitrkitri-défona; manetrikétrika sábatra; miaro teña. vo se Débattre.

ESCROC, Mpangálatra malaki-tánana tahaka tsipeko. Escroquer, Mangálatra amy ny hafaingánan-tánana.

ESPACE, Halaláhana, halankána; Bámbana, Bambala, babala, babangóana; habakábaka vanavána; pv Bañabaña, h tanatána; veñavéña. — entre, Elana, Elañélana. Une —, Séfaka, sémbana. ESPACÉ, Malálaka, malanka. ESPACÉS, Mielañélana, miélana, mifañélana, mifañelañélana; h makáka, voa tsikerakera, malálaka, mifankalávitra; h mahálana, mahalankálana, mihalankálaña, h mihalangálana, mifañalankálana; mitsikerakéra, vo DÉJOINTS. ESPACER, Mañelañélana, mañélana, mandálaka, mankalálaka, mañalankalana, mañalangálana, mahalálaka, mañerakera, mamarabáraka; vo DÉJOINDRE.

ESPADON, Sábatra lehibé tánana amy ny tánana roy.

Espagne, Anaram-panjakána raiky añy amy ny *Europé*. Isipány, Esipáña. ESPAGNOL, olon'Isipaña, Ant'Esipáña.

ESPALIER, Hazo-mamoa ampárina apétaka amy ny ribantraño.

Espèce, Karázana, fáhitra, rázana, firazáñana, foko, fôkony. vo fomba, taránaka, loha, teña; audálana, antsipiríany. —; apparence. —, Argent.

Espérer qc, Mañantéña, Mandíñy azy; vo miantébitra, h manampo; mañampóko, Matóky. vo atao ko ho, atokia-

na ho. Espérance, Fanantenána, fandiñesana; h fanampoizana; pv fanampokóana; fatokiana, fahatokiana; fiantehérana; z anteñaina, z diñásana, sk z liñísana; z diásana; z ampoizina, z ampokóina, z ampo.

Espiègle: Enfant —, Zaza angáriha, maheri-víntana, sifasila, ? raharahaina; vo anganongano, tia lalao; tsepotsepony. Epièglerie, Hasilasilána, ? herimbíntana; ? vosobósotra lalao, fisomána.

Espion, Mpikatso; mpisafo-tany, mpisafosafo, mpitsapatsapa; g tilitily, tilotilo, mpitsikilo, mpifilo, mpifilofilo; mpitilitily, mpitilotilo. Espionner, Mikatso, mitsikilo, misafo, misafosafo, mitilitily, mifilo, mitsapatsapa. vo épier. espionnage, Fitilitiliana, fitilotilóvana; fikatsóana, fitsikilóana, fisafóana; fitsapána.

Esplanade, Tany be marimárina; Haramanja, ampofoantanána; h tany fanava-matso; hamarémana.

Espoir, vo Espérance.

Esprit, Fañahy. vo hiaña, hian-draha, hian'ólona, avelo, matoatoa; ángatra, lolo, saina, jery, hévitra; rondoha, árika; fofon'aiña, aiña, faíñana; ambiroa, amiroa, amiroy, aromoy; matoatoa, avelo.

Esquif, Lákana maivana.

Esquinancie, Aretin'an-tenda.

Esquisse, vo Ébauche. esquisser, Ébaucher.

Esquiver q, Miary o. S'—, Miáfaka, milefa, miala, miésotra; h Mibolidy; matsóaka, mibalásitra, h mibolidilidy, h milodilody, h mibolodilody; pv misiliotra, misodiatra, mihodiatra.

Essai, vo Épreuve. Essayer, Mañérana, mañóhatra, manándrana; mamántatra, manántatra, manao zay hahitána ny toe'ny; manao zay hahavitána

Essain, Renin'antely maro mifindra; hamaroan-drenin' antely. Hamaróana, ankabiázana.

Essence, Ny izy; Fótony, teña, ny mahizy azy; fomba. ? fisy. Les —, sólika máñitra; fòfony, háñitra, finto. essentiel, a, Mahamisy, Mahisy azy, tsy áfak'amy ny, tsy engány; tsy mahay tsy. — s, fótony, teña, lóhany, ? fomba.

Essieu, Tsora-by manintéraka ny tangérina; ny sakandasarety, ny andry ny kodia.

Essor, Tílina miákatra; fitiliñana; fisondrótana, savoandáñitra. Prendre son —, s'envoler. Donner l'—, Lâcher. vo mampisándratra, mampisavóana, manao savoandáñitra, mampiriodriotra.

Essoriller, Manapa-tsófina, Manófina.

Essoufflé, s'essouffler, pv Séhoka, h séhaka; g tinéhana. vo miaiñaiña, sesik'aiña, miéfona, miempoñémpona, hoíka,

miéhaka, tiheky. ? matihento. vo Essouffler, Mahaséhoka, mahaséhaka, mahatinéhana. vo mampiempónémpóna, miempoempo, manémpotra.

Essuie-mains, Lamba famoran-tánana.

Essuyer, Mamòtra, mamitra. vo Mamaoka, mamafa. —, vo Endurer, être exposé à; mifòtra amy ny. Que l'on essuie avec qc, fòrana, firina; sur qc, Afòtra, afitra amy ny.

Est, Atsiñánana, sk Atiñánana. A l'—, Añy —. Aller à l'—, Mañ —, h miantsiñánana, pv Maniñánana

Estampe, Sary.

Estimer, vo Apprécier, Compter. —, Mañaja, mieky, mihévitra, mañengy azy. vo Faire Cas, Aimer. S'—, se croire. Estimation, Appréciation; Estime, Fañajána, fanomezan'asy, fihevérana.

Estomac, Saròtro; ? tarafó. vo tratra, kibo. Le Creux de l'—, vavafo. vo maivololon po, mañotikótika.

Estrade, Fitoérana abo, Lapa, kibány, sandrátana, talatala fipetráhana. —, chemin.

Estropié, g Bólona, g fólona; gólona, pv kólona; misy antsa, misy handra, antsaina, handraina; kilemaina; marátra; simba. vo Ébréché, Boiteux; bolon-táñana, bolontondro &. Estropier, Mankabólona, mamólona, mandrátra, mandróbaka, mañándra, mañisy handra (ou antsa, kilema); manimba, h manilema. vo Dégrader, Briser; Mandiso, mañóva.

Et, g Ndraka, Ndraika; h Sy, h Ary; g No ou Noo, ou Noho; (pv ? na, ? naa, ? naha); pv kela; g amy ny; h ámana; pv Mae; pv Mántaka; g miharo; g ka; g kala; h dia, h ary dia; h sady, pv sakady, pv salakady; *Et souvent il ne se rend pas*. Rakoto et Joary, i R — ndraka (ou sy, miharo, mae, kala, amy ny, no) i J —. R —, J — et Boto, h i R — sy i J — ary i R. Toi et R —, Anareo ny R; R — et moi, Zahay ny R. Une piastre et un franc, Parata no (ou noho) kirobo. Père et Mère, Reny amin-dray, Ray amindreny. Il est Blanc et Noir, Fotsy no (ou noho) maintina, No fotsy no mainty, fotsy amy ny mainty izy; fotsy ombána mainty izy; sady fotsy izy maintina, sady fotsy no maintina izy; h fotsy sy no mainty, sady fotsy sady mainty. Il fut blessé et il mourut, voa léfona izy, ka (ou kala, h dia, h ka dia, ary dia) naty, voa sabóha izy, naty Il est haut et gros, sakady abo izy be vátana. Il le voit et il l'affronte, hita ny noho sotróhi'ny. Me voici dégagé et en liberté, afak' ólana aho noho vótsotra. Et, vo Mais, Cependant.

Et cætera, Ndraka ny tavela, sy ny sásany, sy ny hafa rehétra; &.

Étable, Vala n'aomby, traño n'aomby; vo fáhitra, fahy, kijá.

État, Teetra; fitoérana, vo toe-bintana. —, fanjakána, tany. —, raharaha, fanao, antony; hatsaráña. En bon —, h antsalamany. En — de péché, Itoérany ny ratsy, misy ratsy.
Étau, g Vahoho.
Étayer, Manóhana, mamáhana, Mañisy tóhana (ou fáhana; éfaka). Manánkina. S'—, Miánkina.
Été, Lohataona, Fahavára tra.
Éteindre le feu, Mamono afo, Mahafaty motro. vo manimba, mandévona, mahavery, S'—, maty. vo very, lévona, simba, efa foana. ÉTEINT, naty, efa naty, maty. ÉTEIGNOIR, Famonoan-jiro, famonoan'ilo.
Étendart, Saina, fañeva, berámbona; hémbana.
Étendre, Mamélatra, mamávatra; Mandámaka, mandáfika, mamáboka, mañénjana, mañámpatra; mañítatra, mañátatra; mandrórotra; mañely, mampandroso. S'—, ÉTENDU, mivélatra, miámpatra, hénjana, mihénjana, miátatra, mítatra, milámaka, mirápaka, mibáboka, miézaka, mihénjitra, mivalámpatra, miely, miróritra, mitsótra, mitsítra; mivalandotra; miveñaveña. vo ATTEINDRE. bamba, bambaray, misabóboka, manao masa-daza, mitsingádina,
Étendue, Ny habézany ny halavána ndraky ny hatahírana; vo Espace. ? fivelárana, L'— de son pouvoir, ny taka' ny, ny fahefá'ny, ny tra'ny.
Éternel, Tsy manan-talona tsy manam-panampérana; tsisy taona, tsy nisy fanampònana tsy ho misy fahatapérana; laitrizay andrakizay, tsy támpitra, tsy maty, tsy tsófotra andrakizay doria; mandrakizay, ambarakizay, tsisy fiefána; ? tsisy lany. ÉTERNISER, Mampaháritra andrakizay. ÉTERNITÉ, Ny andrakizay, ny tsy fanampérana.
Éternuer, Miévina, pv mitsihena, pv mivéna. ÉTERNUEMENT, Evina, tsihena, vena, fievénana, fivénana. vo ho velona! tsik'aby. Tsitiandrofy.
Étêter un clou, Manapa-doha, mañala loha azy.
Éteule, Esteule, Vodivary afa-páhiny.
Étincelle, Difik'afo, pik'afo, kalalaon'afo, tsirinafo; afo mipítsoka. vo éclair. ÉTINCELANT, étinceler, mandifik'afo, mandífika, maniritsiry; manorak'afo. vo BRILLANT.
Étique, Marary *Étisie*. Mahia, tratraina.
Étiquette, Sóratra apétaka ambony ny fañósana hahafantárana ny z añaty ny. Márika, famantárana. —, Fanajána, fanao, fatao.
Étirer, Mañátatra, mañítatra, mañénjana, mañánjaka, mañanjakánjaka, mandeórotra, mandróritra, mitárika, mañézaka. S'—, miróritra, mihénjana, miátatra, miézaka.
Étisie, Arétintratra mankahia.
Étoffe, Lamba. —, matière. Étoffer, Mañisy — amy ny.

mamoño — azy, manafy azy. vo Sikina, tafy, saimbo.

Étoile, h kintana, pv Anakintana. — du matin, — fitarik'andro. — tombante, Tai-nkintana. ve Vasiana, Basia. Destinée. Feuille étoilée, rávina misampantsámpana, bœuf —, Aomby pai-doha.

Étole, Sampy ny mpijoro; Lamba atao Sampiamponga.

Étonné, s'étonner, Tsérika, Gaga, mánana, talánjona. vo rikiana, varivariana, h kéhaka, h kéhana, h képoka, kepoképoka; h mahorara, mitanaka, mivanaka, h zendana; mitam-bava, misañáka. misañáña. —, étonnant, mahatsérika, mahagaga, mahamáñana; mahatalánjona, vo mahazendana, mahavariana, mampivadi-po, mahaveri-saina. Étonnement, Fitseréhana, hatseréhana, fahatseréhana, fahagagána, hagagána, figagána, fahatalanjónana. Je m'étonne qu'il n'y en ait pas, gaga aho no tsy misy.

Étouffé, s'étouffer, Sémpotra, maty fiaiñana, sétroka, málitra, tsisy iaiñana, sempórina; setróhana; bohia, kenda. étouffer, Manémpotra, mahasémpotra ; mahabohia, mañenda, mahakenda, manetroka, mamono fiañiana, mamono, tsy manpiaiña. vo Chaleur étouffante.

Étoupe, ? Vémbaka , hotontady , hoto ratsy, ? bókaka. Étouper, manéntsina.

Étourdi, Endrinéndrina, miendrinéndrina, tsy mitándrina, vañaváña, adaladala, deridery. vo Distrait; mitoditódika, miandrandra, fánina, veriveri-jéry. mivendrivendry, mifarifary. — fánina, fanimpánina: tórana; mañantselatsélatra. —, maréñina. Rendre —, Mañendrinéndrina, mampiendrinéndrina. étourdir, Mahareñina, mahatsintsiña, mankaréñina; mamánina, mahafánina, mahaveri-saina; manórana, mahatórana.

Étourderie, Haendrinendrénana , haendrinéndrina. étourdissement, hafaniñana, fahafaniñana

Étrange, Hafa, hafafiaiñana , hafafiaiña ; mañantambo toérana , tsy fatao loatra , hafa-fatao, hafahafa; loza, mandoza.

Étranger, Vahiny, ampénjika, hafarázana, olonkafa, olontrafa , olon-ko-azy , olombahiny, tsy tamána , tsy zatra, vahiny avy añy an-dafy, hafa-tany, hafa-fatao; añindrany; antañindrany; o mihafahafa.

Étranglé, s'étrangler, Kenda, sakáhina, kela. vo kendatsintsiny, goeka, geoka. étrangler, Mañenda, mahakenda, mikenda, mikela o, mahasakáhina, maneri-feo, managoeka, managoeka, mamim-peo azy.

Être, *Il est compris dans les formes neutres ou bien il ne se rend pas.* Il est malade, grand, entré, sorti, Marary izy, abo izy ; efa tafiditra , efa tafibóaka izy. Comment

est-il, Akory izy? J'étais debout, nitsángana aho. J'y étais, taňy aho; C'est moi qui y étais, Zaho no taňy. C'est à moi, Ahy, anahy, anakahy izy. Le temps est à la pluie, Hañórana ny andro. vo Ary, misy, no.

Être s, Raha, sk Zaka, h Závatra.

Étrécir, Mankahífitra; mandétra, mankaletra; h manety. S'—, mihíahífitra, mody maletra; mahíalétra; vo se Contracter; mikainkona. Étrécissement, hahifirana, halérana, ? haety.

Éteindre, Mamehy maré; mamiña, mamíhina, mangeja, mangia. vo mañótaka, mañotakótaka, mañólana.

Étrenne, vo cadeau. —, ny z faharaiky avidy maraindraina. —, z omena o amy ny taom-bao; h Jaka, z omena amy ny fandróana. Sambasamba. Lui donner des —, manjáka azy. étrenner un marchand, somila mividy z amy ny. — qc, Mañala sambasamba azy, Manántatra azy.

Étrier, Fitoéran-tóngotra ny o ambony sovaly. Tsi-mahalátsaka. Avoir le pied à l'—, tongotr'ombi-an-dákana.

Étrille, Fihogo ntsovaly, borosi-lahy; fihogo-lahy, fandrokotan-tsovaly. étriller, mandrókotra, mihogo, mitrábóka, mandrángotra, mamborosy sovaly. — q, le Battre.

Étriper, Mañala tsinay, mamòraka tsinay.

Étriqué, Maletra.

Étrivières, Tady ny *Étriers*.

Étroit, g Malétra, h maetry, h maéty; mahífitra. esprí, —, Mivonkin-tsaina, mamokin-tsaina. A l'—, Andetrat añéty, anétry; mifankaletra, mifandetra, mifampandetra, mifanety; vokeky. vo teréna, tsindriana. Étroitement unis, Miraika pámaka, marav páka.

Étronçonner un arbre, Manapa-doha hazo, mamólona azy indrindra, Mamóngotra hazo.

Étude, Fianárana. étudiant, Mpiánatra. Qc étudié, Z nianárana; Affectée. étudier, Miánatra. S'—, — teňa; Mihévitra zay hahavitána; mamoron-tsaina, mimenimeny ny tókony hahefána. vo s'Appliquer.

Étui, Sárona, traňo-njávatra; sarom-panjaitra, traňompanjaitra. Mettre dans l'—, mañomby, mandátsaka, mañórona azy antsárona.

Étuve, Traňo mafána be.

Étymologie, Fôtotry ny vola, foto-bólana, foto-teny; avíany ny vólana, fihaviany ny teny.

Eucharistie, Okarisitý, Eokarisitý.

Eunuque, Olom-bósitra, olona vósitra, ? vositr'ólona.

Euphonie, Eno malemy, feo mahafináritra. Eno maléfaka ambava.

Europe, Tany be añy avaratr'añy avíany ny Farantsy,

ny Angilisy &; Tany ny vazaha. Eoropa, Oropa. Européen, Olon'Eoropa, Anti-Eoropa; Vazaha.

Eux, Reo, ireo, zareo, izareo, izy.

Évacuer des humeurs, Mamôraka ny z an-kibo, mangery, mandróaka, mañary azy. — la salle, mivôraka, mibóraka, mivóaka, miala amy ny traño; mamoana, mahafoy, mamoy ny traño. — n, mangery, mamôraka. — des troupes, Faire — le monde, Mamôraka, mampibóaka ny o. Évacuation, Famoráhana; fivoráhana; vóraka, z avóraka.

Évader: s'—; Mangala-dálana hilefa; s'échapper, s'enfuir.

Évagation, Fifafifafázany ny jery, vo Distraction.

Évaluer, Mañisy tóñona z havidy; h manómbana, milaza ny vidy ny *ou* ny tôkony handafôsana azy; mañisa. Évaluation, h fanombánana, tómbana; vidy ny; vo tetiny.

Évangile, Filazan-tsara; ny Fañambarány ny *Jesus-Christ*; Evanjily. Évangéliser un peuple, Mañambara azy ny —.

Évanoui, s'évanouir, Tôrana; fánina; lévona, mirávona; tonga zava-poana. vo Disparaître, annéanti. Faire —, Manórana, mamánina, mahafánina. Évanouissement, Hatoránana; hafaníñana

Évaporé, s'évaporer, Miráratra, Lévona, lasan-ko-rivotra; manjary fôfona, ritra, manjary ráhona, roso-ho-fôfona. —, Afa-pôfona. Mirávona. vo s'égarer, Cesser; mirara-kévitra. Évaporer, Mandráratra, mandritra, mahalevon-ko-fôfona; Dissiper.

Évasé, Misoka-bava, mivoha vava, talélaka, talela-bava, talía-bava. vo mibañabáña, malálaka, mivava, mivazavaza. Évaser, Mamoha, mamoha-vava, manôkatra, mankalálaka, mampibéaña, mampibañabána, mankatalélaka.

Évasion, fiaríana, fialána, filefána, fandosírana. Réponse évasive, Valy —.

Évêché, Tany va traño ny *Evêque*.

Éveil, Famoházana sófina. Donner l'—, Mamoha sófina, mampitáudrina.

Éveillé, Tsy mandry. vo Dégourdi, Actif.

Éveiller, Mamoha, mampifoha, manala toro-maso. s'—, Mahatsiaro, mifoha, áfaka toro-maso.

Évènement, z tonga, k avy, z manjó; h z sendra, tonga. vo Po-tany, antambontány, hintantány.

Éventail, Fihimpa, fañimpa; firáratra, fandráratra. Éventer q. Mañimpa o; — et dissiper un secret, Mandráratra; mamahavaha, mañeliely azy. vo Kororóka, tánina, tapy. — du vin, Mañafa-pôfona, mañala-fôfona, manabóka, manatsatso azy; mañidi-drivotra aminy. s'—, mañimpa teña; mi-

raratra, miravona; s'—, ÉVENTÉ, Afa-pôfona, matsatso, afadaro, efa-boka; áfaka, roso.

Éventrer, Mamaky kibo, mahala tsinay azy, mandriatriabôtraka, mandoa-bôtraka; ? manao sarikáty azy, mamôtraka ny tsinay ny.

Éventuel, Avy foana, h sendra tonga; vo Accidentel.

Évêque, MPijoro be mifehy mpijoro maro. Evèka. MPijoro mpiandry, mpitándrina.

Évertuer: s'—, MAhary havozóana; mihiavítrika, mihiahery. vo S'EFFORCER.

Évident, hita mazava; hita avokoa, hita indrindra; tsy mitakona, tsy takofandraha; h MIharihary, pv MIharinkárina, g mañerinérina, mierinérina, mérina, miérina; misebo. vo ? ankarihary; baribary, mibaribary, ankazihazy, mivanavána, an-kay, mibanabána, márina, mahitsy. APPARAITRE. ÉVIDENCE, ny hazavány ny z hita; ny tsy azo isalasalána, fisehóana; ny mahahita azy; hamarinana, ny to, ny márina, ny hita mazava.

Évider du linge, Mamíaka, manótoka lamba. vo Échancrer, Canneler, Découper. Mañalála amy ny, manal'aty, misítry. vo Homároka.

Éviter, Miary azy, vo Miala, miésotra, milefa, mandósitra, miáfaka amy ny; vo ABANDONNER, (Passer de) CÔTÉ. — de faire... miary ny fanaôvana... s'—, Mifampiary, mifampiala, mifampilefa, mifandósitra. ÉVITABLE, azo iariana, azo ilefána, azo andosírana.

Évolution, Vava-dia *ou* velabela-dia ny maramila maro, famindran-dia. Faire des —, Mamindrafindra-dia, mamoripori-dia, manao dia mivalombálona; mivélatra, mifelipélika.

Évoquer les morts, MAñantso ny maty hibóaka.

Ex-: Ex-ministre, Ex-roi, Ránitra taloha, MPanjáka fahíny.

Exact, Tsy misy diso ndré kely, avy amy ny maso ny, avy amy ny hítsiny, andráriny, andrindrany, latsak'andríndrany, márina, mahitsy indrindra, mihitsy; tsy diso fotóana, avy amy ny fandríany, rékitra maeva. Q—, tsy mañota, tsy mandiso na kely aza, mazoto hanao z. EXACTITUDE, Fitandreman-kanao amy ny hítsiny; Ráriny, hahitsíana, hitsy, hamarínana; fañitsiana.

Exacteur, MAmpandoa loatra, ? MPangala-pihinana, h homamontso, mpanaó rombabahona, mpanao ankery. EXACTION, fampandoávana loatra, ny maka mihóatra noho ny azy, ny maka ny tsy antóñony ny málaka ankery.

Exagérer, EXAGÉRATEUR, MAmpitombolaza, mandaza loatra, lila-pándazána, manôvona, manao masa-daza, manao

laza másaka, mankadradra-daza, mankabobo-daza. Exagération, Tombon-daza, lazabóboka, fandazan-doatra, laza-diso, laza lilatra, fampitombosan-daza, havontosan-daza, laza tsy aňérany, fandazána diso érany; ? laza-másaka, masa-daza, laza-mbositr'andafy. masakidina.

Exalter, Maňándratra, maňaboabo, manaňoáňo. vo Élever. mankalaza, h midéra, mandáza, maňéngy; maňandríana. maňandra-dáza, mankabe-láza, mamparésa-dáza; ? miarahába. S'—, S'Enthousiasmer. Exalté, vo sangána, sandrátana, sandrasandraina, nasándratra. Exaltation, vo Élévation, Enthousiasme.

Examiner, h Maňádina, pv maňaliňáliňa, mieritréritra, g maňeriňérina, mandinika, h mitaratara; g mamasavása, misaina, mizaha tsara, mihevitrévitra; mizaha toetra. vo Maňávina, mámótotra. —, Interroger. S'—, — teňa; — ny am-pó, — ny ratsy am-pó, manjéngy ny ratsy ampó. Examinateur, mpaňádina, mpaňaliňáliňa; mpaňentány. Examen, Faňadiňana, faňaliňaliňana, faňaliňaléňana; faňeriňeréňana; fieritrerétana, fandinihana, fitaratarána, famasavasána. — de Conscience, fanjengíana, h fitadiávana ny ratsy am-pó. — Interrogation.

Exaspérer, mankatézitra loatra. Exaspération, halilárán-katezérana, haviniran-tsontsôraka; héloka be. Exaspéré, vo Courroucé.

Exaucer, mitaino hátaka, nihaino, maňéky, maňáraka, manóina, mino; maňátrika, maňámbina.

Excaver, mangady lálina, mandávaka, mandálina, mandóaka. vo creuser. Excavation, fangadíana, fandempónana; vo Un Creux.

Excéder, mandilatra, aňon-tsôraka, mandikoatra, mihóatra, mandongóatra, lilatra, tsontsôraka. —, manan' amby, misy amby; loatra. vo mihoapámpana, lilatr'ôhatra, mandroadróatra, mandokótra, mandompotra, mitorak'ampivalánana, disolaka. l'Excédant, ny amby ny, ny loatra; vo sisa, tombo, songony, tsentsintsiomby. —, fatigant.

Excellent, Tsara indrindra, soa alohalóha ny námana, tsara dia tsara, sksenga la senga; angiangy ny ziaby. Vo pehina, tsihitapesenina, lani-era; tsihitavanávana; fg, matavy, mamy. Exceller, mihóatra ny námana; ambonivóny, lombolómbo, tsara tsara noho ny námana ziaby, maharésy; vo Dépasser. Excellence, hatsára, hasénga-be, hatsarána, hasengána, haevána; hatavézana, hamamíana; voňináhitra abo indrindra; ? saranga be, habézana, Haňdriánana, habôsana, halláran-katsarána.

Excentrique, mankalávitra ny aňivo, mifoti-dia amy

ny maro, mañambóbo ny fihaóñana, mañantámbo fatao, vo Bizarre.

Excepté les enfans, à l'Exception des enfans, pr Laha (h Raha, h Afa) tsy ny zaza; ny zaza foana no aílika (ou áfaka, tsy isaina, tsy añáty ny, aésotra, asáraka, alána, tsy alaina, avela, apétraka). Les Excepter, tsy mañatao azy añ' isa; manílika, mañésotra, manáraka, mañáfaka, mañala azy. vo Sañatría.

Excès, ny Amby, ny ambonivóny ny tôkony, ny mihóatra, ny be noho ny ilaina. vo Excéder. — fg, Intempérance, Outrage.

Excessif, be loatra, mandilatra, manan' ámby; tsy hita halalíñana (ou halavírana, halaváña, hatsarána). Mandroadróatra, tsontsôraka. vo loárana, doáfina; loza; loza lóatra.

Exciter, mamóha, mampiavy, Mandrísika, h mamporísika. vo Mampi-, Mampan-, Maha-; Manándrina, mañétsika, manindrona, mañilona, mampitaitra, mañónjona, mandrónjy, manao sesi-ákoka, mañome tóky; mitárika, mañátsika, mankaménjika. S' —, Mifandrisika. vo Mifandrónjy, mifanésy, mifampitárika; mifanjáña. Excitation, Fandrisíhana, famoházana, fañonjónana, fandronjíana, fañetséfana, fañandrínana.

Exclamation, Taraiña, fitaraíñana, fiantsóana; Résaka fitserêhaña, teny haravóana. Point d' —, sora-pigagána.

Exclure, Tsy mampíditra; mañésotra; mamela, tsy mañatao añ' isa, tsy mañísa, vo Chasser. S' —, Mifañisotra, mifañála, mifamóaka. Exclusion, Famoáhana, fañesórana, fandroáhana.

Excommunier q, Tsy mampímbona azy koa ámy ny kretiena; Mandróaka azy amy ny Egilizy; mañávaka, mañílika azy. Excommunié, o fady, tsy imbóñana, naríaña, naílika. Excommunication, fandroáhana amy ny Egilizy, tsy fampimbóñana, fañaváhana amy ny kretiena.

Excorier, vo Écorcher.

excrément, Tay, taim-bódy; vo taindroroha, tambôraka; rorohantain' ólona.

excrétion, Tay, taindráha.

excroissance, h kiambo, ? Dórina. sôsoka nofo amy ny vátana.

excursion, Día an-tany lavidávitra. Faire des —, mandehaleha, misitrisítrika. vo Errer.

Excuser q, Mañala tsiñy, mañal' ántsa, tsy maníñy, tsy mañády; mañome lálana, mañandéfa, mandéfa; mañáfaka azy. S' —, mila fialána, mila fiariana, Mila ho áfaka, manao zay hialána; mañála tsiñy teña, miala tsiñy, h mia-

la salay, h manaladv, mila fanafáhan-teña; manariafy, mila fandávana, mihémotra. vo Mañodiody. Excuse, Vòlana fañalan-tsíñy; fialána; fiaríana tsíñy. Excusez-moi, Azafady, aza maty; matésany alıo; ekeo ny fandáva' ko, alefao aho, aza tsiñian' ao aho, alao tsiñy aho. Excusable, tôkony ho tsiñiana, tôkony haléfa, tsy tôkony ahína, tsy ota loatra, tôkony halána tsíñy.

Exeat, Fañomézan-dálana hibóaka, lalan-kivoaka.

Exécration, pv Sabôbo, h Sahato; g fititíhana, títika; pv hótoka, h sahely, h sariko; fañotóhana, ózona, fañozónana, sao-dratsy, saotra, fisaoran-dratsy. vo Détestation. Qc en —, Exécrable, z fivoadíana, z fifantána, z hala, sabobóina, ozóñina, tokòny hozóñina. Exécrer, Manabobo; misahato, mitílika, manótoka, misahely, misariko; misao-dratsy, mañózona.

Exécuter qc, vo Accomplir. — q, Momono, manámpitra, vo manao vono-trebotrebo, *ou* vonomôka. Exécution, fanodiana, fahatanteráhana, famonóana, fanampérana. Exécutif, Mahavita, mahefa, mahatámpitra; mahefa mamono.

Exemple, s, Lamy, z fianárana, óhatra, érana, z ianárana, z aráhina; fañalan'òhatra, fañalan-damy, fianaran-damy. —D'écriture, Lamy fanorátana. Donner bon—, Mampala-damy tsara. Prendre—, Mala-damy, maka lamy, maka òhatra, miánatra, mañáraka. Exemplaire, tôkony halaina òhatra, tôkony halaina lamy, tôkony haráhina.

Exempt, Afaka amy ny fanompóana, tsy añaty, nasáraka, naílika; naésotra, tsy azo ny fañiráhana, tsy añaty ny isa, tsy azo ny malo, tsy azo ny didităny. Exempter, Mañáfaka, mañávaka, mamótsotra, manáraka, mañésotra, mamela. Exemption, fañafáhana amy ny fanompóana, fañavâhana, fañesórana, fañilihana.

Exercer q, Manipiasa azy mora izy zatra; mankazátra azy, mampanao z azy, mampanaotao z azy; mampihétsika, manositósika, tsy mampandry, mampirahararaha, mampizáka, mampizava-draha azy. — un art, manáraka, manao, miasa. —, éprouver S'—, manaotao mora habay, mirahararaha, mizáka, mizávatra, miánatra; mila ho zatra miasaása, mitsapatsapa, mañándrana; miasadia, misaintsaina. Exercice, Asa atao hianárana, fianárana, asa fankazárana, asa mahazátra, sari-ady, fianáran'ady; ady fianárana, Faire l'—, Mianatr'ady, miana-défona, miana-basy, miánatra tora-défona; ...à feu, mifañoro.

Exfolier: S'—, Miselatsélaka, misilatsílaka, miofo, maendakéndaka. Exfoliation, fiselatseláhana.

Exhalaison, Fôfona; de la terre, fofontány. Produire des —, Exhaler une odeur, Mamôfona, mamoa-pófona. S'—,

Mamôfona, mamoa-pôfona, afa-pôfona, miraratra, ilaka, vôtsotra, roso, lasa, lévona, mirávona, miely, mieliely, mifafy, misóndrotra, manjary ráhona. vo S'evaporer.
exhausser une case, Manóndrotra trano, manaboabo azy.
exhiber un papier, Mamóaka, maneho, manoro taratasy.
Exhorter au bien, Mitaona, mitáika, mitaritárika, mandrísika amy ny tsara. vo manánatra, mamporísika. mandroso, mampandeha. S'—, —tena, Mifampitaona.
Exhumer, vo Déterrer; maimoha, manómbotra. Exhumation, fanokóram-paty, fanohízam-paty, h famokóram-paty.
Exiger qc de q, Mitaky z amy ny o; mangeka (*ou* manasa, mandidy, manery, mametsa mangegáka) o hanome z; manao terisetra (*ou* teriheky, teriméka, teri-vaimanta). azy hanome z. vo Mampandoa azy z; mitaky, mila, mitady z amy ny; mangátaka an-kery. Exigence, Fitakíana, vo fangatáhana an-kery; faneréna o, filána, fitadiávana. Teriheky, terisetra, teriméka; fangegéhana o hanome *va* hanao. — rigoureuse, h Antsongorávina, pv tsongorávina, h antsoláfaka, h antendrivary, h antsongotsóngo, antsóntsany, Être exigeant, Manao—; mitsongo halo kely. Exigible, azo takéna, tôkony ho takéna. vo Alain-jazabodo, alainjazatsimiteny.
Exigu, Madinika indrindra, sk malinika, bitika, birítika, kely hiany, kítika, kirítika, kirikítika, kilikitika, matify. Exiguité, hadinihana, halinihana; hadinidiníhana, ? habitihana; hatifísana.
Exil, Sesi-tany, roaka-tany, rouji-tany; fanesian-tany o, fandroáhan-tany o. — de q, tany ivahinia'ny, ny tany lávitra namarínana azy, *ou* nanokánana azy, nanesíana azy, nandronjíana azy; ny tany itokánna'ny, ny tani-mbahiny itoéra'ny. exilé, vo banni. Exiler q, vo Bannir, Mamárina, maníraka azy an-tani-mbahiny. Il a été exilé en Afrique, navárin-dreo tamy ny ny Tani-Afirika azy.
Exister, existant, Ary; vo Vélona, zary; misy, manjary, efa, ao, miaiña, vo Être. Existence, Havelômana, fahavelômana, fiaiñana.
Exode, (Fivoáhana,) Ny livatra faharoy amy ny *Bible*.
exorable, Azo ivalózana.
exhorbitant, vo Excessif, Exagéré.
Exorciser q, Mandróaka ny demony ámy ny, manala-lolo azy, mamáditra, manáfana azy, manala-fáditra azy. —l'eau, Mijoro ny rano. exorcisme, Teny fandroáhana *ou* famoáhana, fanatsoáhana ny anga-dratsy amy ny o itoera'ny; famadirana. Exorciste, Mpamóaka ny demony.
Exorde, Filazan'aloha, Vólana fidírana, Lohateny. vo

Famakian-tsárona ny k; fanampónam-bólana, ventinteny.

Exotique, Tsy vókatry ny tany; avy amy ny tany hafa; antanindrany, h tanindrany.

Expansible, mety mivoha, mety mitatra, mety mivélatra.

Expansibilité, ny ahazoany hivoha, ny etézany hivélatra.

Expansion, Fivohána, fivelárana. — épanchement.

Expatrier, vo Exiler. s'—, miala tany ndrázana, mandeha hivahiny an-tany hafa.

expectation, vo Attente.

expectorer, vo Cracher.

Expédient, z nahatahy hahefan-draha; fanaóvana, fahavitána z, fahatongávana, fanampíana; z tsara hahatodíana. — a, tôkony.

Expédier, manámpitra (*ou* manáfaka, mandány, mamita, mankéfa, mamono) malady; mañiraka o malady, manao íraka may azy. Expéditif, mahefa asa maláky, malady fanaovan-jávatra, h faingam-panao z; maháfaka asa malady.

Expédition, fañirahana, malaky; fanaôvana malady; fañirahan-táfika; táfika iráhina.

Expérimenter, mañándrana, mitandreñy; *ou* — hásina, — hery, — hatairana, — fôfona, — fañahy azy. vo éprouver. Expérimenté, efa nañándrana ka mahafantátra; mahaláIa, hendry, efa zatra.

Expérience, ? Fizárana, fahaízan-jávatra, fañandrámana.. Dont on a l'—, z zárina; z hay, z fatao, voa ándrana, efa azo fanaôvana, fanta-panaôvana.

expert, efa mahay, efa zatra manao.

Expier un crime, mankalilo tena (*ou* mankefa) amy ny ratsy natao; mamodifody *ou* mañala, mañésotra ny ratsy natao; málaka fijaliana hañalána ny ratsy natao; mañala héloka *ou* loza, manao tsara hasolo ny ratsy; Expiatoire, maháfaka ny ratsy natao..

Expirer l'air, Mañandéfa *ou* mamóaka ny fofon'aiña, —n, mañal'aiña, mial'aiña, afak'aiña, tampitr'aiña, maty, naty; lasan'aiña, roso aiña. Expiration, famoáhana ny fofon'aiña; fanampérana, fahafatésana.

Explétif, Ambi-mbólana, amby ny, fañampiana, ? fañampindrésaka; ? fiañonam-bólana; ? teny mañampy.

Explicable, Azo lazaina hévitra, azo vavárana. Explicatif, milaza zay hévi'ny, milaza marimárina, mahavávatra ny fótony. Explication, Filazána ny hevi'ny, filazán-kévitra, famelárana, famavárana, fahavavárana ny fotony k; fañambarána marimárina.

Explicite, Voa tónona tsara, ? voa fepétra, ? nafepétra; voa laza marimárina; ? namepérana, ? namérana.

Expliquer, Mañambára marimárina ny hévi'ny *ou* ny fo-

teny. mamélatra, mamávatra, mahavávatra maméraka azy; milaza zay ántony. S'—, — ny ampó; —, misehoséhо. S'—, mifampiláza jery ntena; mifamávatra jery.

Exploit, Ny atao ny mpahéry amy ny ady, atao amy ny ady, atao tôkony ho valian-dráriny, atao tôkony ho deraina; ady reñy láza.

Exploiter, Mampitéraka baréana azy; mikárona ny haréana añaty; mambóatra z ho vókatra.— une forèt, la Couper. Une mine d'or, mangady tany misy vola; mikarom-bola añaty ny tany. Exploitation, Fikaróñana ny haréana añaty ny, fangadíana hahazo haréana.

Explorer un pays, Mizahazáha tany hahita ny z ao amy ný; vo mitsapatsápa, misafosáfo, mandiadía, mañitsakitsaka tany; Examiner. Exploration, Fizahazahána, fitsapatsapána, fandiniĥana.

Explosion, Póaka, Poka; fipoáhana, fipóhana, h takétroka, h réfotra, vo rémotra, tapóaka, pv réfoka, Eno. Faire —, mipoaka, mipóka; mañéno, mirémotra, mitapóaka, mitakótroka, mirohona.

Exporter, mamóaka azy amy ny fanjakána, mitondra azy an-tany hafa; mamárina. Exportation, famoáhana azy, ho añy amy ny tany hafa.

Exposé, s, z voa laza; filazan-draha; famakian-kabary; z ambara, fañambarána. vo vakimbantsílana. vo Explication. — a, hita mazáva, miharinkárina, h miharihary, vo Évident. — au danger, ho voa ratsy, mora ho voa, mariny z mahavoa, miánkina ou misampy amy ny z masíaka; au feu, an-tsaly; au vent, Antsíoka, ankatsiodrivotra, — à tomber, anedinédina, mora látsaka. vo en danger. Exposer, mamóaka z ho hita, manoro, mañambara, maneho azy; mamélatra azy imaso ny o. L'-au nord, Mampañaváratra azy; à l'Est, mampaniñánana azy. — un af, Mamaky, maméndrana, milaza k; mañantóka, ? manóka, h mañantóana k; mano-bólana, mirasa-vólana amy ny k; mañambara, mamoaka, maneho; mamaky, mamélatra h; ? manátoka, manángana; vo Découvrir, Déterrer. l'— au danger, Manánkina, manampy, mitono, maméla, manoetra azy amy ny z masiaka; mampidi-doza amy ny. — les enfants, mañary ánaka; mañóhoka zaza. — sa vie, s'—, mañánkina aiña, aminy z masiaka; manampy aiña amy ny z mahavoa, mitoaiña, manao-vivery, manao aiña tsy ho z, mañary teña; mahasaky loatra.. mitono fo. S'— à des reproches, mila tsiñy, mila fañadiana, mila ho tsiñiana. Exposition, n Toetra imaso ny maro; fitoérana, fipetráhana; ac de famoáhana; famakiana; fanehóana, famelárana; filazána, fañambarána, fañokárana; fanala-poño, famendránana.

Exprès, Iraka, o irahina. Je l'ai fait —, Nahy ko, nahy natao ko, kinia natao ko, nikinia'ko, h nokasai'ko; satry natao ko, satry ko, nia'ko. Ce que l'on fait —, z satry atao, kini'atao, nahy, z kiniana. Ne faites pas de faute —, aza Nahy manota, aza kinía mandiso.

Exprès, Ordre —, Défense EXPRESSE, Fepétra, h Pépetra; vo EXPLICITE. Recommander EXPRESSÉMENT, ? Mamepetra.

Expressif, misy tónona, reñy tónona; vo mahatónona, mañambara antónony.

Expression, Famiáhana; rano-ndraha voafiaka. — d'orange, Rano-ntsohamamy voa fiaka.— juste, vólana (teny, fiteny, fivólana) mahitsy.—, tónona. EXPRIMABLE, azo tónoina, azo lazaina.

Exprimer le jus de qc, Mamíaka, h mifiaka z; manávana, manavantávana azy. —, milaza, manónona, mañambara marimárina, mamóaka. S'—, miteny, mivólana, manóñona.

Exproprier q, Mañala ny fanáñany, mikaoka o. — entièrement, vo Dépouiller.

Expulser, Mandróaka &, vo Chasser q. EXPULSION, fandroáhana, fitorávana.

Exquis, Fy, firò, mafý, matavy, mamy indrindra, matavy andela; soa dia soa.

Extase, Fandrekétany ny jery ambony añy; fañahy rekítra amy ny z; harikiánana; haravóana maharikíana, ? tsíndrimandry; fahatseréhana maharékitra. En —, EXTASIÉ. s'EXTASIER, Rékitra jery, rikíana, tafákatra saina, reki-pañahy, tafasandra-pañahy, ? h misebiseby; tsérika, gaga; py máñana, h talánjona. Faire EXTASIER, Maharikíana, mandrékitra jery azy, mahatsérika, mahagaga azy.

Extensible, Azo atárina *ou* anjáhina, anjakanjáhina, taríhina, ampárina, ankabézina, halehibiázina. EXTENSION, vo ÉTENDUE; Prendre de l'—, s'ÉTENDRE.

Extenué, Fézaka, mahia, malazo-Vátana; afa-kery. Par la faim, malazo-mólotra, fézaka kibo, resy ny mosary. EXTÉNUER, AFFAIBLIR.

Extérieur a, h Ivóhony, h ivélany, py ambélany, ambóhony. Son —, ny —; ny —, ny vóhony, hódiny, tarehy ny, traño ny, foño ny, saro'ny. à l' —, Au-tány, añ-démboka; añ'indrana. Ceux de l'—, ny Antañíndrana, h Taníndrana.

Exterminer, Mamono avokoa, manámpitra, mamóngotra, mandríngana, mamóngana, mandány. EXTERMINÉ, Tani-fóñgana, támpitra, fóngana, fóngotra, maty, fórona, forom-pótotra; vo DÉTRUIT, kao-poróhana, foróhan-támpitra. EXTERMINATION, Famongórana, fanampérana, fan-

daniana, fandringánana. vo DESTRUCTION.

Externe, Ampiánatra mody hariva, manarak' andro mody, tsy mandry an-traño ianára' ny; h, ivélany, pv, ambélany.

Extinction, famonóana; fanimbána; fahafatésana, fafahatongávan-tsinontsinona.

Extirper, Mañómbotra, mamóhatra, manóngotra. vo DÉRACINER, EXTERMINER. EXTIRPATION, fañómbotana; vo DESTRUCTION.

Extorquer, Málaka amy ny hery va amy ny fitaka, amy ny fándrika; Maudrómotra, Mandráoka, mañávitra, mangálatra, mitárika. EXTORQUÉ, azo amy ny hery, no fandríhina, fináadrika, azo fándrika; niangaliana, niangotíana, karaha nangalárina, noramótina, rinaoka, noraofina. vo Mamovo. EXTORSION, Fañalána an-kéry; fandromótana, fandraôfana, faŋgalárana, fikaróñana, fanaríhana, fandrombáhana, fihavitana.

Extraire qc, Mamóaka, mitárika azy hibóaka; mikároña hañála, mitsókitra hañála; mamóaka, manatsóaka; mañómbotra, mañávotra, mañésotra. — les bons, mitsimpona, mifántina, manáraka, mañilika, mañala ny tsara. EXTRACTION, Famoáhana, fañombótana, fitsokírana, fitaríhana. EXTRAIT, ny tápany nalaina, *ou* naboaka; ? indram-bólana; sómbina, sílaka; — de naissance de q, taratasy milaza ny andro niveloma' ny.

Extrajudiciaire, Tsy mifañáraka *ou* tsy omby amy ny lálana fimalóana.

extra-muros, Ao ambélany ny rova, h Ivélany ny rova.

Extraordinaire, Tsy fatao (*ou* tsy avy, tsy manjó, tsy hita) mazáña, tsy fanao ioatra; tsy fohita, tsy foavy, tsy foreñy, tsy matétika, tsy mazáña; malala-piavíana, malanka-fiavíana, tsy mañáraka ny fatao; mañantambo, mandoza, mañijy, manamánkona, manabòbona; Hafa, hafa indrindra. Qc d'—, Antambo, Loza, Ijy, Ajima, Samánkona, Sabóbona; *et mieux*, —ndraha, —njávatra. —njaka. vo ÉTONNANT, BIZARRE, ÉTRANGE.

Extravaguer, EXTRAVAGUANT, Mizenizeny jery, maniasiajery, mieliely saina, adaladala jery. EXTRAVAGANCE, Jery mizenizeny, vo ERREUR; fañahy miñené; fieliélezan-tsáina, hadalan-jery.

Extrême, Tody amy ny fanampérana indrindra, tampidia, be indrindra, tsy mety bebe, fárany indrindra, ambony indrindra, mihoatra, tsy taka-dañy, Ses—, ny lañy ny, tendro ny roy, ny fanampérany; EXTRÊMEMENT bon, tsara indrindra. — cruel, Loza loatra ny hasiáhany; masiaka mena lay. L'—onction, Ny Fara-hósotra, hoso-párany, fa-

nosoram-párany, fanosórana ny marary. L'Extrémité, ny Tendro ny, loha ny, támpony, fiziony, fárany, lany ny, faravody ny, vázany ? faraletsy. —de la machoire, ny Lanilany; —des gencives, ny lanivázana; —de la terre, ny Vazan-tany. Q à l'—, o mariny ho faty, efa ho tampitr'aiña; h ambavahoana, 'mby ambavahoana. vo Edinédina, añedinedin'ala, ankedihédintány; enginéngina.

Extrinsèque, vo Extérieur.

Exubérant, Marisarisa, mandrisarisa; ? mihisahisa, manisahisa, mílenodénoka, ? milobolobo, mandroadróatra.

Exulcérer, Mody fery, mihady, hômana.

Exulter, Mitroatróatra, miravoravo, mivarivary, mirodondródona amy ny hafaliana, ? miranirana.

Ex-voto, z atérina amy ny Zanahary hanalan-boady, z fanalam-boady.

F

Fable, Angano madenga, tsilengalenga, tsivandivandy, h Arira, h hatsikána, h hatsotso, h harankaana. Conter des —, Mañangano, miangano, mianganongano; h manarira, h miarira.

Fabriquer, Manao, mañano, mizávatra; mamefy, mamórona. vo mandráfitra, mandréndrika, masaintsaina, manénona, mandrary. fabrique, Fanávana, fañanóvana, fanaóvana, fizavárana; fanefíana, famorónana, fandraríana. —, fitehirízana ny fanáñany ny Egilizy. fabricant, Mpanao, mpizávatra, mpamórona, mpanefy.

Fabuleux, Be angano, foana, be vandy, tsy to, mandenga, mavandivandy, angano, anganongano; vo fable. Qui tient du—, Mil'angano, ombán'angano foana. fabuliste, mpanôratra angano &; mpañangano, h mpanarira.

Façade de la maison, ny Añatréfany, h añatréhany, añolóany, tandrify, aloha ny traño; ? ny maso ny.

Face, pv Lahara, h Tarehy, h tava, h éndrika, pv vajihy, pv sora. vo tokotanintarehy, toetra. A 3 faces, Telo lafy, ampisany. Lui faire—, Mañátrika, mañolóana, mañándrina, miátrika azy. vo satisfaire. — à —, Mifanátrika, mifañandrífy, mifañolóana, mifanjó. vo Mifampitátana, mifañándrina. Changer de —, Mivádika. En—, Añatréfana, h añatréhana, tandrify; vo fañandrify, fanjó, imaso. Reproches en—, vólana mamaky hándrina. vo Tóhoka. A large —, fenomáñana, bory, bélaka, bolálaka, bonáka.

Facétie, Vólana kabíaka, teny mampihomehy, h vósotra, vosobósotra, anganongano. Q facétieux, h arira be, anganongano; h akisakisa; mampihomehy; kabiaka.

Fâcher q, Mankatézitra, mahatézitra; mankavínitra, ma-

havinitra; mampihéloka, mankamélok a; mahasósotra, mahadikidiky, mahadikitra. Se—, être FACHÉ, vinitra, tézitra, méloka, madikidiky, mirihirihy. vo mivinivíny, sôsotra. FACHERIE, VO DÉPLAISIR, BOUDERIE, COLÈRE.

Fâcheux, Mahasósotra, manahirana, mahadikidiky, vo DÉPLAIRE.

Facile, Mora, moramora, tsy sárotra; vo tamoraina, moraina, moramoraina. — à Comprendre, mora fántatra; à apprendre, mora azo jery. Rainazibe, olombe, olonkovabe. Expression—, vólana mavitrik'ambava, malefak'ambava. Il parle FACILEMENT, Mahay vólana, mahay mivólana, mavitri-bava. FACILITÉ, Hamorána, fahamorána. vo Léfaka, lefadéfaka; fahaizana. FACILITER, Mankamora, mahala hasarôtana, mahamora. vo malia, malea, maríaka.

Façon, Toe-bátana, toé-bintana; fasaínana, fisainandraha; fórona, tsara fanaôvana; tsara fórona. Il est de ma —, natao ko izy, Zaho no nisaina *ou* nanao azy, zaho no tompo ny fanaôvana azy. Chacun à sa —, samby amy ny fisaínany (*ou* fatao ny, fiána'ny, tia'ny, ombá'ny, lála'ny, fanaôvana arâhi'ny, haky ny, hanky ny, foháky ny, fohánky ny, faháky ny, sai'ny, jery ny, fihevera'ny, fisaintsaina'ny, h beja'ny). Une — de parler, fisaiñam-bólana, saimbólana. —, fañajána, fañomézan'asy. Avoir bonne —, Mahay fañajána, mahay mañaja, *ou* mañome asy, mahay mitondra vátana, mahay haja, tsara toe-bátana. Faire trop de —, Misaintsaina loatra; mañajahaja loatra, Misaintsaina haja loatra; mitoha mety, mety tsy mety; mifihifihy; ? mañaja tsy mahay, ? fatra-pañaja. Qui a mauvaise —, Tsy mahay mitondra vátana, badrahodra, drahodraho, midrahodraho, mibadrahodra, mavesa-pitondram-bátana, marokoroko fisaiñan-draha, adala-dia, adaladala-fandehánana, adalatáñana. Agir sans —, Miárana, misengisengy, mihantahanta, h miangolangola, vo familier. FAÇONNER qc, Mizávatra, pv mivána z, mañisy várany, mañisy sora *ou* éndrika amy ny, mambóatra, mañajary, manefy, manao, miasa, mitsabo, mamórona, ? h mandrijarija, mankarijarija. — ACCOUTUMER, ÉDUQUER.

Facteur, Mpanao, Mpañano. — mpitondra taratasy tsimandry. —, solo n'ampivárotra.

Factice, Natao n'ólona, nampitovi'ny amy ny natao ny Zanahary; tsy izy, karaba izy, mandénga, mavándy; Qc—, indran-draha, z mindrana, kiraharáha, tsizavajávatra, sari-ndraha.

Factieux, Miláñy háfa, miandáñy hafa, tsy miraika amy ny mpanjáka, manao toko hafa; h mikomy, ?. vo yonoñ'ády

Faction, Fisaraháná amy ny mpanjaka; andáñy, fiandaña-

na, fikomiana, fitokóana hafa, fiodinana, fiavábana, filíhana. Un!soldat en—, Un FACTIONNAIRE, Miaramila mitsángana miámbina, mpiámbina, mpiandry. FACTOTUM, Mpanao ny raharaha ziaby an-trano, o iankínany ny trano; mpanontolo, manontolo.
FACTURE, Taratasy milaza ny tónony ny z navidy ndraky ny ísany, taratasy filazan-toño-mbidiana, ? filazambidy. —, fanaôvana.
FACULE, Ny Márika mazava amy ny masoandro.
FACULTATIF, mety tsy iráhina, ndre tsy atao.
Faculté, h Fahaízana, pv fahaíana; fahefána. Les — physiques, ny — ny vátana; herimbatana, haherezam-bátana. Intellectuelles, ny — ny fañahy; ny saina, ny jery, ny fañahy. La — de Voir, de comprendre, ny fahitána, ny fahafantárana. Qui a la — d'aller, manan-DÁLANA handeha; de purger, MAHADIO, MANKADIO; d'attirer le fer, MAHA-tariby, d'endormir, MAMP-andry; de commercer, manam-Pivarótana, manam-PAHEFÁN-kivárotra. Lui donner la — de... , Mampahefa azy... mampahay.azy... mañome azy lálana.... FACULTÉ fanapáhana. Ses —, ny fanáña'ny, harea'ny, h hare'ny.
FADAISE, Hevi-potsy, saim-potsy, teny fotsy, volam-boka; tsy z, tsinontsinona, teny foana, teny matsatso.
FADE, Matsatso, boka, tsy másina, tsy mamy, tsisy laro; pv mavezabézaka, h matrabotráboka, pv marabodráboka, pv ? majabóaka; h ? matsabóaka; mafiaka. FADEUR, Hab-kána, Tsatso, Hatsatsóana, hatsatso ny.
Fagot, Fehian-kazo-maty, fihézan-katay, h ? anentankitay, h kitay iray éntana.3—, fehíany, fehézany, fehy ny telo. FAGOTER, mamehiféhy azy. FAGOTÉ, Ratsiratsy fehy,geragéra, gedragédra fehy, nafatapátatra fóana; énta-ni-malaiña.
FAGOTIN, Antima mitáfy.
Faible, Mafónty, malemy, tsy mahéry; tsy fátratra; tsy mahafáhaña, tsy mahatánjaka. FAIBLE DÉBILE; mitoretra, mitoredrétra, somazotsázoka,t(milezolézo, pv lenjolénjo; kábo-ka, kabok'áty, gorera, lako, mararirary, mavózo, sahozánina, ana, dabo-dráno, rano; tañóra, dimpoana, migodragódra, hontsa; BRANLER, CHANCELER. Esprit —, Osa-saina, votsa-saina, marivo-jéry.Son—, ny lemy ny, ny mora resy amy ny, ny mora daika. Avoir du — pour q, Tsy mahatampo, tsy mahafetra téña,tsy mahasákana teña amy ny hatiávana azy. FAIBLE Diso, ota, fañiríana. FAIBLESSE, hafontésana, hafonty; halemy; halemíana, h haleména, halemileména; fahosaosána, haosána. FAIBLESSE gódra,godragódra,lony, lonilony, lonika, sahontsáhona, hozangózana, toretra, toredrétra. Tomber en—, DÉFAILLANCE. FAIBLEMENT, malemilemy, moramora, tsy fátatra. FAIBLIR, áfaka hery, Mihalémy, mi-

goragóra, mandranodránoka.
FAÏENCE, Tany soa atao lovia.
FAILLI, qui fait BANQUEROUTE. FAILLITE, Banqueroute.
Faillir, Manóta, mandiso, ota, diso. vo támpitra, máty, efa, tsy ampy, réraka; tsy tonga, tsy mahavíta, tsy váñona; nalázo. J'ai FAILLI tomber, saiky ho lavo, kely ho lavo. Jouer à coup faillant; misolo ny diso amy ny fisomána. FAILLIBILITÉ, ny Hamoran-ko-diso. FAILLIBLE, Mora diso, mora ota, mety diso.

FAIM, Mosary, h Hanoánana. J'ai —, g Mosáry, h nóana, pv molengy, mosaréna, kisáry, molengéna, ti-hihínana, ti-hômana. vo kémpana, fézaka. Jusqu'à ce qu'il soit appaisé sa —, h? ambarapah'afa-po ny mihínana.

FAINÉANT a, FAINÉANTER, v n, Malain-kanao z, tsy miasa tsy akory, tsy manao z; miborétaka foana, miárana foana, mandany andro, mañary andro foana, mahóly, 'mavózo; k kamo; h mitoráraka, h mitoréraka, kosíaka, midonánaka; vo DÉSOCCUPÉ. FAINÉANTISE, fiboretáhana, tsy miasa; hadonanáhana, falaiñan'ása, havozóana, haholiana; fiaránan'ása.? hakamóana.

Faire, Manao, Mañano; vo mitsabo, mahary, ? manisy, mizávatra, miasa, mamórona, mitéraka, mamaitra. Le — entrer, MAMP-iditra, sortir, MAMPI-boaka azy; aller, MAMPANdeha. — travailler les esclaves, mampiasa ny andevo; — — une case par les ouvriers, mampanao trano ny mpiasa, manasa ny mpiasa hanao traño. Le coffre que j'ai fait — par le ménhisier, ny Vátra nampanaòvi'ko ny mpandráfitra; celui à qui j'ai fait — (j'ai dit de —) un habit, ny o nampanaovi'ko akanjo; celui pour lequel j'ai fait — un chapeau, ny o nampanaova'ko sátroka. — son lit, l'ARRANGER, mandáfika, mandámaka fandriana. — la barbe, manala sómotra. — la moisson, moissonner. En — ses délices, mankamamy, mankafý, mankatavy azy. FAIRE un métier, mañáraka asa *ou* fiasána. Pou en — une case, HATAO trano. Qu'en —? Hatao ino izy? En — le portrait, MALA-tsora azy. vo — EAU. Que —? Ino hatao ko? Comment —? Akory hatao ko? Ne — que parler, mivólana foana, mivolambólana foana, mivolan-dava, tsy tampi-bólana, tsy manao z laha tsy ny mivólana. vo — Attention, PITIÉ. — le mort, Manao-sary maty. S'y —, s'y ACCOUTUMER. Lui — honte, Mankaméñatra azy. — de l'argent, du bois, vo AMASSER, PRENDRE. ça ne peut se —, Tsy mety hatao zany. Se — des injustes, Mifangálatra, mifamaly ratsy. Se — vieux, mihiántitra, vao ántitra, mañaly ho ántitra. Se — justice, málaka ny to. — des réprimandes, une chute, *Dites*, Réprimander, Chuter. Se — militaire, Manao miaramila; Il

s'est fait..., nanao (*ou* efa, nanjary) sorodána, tafiditra any ny maramila izy. ça fait 10 piatres, Parata folo izy, mahampy parata folo izy. 2 et 2 font 4, Indroy roy, éfatra; h Indroa roa, éfatra. Deux choses font sa beauté, roy ný z mahatsara azy. On le fait riche, Atao ndreo ho mpanarivo izy. Il se fait bien des choses, Maro ny z atao n'olona. Il fait... *en parlant du Temps*, dites: Le jour est... la saison est..: Il fait chaud, mafána ny andro. Il fait de la pluie, manôrana; manôrana ny andro. Il fait jour, efa lóaka ny andro. Demain quand il fera jour, kiak'andro, (*ou* vaki-masoandro, vaki-andro) amaray. Il se fait tard, Efa lasandávitra ny andro, efa hanálina ny andro.

Faisable, Azo atao, mora atao, mety atao, efa n'olona, azo anóina.

Faisan, Anarambórona.

Faisander, Manamasamásaka. Se —, Mihamasamásaka.

Faisceaux, fehíana, fehézana; éntana, fehy. Un — de lances, fehian-tsáboha; léfona iray éntana.

Faiseur, Mpanao, Mpanaotao. vo Mpan—, Mpi—.

Fait, un —, Atao, anóina; z natao, z nanóina; asa, kabary. vo Raharaha, anjara ny, ántony, fombany, toetra; ny izy. Aller au —, Milaza ny fotony ny k, ny teña ny k, mamótsika ny maso ny k, Mañátona ny tombóany ny k.

Fait, a, Efa; matoy, matoy jery; Bien —, tsara vátana; — fanaôvana. — à, Accoutumé.

Faitage, Ny hazo andríany ny tafon-traño; ny mandikamandry, maharitr'émboka, lohantraño. vo Háratra; vovontraño, vovôñana, ? talandoha, ? herivoniny.

Faite, Támpony, vovóñana; vo Comble.

Faitière, Ny lómboky ny támpony, lombo-bovôñana.

Faix, Enta-mavésatra; havesárana, fahavesárana.

Falaise, Moron-dranomásina mitsángana; moron-tsángana; sisindrano-tsángana, fiantontan-dranomásina.

Fallacieux, mamítaka, mahafítaka. Tromper.

Falloir: Il Faut que je parte, Tòkony handeha, tsy mahay tsy ho roso, tsy maitsy ho lasa, tsy mety tsy ho lásana aho; mila ho roso aho. Il lui faut de l'eau, mila rano izy. Pour cela il faut de l'argent, Vola no ilain-kanaôvana zany, vola no hahefa zany, mila vola hahéfa zany. Faut-il le jeter? haría'ko izy. Combien faut-il de francs pour une piastre? kirobo bory firy no mahampy parata? Ce qu'il faut jeter, ny ario, ny haríana; ce qu'il faut arracher, ny omboto, ny hombótana. Il faut punir les méchants, ankalilóvo ny olondratsy. Il faut servir Dieu avant tout, Zanahary no ho tompóina alohà indrindra. Il s'en faut de peu, kelikely ny tavela. Il s'en faut peu pour qu'il touche, kely no tsy mahapáka.

azy. Il s'en est fallu de peu que je ne tombâsse, saiky ho lavo, keiy ho lavo aho.

Falot, Fañázava (*ou* fanalabe) abo záhana.

Falot a, Adaladala, maôla, léfaka.

Falsifier, Mañova, — ratsy, mankahafa, manatsatso. vo Altérer. Falsification, fañována, fankahafána.

Famé: Q bien—, o tsara laza.

Famélique, Mati-mosary, mosaréna, mavovava.

Fameux, Malaza, be laza, reñi-laza, mañeno-laza, mandeha-laza, manan-daza, manan'añárana, mangetriketri-daza. vo h ngezo, h —be; voailahy, ngoailahy.

Familiarisé, Tamána, zatra. vo h aka. se familiariser, Mihia—. Le—, Maha—, manka—azy. vo Manaotao foana amy ny. familiarité, fahatamanána, fahazárana, ? fisengisengiana, ? fiaránana, ? fihantahantána amy ny o. h ? fanaôvana ho aka; fisakaizán-doatra, fidrakóana. Q Familier, o Tamána, zatra, h aka, manao ho aka; fankázatra; hávana, misakaíza, drako, fántatra, mora, zárina, mahazátra, tia koráña fiaránana. trop—, ? misengisengy, ? mihantahanta, ? miárana loatra amy ny o, h nakanaka, mikamikamy, mikanéfoka. Vivre familièrement, misakaíza.

Famille, h foko, pv fôkony; mpifoko; féhiny, féhitra, fehitr'ólona; h Mpianakavy, mpianakaby, o miánaka, ankohónana, taránaka, firenéna. vo firazáñana, tangorompozo, vavíana, fehézina; zafy, zánaka; tokantraño. Lui et sa —, Izy sy ny azy rehetra. Les affaires de —, Ny raharaha ny traño, *ou* an-trano. Enfant de —, Anak'andríana, de bonne —, nahazo díditra tsara; de mauvaise, nahazo didi-ratsy.

Famine, Mosary be; hanoánana. Molengy be, mavováva; ? taona mangídy. La — arrive, Látsaka ny mosáry.

Fanal, Fañazáva añaty fitáratra, fanala; — , Phare.

Fanatique, Adaladala, Támbana, manao teña [narísiky Zanahary; vo h toatoa, h ? Mandrendréna, mirendriréndry, toa tsindrían' Andriamáñitra. Un —, mpandrendréna. fanatisme, ? firendrirendréna, hazotóana madítra. vo Entêtement.

Fané, Nalazo. Faner, Mankalazo, Mahalázo, mandázo; —, manánina, manápy, mankamaina áhitra. Se —, Malazo; mihalazo, matimaty, h mifena; vo mikainkona, fóhatra.

Fanfare, Eno ntrompetra maro, resadresa-ntrompetra, rehondrehon' antsiva, fifañaráhan-trompetra.

Fanfaronnade, g Réhaka, Rehadréhaka, fireháhana, firehadreháhana; pv Tabotabo, fitabotabóana, rendrarendra, firendrarendrána; Rehareha, fireharehána; hambo, fihambóana; háboka, fihabóhana; h haikahaika, fihaikahaikána; h tsinekanéka; nehanéha. vo h nekanéka,

finehanehána, finekanekána; ? hasiringitána, fikamikamiana, fiatepóhana, fikanefóhana, fikatroáhana; vo Tesontésona, tehateha, pv tehoteho, h tehintéhina, tefotefo, tefontéfona, satasata. FANFARON, Mpiréhaka, mpirehadréhaka, o miréhaka; mpihaikahaika, mpirendraréndra, mpitabotabo, mpiafonáfom-panáhy, miefon-toérana, miembonembon-jery, mpiefonéfona, h kanévoka, mpanámana, mpirehareha, mpandaza-téna, mpandoka tena, maheri-anjoro. vo minehanéha, mikamikámy, mihatépoka, mikanéfoka, mikatróaka; mianganángana.

Fanfreluche, Tapatapa-dámba fihamínana ratsirátsy, voroboro-damba filaváñana, haingohaingo foana.

Fange, vo BOURBIER. FANGEUX, vo BOUEUX.

FANON, Rôroka, rorok'aomby; h siranandony, pv kabinkabin'aomby. vo tsapa-rôroka, kenda-rôroka.

FANFAISIE, Hatia mifindrafindra, fitiávana adaladala, jery hafahafa, sitra-po miovaova, fo miovaova tiana, hevidravina; hivitr'ambóny, h ? endrikéndrika; hévitra antsélaka; —, vo CAPRICE.

FANTASMAGORIE, FANAÔVANA (*ou* fanehóana, famoáhana,) tandindon-dráha, sk talinjon-jaka; soma amy ny Tandindon-dolo; Tandindon-dráha hetsiketséhina.

Fantasque, pv miangaly, miangalingaly; mihaitraitra, h miangesongéso, h miangolangola, h miangentsangéntsana, miangotingoty. miovaova áraky ny sitra-po ny, mihevi-drávina; vo CAPRICIEUX.

FANTASSIN, Miaramila an-tóngotra tsy ambony sovaly.

FANTÔME, Sarin-dolo, lolo azonofy, kilolololo, tsiangatrángatra; tandindon-dolo, talinjon'ángatra; h ? matoatoa. hevi-potsy, hevi-póana. vo ? anakandríana.

FAQUIN, o tsisy várany, o iva; mpitabotábo, mpirendraréndra, h mieboébo, mpitabiha; mpinekoneko.

FARCE, Nofo atséntsina *ou* asésika añaty akoho &. Tséntsina, Sésika. —, Lalao mampihomehy, soma kabiabíaka, vólana badibadíaka, *ou* jabadíaka; h ? vosobósotra, ? Esoeso. FARCEUR, Mpampihomehy, h mpamosobósotra, o anganongano, h o satriatria, o kabikabíaka.

FARCIN, Hátiny ny sovaly, arétina mibontsimbóntsina amy ny sovaly.

FARCIR, MANÉNTSINA, manentsintséntsina akoho, tsinay &; manésika, mameno, mamoky azy; vo mamátatra hena anáty ny.

FARD, Vóvoka ahósotra amy ny lahara; ? lokotava, ? loko vajihy; Pentimpéntina; téntina. vo FARDÉ, Voa téntina, voa pentimpéntina, miténtina, mipentimpéntina; voa hoso-bóvoka, vovóhina; mamítaka, manao vohony, tsy izy, hafa-

hafa. Farder son visage, Manoso-bóvoka lahára, manéntina azy.
Fardeau, Éntana mavésatra. vo mivongáka, mivongíka, mivongaingy; mivotrétrika.
Farfouiller, Mikarokároka, mikarokaro-jávatra, miharokároka; mikárona, mitsapatsápa mila z.
Faribole, Vólana badiadíaka, volom-potsy, hevi-potsy. volambólana fóana; anganongano foana, zañozanondráha.
Farine, *Blé*, voa kísoka; Lafarína. —, kiso-draha, h koso-jávatra; ampombo, mongo. vo? kisosy, totonkoba. FARINEUX, misy *farine*; mora kisóhina. —, vovóhina.
Farouche, Sady madý masíaka; dý, sk lý; tsy fólaka, tsy tamána; be forofóro, mamorofóro, saro-pó; h fozina, loza.
Fascine, Fehian-drantsan-kazo hatótotra ny hady, va hafefy ny tafondro.
Fasciner q, Mamórika o mora izy tsy hahafántatra, manota-maso (*ou* mandiso-maso, mahaveri-maso) azy amy ny z zahána. vo Ensorceler, Aveugler.
Fashionable, Maháraka ny fihaminam-bao; mañáraka ny *mode*.
Faste a: jour—, Andro tsara víntana, tsara tóñona, vintáñina, tsara fanoñónana.
Faste, Ny z maro fitabihána (*ou* firehareháina, fidasidasíana, fiteráña, firehóhana, fihamínana). g ny fitabotabóana, firendrarendrána, Rendraréndra. vo h rendriréndry.
Fastes, Taratasy fahatsarôvana ny k be taloha; Vontady ndrázana.
Fastidieux, vo Ennuyant, Dégoûtant.
Fastueux, Mireharéha, mitabotábo, mirendraréndra, mitabíha, midasidásy, miréhaka, mihaingohaingo, mióma-no, mihambohámbo, ? manganohano.
Fat, Adaladala miavoñávona, adalahéndry, maola, mihambohambo. ? miaboabo.
Fatal, g Mahafaty, mamono; tsy azo ilefána *ou* andosírana; Loza, mampidi-doza. FATALISTE, o tsy mankató ny fañahíany ny Zanahary antsika; o manao hoe: ny víntana avokoa no mitondra ny z rehetra. FATALITÉ, Loza be tsy azo iariana; vintan-dratsy; híntana, anjady ratsy; fahafatésana.
Fatigué, Dísaka, mókotra, sásatra, vaha. vo disadísaka, sasatsásatra, réraka, lezo, lezolezo, mirozirozy; sasadahasa. trótraka, |tónjana, vízana, h valaka, mamoratsy, marafodráfoka, monamonaina, rébaka. FATIGUANT. FATIGUER, Mahadísaka, mahamókotra, mahasásatra; maharébaka, mahatrótraka; vo mampitamby; Ennuyant. Fatigue, Dísaka, mókotra, sásatra, hadisáhana, hasasárana, hamokóra-

na, fahadisáhana, fahasasárana. Habit de—, sikina matómboka éntina miasa.

Fatras, z foana miharoharo; vo Désordre.

Fatuité, hadaladalána ombam-piavonavónana.

Faubourg, Zana-tanána, h zanabóhitra. vo tamboho.

Faucher le riz, l'herbe, Mitapa-pary, manapa-bary, manapak'áhitra; mijinja azy. Faucheur, mpijinja, mpanapabary.

Faucille Fijinjána madinika, fanapahan'áhitra.

Faufiler, Manao zaitra be ratsiratsy, manjehizehy, manetséka, h mamitravitra, h mamikavíka, manjotra. Se—, milétra, miséfaka, misésika, misitrika, misísitra.

Faussaire, Mandenga sôratra.

Fausse-alarme, Hatairam-poana, Hafombóana tsisy fôtony.

Fausse-attaque, Sari-ady, ? sari-sarómbaka, ambara ady.

Fausse-couche, Fiteráhana diso, famairana tsy tody, fitondrána diso, vólana tsy tonga. Faire une—, vo Avorter.

Fausse-monnaie, Vola madenga, tsi-vola, ? tsi-fanjava.

Fausse-porte, Tsi-varavárana, sarintamiana, ambara tamíana.

Faussement, Mandainga, tsy to, vandy, lenga.

Fausser, Mañota, mandiso, mandenga.—, Mandémpona, mandrátra, maninıba. —, mañota antsa, ota eno.

Fausset, Feo madínika abo tónona, feo maráñitra.

Fausseté, Ny tsy mahatò; ny vandy, lénga, tsy to, habokána, fitaka, hafoánana.

Faute, Ota, diso; haotána, hahotána; fahotána; hadisóana, fahadisóana, hatafána, héloka, ratsy natao. vo tsiñy, fondro, kilema, antsa, sata. Faire une—contre qc, être en —, mañôta, mandíso z, méloka. se mettre en —, Malak'antsa. Faire —, Manquer. Ce n'est pas ma —s'il est blessé, tsy antsa ko izy voa.

Fauteuil *Chaise*, fiankínana, *Chaise* misy táñana.

Fauteur, mpandrísika, h mpamporirika, mpanóhana.

Fautif, mora ota, maro diso.—, maro ota, maro diso, misy ota maro; misy tsiñy, be tsiñy, azo tsiñína.

Fauve, ? Mavo-mena, menamena, mavóñi-mena, ? mena-vasobásotra. ? vondromay, ? tombambóroka. Bêtes —, Biby añala.

Faux; Lela-vý fijinjána, Antsibe fanapaham-bary, fitapahan' áhitra, fanapa-bary.

Faux, Fausse, Mandainga, mandénga, mavandy. vo tsy to, tsy márina, Sándoka, mamitaka; boka, tsy izy, foana, kapoak'aty, fotsy, tsisy fótony, tsisy fiankínana, ota diso; mañôta, mania, tsara imaso. Fausse barbe, indran-tsómotra, ambara-sómotra, sómotra mindrana. faux bruits, fosafosa,

fosa n'ólona, fosa vava; hónoka vandy, tsaho mandenga.vo gorόbaka, boróaka, drádraka,bóboka, róboka.

FAUX s, Vandy, lenga. —, Sòratra mandénga.

FAUX-BOURDON, Reondreon'ántsa, rodon'áutsa; antsa mirehondréhona.

FAUX-COL, Indram-bózona, vozo-míndrana, solo-vózona. soa-bózona, ambara-vózona.

FAUX-COUP, Vango diso, vely ota, káboka mania.

FAUX-FUYANT, Lálana filefána, fialána, fandosírana.

Faux-pas, h fingana, tsipéloka. Faire un —, mi —, vo BRONCHER; mitsopilaka, misoláfaka; vity mamitaka, mavandy.

Faveur, Z soa omena; fahasoávana, fañomézana, fañamíana, fañambínana, fitahíana; h fitia, h lalampó. vo fankatiávana, anampy, fanampíana, hamorána, fiantrána; rariinpitia. Faire qc en sa —, Mankasóa, miaro, mankatsara azy, mamindra tsara amy ny; mañámbina, mitahy, mañámpy azy. Fait en sa —, atao hankasoávana azy. Je l'ai fait à la — de la nuit, notahin'álina aho nanao azy, vo BIENFAIT, VOGUE; mila handitra, verindoha, antóana.

Favorable, Mora, sóa, tsara;mitahy, mahasóa, mañámbina; mañátrika, h miantra azy, manao soa amy ny; maharoso dia, mankasítraka. Regarder FAVORABLEMENT, Mañátrika. Écouter —, mitaino, mihaino, mino, manóina.

Favori, Tíana, mahery tíana, malála; sombin'aiña, silak' aiña, sakaiza, sakatôvo. vo CHÉRI, FAVORISER, Manao soa amy ny, Miaro; Mañíkotra, mañísoka, mañantóana, mikobaby, mañobohobo, mañámpy, mañámbina, mitahy &. vo FAVORABLE, CHÉRIR.

Fébricitant, Marari-ntázo, marari-tázo, azontázo, atao ntázo, anointázo, mafanafána, tazóina, voa tázo.

Fébrifuge, Maháfaka tazo, fanala-tazo, odi-tazo, aoditazo.

FÉCALE: matière —, Tay n'olona.

FÈCES, Godra, — ndraha, faikany, ny mandry ambány ny rano.

FÉCOND, Mitéraka be, mamaitra maro, mamoa-be; váñona; vañon'ánaka, vañon-draha, vañontsabo; vókatra; mánana bétsaka, maro ánaka, maro voa. vo manahady, ondry vavy tsy mamótsotra. Pluie féconde, ôrana mahavañondraha ny tany. FÉCONDER, Mahavókatra, mampitéraka be, mampamoa be; mahavañon-draha; mampaniry. FÉCONDITÉ, fahavokárana, havokárana; ? havañónana.

FÉCULENCE, Faikan'amány.

FÉCULENT, Befaikany, magodra, maloto, fekána

FÉDÉRATION, vo Confédération.

feindre une maladie, Manao sary marary. ? mamlenga *ou* mavamly arétina, vo manao saina; manao anganongáno, miarirarira, manao karaha...; —, Cacher. Se —, manao tena ho. Tu feins être malade, Arétin' ao lénga nao.

Feinte, vo Dissimulation, Artifice.

fêlé, Niriatra, natriatra, natriaka. Le fêler, mandriatra, mandriaka tavohángy &. vo Déchirer; mamerabéraka, maméndrana. Se —, Vaky, mitatáka; mangéntana, miriatra, matriaka.

Féliciter, Miarahába azy, mitondra haravóana (*ou* hajambólana, fináritra, faudazána, arahába) amy ny, miaradravorávo, miara-palifaly, miara-karavóana; vo Complimenter, Bénir. Se —, se Réjouir, être Heureux. félicité, vo Bonheur. vo salamalama, salamánga. félicitation, Arahába, fiarahabána, fañomézana finaritra *ou* trarántitra; vo Compliment; sitraniniterinanjo.

fêlure s, ny natriatra amy ny Vilany; vakiana, vakivakiana, &. héntana. vo Déchirure.

femelle, Vavy.

féminin, Vavy, vo Efféminé. féminiser, Mankavávy.

Femme, h Vahivavy, pv Viavy. Ampela, Ampisafy, mañangy, movavy. vo vohézina, vinjo.—, Épouse.—de chambre, Ankizivavy mampiakanjo ny Tompo ny vavy. Sage--, Viavy mpamélona, mpampitéraka, ? mpimásina. vo Biby ny mpanjáka, Rafy. femmelette, Viavy madínika, *ou* kelisaina, ampelapela, safy. vo fille.

fémur, Taolam-pé.

fendillé, se fendiller, Vakiváky, triatriatra. Crevassé.

Fendre, Mamáky, mahaváky, mamakiváky; maméraka, mamerabéraka; maméndrana, mamendrambéndrana, manilatsílaka, mampitátaka, mitory; manímaka, manélaka. manámaka, mampangéntana, mampitséfaka, manatséfaka. vo Déchirer. se —, Vaky, vakiváky, mitatáka; miriatra, mitríatra, mitríaka, mitriatríatra, miriadriatra; mangéntana, mivéraka, miverabéraka, mivéndrana; mitrésaka, misílaka, misilatsílaka, mitséfaka, mitséfotra, misalésaka, mitsikála. Se — en deux, vaky roy, vaki-mira. fendu, vaky, miriatra, misy tatáka.

fenêtre, Varavaran-kely; tamiam-bítika fitsidíhana; tamian-doha.

fente, Vaky, vakiváky, tatáka, héntana, tríatra; sefabato, herakéraka, hirangírana, h tsefa-bato. à —, mangirangírana, mangirankírana? mangerakéraka.

féodal, Avy amy ny fief; h ny menakely. féodalité, ny mánana menakely.

Fer, Vý. vo valovoka. — à repasser, vý Fipasian-damba,

fipasóhana. — à cheval, kirarontsovaly. — blanc, vy fotsy, takelam-bý voa hósotra trokonengy. FERS, gadra, gadra fohy, gadra-lava. Mettre aux —, Mihisy gadra amy ny, maugadra, mamáhotra, mamátotra azy.

Ferblantier, Mpanefy vi-fotsy.

Férie, Andro foana, andro tsisy fety

Ferme, h tany hofána, tany alaim-pondro.

Ferme, Fátratra, fónitra, fátatra, mafy, h migigigigy, manginkina, h midindina; fátatra-migina. vo tsy matsóaka, tsy miova, matána, mafi-toetra, tsy azo hetséhina, rékitra, mihizina, mikiribiby, makatóky, matánjaka, maditra, tsy toha, tsy lavo, tsy fáhana, fáfatra, vatonikaky, tsy mihilangilana. — dans sa foi, Fatra-pinóana, mahery finoana. Tiens le —, Tano maré izy. *Fermement*, fátratra.

Fermenter, ? Mitánika táhaky ny tantely efa hanjary barisa, maudevy; mamorivory, misóndrotra, mandróatra, mihafána, ? mahasirasira. *Faire* —, Manánika, mampandevy. *Fermentation*, *F*itaníhana, levy, levilevy, fandevézana, famorivoriana. — des esprits, Agitation.

Fermer, Mamody, mandrindrina, mandriba, mahidy; mahápika, mahaona, mampihaona; mahirina, mampipý, manakímpy. vo mahómbona, mahakómbona, mampitraotra, mampikámbana. Boucher, Clore, — l'œil, vo Cligner. se —, *Fermé*, Mifody, miríndrina, miriba, mihidy; mikápika, tafahaona.

Fermeté, Haherézana, hamafiana, hery; Hafatrárana, hafonírana, hatanjáhana, hamafy, tsy fiována, hahenjáhana, tsy fihetséfana, faharétana.

Fermeture, *F*amodiana, fandrindrínana.

Fermier, Mpitsabo tany fondróina; h mpamboatra tany hofána.

Fermoir, Gadra, fampitraófana. fampihaóhana.

Féroce, vo Cruel, Farouche. vo hadrahadra, tsimitondra roa. *Férocité*, Cruauté.

Ferraille, Tapatapa-bý ratsiratsy, vý ela.

Ferrant: Maréchal —, Mpanao kiraroutsovaly; Mpanoso-by ny vity ntsovaly.

Ferré, misy vy.

Ferrement, Vy famehézana traho.

Ferrer, Mahisy vy amy ny.

Ferrure, Vy voa asa.

Fertile: terrain —, Tany Vahondraha, vahontsabo, mahavókatra, ?Vókatra. vo Fécond. vo mamoretra. Fertiliser, Mahavahon-draha, mahavahon-tsabo azy. Fertilité, Havokárana.

Férule, Hazo fisaka amangóana ny zaza ahaty tahana.

Fervent, May, mazoto be. vo Ardent. Fervemment, Amy ny fo may &. Ferveur, vo Ardeur.
Fesses, Ravimbody, bakilambody, Vody; vodíhena. fesser q, Mamitsopitsoka ny vody ny.
Festin, fihinanam-be, h fanasána.
Feston, Rávaka mitohitohy, *ou* mifehifehy; ? olikoli-drávaka, fehiam-pelankazo, voninkazo misomadika, didi-boninkazo arávaka. Festonner des rideaux, Manao didi-ólika, manao tanjomiólaka, manentikéntika, mankadilandílana azy, mandidididy azy ho haingo.
Fête, Andro fandazan-draha, andro atoetra, andro-fety, andro-malaza, andromásina, andro befijoróana, andro fahatsarôvana. vo fandróana; mandro.Fêter, Mandaza, manaboabo, mankamásina. —q, vo Choyer. vo mihinahina.
Fétiche, Sarindraha ijoróan-dreo olo-maíntina.
Fétide, maïmbo. vo mampy, h mavóroka; maláhy, maïmboreha, h many.
Fétu, Tsoak'áhitra, tapak'ahitra madínika, ditsika, sombin-jávatra birítika, silakazo bítika, difika, difi-kazo.
Feu Afo; sk mahamay; motro, h fg sakaizamanody. vo ? haintrano. — follet, Afondolo, pv afomatoitoy, pv mangiongáva;afomalemilemy mibarera ambony ny honahona. — de joie, vo h haréndrina, pv kiréndrina. Le coin du —, fátana. Au coin du —, Ampátana, mariny fátana, anjorompátana. Prendre feu, mirehitra, may. Y mettre le —, mandréhitra azy; manófotra afo, mitehin'afo amy ny.vo Entretenir le—; rosolany, rosovátana, mitóhoka. Mettre tout à — et à sang, Mamono sy manoro. faire du — dessous, mitaina, mitaintaina azy. Pêcher au—, Manilo filao. faire — (au fusil), manátsika. feu! hatsiho! Au — ! trano may! Lombao ny afo!
Feu mon père, pv Troboada ko; ny nánana ahy; vo rabevoina, naty.
Feudataire, h mánana menakely.
Feuillage, Ravinkazo, Rantsankazo misy rávina. Feuillaison, fandravínana. Feuille, Rávina, Ravinkazo; de rafia, Rantsandrafia, Angaráta. à Couvrir, Ravin'ala, antrandra, ravin'antrandra, kásaka. Produire des —, Mandrávina. Perdre ses —, Rara-drávina, mandráraka. — non développées, Volólony, vololon-drávina. — de papier, de tôle, Rávina, takélaka, ravin-taratasy, takela-by. Se détacher par —, vo s'Exfolier. feuillé, feuillu, malaza-rávina.
Feuillet, Tapa-drávin-taratasy, ila-ntakélaka. Gâteau Feuilleté, qui s'Exfolie. Feuilleter un livre,Mitety ny takélany ziaby, mizakazáka livatra maláky, mamántana livatra.

Feuillure, Lakandákana amy fafa.
Feutre, Lámba volon'ondry tsy tenómina.
Fève, Lojy be, Lojimbazaha; ? tsaramaso.
Février, h? Adimizána, (h? Alakarabo.) pv ? Volasira, (pv? Volamposa.)
Fi! h Eisy, h eisy, h aisy, h esy; ? sia, h ede, h editay, h adra. vo engade; pv vo Bitra, bitrantay, sahatria.
Fiançailles, fifofoam-badv imaso ny mpijoro ; fanekéna ou Petrabólana hifanambady. Fiancer q, mifofo azy ho vady. Se —, mifamofo, mifampifofo vady; mifamehi-vólana hanambady. Fiancé, Fiancée, g Vadivoafofo; fofombady, h fofovady, h vadifofo.
Fibre, ózatra madinidínika amy ny vátana, vahivahy, ozatrôzatra; tady mbátana. fibreux, maro ózatra madinika, ozátina.
Ficelle, Tady madínika, tarétra be, kefehy hely. Ficeler, mamehy azy amy ny tady.
Fiche, Fátsika fanohizana vý roy, fantsi-panohízana. Ficher, Mahórina, manátoka. Que l'on fiche, afátsika, afántaka, afántoka, aórina, atsátoka.
Fichu, fehivózona ny viavy, lamba-mbózona.
Fictif : Arbre —, Ambara-hazo. Barbe fictive, Ambara-sómotra, sarintsómotra.
Fiction, Lenga, vandy, tsilengalénga; vo angano, arira, hatsotso, haga.
Fidéicommis, Lova azo n'ólona namehi-vólana hamindra azy amy ny Iano.
Fidèle, Mahatóky, mahafatóky, tsy vadikádika; Mazoto; vo tsy miova, tsy mihétsika, tsy mamitaka, tsy miódina, tsy manody; márina, matana-toérana, miáritra toérana, mahāraka, mahāraka; tsy mahôta vólana natao ny; masimbava; atokiana; tsy áfaka, tsy mandao. Les —, O mino, ny Mpino. Fidélité, Fandrekétana amy ny tôkony hatao, fahatanan-toérana, fiaretan-toérana, hafatrárana, hazotóana, fahazotóana, ? fankatoávana. Serment de —, h Velirano, h lefon'omby, sk tsindron'aomby.
Fief, Tany anjakan'andriana fehéziny ny Mpanjáka, h menakely.
Fiel, Áféro. z mafaika.
Feinte, Tay mbiby. vo taimbala, tambòraka, zézika, diky.
Fier : Se — à, vo se Confier en.
Fier, a, Miavonávona g, mievaéva g, Mianjonánjona miaboabo, mianganángana, mievoévo, miedikédika, miderondérona, miadonádona, miangatrángatra, miangitrángitra, miandranándrana; mihadrahádra, miandrandra, miangiangy, misetrasétra, misetaséta, mihakohako, mire—

haréba, misengy, misengiséngy. FIERTÉ, fireharéhana, fiavonavónana, fiangatrangárana, fianjonanjónana, h fihadrahadrána, fievána, fianganangánana, fiandranandránana; rehareha, avonávona, anjonánjona, angitrángitra, sasasata, hakohako. FIÈREMENT, Amyğny fireharebána &. Marcher —, mireharcha fandeháuana.

Fièvre, Tázo, vo Tazondrindrina. Qui a la —, azo ntazo, Tazóina, marary tazo; mafána, manára, voa tazo, atao ntazo. Fruit FIÉVREUX, mahavoa-tazo.

Figer, Mampándry, mandrékitra. Se —, mandry, rékitra. vo ánkona.

Figue, Voan'aviávy, voanadábo, voamboara; vo — Banane. FIGUIER, Aviavy, vatan'aviavy, adabo, vatanadabo; vo voara, voaranala, voarapeky, voarandámbo, zaviala, harakásaka.

Figure, pv sora, h tava, h éndrika, Vajihy, Lahára, h tarehy.bika, víntana, tsangáuana, tandíndona.ôhatra, fañohárana, oha-drába, oha-bólana. —, Sary, famantárana, FIGURATIF, FIGURÉ, ôhatra, fañohárana. Parler au —, Mañóhatra. FIGURER qc, Manao sarindraba, oha-draha, mañisy éndrika, mañôhatra. On le figure par un chien, Amboa no oha'ny *ou* fañohárana azy, añohárana azy. — n, Miseho tsara, mba ao, mendrika. — ensemble, mifañáraka, mifaukatsara. Se —, Mañahy, mihévitra, misaina.

Fil, Tarétr*a*; foly tsahilika, hásina, foly voa hendry, hendri-vánditra.—de fer, Tari-bý; d'or, tari-bolaména, d'archal, Tari-baráhina. — d'un rasoir, ny ráñiny, ránginy.—d'araignée, foli-hala, faróratra.— de l'eau, le COURANT. Le — du discours, ny fitohízany, lálana, fifañaráhany.

Filaments, Vahiváhy, Vahindraha, ôzatra madínika indrindra. — glutineux, faróratra.

Filandreux, Maro vahivahy, maro ôzatra, be faróratra, farorátina; ? mamaróratra.

Filao, filao.

Filasse, Foly tsara ho hendréna, ? h rongony.

File, Rántina, rantiranty, andálana, filahárana, láhatra, tantárana. — de gens, gens à la —, o maro mifanésy, mifanesisésy, mifañarakáraka, mifañáraka, mitohitóhy.

Filé d'or, Tari-bolamena, Sari-bolamena.

Filer du coton, Mamoly, mañéndry, manásina.— de l'or, mandrórotra, h mandriritra, mitárika azy, mitari-bola, mandroro-bola; des jours, mitarik'ándro. — le cable, mamotsobótsotra ny tady, mandefaléfa. — n (co l'araignée), Mandrary, mañendry, mamaróratra, mañira, mañány, manéñona. — n, misodiatra; mitsororóaka, mikororósy, mitsiririka, mikiririka, ? misélatra; miléfa moramora, 'mi-

sonononóaka, vo Couler, Défiler; à la file. filasse, Traño famolésana ou fañendriaua, fañasiñana.

Filet, Tarétra bely, tady madínika. —, tadi-ndela. — d'eau, Rano mitsiririka, mikiririka, ? tsiriri-drano. — de bœuf &, ny nofo amy ny lakamboho. —, Haráto. Pêcher au filet, Mañaráto; vo mamovo, maníhitra, vôvo. síhitra. —, Lelafiraka. —, Sóritra; tárika, tsárika, táriny, tsáriny.

Fileur, Mpamoly, mpañéndry.

Filiale, de fils.

Filiation, Fizanáhana, fitohízany ny zafy.

Filière, Fanávana tari-bý, fitariham-by, fandrorotam-by, fandriritam-bý, ? fandrori-bý. vo Ánjaka.

Fille, Zánaka-vavy, ánaka-vavy; zaza-vavy, tsaika vavy; kalo. —, unique enfant, vavi-lahy. Jeune—, Tóvo-vavy. —, viavy tsy manambady; mitovo, viavy tôvo, viavy tomoetra; vo vántona, vanto-bavy, mpisafimbántotra. Fillette, zazavavy madinika, kétaka, safy, ampelapela.

Filleul, ánaka natsángana tamy ny batemy, zana-batemy.

Filou, Escroc.

Fils, Zánaka-lahy, ánaka-lahy, zánaka. Etre père et —, miánaka, mpiánaka. vo Petit—.

Filtrer ac, Manávana, mitávana; h Manatantávana. — n, g mitsíka; vo mijora, mijorajòra, miteté.

Fin s, fiefána, fifána, fanampérana, fahatapérana, famaràna, fanefána, itapérana; fara, farany; fitsahárana. —, Mort. —, But. Y mettre—, le finir, A la—, Enfin.

Fin a, Matify; madinika, matifi-vérana, matifi-verambérana; piripítika, tsikirítika, bitika, kítika, mivendrivendry. —, marañitra; vo Aigu. Or—, madio. Q—, o tsy ambaka, tsy azo fitáhina, ? marañi-pañahy, marañi-tsaina; h fetsy, fetsifetsy, h konjo, h kanto. mahíhitra, hendry, be saina; h kololoka, h mifatsafatsa, faingan-tsaina. vo miharo, soa, meja, kinga, kingakinga, tsilavoantsorona, tsihelénana, tándriua, fatsora, fátsaka, mamakiakotry.

Final, fara, fárany; Lettre—, fara-sòratra. vo fin

Finances, Vala; vola ny fanjakána. vo hetra. financier, Mpamory vola na hetra; mpitahiry ny vola ny fanjakána.

Finasser, Mamitapítaka, ? mametsy, mametsifetsy.

Finaud, Mahangoly amy ny z madinika; h fetsifetsy, h konjokonjo. vo fin.

Finement; Railler—, Manao kizaka maránitra; maráñitra fikizáhana, manao kízaka omban-jery.

Finesse, hatifisana, h ? hanifisana; hadiníhana; havendrivendréna; Ráñitra, sáñi'ra, rángitra; hatsara, fahaizampítaka, hahihírana, fanambakána, fitaka; ? hafetsifetsiana.

Fini, Efa, Vita; támpitra, h tápitra; lavorary, lavoráka.

efa efa, efa vita. Fixta ac, mamita, mahéfa, vo Achever. — n, Efa, vita, ho efa, ho vita. — de parler, voly vólana. J'ai fini mon ouvrage, efa asa aho, mon voyage, tampidia aho. J'en ai fini 3; nahefa telo, nahavita telo aho. vo fóngana, lany, simba, maty, fórona, fóngotra.

Fiole, Tavohangy kely.

Firmament, Ny lánitra hita ntsik'aty, tafo-nanahary tafon-dáñitra; habakábaky ny láñitra; Ny habakábaka itoérany ny kintana ziaby.

Fisc, Vola ny fanjakána, traño-fitehirizam-bóla ny Andriana; famorian-kétra, fanangónan-kásina.

Fissure, vaky hely, héntana, natríaka, vo Fente.

Fistule, Vay lálina kely hírika, Bay be aty kely vává, ? vay vato. Fistuleux, lava loak'áty, boróaka mifontróaka; fontróaka.

Fixation, Fanatóñana, famantséhana; fandrekétana.

Fixe, Tsy mihétsika, rékitra, mikinkina, migingína, midingidingy, mifántsika, tafaórina, tafa-tsátoka; miánjona, tsy miova. Regard —, Maso rékitra; h fibanjénana, pv faherétana, fijeriánana, fitsendrénana. Jour —, tsatok' andro. Prix —, vidy rékitra. fixe! Rekéta! Fixer, Matátoka, mañórina, mamátsika, mandrékitra, mankafátratra, mankamafy, tsy mampihétsika, tsy mañétsika. vo mamétraka, mampitoetra, manoetra, mampitsángana, mampijánona, manondro: Se —, Mifitaka, mañorin-teña, manatok' aiña. — la vue sur lui, le Regarder Fixément, h Mibánjina, pv Mañéritra, pv mijeriana, pv mitséndrina azy. Qui fixe l'attention, andrekétany ny maso n'ólona, maharikíana; maharékitra ny maso n'ólona. Fixité, fandrekétana, fitsatóhana, hafy, hamafiana.

Flacon, Tavohangy takólana pámaka.

Flageller, vo Fouetter, Battre. Flagellation, famitsopitsóhana; fikapóhana, famofóhana.

Flageolet, Anjomáry, h sodína, h sobába.

Flagorner q, Mikolélana-misáfo azy, miladilády-mandróboka azy; vo misafovodinandriana; h manolikóly.

Flagrant: Le prendre en — à délit, mankatrátra azy.

Flairer, Mióroka, mañántsona, malaka háñitra, malak' ímbo, h manimbolo; mañantsonántsona.

Flamand, Ny Anti-*Flandre*.

Flambeau, Ilo, fañilo, tañazáva; vo jiro, járika; —, Chandelier.

Flamber une volaille, Mampómba azy amy ny lelafo, Mandótra, mandotr' áfo azy. — n, mideđadéda, midédaka, miredaréda, miroborób, mijejajéja, mivalombálona; mañalombálona ny lélany.

Flamboyant, vo Brillant, flamber. Le — , Hitsánkintsána.

Flamme, Lel'áfo, lela-mahamay, lela-mótro. vo flambeau.

Flammèche, Pik' áfo, kalalaonafo, dilik' áfo.

Flan, koba-ndronóno miharo atodin' akóho.

Flanc, Lémy; vo fonty, kima, vaníana. —, Ila, Côté. —, kibo, tróka, tróny. Se battre les —, Mikomikomy foana.

Flandre, Tany aváratry ny *France*.

Flanelle, h Bodofótsy.

Flaner, Maháry ou mandány, mamono andro foana; h mitsirendréna, mitsimberivéry. vo ? olimánga.

Flanquer une muraille avec des tours, Mamáhana rôva amy ny jómana afify ámy ny; mamify jómana amy ny rôva. Les —; mififyamy ny. — qc par..., Lancer, manólaka, manóraka. Le — à terre, ? Iamioka, mandrámpy. Se — dans la boue, miantónta, mitandávo, miandrámpy, miampófoka, misafófoka am-pótaka. Tomber.

Flaque, Petsapétsan-dráno, takoba-dráno, rano véry, rano tafiháandroma, farihy kély.

Flasque, Malémy, mafónty, tsy mahéry, magódra. vo mandrauodránoka, maranodránoka, váha, mageragera, osa; borabóra.

Flatter, pv Mandróboka, h Mandróbo; manambitámby. vo misafosáfo, ? misafovódy, manelatéfaka, mileladélaka, h manambósy, manompotompo, h mandambolámbo, mipasopásoka, manafosáfo, mipelipélika, manéngy, h mandókay vo mankadrádraka, mankabóboka, h mandrávo. le — du succès, mampatóky, mampananteña azy hahazo. Se —, s'Attendre à; se Croire...; vo Tsontsónina. Flatterie, Róboka, fandrobóhana; Róbo, fandrobóana; volamahadrádraka; vo laugomaléiny, kobak' ambáva, tambitámby, fanambatambázana; lokangahisatra, h ambósy, h fandokána, h Doka; kamonéhaka. Flatteur, mpandróboka, mpandróbo, maharóboka, maharóbo; ? malefa-báva, h kamoréraka.

Flatueux, h manontava, h manintava; mampangétotra; be tsioka, be rivótra; ? manioka, mandrívotra.

Fléau, Faméli-vary; hazo famelézam-báry; — de balance, Vovóñamizána; ? sakamandimby, ? saka-mizána, sákany. —, Calamité.

Flèche, Zanak' antsáky, h zana-tsipika, h. Ampitika, Ampitikely; Tsorakazo atóraka. vo tavólony. — de clocher, Tendro, fizio, kitso. vo volólony. En —, kitso-loha, mamarangi-lóha, solánga, misolánga, milangalánga.

Fléchir ac, Manóndrika, mandétitra, manétraka, mampaóntika, mahafanónika, manólaka, mandrésy, mam-

panéky. vo Apatsa. — n, g Miréfaka, h mirépaka; Milépaka, mikolépaka, mikoléfaka, mikotrépaka; miléfitra; manjóko, mirefadréfaka, refadréfaka, revadrévaka; miondrika. Mitongálika, manongálika. vo Cédra n, se Courbra. Se —, mañóntika, mitantápany, mihiakétraka.

Flegme, Rora ny olona beréhoka. ? hatsia-pó, nara-mpó, nintsi-mpó. flegmatique, Mandrora be; fg tsy maimay, mangatsia-pó, manara fo, tsy vinitra, tsy marísika, tsy taitra, tsy fómbo, tsy tai-dráha, tsy azo hetsefin-dráha, mañton-jéry, mandin-jéry, mitombin-jéry.

Flétri, Nalázo, voalázo; niófo, matimáty. Flétrir, Mandázo, mahalázo, mahafatifáty, mampangérotra; vo mampikétrona, mahamátroka. —, Déshonorer, Diffamer. Se—, Malázo, mihialázo, mangérotra, mifena, fôhatra; miofo; vo mihomaranantsody. Flétrissure, Pánda, handra, antsa; h kilema, tsíñy, ? halazóana, ? kérotra, ? hola-bay; téntina, ? fésana. vo Déshonneur.

Fleur, Voñinkázo, felankázo, voñy, kinjana, félana. — de l'âge, Hatañoram-pañáhy, hatañorána; à la —. . . Tañorafañahy. A — d'eau, mitovy rano, ? marin-drano. La —, ny lohavóñv ny, ny herotrérony. vo Crême, Élite. En —, Fleuri, Vaki-vony, vaki-félana, vo misy kiana, mirávaka, menaména. Fleurir, Fleurissant, Mamóñy, mamélana, mañinjana, misy voñy ou félana; vo manorobona. —, Prospérer. Fleuriste. Mpitsabo] voñinkázo.

Fleuron, Voñinkazo arávaka, félana.

Fleuve, Oñy, oñy be, oñi-lahy, teñandrano be, Renirano be, ranobe mandríana, sahabe.

Flexible, Mora aléfitra, mora alántika, azo alantidándika, mora avôhotra; azo alefidéfitra, mora aforipóritra, mora aválona, malemilemy, mafonty, milejoléjo, milenjolénjo, milénjotra, milenjolénjotra; vo maléfaka, malefadéfaka mora mañeky; h milefalefa. flexibilité, hafontésana, halémy, ? lefaka, ny mahamora aléfitra izy; ny ahazoan-kandéfitra azy.

Flexion, firefáhana, fikolefáhana, fileférana; —, havohórana, halantsíhana, lántika, filantihana.

Flexueux, mengokéngoka, mengoméngoka, melomélaka; miforipóritra, mivohobóhotra.

Flic-flac, Fitsoka-fitsoka; ritsaka-rítsaka, litsaka-lítsaka.

Flocon, z maívana mifompóna; fompóna, pompóna; volo mivónganu, foly rai-bóngana, volo mitámbatra; en —, mibongobongo, mitukotoko. vo helabakáka.

Florissant, Royaume —, fanjakána misy lóndony, miroandróana, mamy, miádana, manorobona, váñona, ambínina, tahína, hasoávina, mitombo, vántana; tody.

Flot, Valandrano, válona; onjandrano, onja; h alondra-

nö, álona; riaka; tontandrano. —, Marée. Des — de sang, onjandrá, ria-dra; Ra mandriana, midororóka, miborároka, mandriaka, mivalombálona, mañálona, mañónja. vo Couler. A Flot, Flotter sur l'eau, pv Mitsikémbona, h mitsikébona, pv mitsikéfona, pv miémbona, h mitsikáfona, pv miáfona. vo Vevy. Flottant, Misavombóana. mivoambóana, misavóana, mivalombálona, miembonémbona, miáfonáfona, h mihefahefa, pv ? mihefankéfana, pv mihembahemba, h mihevaheva, h mihevihevy; mikepekepa; mañabakábaka; milobaloba. vo ? mialontrálona, mitopatopa, miroa saina, miraviravy. Cheveux —, mirotsadrótsaka, mitsorótsaka, mikorótsaka. vo miranoráno. Le remettre à Flot, Mampiémbona, mampitsikémbona, mampitsikébona, manikémbona, manikébona, mampiáfona, maninkáfona, mampiéfona, manikéfona, mampitsikéfona, mañáfona azy.

Flottable, Lakána.

Flotte, Sambo maro raiky dia, h irai-dia, mirai-dia.

Flou-flou; Korófana. Robe qui fait —, Roba mi—.

Fluctuation, Hetsikétsika *ou* fiolaolány ny rano, kobankóbana, fioláua, fiována, tobatoba, h topatopa; savoambóana, fañonjána, verimbérina.

Fluctueux, Miolaola, miola, mitobatobá, mitopatopa, mitabataba, mikobankóbana.

Fluet, mahia madinika, matify.

Fluide, z mora aidina tàhaky ny rano *ou* ny tsioka; ranondraha; rano-njávatra; aidina; faidina; z somary rano; ? z mandranorano, maranorano, mitsiranorano; kiranorano.

Flûte, mozika fitsiófina, anjomary, sobaba, sodina. —, Tóngotra mahia. Flûter, mitsioka anjomary, misoma sobaba. — minona be.

Flux, Fientánany *ou* fiakárany ny ranomásina; — et reflux, fientanentánana, verimbérina, fiverimberénana, dia. Elle a son — et reflux, makatrákatra-midinidina; mientanéntana; avi-mandeha avi-mandeha. — de sang, de parole, Ra, vólana mandriana, tsi-ritra, mañavy, tsi-tampitra, midoróka, lava; — de bouche, Ranívy manavy be.

Fluxion, Handron-dra, havontósany ny fify. Qui a une —, mivonto fify.

Fœtus, Zánaka mbola am-bôtraka; h arifady, zaza an-kibo; zanabórona an-karákony.

Foi, Finóana, fankatózana, fañekéna; ny z inóana, zavapinóana. —, fahatokiana, toky. Bonne—, fañahy tsy mamitaka, tsy fitaka, hamarinana; hitsy, fañahy mahatóky, fañahy mariaka. Homme de bonne—, o mahatoky, marimbava, márina, mahitsy vava, madio fo, mariaka, tsy mandenga. De peu de —, kely finóana, tsy ampy finóana.

foie, Aty ny o, &.
foin, Ahitra maika, ahi-maina; vilona; akata maika.
foire, Tsena. —, Diarrhée, foirbux, Mavozo, osa tay, mitránga-tay, latsa-tay.
Fois, In-. Une —, Indray, indraiky; 2 —, indroa, indroy. 10 fois, im-polo. Combien de —, Impiry ? Chaque — que, Toutes les— que j'y vais, Isany andehána'ko aǹy. Plusieurs —, Quelque—, Par—, h indraindray, py indraikindraika. Un a la —, tsiraikiraiky, h tsirairay, raikiraiky, 2 à la —, tsiroaroa, roiroy. Plusieurs à la —, Maro miáraka. Peu à la —, tsikelikely. En une—, Indray manao (*ou* málaka, mandel a, mitéraka &, *selon l'action dont on parle*). C'est la première—que je le vois. Samba ko (*ou* fańindrai'ko, ampańindrai'ko) mahita azy. C'est la deuxième fois que Koto vient ici, Fańindroy *ou* Ampańindroy ny Koto avy eto. Agir une seconde—, une autre--, Mańindroy, h mańindroa; une troisième fois, mańintelo. Venez une autre—, Avia amy ny andro bafa *ou* taonkafa. La dernière --- que j'y fus, tamy ny dia ko taǹy tafárany, tamy ny farany ny dia ko taǹy. Une — passé il faut longer, Tafatsáka indraiky, mańólotra. Cette—, amy ny ty. ataonio; ity, itoy. Une autre — je n'irai plus, Dimbin'io, dimbin'anéto zaho tsy handeha koa. 3 --3 font 9, intelo telo, sivy. Qui ne mange qu'une —, tsy mańindroy hómana. Je préfère mourir mille —, sitrany zaho in'arivo maty. Tant de -- que tu voudras, zay tia'nao ndre impiry ndre impiry. 22 fois, indroa-polo roy amby, h indroa amby ny roa-polo. vo Cent — autant. C'est la dernière — que vous me voyez, fárany ny ahitá'nao ahy ity. Qui ne se fait qu'une — , z tsy mańindroy; tsy indroy atao; qu'on ne reçoit qu'une fois, tsy indroy azo. La première—c'est difficile, ny faharaiky (*ou* ny voalohany, ny fanampónana), sárotra. La — suivante... ny fańáraka, ny faharoy...
foisonner, vo Abonder; mitéraka maro, mihamaro. à foison, abondamment.
Folâtre, folâtrer, h Karenjirenjy, mi — ; mitroatróatra, mivarivary, miriadriaka; h mitrifana, mitrifantrifana; misomasoma, mifalifaly ; mikidikidy; vo rikian-tsoma, variandadao, mivaitra, h misangy, misangisangy, midola, manaingisaingy, mitohenjy ; mijejojejo, silasila, mijilajila, miangitrángitra, h miangatrángatra, adaladala ; zinjina, akisakisa.
folie, Hadaláua, halefáhana, óla, fahadalána; hadaladaláua.
foliforme, Somary rávina.
Folio. In —, Tokan-défitra, roi-défitra, Livatra be rávina.

vollement, amy ny Hadalána.
follet, Adaladala. vo reu —, Poil —, volo malemy.
fomenter, une plaie, mamána azy amy ny rano naòdy apetsapetsa amy ny; maneka, mampiseka, mampandrò, manòtra azy amy ny aody mafána. Fomentation, rano naody mafana apétaka; ? Petsapetsandrano naody, petadrano mafána, hoso-drano mafána.
Foncé, Joby análoka, maiziñizina, maintinintina. — Riche, Habile.
Foncer une barrique, Manámpim-body barika; mañisy vody *ou* fañambániny amy ny. —, Rembrunir. — sur, Assaillir.
foncièrement, Indrindra, am-po ankitiny.
fonction, Raharaha, asa, fanompoana, h lahasa, závatra, z atao; ? fitondrána, fiasána. fonctionnaire public, Mpitondra raharaha *ou* ny fanjakána. fonctionner, miraharaha, miasa, mizávatra.
fond, vody, ny ambany indrindra, ny fañambány ny; ny añaty ny fo, ny ampovóaná; 10 brasse de —, folo refy ny haláli'ny *ou* halalíñany. Sur un — d'or, ambony lafibolamena. Le — de la vallée, ny lohasaha, loh'alo, andohasaha, andohalo. Le — de l'affaire, ny fòtony, ántony; du liquide, ny godra ny, faikany. vo hántsana, aloalo, maso. Au — des bois, des terres, añedinedin'ala, ankedihedin'ala, añedinedin-tany. Sans —, tsy taka-body, tsy tra-párany, h tsy taka-polopolórina, tsy hita-noanoa, hita zay halálina, tsitaka-tady, tsy taka-dompondro, tsy taka-téhina, tsy takatr'érana. — de magasin, fao-bidiana, lafi-batra, faotraño, lafi-bidiana.
fondamental, fòtotra; iorémana, vody, fañambaniana, fiankinana, ipetráhana; Loha, voalóhany.
fondateur, fondatrice, Mpamórona, Namórona; fòtotra, fótony, ántony; Nañórina, manao, Mpañisy, ny avíana, nahefa.
fondation, famorónana; fañorémana. vo fanaòvana, fanampònana. —, vola omena isan-taona; famaháñana. —, fondement, Vody, fòtotra, fipetráhana, fiankinana, vo Base. sans —, tsisy ántony *ou* fòtony, tombóany. —, fory.
fonder, Mamórona; mañórina. vo mamboly, mampitoetra, manángana, manátoka, mañisy Se —, miánkina, mipétraka, mifítaka, matoky.
fonderie, Traño fanenóana (*ou* fampimañána, fanempóana, fañidiñana, fandrendrehana, h fanaidínana) vy. fondeur, Mpañeno vy. fondre ac, Maneno, mampiteno, mampimána, manempo; mandévona, vo mandréndrika, mañidina, h manaidina. — n, se —, mimána, miempo, mi-

hialévona. — sur, Miantonta, h miaojera, miantôraka, miantopy, ? mipaoka ? mitandréndrika, mitandátsaka. FONDU, Teno, mana; efa —, efa nimána, lévona; réndrika, nanjary rano, nody rano.

Fondrière, hadi-ntsékatra. —, BOURBIER.

Fondrilles, Faikany ny ro, fekan-drô.

Fons, Tany ahazoan-karéana, foto-karéana, foto-panáñana, fanjatóana; tokotany, fitoérana, lafi-tany, masonkaréana, fanáñana; renivola, vola voa vory, vola hanavandraharáha. —, Source.

Fontaine, Loharano, fantsakána, vôvo, loha-vovo, rano an-tany. —, siny be loak'ambany. FONTAINIER, Mpiambindoharano.

Fonte, fimanána, fitenóana; fanenóana. —, Vý teno, metaly réndrika. VO FONDRE.

Fonts, — Baptismaux, Ny siny itoérany ny rano fambatizéna.

Forage, Fañirífana, fandoáhana.

Forain, Avy amy ny tany hafa, vahíny, antaníndrany, avy anindrany. Marchands —, Mpandranto vidiana, vahiny mpivárotra.

Forban, Jiolahy ambony ranomásina.

Forçat, O lona very gegéhina amy ny asa mahery ny fanjakána.

Force, Herv, hahery, haherézana; hatanjáhana, fahatanjáhana, tánjaka, hatombóhana, hafatrárana, hafonírana; hafy, hamafíana. vo haré, ré; sarinaina, tahézana, h tehézana; gegéka, fangegéhana, ankery, fanávana an-kery, ny hay ny, herimpó, herimbátana. —, CONTRAINTE. Sans —, gedragédra, borabóra, geragéra, galigály, godragódra, malémy, osa. Prendre de —, Mandrómbaka, mañáfaka, miady azy. Travailler de —, FORCEMENT, Miasa ankery (*ou* ankézatra, ankínjitra, angóka, angóka-ntrôka, añizim-pó), Teréna *ou* gegéhina, géhina, arónjy hiasa. vo CONTRAINDRE; hery ko.

Forcé, Tsy maléfaka, teréna, hénjana, oláñana, miótaka, tsy mariaka, rorótina, vo CONTRAINT, Sarótina, sarotsarótina.

Forcené, Adala masíaka, misy tromba.

Forcer, Manery, manao ankery, mandrómbaka, mañánjaka, mandresy, mandrébaka, mandronjy, miady; mampi-, mampan-. —, CONTRAINDRE; ACCÉLÉRER. — la marche, mañénjana, mañézaka, mañánjaka dia. Se —, miézaka, miénjana, mañolak'aiña, mangegeka teña.

Forer, mañíraka, mandóaka, h mamboróaka, mamborόana, h mangoróbaka, manaboróaka, manóinbaka.

Forestier,.., ny ala; Garde —. Mpiambin'ala.
Foret, Vy fañiríhana; fandoáhana, famboroáhana.
Forèt, Ala. Aller dans —, Miañala. Habitans des —, ny Antañala.
Forfait, Crime. Forfaire, Mañota, manao ratsy.
Forge, faneféna, fanefem-bý, traño —. Forgeable, azo teféna, mora tefèna. Forger, Manefy; manefitefy.. vo mañánjaka; mamórona; manaosaina, mamorontsaina, misaina, mabita, manándoka. Forgeron, Mpanéfy, — vy. Forgeur, Mpamórona, mpamoron-tsaina, mpisaina.
Forjeter n, Mibòntsina, mibóhitra, mingitríngitra, tsy mirápaka, tsy mirántina amy ny hávana, miávotra, mibóaká amy ny firanténana.
Formaliser: se—, Sôsotra, vinibinitra, meloméloka.
Formalité, fatao, fanóina, h fanao; fanaôvana.
Format, ny Habé ny taratásy.
Formation, famorònana; fanaôvana, fizavárana.
Forme, fórona, famorónana; —, Configuration, Figure. —, Ohatra, érana, lamy; Moule, Qui a de la —, méndrika, maéndrika, tsara tarehy, toa zinávatra, naloa, nivánina, vinánina, mirijarija, tsarasora, misy víntana, tsara víntana; vo Formé. Sans —, marokoroko. Qui a des — rudes, o marofarofa, — fivoláñana. Y donner de la —, Former. En—, selon les —, Añôhany, añérany, andráriny; mañaraka ny fatao.
Formel, Namérana, misy fepétra, nafepétra, voa toñona, voa laza, tinóñona, nitoñónina, Paroles —, teny fatatra, nafepétra tsara.
Former, mamórona; mañéndrika, miváná, mambóatra, miasa, mizávatra, manefy, mandrary, mañajary, mampiárina azy; Mañisy sora (*ou* éndrika, tarehy, bika, víntana) amy ny; manao, manano, misaina. —, Accoutumer. — une, se — en colline, manjary vóhitra, mivóhitra; mody ho vóhitra. Se —, Miárina, manjary tsara, mody tsara, mihía tsara, mihaéndrika; miánatra. vao mahay, vao ho mahay. Formé, Ary, manjary, h efa zary, Bien —, marótsaka, matsóraka, meja, mézaka, tsóraka, h patendro. — dans l'épi, Téraka.
Formication, Picotement. Qui éprouve la —, Vitsihinkóditra.
Formidable, vo Effrayant; mamoroforo; Jaontány, loza.
Formulaire, Taratasy milaza ny teny tôkony haráhina.
Formule, Teny fatao, teny aráhina amy ny fanaôvana z, fataombólana. óbatra. — d'absolution, vólana fañafáhana. vo Façon de parler.
Formuler, Mamboatra (mandáhatra, mandrary) teny ha-

ráhina; mandavorary.

Fornicateur, Mpanamato, mpisengy, mpanenga; mpandranto, h janga, jangajanga. Fornication, fanamatósana, fisengíana, fanengána, fandrantóana; fijejojejóana, fandehánana amy ny viavy (*ou* lehilahy). Commettre la—, manamato; mandeha amy ny viavy *ou* lehilahy; misengy *ou* mandranto azy.

Fort a, Mahery, mázana, mahíana; matómboka, matánjaka, hénjana; mafy, fátratra, fónitra, fatratr'aiña. vo aviaiña, h fakafáka, h mifakafáka, be aiña, madonda, madondadoda, mavika, borobosy. Q assez fort pour.., mahaleo, mahasaky, mahasahy. Qc trop — pour moi, z tsy leo ko, tsy efa ko, tsy saky ko, tsy erany ny Vata'ko. A plus forte raison, Sándraka, lombolombo, h mainka. Ville —, Tanána mirova.

Fort s, Tanána mirova; rova, rolio, manda; vóhitra mafy, batiry. Au — du combat, du travail, An-drehirehy ny fiadivana, ny asa; de l'été,? amy ny Vonton-taona; le—de l'armée, ny tron'ady. vo hery; afovóany, fo, troka, trony, adiny.

Fort, ad: frapper —, Mamango maré. — aimé, tíana fátratra, (*ou* fónitra, indrindra, mena).

Forteresse, Fort s.

Fortification, Rovavato, rohovato, rova, fefy, manda, h bamba; fiaróvana.

Fortifiant, Mahatánjaka.

Fortifier q, Mankahery, mankafátatra, mahatánjaka, mankamafy azy; une ville, manisy rova, vo Enceindre. Se—, mahahery, vo s'Affermir, Ferme. s'y —, mifefy, miolampy, milampy amy ny.

Fortuit, Avy foana, vo Accident. cas —, toramaso, toramasoandro.

Fortune, Víntana, anjady. Mauvaise —, vintandratsy, loza, haratsianjávatra. —, vo Bonheur. —, Biens. vo hatsaranjávatra. Fortuné, Vintánina, tsaravíntana, manan-jara, ambínina, finaritra, sámbatra, bezara, ampi-zara, trétrika, beharéana, befanánana. lavony, arivoara.

Forum, Karamanja fikabariana.

Fosse, Lávaka; vo hadintsékatra, kôtona, kantóana, kantoantóana, kitoantóana. hántsana, aloalo, fámpana, vava; h fásana.

Fossé, Hady, sk haly; vo hadivory, lakandrano, aloalo,

Fossette, Lávaka hely hanaôvana antsipivato. —, Lávaka madinika amy ny fify; h fandengána.

Fossoyer, Mangady, mihady; — lávaka; — un champ, manao hadivory amy ny. Fossoyeur, Mpangady lávaka handevénana; h mpihady fásana; mpanao levénana; mpandévina.

Fou, Adala; maola, léfaka; à Demi —, adaladala, lefadéfaka, maolaola. Devenir —, mihéadaladala. Veri-jery. vo ondranondránana, gegy, gerigia; miadaladala.

Foudre, Hela-báratra, váratra. Foudroyant; foudroyer q, Manora-báratra, mandatsa-báratra, manopi-váratra, mañandefa váratra, mañira-báratra amy ny; mamango váratra azy. —, Terrasser. Foudroyé, vinaky mbáratra, nilatsaham-báratra, vinely mbáratra, maty ny váratra, voa tora-báratra, niantontam-báratra.

Laid, Ratsy tarehy, ratsy sora, ratsy vajihy, ratsy lahara, tsy méndrika, ratsiratsy, tsy maharavo ny maso, marokoroko, tsy maeva, ratsy hóditra. vo fokafoka, mamoroforo. Une LAIDERON, Viavy tsy ratsy loatra ndre ratsy lahara. LAIDEUR, Haratsian-tsora; haratsy ntarehy; haratsian-kóditra, haforoforo, harokorokóana. — du vice, ny hántsiny, imbony.

Laie, Lambo-dý vavy.

Laie, Lalan'ety, lalan-kely añala.

Lainage, *Lamba* volon'ondry.

Laine, Volon'ondry, volon'aondry, maromanan'ondrikondrika. Mouton Laineux, ondry be volo. Cheveux —, ngita. Qui a des cheveux —, olongita, o ngita volo. Plante laineuse, áhitra misy volo, áhitra volóina, somórina. Lainier, Mpivaro-bolonondry.

Laïque, Olona foana fa tsy mba mpijoro.

Laisse, Tady fitanana amboa atérina. *Le mener en* —, manátitra azy amy ny tady.

Laisser, Mamela, mambela, mañambela; mahafoy, mamoy, mahatsindry azy; mienga, miala amy ny; mandao azy. — faire, Mañárana. — tomber, mandátsaka. — perdre, mamery. — le travail, mamétraka ny asa. Ne pas — dormir, tsy mampandry. —, vo mañáfatra, mampandova, mañome, manolo-karena. — pour un temps, h miantaha. — imparfait, tsy mankefa. — dans le danger, Tsy mañáfaka, tsy mamonjy. Ne rien —, (manger tout,) tsy manisa. tsy nañisá'nao ny hánina? tsy be ny nasisa'nao. —, tsy mandrara. Y — ses os, Very taòlana añy. — le remord après soi, aráhina ny neñina. Ne pas — de, Tsy voly, tsy méñina. Laisser-aller, fañaranam-bátana, fiaranan'añy. Se — tuer, mañambela *ou* mahafoy tena ho vonóina; tsy malainko vonóina. se — aller, mañaram-po, miárana; mañáraka.

Lait, Ronono. Petit —, h rononobatsy. Premier — de la vache, h songo; le second, habiba, habibandronono, habobo, habobondronono. Cochon de —, *Lambo* minono. Dent de —, ny nify voalóhany ny zaza. ? vo kato. Perdre ses..., mifóna ny nify ny, afa-pona, mifo-nify izy. Frères de —, miolonono.

Laitage, Ronono sy soli-dronono sy ronono mandry.

Laitance ou laite, Ny z mandronono fotsy anaty filao lahy. voankaran-drano, ambeo mpilao. Poisson laité, filao misy fotsy anáty.

Laiteron, Feli-dronono.

Laiteux, Mandronono fotsy, misy ronono, milango, mitera-dronono.

Laitier, *Laitière*, Mpitery omby, n pivaro-dronono. Vache laitière, aomby vavy mañavy be, manjotso, be ronono.

Laiton, Varáhina miharo *Zinc*. Fil de —, Tari-baráhina.

Laitue, Añaran'áñana fatao *Salade*.

Lambeau, Vóroka, vorobóroka, voro-draha; sómbiny, ? rombótana. — d'étoffe, de natte &, Voroboro-damba, voro-damba, voro-tsikina; h vorokitsay, voro-tsihy, vorodámaka. En —, mivoro-tsihy, triatriatra, pv triatriaka, rotidrótika, rotarota. — de chair, voroboro-kena; masikita, safindrina, kitoza, tokoza.

Lambin, Lambinér, Ela fañaovan-dralra, votsa, votsavotsa, mihazohazo; mihenahena, pv mikirindreva, sk mikirireva, mitanésaka, midanésaka, h midarésaka, h mitoréraka, h mitoréraka, h mitoréraka: miezanézana, h mikisina, mikisinkisina; kisinkisinina; mitaredrétra, h medameda, meda; mjatoato. Miheninkénina, miheníkén'ka, mipozipozy, h mihevohevo, h mitoféz.ka, h mitsirendréna, h mimasimasy; midasidasy. midonánaka, midoráraka, midoréraka, ? mitarekirekv, milaiñalaiña, malaindaiña; mitoetra; kalaina

Lambourde, Sákana ipetrábany ny rápaka, ? Varingárina, ? karátsaka, ? karátsana. ? lafiudrihana; sakamandimby. —, Vaiomalemy.

Lambris, Petadrindrina, ? peta-driba; soso-driba tsara, sosondrindrina, Rindrin-kazo, lampi-hazo ambony, témitra ambony; Rindrina tsara, riba senga. *Lambrisser*, Manao —; Mañisy —; manoso-drindrina tsara azy.

Lambruche, Lambrusque, h Tahomboalóboka anala; pv vodimboalombon'añala, —, h voalobok'anala, pv voalombon'anala.

Lame, Lela; takélaka. — de cuivre, takela-baráhina; de couteau, lela-meso, lela n'antsy, lel'antsy. — de la mer, riaka, onjan-ndrano, valon-drano, álona, alondrano. vo sélaka, silatsilaka. LAMÉ, LAMELLEUX, misy lelalela.

Lamenter (se), Mitaraiña, mitretré, Mitomány, vo GÉMIR, mikonanaika, migogogogo, miviaka, mihentohento LAMENTATION vo GÉMISSEMENT. Accident lamentable, Rofy mampitaraiña, mampitsetséka, mampihoríaka, fitomañiana, fitañiana, mampisaona, mampilatsa-dranomaso, mampalahelo, feno rano, mampiory, mahory. Cris, voix —, teninimatiandrano, vavanimatiandrano. vo miròhaka, misalambérana, CRIER.

Laminer, Mamisaka tsara, manify, mankatify, h mahanify, mandama, mandámatra, mipásoka takela-bý &. Laminoir, z famisáhana ny takela-bý.

Lampe, kapóaka fasian-tsólika fañilóvana, akora fañilóvana; fanazáva, fañilo, fanala; ilo; kapóaka fañilóvana. LAMPION, akora fañilóvana, fañilo kely.

Lance, Léfona, sabolra; salohy; léfon-dava, léfon'abo. Petite —, h lougy; vo raoka. Le percer d'un coup de —, Mandéfona, mitombo-défona, manindri-défona azy. — à feu, fanehenan'afo.

Lancer, Manòraka, manopy, mitóraka, mitopy; manipy, mandífika, vo manólaka, manosa, manósika, mandroso; tora-paza, torak'alefa, tora-bótsotra. Se —, miantóraka, miantopy; pour taisir, miantsámbotra, vo JETER.

tra ambony vato.

Lapider q, Manora-bato, manópy vato azy, mitora-bato, mitopivato azy; mitóraka, mitopy azy;mamono azy amy ny váto. mamono torabato azy. Lapidé, voa tora-báto, nitoraham-báto, maty ny tora-báto. Lapidation, Tora-báto, topiváto; fanoraham-báto, fanopiam-báto, fitoráhana.

Lapidifier, Manôva azy ho váto, mampanjary vato izy, mampody ho váto.

Lapin, ? sakavavim-piso; Lapina, lapiny. h Rabity (*de l'Anglais* Rabbit.)

Lapse, Taona lány. vo Durée.

Lapsus linguæ, Vavalátsaka, teny lasa foana, teny diso, J'ai fait un —, Latsa-báva, diso váva, lasa teny aho.

Laquais, Ankizy n' ólona.

Laque, Anaran-dity.

Laquelle, vo Lequel.

Larcin, hálatra. — amy ny havitrihan-táñana. vo robas.

Lard, Hena-ndambo, mena-dambo, jabora-ndambo. — salé, Lambosira. Lardé, nañetsan-dambo. Larder, Mañetsaketsa (*ou* mañiditriditra, manitritsitrika, mañisy, manésika; mametsifetsy) tapatapa-kena-ndambo *ou* safindrindambo amy ny hankatavy azy. Lardon, tapakena-nkisó.

Large, Matáhitra, malálaka, be sakana, be ampéhiny, lehibé, h mitanatana. vo Bámbana, bambala, babala, mangábaka, mangabakábaka; mibañabáña, midanadána, mivañavaña; miveñaveña, Benabena, mibenabena; mangévaka, mangevakévaka, mipélaka, mipelapélaka. h mikodana, mangoahao, mangoankóaña, mangoaka. Navire au —, Sambo añy Alaôtra, Ambony, Ambámbana. Venir du —, Miboaka Bámbana. Aller en long et en large, Mandehandeha manao dia mifandikadika, miasa dia, miverivery. Q large, qui traite largement, mañobohobo; h mañabahaba, tia be, mikobaby. mpirasa be; tsy mahetry, tsy matity. Donner —, mañome be; ? h mandoatra, mañétsaka. Largeur, hatahirana; ny ampóhiny, ny antsákany; ilakéliny, lafiny, halehibé ny. Largesses fañobohobóana, fañabahabána; z be omena, fañomezam-be.

Largue, Mivela-day, mivoha lay: malálaka, tsy hénjana.

Larguer, Mamétsotra, mamela, mamaha, mañétraka. — n, malálaka, vaha.

Larigot, Anaran'anjomary. Boire, Chanter à tire —, minona be, migáka be, miantsa maré.

Larme, Ranomaso. Larmoyant, larmoyer n, misy —, Latsa-d—, mandatsa-d— ; ? miranarána rano ny maso ny.

Larron, Mpangálatra ambóho. Larronneau, zaza mpangálatra.

LARVE, Lolé, lolo ratsy, ángatra, mátóatoa, ambiróa, avelo.

LARYNX, ny Tenda, ny fiboáhany ny feo. ? takonena.

LAS, LASSE, Voly, Dísaka, mókotra sásatra, valia, vahavaha; méñina. vo FATIGUÉ et róraka, répaka, mivandrózana.

LASSIF, h Mijejojejo, h mijilajila, h mijangajanga, ngely, ngelingely, cbo, mpila ratsy; h mipelipélika, h pilaka, mipilaka; silasila maloto; h misangisangy. LASCIVITÉ, fijejojejóana, fijilajilána, filan-dratsy, hasilasilan-dratsy, fisangisangiána, h pelipélika.

LASSANT, LASSER, Mahavoly, máhadisaka, mankadisaka, mankámókotra, máhasásatra; mahaméñina, manótraka. Se —, voly, méñina, dísaka, mihíasásatra. LASSITUDE, hadisáhana, vo FATIGUE; vandrózana.

LATANIER, Dimaka..

LATÉRAL, An'ila; Partie —, ny aníilany, ny ila ny.

LATIN, LATINITÉ, LATINISME, Fiteny ny *Romains* talóha, Latiny. LATINISER, Mañova tény hampitovy ázy amy ny *Latin*; Manáo fitény Latina. LATINISTE, Mahay Latina.

LATITUDE, Ny halavirana amy ny *Equateur*; hatahirana; sóritr'antsákany; halaláhana; ny malálaka; tsy misy fetra.

LATRIE: Culte de—, ny Fanompóana any Zanahary hlany.

LATRINES, Traño fangeréana; ? maromandelia.

LATTE, Hazo lava fisaka; lelahazo, fitoro-pisaka; hazo lava mátity, sila-kazolava, vatritra. vo háratra; fanántana, fafánantanana ténóna; vovoñankáraka. LATTER, Mañisy lélahazo amy ny, mamono silakazo azy. LATTIS, fitóroka fisaka, fitoropisaka; háratra, fáfana atafo, fáfana ávóvona,

LAUDES, Ny dera, fiderána.

LAURÉAT, Nahazo voñinahitra, nasíana fehiloha timaso ny vahóaka, manam-pehi-loha.

LAURIER, Añaran-kazo tsy malazo; ravintsára. fg GLOIRE.

LAVAGE, fanasána, h fanozána. —, fisotro matsatso, sósoa be rano loatra, ro be ráno.

LAVANDIÈRE, Viavy mpanasa lamba.

LAVE, Ny vato teno mitsororóka avy amy ny *Volcan*; ny aloa ny *Volcan*.

LAVE-MAINS, kapila fanasána táñana.

LAVER, Manasa; h manóza. Se —, — téna, lahára, táñana; Se — le visage, misáfo, misándry. Se — le corps, iniséka; mandro. Se — d'un crime, midio, mandio téna. Donner à —, manóndraka. Étoffe qui se lave, misása, mióza, sasána, fisasána. LAVEMENT, Fanasána; —, fanasan-tsinay, fanasam-bótraka.

LAVETTE, Voro-damba fanasan-kapila.

LAVEUR, LAVEUSE, Mpanasa; mpanóza.

LAVOIR, Trano fanasana.

LAVURE, Rano-nanasana? rano-ntsasa? oza-ndovia; faikana.

LAXATIF, Fanafody mampandeha, mamotso-bòtraka, h mampiválana, mampangéry.

LAYER, Manao lalan' éty an'ála.

LAYETTE, Akanjo njaza vao ho teraka; lamba-njaza mena.

LAZARET, Trano *ou* tany fitahána ny vahiny avy amy ny tany misy arétina, trano fitahána ny maráry.

LE Jour, Ny andro; Les hommes, Ny ólona, Ry ólona. Je le vois, mahita azy aho, hita ko izy. Je les appelle, mañantso reo (*ou* zareo, azy) aho, antsóvi' ko reo *ou* zareo, h antsoi' ko izy. vo Ley.

LÉ, Ny antsákany ny lamba, singan-drary, singana, ampóhiny, sákany.

LÈCHE, Silaka mofo matify.

LÉCHER, Milélatra, h milélaka.

LEÇON, Ànatra, fianárana, fañanárana; teny ianárana. Donner des —, mampiánatra. Lui Faire la — mañánatra azy, mamindra ánatra amy ny.

LECTEUR, Mpiventy taratasy. vo Lire. LECTURE, Fiventesan-taratasy, h famakian-teny, fitetezan-tsóratra, fizakantaratasy, fizahán-taratasy, fitorian-taratasy.

LÉGAL, Andráriny, amy ny hitsy ny, márina, mety, mañáraka ny lálana, añóhany, anérany. LÉGALISER, Manamárina, Mankamárina, mahamety, mahatò. LÉGALITÉ, hitsy ny, hamarinana; fañarahan-dalána.

LÉGAT, Iraky ny *Papa*.

LÉGATAIRE, Ny o omen-draha, omen-káfatra, añampairandraha. LÉGATION, Ny raharaha ny Iraka, ny tany fehéziny ny iraka.

LÉGENDE, Angano, tantara, tetiarana; filazána, h filaza.

LÉGER, Maivana, maivañivana. vo Leo, faingan-tóngotra, maivam-bity, miembonembon-jery, manjiona, miovaova, tia vao; kely; endrinéndrina, mora foana, miangatrangatra, tsy mahárita, tsy réndrika jery, tsy matoy fañahy, fánina, fanimpánina; kàboka, kabok'aty. LÉGÈRETÉ, Haiváñana; h fahamaivana. vo fiovaována; fitiavam-bao, saimpotsy; hevitr'ambony, fiemboneinbonanjery, haendrinendrénana, hadaladaláña; tsy fitandrémana, halakiana.

LÉGION, Toko miaramila.

LÉGISLATEUR, Mpanao diditany, Mahadidi-tany; h mpañome lalána. LÉGISLATION, fanaôvana diditány *ou* malon-tány, h lalána. LÉGISTE, o mahalala ny....

LÉGITIME, Mety; amy ny mety; tsisy tsiñy, Tsy rarány ny diditány, tsisy fetra, tsy ampetra, márina, andrárany,

mahitsy, tsy diso, mañáraka ny laláua; biány, izy hiany, izy tokoa; áraky ny laláutany. Épouse —, vady heny, ankitiny, edy, an-trano. Enfant —, zánaka an-traño, tsy ampásina, h tsy zazasary, ? tsy nangalarim-piteráhana, zánaka amy ny lalambady. ? mabitsy fiteráhana, tsisy tsiñy. Roi —, mpanjáka natsángana, naórina, ankitiny. LÉGITIMEMENT, amy ny hitsy ny, andráriny, mañáraka ny didítány ny Zanahary. LÉGITIMER, Manamárina, mankamáriua, mañitsy, mankahitsy; mañala antsa (*ou* handra, éngoka, tsiñy) azy; manao ho márina fa tsy ho zaza-sary. LÉGITIMATION, fanamarinana. LÉGITIMITÉ, ny toetra maňáraka ny didítány, toetra márina, toetra andráriny; hitsy, hamarínana.

Legs, Haréana omeny ny olona ho maty námana, háfafatra, harena voa háfatra; h vo tolobóhitra, tolobolótara; z atao ho lovain'iano. LÉGUER, mañome, mánólotra; h manáfatra; vo mañampaitra.

Légume, Áñana ndre ino ndre ino, g hani-mainty, h haninkótrana, g hanimbókatra. vo lóndona, lengo, lengolengo, herotrérony. Plante LÉGUMINEUSE, áñana mamihy añaty hóditra otry ny ambátry; áñana mamoa hani-mainty.

Lendemain; Le —, ny andro fañáraka, ny amaray, h ny ampitso; rah'ampitso, lah'amaray. Jusqu'au —, h ? ambarapahamaraina ny andro; ? hatra-maraina. LE — matin, *dites* LE matin, *ou* kiak'andro amaray.

Lénifier, Mahalemy, mankafonty, mankamora. UN LÉNITIF, fañafody mahalemy, mampahalemy toy ny ménaka ahoso-pery.

Lent, Votsa, votsavotsa, tsy maláky, tsy malady, tsy féngaña; miádana. vo LAMBIN, moramora foana, mavesabésatra, h mivozavoza, h mivozivozy; h somararetra, mivosavosa, ánoka, miánoka, tsivinitra; malálaka. Marcher, parler lentement, miádana, miádana dia; votsa dia; miadam-piteny, miadam-bava. LENTEUR, Havotsána, havotsavotsána, fiadánana amy ny fanavan-draha, h havozavozána; h fibanébana, darèsaka, kirindreva.

Lente, Atody nkao.

Lentille, Voan'áñana fisapisaka; ? voantsanjy. —, fitáratra mivonto añila ny roy táhaky ny *Lentille*. LENTILLEUX, maro tebotéboka, mitentinténtina, taindalérina.

Léopard, Biby masiaka miramira amy ny piso misoratsóratra.

Lèpre, h babokána, boka; pv ? tahéna; vo GALE; ? mangina-hómana. LÉPREUX, h boka, olom-boka, pv ? misy tahéna; ratsi-hóditra. vo kóko. LÉPROSERIE, trano fitahána (h fitsabóana) ny boka.

Lequel, Laquel, Zay, Izay, Izy; —? Zovy? Iza?, ny aiza? LESQUELS, Izay, reo, zareo. —? Ry zovy? ry aiza? Les hommes, Ny olona, reo olona.

Lèse: Crime de — majesté, h héloka be an'Andriana, fankaratsiana ny mpanjáka. LÉSER, Mandratra, manimba, mandrómbina, mankaratsy, mandróbaka. Se —, maratra.

Lésine, vo Avarice. LÉSINER, Être Avare, tsy mahafoy, matity.

Lésion, Fanimbana, faharatóna, harombiñana, vo DOMMAGE, BLESSURE.

Lessive, Rano-ndavénoka, Rano-njofo, rano mahasasa. LESSIVER, Manasa amy ny —.

Lest, Ny vato atao ambany ny sambo fañarémana azy: vato tsy mampihilangílana.

Leste, Maláky, malady, mavío, maívana, mávingana, mavítrika.

LESTER, Mañisy vato fanarémana anaty sambo.

Léthargie, Toromaso mañantambo, h torimaso be mánindry. h? sodriantory; h fahatoriana. fahatoróana. Sommeil LÉTHARGIQUE, toromaso hérimy ny faty. ? sondriantory.

Lettre, Sôratra, taratasy; vo foto-teny, létatra. — de change, Taratasy atakalo vola, *ou* fividíam-bóla. Les —, ny fahaizan-taratasy. LETTRÉ, niánatra, mahay taratasy.

LEUR pays, ny tany NDREO, ny tany Njareo, k ny tany Ny. LEUR parler, mivólana amin-dreo, amin-jareo, ámy ny. Le leur, ny an-dreo, an-jareo, h ny azy. Leur rendre visite, Mamangy reo, zareo, azy.

Leurre, fg fitaka fitarihana, ôfana, h jono. LEURRER, mamitaka mitárika an-dro may, mandátsaka an-tsóboka.

Levain, z masimásina mampitombo ny mofo, laro; fanásina, fanasirána, ny masirasira; vo Fade.

Levant s, ny antsiñánana, sk atiñánana; ny tany fiposáhany ny masoandro. Le soleil —, ny masoandro vaky, mipósaka. Peuple LEVANTIN, Fahitr'ólona any antsiñánana.

Lever vc, Máñentana, mañónjona, mambeta, manángana, mambata, mambatabáta; mañenga, manainga, manóndrotra, mamoha; mampifoha, mampákatra, mampanonga; mañoitra. — la tête, miándra; — loha; manandra-loha; mañangan-doha; h mitraka. — les yeux, miandra-maso, manandra-maso; vo miandrándra; — l'appareil, Mañala, mañesotra lotsatsa; des trompes, maka o ho miaramila; les impôts, mampandoa hetra. Se —, Miónjona, mitsángana, mifoha, miéntana, miárina, misándratra, mivôhitra; comme le soleil, mipósaka, vaky, misého, miákatra. Se — de table, miéñga amy ny, miala. — n, Misóndrotra, miákatra.

miónjona; mingitringitra; --, vo GERMER. -- par un bout, mianganga, mitsingánga. Aller tête LEVÉE, mianganga mandeha. La brise est LEVÉE, Efa látsaka ny tsioka. Le LEVER s, ny Fifohàzana, fionjónana, fitsangánana. --- du soleil, vakiandro, vaky masoandro, ny fipotsáhany ny mahamay, kiak'andro. LEVÉE, Fanangánana, fanonjónana; faŭentánana.

Levier, Fañoirana, fañoitra; fañonjonan'éntana mavésatra; fañentánana. Lever avec un —, mañoitra z.

Levis: Pont --, Tetézana ampakárina sy ampidínina.

Lévite, Reo *Israélites* zafy ny *Lévi*. Levita. Reo mpitahy ny mpijoro tamy ny *Juifs* taloha.

Lévitique, Ny taratasy fahatelo amy ny *Pentateuque*.

Levraut, Zánaky *Lièvre*.

Lèvre, Mólotra, soñy. Repentir des ---, Valombava. Sur les ---, an-tsoñy, ambava.

Lévrier, Amboa lava-váva abo vity mpañiana *Lièvre*.

Levure, Vôry ny *Bière* fatao *Levain*.

Lexicographe, Mpanao *Dictionnaire*. LEXIQUE, Dikisionary.

Lézard (gros), Andróngo, antála, sitry; Petit ---, antsiantsy, py antsantsa; Petit — vert, Tsátsaka.

LÉZARDE, androngo vávy. ---, vakiváky amy ny rafibáto; vo CREVASSE.

Liaison, Firaíhana, h firaisana, fanohízana, fitohízana, fihaóñana; famehézana, fehy, tohy, fandrafétana, fikambánana. En ---, mifaméhy.

Liane, Vahy. vo — mafy &.

Liant, Malémy, mafonty; madity. —, malemy fañáhy.

Liard, Vòla madinika indrindra tòkony ho vary efabetty. ? eranambatry.

Liasse, Fehian-taratasy miharoharo. --, Famehíana.

Liban, Vóhitra amy ny *Syrie*.

Libation, fañidiñan-devéna hañomezam-boñináhitra ny *Idoles*; Idin-draha fijoróana, fañátitra aidína, loha-joro aidína, joro aídina.

Libelle, Taratasy fañasahána. LIBELLISTE, mpanoratra ómpa.

Libéral, Mañome be, matárika, mahafoy vola, ti-hirása, ta-hanome; miantra, tsy matity. LIBÉRALITÉ, fhataríhana, fahatarihana, fañomezam-be, firasána be, h, fiantrána, tsy fatitíana.

Libérateur, Mpamótsotra, mpañávotra, mpañáfaka, mpamélona; mpamonjy.

Libérer, Mañáfaka, mamótsotra, mañávotra, mandefa, mañandefa; mamóaka; mamaha. Se —, — teña; mankefa

trosa; mañitika raharaha èntina. LIBÉRÉ, áfaka, vótsotra, nalefa.

Liberté, Havotsôrana. — d'agir, Lálana, faliefána hifidy, safidy, fifidiánana, fahafidiana. Etat de —, Havotsôrana, fibareràna, toetra tsy misy sákana. — trop grande, familiarité, antikántika, kantikántika, fiantikantéhana, fikatrakatráhana, fitsintsefórana, fisengisengíana. Prendre la —, Mihantaliánta, mitosy, misengisengy, h miangolangola. Agir avec trop de —, trop LIBREMENT, être trop LIBRE, Miantikántika, mikatrakátraka, mitsintséfotra; h alikalika, mialikalika, h satriatria, misengisengy loatra; mahasáky loatra. vo mikamikamy, mikanéfoka, mikatróaka, minehaneha; minekoneko.

Libertin, Libertine, Korombémbana, pv Jengajenga, ngely, ngelingely; mañira-bátana amy ny ratsy, tsy mamebátana, maromaso, miandravavy, mindralahy, h jangajanga, h mijejojejo, h mijangajanga, h mipelipélika, g manantsontsan-toérana. LIBERTINAGE, fitondran-teña ny korombémbana, toetry ny ngely, tsy fameram-bátana, h fijejojejóana, h fijangajangána.

Libraire, Mpivárotra lívatra (*livres*), mpivanga taratasy, mpamidy boky. LIBRAIRIE, fivarotan-divatra.

Libre, o Tompo ny teña ny; tsy sakanan-draha, tsisy fetra, tsy ampétra, vótsotra; vóhitra, andriana, bosína, tsy manompo, áfaka, tsy teréna, mibarera, manan-dálana, tsisy sákana, mibaranahy; manampahefána, manampifidiánana; tsisy *meña*, tsisy fady; mety, azo. — FAMILIER. Trop —, vo à LIBERTÉ.

Lice, Tany ifañalána hazakázaka, fiadívana, tany fampiadívana ombilahy. Loh'alo fiadiana.

Licence, Tsy fahaizam-petra; fisengíana, fahasahian-dóatra; —, vo LIBERTÉ trop grande. —, vo Libertinage. La — de faire, lálana hanao; famelána, fañafáhana.

Licencier des troupes, Mañáfaka maramila, mampandeha, mañandefa, mamótsotra, mañome lálana azy. manome taratasy famotsôrana. LICENCIÉ, nomena taratasy famelána; áfaka, vótsotra, nalefa.

Licencieux, h mijejojejo, pv mijengajenga, h mijangajanga, silasila loatra, sarepehézina, mañantsóntsana, ratsy be.

Licite, Mety atao; tsy rarána, tsy ampetra, tsisy fetra; márina. Agir licitement, tsy mañota, mañáraka ny malontány.

Licorne, Kaka tokan-tándroka.

Licou, Tady famehézam-bózona ny sovaly handrohízana azy, famatoran-doha ny sovaly.

Lie, Fékana, godra; tay ny, loto. — du peuple, Rorohan-

tay n'olona, mpanosi-ähitra, faraídina.

Liége, Hodi-kazo malemy fatao takon-tavohangy *ou* fatao tséntsina.

Lien, Kofehy, famehíana, famehézana, tady, famatórana, famahórana; h mahazáka.

Lier, Mamehy; mamáhotra, mamátotra, mamehifehy. manohy, manohitohy, mandrohy. Se — à q, — tena amy ny. Se — (ensemble), mifamehy tena. vo mandrékitra, mampiray, manámbana.

Lierre, Anaran'áhitra tsy malazo mandady ka mandrékitra maré.

Lieu, Tany, fitoérana, tokotány. En tout —, amy ny — ziaby, amy ny daholo. En quelque — que ce soit, na aiza na aiza; ndre aia ndre aia. Dans un autre —, ankafá. J'ai — d'être surpris, tòkony ho tsérika aho. En second —, Amy ny láfatra, lábatra, rántina faharoy; ny faharoy. Avoir —, Arriver. En tenir —, misolo, misoatra azy, solo ny, soatra anazy. Au — de maison, asolo trano, atao solo-trano. Au — que, Fa; vo fanga, kandeha, ka, kanjo, kanja.

Lieue, Lálana mahampy dia telo arivo; teloarivo síngana; *Mille* telo.

Lieutenant, Solo, solontena, solotena; faharoy, h diminoinahitra, h léfitra, h lefitranátiny.

Lièvre, Sakavavimpiso maláky milomay.

Ligament, Ny ózatra mahery mamehifehy ny taolan'olona, ? fehintaólana. Plante ligamenteuse, ákitra mivolimbolim-báhatra.

Ligature, vo Lien.

Lignage, Karázana, h taránaka, tetiárana, ? tetirázana. firazánana; h tamingiana, ? tohilany, hávana, zánaka; Rázana.

Ligne, Rántina, láhatra, h tsípika, andáhatra, andínika, andálana, sóritra, táriny, sáriny, rantiranty, filahárana. Ecrire hors de —, amy ny sorítana tavela. Mettre en — de compte, manatao anaty isa. —, tady fanitsíana z, h tsípika, h fitsípika, fitsipihana; Tady fanorítana. —, Tady famintánana, tadi-mbintana. Troupe de —, Miaramila miránti-na amy ny tron'ady. — de Circonvallation, hady vory, hady manodidina.

Ligné, misoritsóritra, somóratra.

Lignée, *Zánaka*, zafy, atéraka, taránaka, tamingana.

Ligneul, Taretra be fanjaifan-kiraro.

Ligneux, karaha hazo, be hazo; maha-hazo. Se lignifier, Manjary hazo, mody hazo.

Lignivore, Homan-kazo.

Ligue, Firaihan-jery hanao z, fihavánana, fifanekéna, h

firaisana tétika, h kaondoha, pv haon-doha; fihaôñan-doha. vo? kitsina, ? kitsona; andániny, fiandañiana. LIGUER, mampiraiky, mampikaon-doha, mampihaon-doha, mampifañéky; h mampiray tétika; mamehy. Se —, mifamehy tena, miraiky jery; miray tétika, mifañeky; mikaon-doha, mihaondoha; miandány amy ny iano. vo mikómy, miódina.

Limaçon, sifotra an-tány.

Limaille, Vovo-bý, vovo-baráhina.

Limbe, Fitoérany ny zaza tsy nahazo batemy. fitoerandreo Olo-márina naty taloha navíany i Jeso-Kry. Fitoeran' añaty ny tany. ny ambany ny tany.

Lime, Tsôfa. vo Ravin' ampály, ohim-pay. Limer, manôfa, manatsôfa; vo mamay, mañampay, mifay, manampály.

Limite, Fieférana, Éfitra; fáritra, lañy, sísiny; fetra; faritány, fefy. Limiter, mañisy fieférana, Mañéfitra, maináritra. vo Borner. Limitrophe de .., antsisiny, amórony, amy ny fieférany ny ..; Mipáka, mifify amy ny; qui sont —, tokam-pieférana, mifañila

Limon, Fótaka, fota, tany mandrévo, faikana. Limoneux, be —, magódra.

Limon, Voasáry, voamándina; Tsoha be rano. ? voangy mámy. limonade, Rano-mboasáry. limonier, hazombosáry, vodi-mboasáry.

Limpide, (Rano) Mangarangárana, madío, mazáva. Limpidité, hadióvana mangarangárana.

Lin, Añaran' áhitra misy farôratra atao lamba tsára; h ? rongony; ? haríry; ? lamba-ndróngony.

Linceul, Lamba afoño ny maty, foño-mpáty.

Linéament, Ny soritsóritry ny sóra n'ólona.

Linge, Lamba. vo síkina, táfy, saimbo. haríry. Linger, Lingère, Mpitahiry akanjo, mpikajy lámba, mpañompy síkina; mpiambin-dámba; mpiahy lámba. Mpivaro-dámba. Lingerie, Traño fañompian-dámba, fikajian' akánjo, h fitehirizan-dámba. fivarotan-dámba.

Lingot, Anja-bola, volongam-bola, vongambola. h akorambola; Vola mivalólana *ou* mivalóvoka..

Linguiste, Mpahay ny teny n'ólona.

Linteau, Tataombaravárana.

Lion, Añarany ny mpanjáka ny biby rehetra. Lióna. vo songaomby. lionceau, zana-diona.

Lippe, mólotra ambany be.

Lippitude, Nana mitsororóka avy amy ny maso; h tsopitsopy; didimaso. vo Chassieux.

Lippu, Be mólotr'ambany.

Liquéfier. vo Fondre. se —, manjary rano,

mody rano.

Liqueur, Rano-draha, Tóaka mamy, barandy; fisotro mahery.

Liquide, Aídina, toy rano; rano, toe-drano.

Liquider, mandio, mañáfaka, mañala ny vola n'ólona amy ny. mankéfa trosa.

Liquoreux, (Dívena) sady mahèry no mamy.

Lire, Miventy (*ou* Mamaky, mizáka, mitety, mizáha, manóñona) taratasy. — dans le cœur, mahita ny am-po.

Lis, Voñinkazo fotsy jiaka.

Lisible, (sôratra) azo vakína, azo ventésina. Écrire lisiblement, manao sôratra mora vakina.

Lisière, molo-damba, mólotra, sisiny. vo akotsó.

Lisse, Malaña, malámatra; malamalaina, madoso; h malambolambo. LISSER, Mandama, mandámatra, mankalámatra, mankadóso, mikásoka, mipásoka, h mandambo. LISSOIR, Fipasóhana, fankadosóana, fandama.

Liste. vo CATALOGUE; tetezan'añarana, tohitohi'nañarana.

Listel, Kíra fihamínana amy ny riba.

Lit, Fandriana, kibány, farafara; láfika, lafi-pandriaña. Bois de —, kibány, farafara, h komby, h valolana, h valolavana, h tantaribe. — de terre, láfika tany; de sable, lafipásina. — sur les pirogues, kitrantrá. — de rivière, Maso n'oñy, maso-ndrano, alo, aloalo. Faire son —, Mandáfika, mandámaka; manajary fandríana.

Litanies, Fijijiana, filaharan-dava.

Liteau, Hazo-lava matify; vatritra.

Literie, z fandríana ndre ino ndre ino.

Lithographie, Sôratra amy ny vato.

Lithomonie, Ny mañisotra vato ao amy ny tavaniana.

Litière, Lafik'áhitra andriany ny aomby. —, Fitakóñana; tákona.

Litige, Ankány añatréfany [ny mpimalo; ady amy ny fitsarána; adiady. Droit LITIGIEUX, Fady azo iadivana.

Litre, Bakoly fañeráñana rano. Litra.

Littéral, Mañáraka isan-teny. Sens —, ny fótony isambólana.

Littérature, Fahaizan-táratasy, Fahaian-tsôratra.

Littoral, ny Morondrano, añolodrano, sisindrano. — a, amorondrano, mañolo-drano, antsisindrano.

Liturgie, Ny Teny sy ny fatao [amy ny fijoróana; ny fanaóvana joro, ny teny fisorónana.

Livide, ? mangana. LIVIDITÉ, ? hamangánana. vo Blême, Pâle.

Livraison, Fanolórana, tólotra, tolo-táñana.

Livre, Taratasy ; g livatra , h Boky (*Book Anglais*). LI-

VRE, Anaram-balo-mizána; aṅaran-danja.

LIVRÉE, Ny tafy famantárana ny andriana tompóina; fitafiany ny mpanompo.

Livrer, Manólotra; maṅome; mahafoy, mandao, mamela. Se —, — teṅa. — bataille, mandraṅitr'ady, manantátr' ady.

LIVRET, Taratasy hely féntina misy aṅáran-teṅa.]

LOBE de l'oreille, ny Ravin-tsófina.

LOCAL a, Amy ny tokotány raiky fa tsy amy ny daholo. — s, tany, fitoérana; toetry ny tany.

LOCATAIRE, Mitoetra amy ny traṅo tambázana; mpanamby traṅo, h manofa.

LOCATION, Fanambázana, famondróana.

Locomotif, Ny mamindra, mampifindra tany; ny mandronjy, mandroso. LOCOMOTION, fifindran-tany, fandrosóan-dia.

LOCUTION, vo LANGAGE.

LOFÉR, Manétra tsioka, misótroka, mitánjaka azy.

Loge, Traṅo kely, éfitra. Maison LOGEABLE, traṅo azo onénana, azo itoérana. LOGEMENT, Traṅo, fonénana, fitoérana, traṅo miéfitra. LOGER q, mampiandraṅo o, mampónina, mampitoetra o an-draṅo. — n, mónina, mitoetra, misy. Se —, mifidy *ou* málaka traṅo.

Logique, Faṅitsiam-páṅahy, fandaharan-kévitra mahitsy, faṅareman-jery; fahaíana adi-jery. LOGICIEN, mahay ny —; maharesy amy ny adi-jery.

LOGIS, Traṅo, fonénana, fitoérana.

LOGOGRIPHE, vo Énigme.

Loi, Malo, diditány, sk lilitány, didy, lily, h laláná; faṅiráhana, faṅasána, fanapáhana. vo Hetra, randran-tarihina, fandriandriany, vontady, fetra, fepétra. Recevoir la — maṅeky.

Loin, Lávitra. vo lasandávitra. Très —, lávitra indrindra, h andakira. Un peu —, plus —, LAVIDÁVITRA. — de moi, (absit.) Azanizány, eha, eisy, g saṅatria, bitra. Il vient de — en —, malánka fiavíana, malálaka fiavíana izy.

LOINTAIN, LÁVITRA, mihátaka, tsy misehoseho.

LOIR, Biby mira amy ny voalavo be mandry foana fihariríñina.

LOISIBLE, mety atao.

Loisir, Andro malala-draharaha, andro foan'asa, halalahan-draharaha, andro. anelanelan-draharaha, aṅelanelan'asa. à —, amy ny andro foan'asa, anelanelan' asa. Qui a du —, malala-draharaha, malalak'asa, misy andro.

Long, lava. Un peu —, lavalava. Temps —, andro ela.

Cable ---, tady abo. vo lavareny, lavararatra, dangadanga, dingidingy, lingilingy, langalanga, rakopiarany; mitezotezo, milenjolenjo, milénjotra; mikararavy, miraviravy. — à l'action, ela fanaovan-draba; manela, miela; vo Lambin. Le — de la mer, vo Longer. Dix brasses de —, Refy folo ny halavány. Les bois de —, ny hazo andávany, ny andávany. Mets-le en —, ataovo an-davany, ataovo manáraka ny andávany. Tomber de tout son —, lavo miandrongo. vo mitsótra, mitozozotra, mivátra, mivabátra.

Longanimité, Fo mahàritra, fo mandéfitra, fo mandíñy, fandeférana, hamoram-pañahy, fahadiñásana, fiarétana! ny mahari-po.

Longe, ánjaka, hosin-dava. — de bœuf, h mananétiny, ny hena andávany ny lamósina.

Longer la mer, mañólotra, mañáraka, mañaraka amórony ou antsisiñy.

longévité, Ny haelány ny andro fiaíñana.

longitude, Sóritra andávany; ny halavírany ny tany Atsiñánana amy ny andréfana.

Long-temps, Ela, lehánika. Très —, elabé; ela zay, izay ela izay, ela dia ela. Pour —, ho ela. Depuis —, Il y a —, ela; laitrizay, laitr'elazay, hatrizaihatrizay. être —, mañela. Le faire durer —, manela, mankaela azy; vo mañántitra azy. Après —, à la longue, Efa nahampy ela, efa nahampy elaela. Qui vit —, où longuement, ela ou lava havelòmana; vélona ela.

longuet, Lavalava; ela, aboabo.

Longueur, Halaváua; h sandávany. habósana. Des —, teny lavareny. En —, andávany. Tirer en —, ac Mankaela, mankalavalava, mañela, mampihazohazo, mitari-dava; n, ela, miela, mañela, mihialava.

longue-vue, Maso-lávitra.

Loquace, Mivolambólana lava, vavána, vo Babiller, Jaser; et h miketsóketso, h mingenongéno, h mimenoménona, mitefintéfina. Loquacité, vo Babil.

loque, Voro-dambo. En —, efa vóroka, triatriátra, triatriáka.

Loquet, Gadra-mora famodíam-baravárana. h fihazonam-baravárana, fitanan-tamíana; hidy onjónina.

Lorgner, Mizaha mañorírana, h mangárika, h mibánjina, mangala-pijery, h mitsingíoloka, mañara-boamaso, mañiry, pv manéritra, mijeríana, mitséndrina azy. —, mitáratra azy.

lorgnette, Lorgnon, Maso-lávitra kely; fangaríhana, fijeriánana; solomaso; h ? fitsingíolóhana.

lors, adv. Tamy ny, laha tamy ny, raha tamy ny. — mê-

me, na dia, ndrc. Pour —, amy ny zany.

Lorsque j'étais malade, Laha, h raha zaho narary, Tamy ny nararia'ko, tamy ny zaho narary. — il eut parlé, Lahefa nivólana, h rehefa niteny, h nony efa niteny izy. — j'irai, zaho koa handeha; Izikoa *ou* Raha zaho handeha. vo fony.

Lot, Anjara, anjady, rasa, zara; toko, tókona, antókony. Divisé en —, mitokotoko, h mitsinjara ; voa tsinjara, voa rasarasa.

LOTERIE, Filokam-bola, ? fanaôvana mosalahy.

LOTION, Ody fanasána; fanasána.

Lotir, Manokotoko, manokontókona; mirasarasa, maninfijara.

Louable, Tôkony hankalazaina, h tôkony hoderaina; h dera. VO LOUER.

Louage de qc, Fanambázana, famondróana, h fanofána; sara, tamby. De —, tambázana, fondróina, saráña.

Louanges, Teny fankalazána *ou* fadazána, h fiderána, fañaboabóana, fañañoañóaña, fañengiana, fandazalazána; Déra. Qui recherche les — , te-hoderaina , h ? tefitra. Louanger, Miberadera, mandazalaza loatra.

Louche, LOUCHER, Ambala-máso, ambevi-máso, ambálana. h njola. ? mitsopiaka.

Louer q, Mankaláza, mandaza, mañaboabo, mañañoaño, h mañavoavo; h midera, mañengy, mañandríana, mandrengy o. Se — , — teña, — vátana.

Louer une piroque, Manamby, mamondro; manara, manofa. Se — à q, Mitamby, mifondro, mikarama, malaka tamby, mala-póndro, maka karama amy ny o. Il se loue cher, saro-pondro, sarotra tamby, be karama izy.

Loup, Amboa-dý, h amboa-di*a*. (Quand on parle du loup on en voit la queue,) vo Masimposaina.

LOUP-GAROU, songaómby.

Loupe, Fitáratra vory mivóhitra añilany roy ka mampitombo ny z tarâfana; ? h Andohandámbo; fitáratra mampitombo. —, tóñona, kiambo, vonto. Arbre LOUPEUX, hazo be tóñona, toñónana.

Lourd, Mavésatra. vo Mahavésatra; mavesabésatra, mafónja, mafonjafónja, manjéngina, votsa, maónjana, montamonta, dómbo, dómona, mivaikavaika, miraikiraiky. —, LOURDEAU, mavesa-tsaina, barabara saina, tahontáhona, Badrahódra, Tóndrina, tondrendrena, tsitondrítra &, vo GROSSIER; marofarofa táñana, *et* miahoaho, mavesa-bátana. mandronjirónjy. Marcher LOURDEMENT, mibekabéka, h miletaleta, militalíta, pv mibitabíta. Le jeter —, manónta, mandabóboka, mandalabóboka azy. Se jeter —, miantónta, miantréka, miampôfoka.

LOURDERIE, hadalána be, hadombóana, babadrahodrána.
LOURDEUR, havesárana, fihavesárana. vo litalita, Bitabita.
LOUTRE, Aharam-bíby karaha píso.
LOUVE, *Loup* vávy, amboády vávy.
LOUVET, (sovaly) mivolon' amboa dý.
LOUVETEAU, zanak' amboa dý.
LOUVETER, miterak' amboadý.
Louvoyer, Mivirivíry, mivilivíly, miolikoli-día an-dranomásina tahaky ny sámbo.
Loyal, Marin-toetra, marim-báva, marim-pó, mahitsifó, tsy manan' ám-po, tsy mamitaka, márina. —, tsy miharoráno. LOYAUTÉ, hamarinan-toetra, hamarinam-po, hahitsiam-po, hitsim-báva; ? fankatóvana.
Loyer, Támby, fóndro, karáma; h hofa. Donner à —, vo LOUER.
LUBIE, vo Caprice, Fantaisie.
Lubricité, vo LASCIVITÉ, Firóhany no fo amy ny o hafa díany.
Lubrifier, Mandáma, mandámatra, mankaláma, mankalámatra; Mahalambolámbo; mankadóso.
LUBRIQUE, vo Lascif.
LUCARNE, Varavaran-kely ambóny; kápika, hírika.
Lucide, Mazáva, mazavazáva, mamirapíratra, mangírangírana, mangerakéraka. Fou qui a des moments —, o adala mody saina indraikindraiky. LUCIDITÉ, hazavána, famirapirátana.
Lucratif, Mampahazo vola be *ou* tómbo be, ahazoambola-be, mahavókatra, mahasoa, fanjatóana.
Lucre, Tombo, tómbony tomboam-bárotra, ny azo; ny azó ambony; harena.
LUETTE, ? Tendakely; ? lanilány.
Lueur, hazavan-dratsy; herakéraka; fisehoam-betibety. ÉCLAIR, pélaka, pelapéláka, pelapélatra, pilapílaka. vo Jeter une faible —, mazava ratsy, mazavazava, mangerakéraka, ? mamelovèlo, mipelapélaka, mahelatrélatra, mangílotra, mangilokíloka.
Lugubre, (antsa, taraiña) malahelo, mampalahelo, mahalahelo, mampanjomóka, manjorétra, manjomótra. (sora) maiziñízina.
Lui, Izy. Lui-même, Izy hiány, Izy edy, Izy lany tena ny, ny Tena ny edy. De lui-même, ho Azy, maimaimpoana. C'est à lui, h Azy izany, pv Anazy zany, sk Anány zany, pv nihin'azy zany. Lui parler, mivólana Amy ny, *ou* Amin' Azy. Lui nuire, mandrátra Azy.
LUIRE, LUISANT, Mangílotra, mangilokíloka, mihilontrílona, mangílotrilotra, mipilopílotra, mipelapélaka, mipela-

pélatra, mamirapíratra, manelatsélatra, mandimándina, mihalontrálona, minendonéndo, manirén drina. Ver luisant, hiréndrina, kiréndrina, h haréndrina, h ? angamenavava. Le luisant, ny hílotra, hilontrílona, híloka, hilokíloka, pilopíloka.

Lumière, hazavána, fahazavána, zava; ny mazava; ilo, fañilo, fañilóvana. Apportez-la —, ento aty ny fañazáva. — du fusil, hírika, lóaka.

Lumignon, Vodinjiro támpitra, lahinjiro manétroka, tapa-jíro ho maty.

Luminaire, Fañazava, fahazavána, fanazavána. —, fañilo, jiro, fañilóvana.

LUMINEUX, Mazava, vo BRILLANT.

Lunaire, Momba ny vôlana. Rayons —, dio-mbôlana, diavôlana, diompanjava, davôlana; tsiritsirim-bôlana

Lunaison, fiovány ny vôlana, ? herimbôlana, ? vôla-mipáka.

LUNATIQUE, adala manara-bôlana; h ? seli'ny.

LUNDI, Alatsinainy, tsinainy, sk tinainy, alatinainy.

Lune, Vôlana, sk fanjava. Le clair de la —, ny diavôlana, mazávambôlana. Nouvelle —, volan-tsínana, volambao, volan'antety, fanjava antety. Sans —, Maizimbôlana. Pleine —, fenománana. vo Vôlana. Toute une —, iray vola-mipáka.

Lunette, Solo-maso, indra-maso, maso míndrana, ambara-maso, sôsoka-maso. — d'approche, maso-lávitra.

Lustral, (andro, rano) fañafánana; mahadio. Lustration, áfana, fañafánana, fandióvana; fañalam-bisa.

Lustre, vo le LUISANT, le BRILLANT. —, VO CANDELABRE. Un —, hadimian-taona, taona dimy. LUSTRÉ, vo Luisant.

LUSTRINE, Lamba malama matify verambérana.

LUT, Fótaka atámpina kapóaka atao amy ny afo.

LUTH, Valiha be indrindra.

Lutin, Lolo, lolololo, kaonkaona, tsikaonkaona. —, ESPIÈGLE. LUTINER q, Mahasôsotra, mitsibotsíboka, mikotrankótrana azy.

Lutrin, Latábatra fivoríana hiantsa, antóka fiantsána, Tsangan-kazo fiosébana.

Lutte, Tólona. vo ady, tari-baníana; tolonjaza. LUTTER, Mitólona, mitolontólona, manao tari-baníana, mifamimbátana, mifampitólona, miady, miadiady; mifandavo; mifananjatánjaka. vo mitrafantráfana, miézaka, miolanólana; vo mikidikidy, mifañatikátika. vo BOXER. — contre les flots, miady ny ríaka, mitánjaka, mifáhana azy, manao di-doha, ? miantoto maty, mamaly toto, mamaly ronjy. LUTTEUR, Mpitólona., mpiady.

LUXATION, Déboitement.

Luxe, Fihaminan-dóatra, fandaniam-bola, be amy ny fihamínana; fiomanan-dóatra, fiangiangiana; Tabíha; fitabihána. Qui a du —, mihamin-dóatra, mangiangi-toetra, Mitabíha; be fihamínana, lila-pihamínana, lila-pandaniana.

Luxer un os, Manatsóaka, manóaka, mampipitsoka taòlana. Se —, matsóaka, mibítsoka.

Luxure, Filan-dratsy,fahalotóana, fitiávana ny fatao maloto. VO LASCIVITÉ.

Luxuriance, fitombóana be indrindra, h Rongaronga, pv rondraróndra, faharoróhana, ròroka, bolobolo, lenodénoka, roborobo. LUXURIANT, Mamóa be, mirongarónga, mirondraróndra, miroborobo, maròroka, milobolobo, milenodénoka, mibolobólo.

Luxurieux, tia fahalotóana, mpanao halotóana, maloto, mpila ratsy; VO LASCIF.

Lymphe, Ny z mangarangárana toy ny rano aňaty ny vatan'ólona. Lymphatique, misy *Lymphe*, mitondra *Lymphe*.

Lynx, Biby karaha piso mazava maso indrindra. Qui a des yeux de —, h mahiratra, mahita indrindra, ? mamongátraka maso, ? antsanjy maso.

Lyre, Valiha, jejy. Lira. LIRIQUE, mifaňáraka amy ny *Lyre*; foantsaina amy ny *Lyre*.

M

Ma maison, Ny traňo Ko.

MACAQUE, ? Várika, ? ankomba, ? Gidro.

MACARON, mofo mamy madínika.

MACARONI, Tárika-mofo, tari-mofo, vahi-mofo, makaròny.

MACÉRER, Mampijaly vátana, mankafatifáty, Mankalilo azy.

MÂCHEFER, Tai-mbý.

MÂCHELIÈRE: Dents —, Ny vázana.

Mâcher, Mihòta, mitsako, mihotahota. — sans ouvrir la bouche, h mitsakómoka. vo mihómoka, maňímoka; maňómoka. vo mandínika, mitsamotsámona, h manetokétoka, miramondrámona, mandramondrámona, manetitétika, manorotóro, maneokéoka, manepoképoka. — et sucer, Misík*a*, mamíaka, mifiaka. vo CROQUER.

Machinal, Atao foana, tsy ombána jery, tsy misaina, tsy asian-tsaina, atao ny vátana foana; tsy nahy.

Machine, Antsínika somalík*a* fizavaran-draha; fanavanjávatra; Antsínika mifaméhy fanavan-draha. fiasána. — en fer, vi-somalika.

Machiner, Mamóron*a*; un complot, — jery hiódina, mamoron-tsaina hiódina; mandrary, maňiraira, misaina, mi-

satsaina fiodinana. MACHINATION, famoronan-tsaina, fanaòvan-tsaina, famandripandrihana.

Mâchoire, Ny taòlam-bava, taòlan-tsaòka; h valañorano; h ? adisaona. vo somaka, saoka. Qui à mal à la —, h vakiadisaona. —, mavesa-tsaina, adaladala.

MÂCHONNER, mihotahota, mitsakotsáko. vo terendela.

Mâchurer, Mañósotra maintina azy. —, manao ratsi-hósotra. MACHURÉ, malóto hósotra, ratsi-téntina.

Maçon, Mpandrafi-bato, mpiasa vato, mpandrari-vato, h tambato. —, Fáraka; h fonaraka. vo Angely. MAÇONNAGE, MAÇONNERIE, Rari-vato, fandranténam-bato, taovato, traño-vato, roho-vato. MAÇONNER, Mandrafi-bato, mandrary Vato, miasa vato, manovontovom-bato, manao tovombato, manao traño-vato *ou* roho-vato.

Macule, Péntina téntina, panda. MACULÉ, voa —. MACULER, mamindra tentiténtina, manentiténtina, manebotébo-ka, mamentimpéntina.

Madagascar, Madagasikara, Tani-bé, Kara-be, Nosin'aomby, Tani-Malagasy. (*à Tananarivo on écrit*: Madagascar.)

Madame, Tompovavy, tompo ko vavy, andriam-bavy; h Rafotsy; mañangy; vo h indriako, h tsiandriako.

MADÉCASSE, VO MALGACHE.

MADÉFACTION, Fandémana. MADÉFIER, Humecter.

Mademoiselle, Tompo ko vavy (tsy manambady); andóñavavy, kalo, zavavy, raòkivavy, andriambavy.

MADONE, sary ny i masim-bavy Mary.

MADRÉ, Vándana, mipentimpéntina. —, Rusé.

MADRIER, Fafa-matévina.

Magasin, Traño fañompian'éntana, *ou* fitehirizan-jávatra, fikajian-draha, fitoéran-karamaoka, famoriana z maro loha; traño fivarôtana, traño-mbidiana. — à Riz, Ríhana, tóhitra. vo sómpitra, sobika. MAGASINIER, Mpiámbina ny—.

Mage, Ry olon-kendry namangy i Jeso-Kry vao ho téraka. Majy, Mazy.

Magie, Ny fanaòvana antambondraha, ? Hazary, fañazariana; vo kitaritárika, mañenga lávitra, ody mahery; fankatoávana. Magicien, mpihábona manao antambondraha, mpañázary, mpanao ody mahery (*ou* fankatóvana, Sikidy). MAGIQUE, karaha antambondraha; tsy hita zay nanaòvana; mahatéraka antambo.

Magister, Mpampiánatra ny zaza kely; mpañánatra. MAGISTRAL, mivolon-tompo, mihambo tompo; fatao ny tompo; mahadidy, mireharéha, miaboabo.

Magistrat, Mpanápaka tany, mpiféhy, mpañito; ? mpandraharaha, Ráñitry ny mpanjáka, solon'andríana, mpitsalo,

vadintány. MAGISTRATURE, ny fanapáliana, voninähitry ny mpanápaka, fifehezan-tány; By mpanápaka rehetra.

*M*agnanime, *M*atahi-po, mahafoy be, matárika, mañome be, manao be, be z atao, tia be. MAGNANIMITÉ, hatahiram-po, fo-matáhitra, fo-matárika.

*M*agnétisme, ? ny hásiny ny andriambý, ? ny fombany ny andriambý; ? hasindraha mampandry ka mampahazo nofy z maro. MAGNÉTISER, ? mañome ny fombany ny andriambý.

*M*agnificence, Hatarihana, fanomezam-be. —, Famelaram-pihámínana, vela-pihamínana, fitiavan-tabiha, ómana, haingo tsara, fihaingóana, habé, habézana. MAGNIFIQUE, o Tia be, tia tabiha be, tia famirapirátana; tia handány be, matárika, mañome be, mañobohobo, mañabahaba; be fañomézana, tia fidasidasiana, tia fiterána be. —, tsara tarehy, misy pindrony, misy másony, mihámina (*ou* mirávaka, miómana) tsara, mamirapiratra. vo JOLI.

*M*agot, Ankera, Dréınana, havoriam-bola mivony, rákitra, z tehirizina, h gáboka, angabo-bola. —, Antíma be. —, o ratsy sora.

*M*ahométan, Silámo.

*M*ai, h ? Adijady, pv ? Hiahia. vo Vôlana.

*M*aigre, g (O) Mahia; pv mitsíky, h kébaka, makébaka; g mirânkana, mirankandránkana, h mirakoráko, pv mirakaráka; otry karáukana, kely hena, h mitrikatrika, h mihаringáriny, h mihazingáziny. —, tsy nofo, tsy hena. Jour —, andro fady nofo, fady hena. Faire —, tsy homa-nofo, mifady hena, tsy homan-kena. Du —, hena tsisy tavy. Très — h kangoana, kangoaza. vo ety, kely, saozanina, rangirangy, kaôzatra, kémpana, fézaka, kémpana, korabaka, matsora. MAIGRELET, MAIGRET, *M*ahiahia; matify. MAIGREUR, Hia; Hahia, ? hahiázana, fahiázana, h haringáriny, h hazingáziny. MAIGRIR, Mihiahia, mañaly mahia, vao hahia, mihena, manjary mahia. Faire —, mankahia.

*M*aille; *M*aso (nkaráto, maso-ntály). Cotte de —, harato-vy afoño trátra. *M*ailler, manao haráto. —, mampangarakáraka.

*M*aillet, Kanonta-házo, h tantanan-kázo.

*M*aillot, Lamba njáza mena, foño-njáza, famoñosan-jáza.

*M*aillure, ny téntina *ou* ny maso amy ny volon-bórona.

*M*ain, Táñana. vo rantsan-táñana. Entre les —, ampelantáñana, Donner un coup de —, AIDER. Battre des —, vo Applaudir, mirombo. Y mettre la —, Commencer; la dernière —, ACHEVER. Présenter la — pour recevoir, manantv táñana. (p atánty.) De — en —, mifindrafindra; mamindrafindra, mifanólotra, mifañome. Sous —, EN CA-

CHETTE. En venir aux —, mandrafitr' ády. A pleines —, *M*añóvo. — de figues bananes, láfatra, lafitra, holáfatra, ankoláfiny. — de papier, Takélaka taratasy 25; sekin-taratásy, ? holoñan-taratásy. Écrit à la main, sóratáñana, no sorátany ny táñana.

main-d'œuvre, Asa, taozávatra.

*M*ain-forte, Vónjy.

*M*aintenant, Ataonío, Avaizo; h Ankehitríny izao, sk ankahaniány, h ankehitrio, pv ankahatrio. — il vent bien, vao ho tia izy. vo fanga, fangy, sangy, Ary, ary dia.

*M*aintenir, *M*itána; tsy mañóva, tsy mandróbaka; miáro, mankafátratra, mitahiry, maható, mankató, manamáfy. Se —, *M*atána; mateza, maháritra, miáritra, tsy miráva, tsy mióva, tsy simba, tsy áfaka; matána toérana, miaro teña.

*M*aintien des usages, fitanana ny vontady ndrázana. fiarôvana. — de q, fitondram-bátana, fandaisam-bátana. Qui n'a pas de —, tsy mahatondra vátana.

*M*aire, *M*pifehy ny tanána, mpanápaka ny reni-vóhitra. vadin-tány, antontány, mason-dráno. MAIRIE, Renitraño ny tanána, traño sy fiamboniany ny *Maire*.

*M*ais, Fa. vo saingy, saingia.

*M*aïs, Kátsaka, tsakotsáko, tsako. katsabáto, katsabazáha, katsamanga.

*M*aison, Tráño. De la même —, tokan-tráño. Aller en sa —, módy, mandeha módy. — de plaisance, h hadivory kely, tokotány, h tambóho. Les petites maisons, traño fitahána ny olon'adála. Aller de — en —, mitety tráño.

*M*aisonnée, Saletra reo tókantráño; ankohónana.

*M*aisonnette, Traño kely; kitrañotráño, tsitrañotráño, traño fótsy, kivohy.

*M*aître, Tompo, tompoláhy. vo *M*pampiánatra; mahery mahay, mahefa hampiánatra, mahay indríndra; lóhany, mpiféhy, ambóny, mpitóndra, tompon-tráño, tompontanána, mpanápaka. En être —, S' en rendre —, mahazáka, maharesy azy. Faire le —, Se donner pour —, mihábaka tompo; mihambo tompo, mivolontompo, ? mitompo. — d' arme, O fianáran-tsindri-défona, fianaran-tora-défona, fianaran'ády, fianaram-básy &. — d' hotel, mpiahy karamaoka fihinánana, mpitan-draharaha ny traño. — des hautes œuvres, BOURREAU. — autel, Otely he, voalohan' otely. Petit —, mizakazáka, vo FANFARON.

*M*aîtresse, Tompovavy. vo *M*aître.—, Fankatia, sakaiza, viavy sakaizaina, vazo, sombin'aiña.

*M*aîtrise, fiamboniana, fifehézana. ? fitompóana.

*M*aîtriser, Manjáka, mandresy, mandrébaka, mahazáka,

vadintány. MAGISTRATURE, ny fanapáhana, voñináhitry ny mpanápaka, fifehezan-tány; Ny mpanápaka rehetra.

*M*agnanime, *M*atahi-po, mahafoy be, matárika, mañome be, manao be, be z atao, tia be. MAGNANIMITÉ, hatahiram-po, fo-matáhitra, fo-matárika.

*M*agnétisme, ? ny hásiny ny andriambý, ? ny fombany ny andriambý; ? hasindraha mampandry ka mampahazo nofy z maro. MAGNÉTISER, ? mañome ny fombany ny andriambý.

*M*agnificence, Hatarihana, fanomezam-be. —, Famelaram-piháminana, vela-pihamínana, fitiavan-tabiha, ómana, haingo tsara, fihaingóana, habé, habézana. MAGNIFIQUE, o Tia be, tia tabiha be, tia famirapirátana; tia handány be, matárika, mañome be, mañobohobo, mañabahaba; be fañomézana, tia fidasidasiana, tia fiteràna be. —, tsara tarehy, misy píndrony, misy másony, mihámina (*ou* mirávaka, miómana) tsara, mamirapiratra. vo JOLI.

*M*agot, Ankera, Drémana, havoriam-bola mivony, rákitra, z tehirízina, h gáboka, angabo-bola. —, Antima be. —, o ratsy sora.

*M*ahométan, Silámo.

*M*ai, h ? Adijady, pv ? Hiahia. vo Vôlana.

*M*aigre, g (O) Mahía; pv mitsíky, h kébaka, makébaka; g miránkana, mirankandránkana, h mirakoráko, pv mirakaráka; otry karánkana, kely hena, h mitrikatrika, h mihahaingáriny, h mihazingáziny. —, tsy nofo, tsy hena. Jour —, andro fady nofo, fady hena. Faire —, tsy homa-nofo, mifady hena, tsy homan-kena. Du —, hena tsisy tavy. Très — h kangoana, kangoaza. vo ety, kely, saozanina, rangirangy, kaôzatra, kémpana, fézaka, kémpana, korabaka, matsora. MAIGRELET, MAIGRET, *M*ahiahia; matify. MAIGREUR, Hia; Hahia, ? hahiázana, fahiázana, h haringáriny, h hazingáziny. MAIGRIR, Mihíahia, mañaly mahia, vao hahia, mihena, manjary mahia. Faire —, mankahia.

*M*aille; *M*aso (nkaráto, maso-ntály). Cotte de —, harato-vy afoño trátra. *M*ailler, manao haráto. —, mampangarakáraka.

*M*aillet, Kanonta-házo, h tantanan-kázo.

*M*aillot, Lamba njáza mena, foño-njáza, famoñosan-jáza.

*M*aillure, ny téntina *ou* ny maso amy ny volom-bórona.

*M*ain, Táñana. vo rantsan-táñana. Entre les —, ampelantáñana, Donner un coup de —, AIDER. Battre des —, vo Applaudir, mirombo. Y mettre la —, Commencer; la dernière —, ACHEVER. Présenter la — pour recevoir, manantv táñana. (p atánty.) De — en —, mifindrafindra; mamindrafindra, mifanólotra, mifañome. Sous —, EN CA-

CHETTE. En venir aux —, mandrafitr' ády. A pleines —, *M*aňóvo. — de figues bananes, láfatra, lafitra, holáfatra, ankoláfiny. — de papier, Takélaka taratasy 25; sekin-taratásy, ? holoňan-taratásy. Écrit à la main, sóratáňana, no sorátany ny táňana.

main-d'œuvre, Asa, taozávatra.

*M*ain-forte, Vónjy.

*M*aintenant, Ataonío, Avaizo; h Ankehitriny izao, sk ankahaniány, h ankehitrio, pv ankahatrio. — il vent bien, vao ho tia izy. vo fanga, fangy, sangy, Ary, ary dia.

*M*aintenir, *M*itána; tsy maňóva, tsy mandróbaka; miáro, mankafátratra, mitahiry, maható, mankató, manamáfy. Se —, *M*atána; mateza, mahāritra, miáritra, tsy miráva, tsy mióva; tsy simba, tsy áfaka; matána toérana, miaro teňa.

*M*aintien des usages, fitanana ny vontady ndrázana. fiarôvana. — de q, fitondram-bátaňa, fandaisam-bátaňa. Qui n'a pas de —, tsy mahatondra vátana.

*M*aire, *M*pifehy ny tanána, mpanápaka ny reni-vóhitra. vadin-tány, antontány, mason-dráno. MAIRIE, Renitraňo ny tanána, traňo sy fiamboniany ny *Maire*.

*M*ais, Fa. vo saingy, saingia.

*M*aïs, Kátsaka, tsakotsáko, tsako. katsabáto, katsabazáha, katsamanga.

*M*aison, Tráňo. De la même —, tokan-tráňo. Aller en sa —, módy, mandeha módy. — de plaisance, h hadivory kely, tokotány, h tambóho. Les petites maisons, traňo fitahána ny olon'adála. Aller de — en —, mitety tráňo.

*M*aisonnée, Saletra reo tókantráňo; ankohónana.

*M*aisonnette, Traňo kely; kitraňotráňo, tsitraňotráňo, traňo fótsy, klvohy.

*M*aître, Tompo, tompoláhy. vo *M*pampiánatra; mahery mahay, mahefa hampiánatra, mahay indríndra; lóhany, mpiféhy, ambóny, mpitóndra, tompon-tráňo, tompontanána, mpanápaka. En être —, S'en rendre —, mahazáka, maharesy azy. Faire le —, Se donner pour —, mihåboka tompo; mihambo tompo, mivolontompo, ? mitoinpo. — d'arme, O fianáran-tsindri-défona, fianaran-tora-défona, fianaran'ády, fianaram-básy &. — d'hotel, mpiahy karamaoka fihinánana, mpitan-draharaha ny tráňo. — des hautes œuvres, BOURREAU. — autel, Otely be, voalohan' otely. Petit —, mizakazáka, vo FANFARON.

*M*aîtresse, Tompovavy. vo *M*aitre.—, Fankatia, sakaiza, viavy sakaizaina, vazo, sombin'aiňa.

*M*aîtrise, fiamboníana, fifehézana. ? fitompóana.

*M*aitriser, Manjáka, mandresy, mandrébaka, mahazáka,

maharesy, mahareébaka; mifehy, maietry. . . .

*M*ajesté, Handriánana, hadasidasiana, fahandriánana. vo fiamboníana, hamboníana, voninähitra, habe, halehibé, halehibézana, fisandrátana, habôsana; fidasidasiana, dasidasy. g Dosidosy, hadosidosiana. MAJESTUEUX, Be handriánana, miendrik'andriana, midasidasy, midosidosy, hita handriánana, be hadasidasiana; abo tsara, lehibé. vo maorina, maorona.

Onguent, Ménaka ahósotra, Meñak' aody, solik' aody; ody ahósotra.

ongulé, Misy hôho.

Onomatopée, Fanaôvana añárana áraky ny feo njávatra. Añaran-draha alaina amy ny eno ny teña ny.

Ontologie Fahaízana ny fisiany ny závatra sy ny fôtony; filazána ny foto-draha.

Onze, pv Folo raik' amby, h Iraik'ambinifolo. ONZIÈME, Faha — ny. Un —, h ampaharaik' ambinifolo ny.

opacité, Tsy fangarangaránaña.

opale, Vato soa fotsifotsy.

opaque, Tsy mangarangárana.

opéra, Filaolaôvana misy mozíka sy diñy.

Opérer qc, Miasa, manao, mizávatra, mitsabo azy, ? mahatonga. — n, (aody) miasa, másina.

Ophthalgie, Hôtsoka foana amy ny maso. Ophthalmie, Areti-maso mav. Remède OPHTHALMIQUE, Aódy máso.

opiler, opilatif, vo OBSTRUER.

Opimes: Dépouilles —, ny babo vóndraka azo ny taléntáñka namono ny talé ny fañavalo.

Opiner, Mimalo am-po ka mañambara ny jery ntena. misaina, mijéry, mihévitra, mandrékitra jery.

OPINIÂTRE, S'OPINIÂTRER, h Mitompo-teni-fántatra. vo Obstiné, Entêté. OPINIÂTRETÉ, fitompoan-teni-fántatra. vo Obstination, Entêtement.

Opinion, Hévitra, jery, malo, saina, ? tsato-hévitra, teny tompóina, malo ntena. De même — , ? tsato-tókana.

Opium, Aňaram-paňafody. mahamamo-toromaso. h ody mampatory.

Opportun, Tonga amy ny andro tókony, avy amy ny izay andro ilana indrindra. tsara andro avíana, amy ny fótóana, tsara andro nahatongávana; mety, tókony, márina. OPPORTUNITÉ, Ny hatsarány ny andro ahatongávana *ou* aviany; andro azo anaóvana. tsy hadisoam-potóana. andro tsara hanaóvana. OCCASION.

Opposé, a, Tandrify, aňatréfana, aňatréhana; maňátrika. — à, s'Opposer à, miady, manóhitra, manetra, misótroka; mandrara, misákana; mifáhana, mitóha, mitánjaka azy. Rafy ny. Opposés l'un à l'autre, mifaňandrify, mifaňátrika, mifampitátana. S'opposer l'un à l'autre, être en opposition, miady, mifanóhitra; mifanohitóhitra, mifampisákana, mifandrára, mifandrafy; ? mifampitóha. mifaňesotra, mifankalávitra. OPPOSER qc à, maňisy sákana *ou* sámpona. Ce que l'on y oppose, ny Asákana, asámpona, atóhitra azy. OPPOSITION, Sákana, sámpona; fisakánana, fiadíana, fanohérana, ? fitohána; faňatré. ana. Faire —, S'OPPOSER.

Oppressé, Tsindrían-draha; séhoka. vo ACCABLÉ. OPPRESSER, mahaséhoka, mankaséhoka; manindry trátra, mandétra tratra, mahory.

Oppresseur, manindry. Gouvernement —, fanjakána manindry ny vahóaka.

Oppression, Fandrembíana ny kely; Terihátoka, fanindríana, tsindry, ? hatsindríana, fahoríana, fahalahelóvana, h fiazanabórona. — de poitrine, ASTHME.

OPPRIMER, Mandremby, manindry o ; manao terihátoka (*ou* fiazanabórona, forovato, ankery ny), manery, maňitsaka, mahory, manday fady mandremby.

Opprobre, vo HONTE, *et* faňalambaráka; tsiňy, faňalamboňináhitra.

opter, mifidy.

Opticien, mpanao z fizahána otry ny masolávitra sy ny solomaso; mpaňao zava-pitaráfana.

option, Fifidiánana; safidy, fifidiana, fidy.

Optique s, Ny fahalalána ny maso sy ny fanavan-java-pitaráfana toy ny masolávitra. —, a, amy ny maso, mampahita.

Opulence, Haréana be, fanáňana be, h harena be. OPULENT, be haréana, feno haréna, hénika faňáňana ; mananhárena, hénika, mpaňarivo, maňarivo, manam-be, ngétroka, tovinjaka, fenotsóka, manefohefo, métroka, trema, tremalahy, maňontáninióry.

Opuscule, Taratasy filazan-jávatra madinika; asa kely.
Or, Vola-mena; sk fanjava-mena. *Age* d'or, Taona mahafináritra.
Or, *Conj.* h'Ary, Dia. vo koa.
Oracle, Vólana avaly ny Zanahary; valy; vali-vólana, vali-teny, famaliana; vava, vavató. Qui rend des —, mahavaly.
Orage, Orambáratra, ranon'oran'ombam-báratra; tafiodrívotra, rivo-dahy ombambáratra, rivo-be, fororo, fororo be, ? valazy, rívotra miforóaka, kotrok'ôrana. ORAGEUX, mandrivotra, misy váratra, mamáratra.
Oraison, vo DISCOURS. —, Fijoróana, fivaváhana, vávaka.
Oral s, Lombo-doha ny Papa.
Oral a, Amy ny vava, tambava; notoňónina. Loi —, malo nifamindrán'olona laza.
Orang, *ou* Orang-outang, Antimabe misary olombélona; Babakoto, sakavavinolombélona. vo kalanóro, anakíana.
Orange, Voasary mamy; Tsohamamy, voantsohamamy. ORANGÉ, mivolo voasari-mamy. ORANGER, hazo voasari-mamy. ORANGERIE, Vóli-mboasarimamy. Faňompiam-boasarimamy.
Orateur, mpitori-teny, mpivólana. mpandaha-teny; mahalahabólana, mahavava-bólana, mpaňadidy, mpiveuty kabary; mpikabaro, mahay mitény. Style ORATOIRE, Ny fataombólana ny mpitori-teny. Un —, Traňo hely fijoróana *ou* h fivavábana.
Orbe, Fihodidínana, fitsingerénana; fari-bory. ORBICULAIRE, bory, vory, vorivory, kivorivory.
Orbite, Ny Lálana ombány ny Masoandro va ny Anakíntana. —, Ny traňo ny maso. Œil qui roule dans son orbite, maso miharinkárina. —, Ny fáritra amy ny masombórona.
Orchestre, Ny Tokotány ndreo mpanao mozika. — Havorian-dreo mpanao mozíka.
Ordalie, Fitsarána amy ny z masiaka toy ny afo, ny rano, ny tangéna; fandióvana o. vo ampanga.
Ordinaire, Matétika, mazáňa; fatao, h fanao; zárina; tatao mazána, fatao ny maro, fatao isanandro, fohita, foreňy. Il a un bon —, Tsara hánina isanandro, fihínana tsara izy; ny foháni'ny tsara. C'est son —, fatao ny zany. Q —, ólona foana, ivaiva, iviva, tsy be laza, tsy manan-daza. ORDINAIREMENT, Matétika. J'y vais —, fandeha aňy aho. vo F.
Ordinal, Miláhatra, milaza ny láhatra.
Ordinand, Ny o efa hankamasíniny ny *Évéque.*
Ordinant, Ny *Évéque* mankamásina o. Mpanamásina.
Ordination, Ny fankamasínana o ho mpijoro; fanaôvana *ou* fanosòrana mpisórona.

Ordonnance, Malo, didy; teny fanirâhana, fanasána; teny. —, Láhatra. Habit d'—, Akanjo ny miaramila, akanjo voa fepétra.

Ordonnateur, Mpandáhatra, mpanina, mpanôhotra, mpaninahína; mpanasa.

Ordonné, bien —, Tsara láhatra, tsaraína.

Ordonner un festin, Manôhotra, mambóatra, maninahína, mandáhatra, manajary, mamétraka fihinánana. — un prêtre, manamásina, mankamásina mpijoro. —, Maníraka, manása, mandidy, manápaka. vo Commander. Que l'on ordonne de faire, asaina hatao; à qui on ordonne d'aller, asaina handeha.

Ordre, Láhatra, filahárana, fandahárana; toetra, rántina, tátana. —, láfatra, holáfiny; — Didy, Lily, didintány, malo, teny fanirâhana, teny fanasána, teny fanapáhana, teny famepérana, fepétra. vo Antóka, antóana. En —, Miláhatra, mirántina, mirantiranty, miandálana; andálana, milanto, mitovy tátana, mitovy láhatra, voaláhatra. Mettre en —, Mandáhatra, mandahadáhatra, mandrántina, mandrantiranty, mandanto, mandálana, mampiandálana. Qui a reçu —, asaina, nasaina, niráhina. En sous —, talé misy tompo, asaina, iráhina, inaina.

Ordure, Tainjávatra, áhitra, zézika, z faríana, fako, h antsanga, loto, z maloto, diky, firinga, foringa; tsikoko, lotidótika, pótaka, rati-nkazo. — du nez, tain-delo; des yeux, tai-maso. Ordurier, Maloto, vorery, kapôtra; maloto vólana, mantsimbólana, maloto teny; misy tainjávatra; foringa.

Oreillard. Cheval —, Sovaly lavasófina, kopakopa sófina, misy sófina be mikopakópa.

Oreille, Sófina, tadíny. h lui tirer l'—, pv lui entailler l'—, Manófina azy. Prêter l'—, Manongilan-tsófina, manondritsófina; mitaino, mitsátsika. Parler à l'—, mibisibísika, mibitsibítsika amy ny sófina. Se boucher les —, Manentsintadíñy, mamono sófina. Avoir la puce à l'—, tsy tafandry, miahiahy, osoñin-draha mampiahiahy. Se faire tirer l'—, mihemotrémotra, malaindaiña, mila taribin-tsófina. Dur d'—, madi-tsófina, maréñina, h karénina.

Oreiller, óndana; fihalánana. s'appuyer sur un—, mióndana. L'appuyer sur..., manódana azy.

Oremus, Fijoróana, h vávaka, fivaváhana. —, Isika mijoróa.

Orfèvre, Mpanefy vola; mpizava-bola. Orfèvrerie, fanefiam-bola, fanefem-bola. Vola voa tefy.

Organe, Ny tokotanimbátana mahareñy z, toy ny lavatsófina, ny vav'órona &;ny fahareñésana, ny fiaínana. L'— de l'ouie, ny fahareñésam-bólana; ny tadiny —, Fanaô-

vana; fiasána; fahareñésana; elañélana, fitenéna, vava. vo Faha—. ORGANIQUE, misy fahareñésana; —, Mifañáraka.

Organiser, Mañisy fahareñésana; mañisy fiaiñana. —, mamórona; mizávatra, manao, mandáhatra, mamorónkona, manohitohy, mandrónkona; mampifañáraka, mandráry. ORGANISATION, Ny Láhatry ny fahareñésana amy ny vátana; filahárana, fandahárana, fanohitohizana. —, famorônana, famboárana, fampifañaràhana, firaihana.

Organiste, Mpititika vatra mañeno. h mpitendry vatra mañeno.

orge, Aǹaram-barimbazáha ratsiratsy.

Orgies, Finoman-tóaka omban-tabataba; Raloba mitabataba, Toak'omban-draloba.

orgue, Vatra-mañeno.

Orgueil, Fiavoña vóñana, Avonávona, fiavóñana fievaevána. fiaboabóana, fiavoavóana, fiamboambóana; vo FIERTÉ, *et* pv Tehotebo, h tehateha, pv tefotefo, pv tefontéfona. ORGUEILLEUX, Mpiavonávona, mpievaeva *ou* miavonávona, m ievaeva; miamboambo, mitána fiavônana &. vo FIER, *et* m itehotebo, mitefotefo, mitefontéfona, h miefokéfoka. lohavaingo-tsimanao rándrana; miafonáfona; mianganga.

Orient, l'—, à l'—, Atsiñánana, sk Atiñánana. ORIENTAL, ao —, añy —. LES ORIENTAUX, Ry o —, mónina añy —; ny Antatsiñánana. vo EST. ORIENTER, Mañitsi-lálana *ou* Mañitsi-dia azy hank'amy ny Zoron-tány ny; Mampaniñánana azy; ma ñérina azy amy ny zoron-tány, mandáhatra; mamboatra. S'—, mizaha ny Zoron-tány éfatra; mamántatra ny zoro ntány, mahay ny zorontány.

Orifice, Lóaka idirana, vava.

Oriflamme, saina, berámbona.

Originaire d'Imérina, Ant-Imérina, avy tañy Imérina, avy amy ny Imérina, terak'añy Imérina añy.—, avy amy ny.

originairement, Taloha, fahiñy; laha tány.

Original, Somila natao; faharaiky, voalóhany. — s, ny —; ny sôratra fôtony ny sásany, ny fôtony, ny loha ny sásany, ny taloha; ny aviany *ou* ihíaviany ny sásany. —, o hafahafa, kabiaka. vo BIZARRE.

originalité, vo BIZARRERIE.

Origine, Ny fôtotra; tombóana, fanampônana, fôtotra aviana; aviany, ihíaviany; lóhany; nivelômany, iboáhany, isehóany. D'une — inconnue, h ? Taindronirôny.

Originel, Avy amy ny fôtotra; tamy ny fôtotra, laha tañy, taloha indrindra.

Oripeau, Takela-baráhina mamirapíratra, z ambara volamena; tsy vola, mihodi-bola.

orme, ormeau, Aǹaran-kazo.

Ornement, vo Décor; et kiany, farejo, kiankiany, romaroma, romborombo, rondrorondro. orner, vo Décorer; et h mampiómana, manómana, manámina, mañéndrika. S'—, vo se décorer; et mifarejo, mietra, mirávaka.

ornière, Lalan-dasarety, dia-ndasarety (*Charrette*).

Orphelin, o Mati-ray amin-dreny, boty, h kamboty; mati-hávana; velomihiafy. vo asorotanitsisatry. orphelinage, toetry ny kamboty, tsy fanañan-dray amin-dreny. orphelinat, Traño ndry zaza-boty.

Orteil, Ankibe ntóngotra. Petit — au pied du bœuf, hotro kely.

Orthodoxe, Márina finóana, mahitsy finóana, momba ny finóana mahitsy. orthodoxie, hamarinany ny zava-pinóana, hahitsiany ny z inóana; finóana márina, fañaráhana ny finóana mahitsy.

Orthographe, Fanôratra tsy diso, sôratra tsisy ota; tsy hadisoan-tsôratra, fañitsian-tsôratra. Orthographier, Mañitsy sôratra, manôratra márina, tsy manota sôratra.

Ortie, Ahitra marofátsika; Tankilotra, Ampisý, h agy; vo Sampivato; amiana, miana; Chardon.

orvet, Bibilava tsy mankarary.

orviétan, Contre-poison.

Os, Taôlana. Qui n'a que la peau sur les —, Mirànkana, mirankandrànkana; karánkana; h mirakorako.

Oscillation, g Hebiheby, g helihely; h helohelo, helinkélina, hevingévina, tsingevingévina. osciller, Mi —.

oscitation, Bâillement.

Oser, Mahasáky, mahasahy, h sahy, sahisahy. Je n'ose pas l'aborder, tsy saky ko (*ou* tsy sahy ko) hatóñi'ko izy. vo manao-vi-véry, manerahera. Hardi.

osier, Firitsokazo famehian-draba; Viko; fiko.

osselet, Taôlana madínika fisomain-jaza.

Ossements, Taôlana maro. osseux, betaôlana, ? taoláñina. —, karaha taôlana. Ossification, fahatongávana ho taôlana, fiovan-ko-taôlana. Ossifier, mañova ho taôlana, mampody ho taôlana, mampanjary taôlana, mahatonga ho taôlana. S'—, manjary taôlana, mody taôlana.

ossu, Be taôlana, maro taôlana, maventi-taôlana.

ostensible, vo Évident; azo tondróina.

Ostensoir, Vola maniritsíry manavanávana fasiana ny Okarisity másina haseho amy ny o. fanehóana; masoandro vola.

Ostentation, Rehareha, h trehatreha, h trehantréhana; h Píoka, h piopioka, hambo, h rezareza. Qui a de l' — ; est Ostentateur, Mi —.

ostrogoth, Añaran-karazan'ólona. fg Impoli.

Otage, Débaka, o adebaka; fitanana, fampitanána; antoka, fiantóhana; ampon-tánana.

ôter, Manala, manesotra, manisotra; manoaka, manatsóaka, mamóaka. S' —, miala, miésotra; matsóaka. midríso. Otez-en deux, Analáo roy izy.

Ou, *Conj*. Deux ou trois, Roy Va telo, Lalia tsy roy telo. h Roa sa telo, roa Na telo, Na roy na telo, ndre roy ndre telo; asa roy asa telo, Válaka roy válaka telo.

Où? *Adv. Interrog.* Aiza? Aia? Où est-il? Aiza izy? sk Aia izy? Où vas-tu? ho aiza anao? ho aia ia? mank' aiza anao? man' aia anao? mandelia aiza anao? D'où viens-tu? avy taiza anao? avy aiza anao? miboak' aiza anao? Où était-il? Taiza izy, Taia izy? Où, *Pronom relatif*, est compris dans la forme circonstantielle du verbe, précédé ou non de Tany, *Lieu*, Je ne sais pas où il était, Tsy hay ko nitoéra' ny, tsy hay ko ny tany nitoéra' ny. D'où il vient, ny avía ny, ny tany avía ny, ny ihavía' ny, zay avía' ny, izay ihavía' ny.

ouaille, Ondry, aondry.

Ouate, Anaram-poly malemy; ? hoto, foly, vembaka. ouata. ouater, Manisy hoto malemy

Oubli, Fahadiñóana, fahadiñávana, fanadiñóana. fahafatesan' árika. Oublié, g hadiño; pv hadiña, sk haliño, haliña. tsy tsiaro, tsy tiaro. Oublier *involontairement*, Mahadiño; mahadiña. p hadiño. *volontairement*, Manadiño, manadina. p hadiñóvina, hadiñóina. vo Tsy mahatsiaro, mamela, tsy mitándrina, tsy mánahy. S' —, Tsy mitándrina teña; manao z tsy nahy. S' —, mora hadiño.

oublie, Mofo matífy mihólona.

Oubliettes, Trano maizina andatsáhana olona ho vonóina mangingína.

oublieux, Mahadiño, mora mahadiño, matí-árika.

Ouest, Andréfana. Le vent est à l'—, Avy — ny tsioka. Le navire fait de l' —, manandréfana, h miankandréfana ny sambo.

ouf! Endré! endray! endrisy!

Oui, h Eny, pv E *ou* He, h Ento. Iá; heka. vo ey? ey! enihoe.

Ouï-dire, Tsaho, tsahotsaho, hono, hónoka, teni-mbahóaka. Par —, reny sófina, reny ny sófina.

Ouie, Fahareñésana, h fandreñésana; Tadiny, sófina.

Ouïes, sofim-pilao, sofin-kazan-drano. Hisany. ? takolakazandrano.

ouïr, mahareñy, h mandré.mitandreñy; mitaino, mihaino.

Ouragan, Rívotra mahery ombána gosy. Rivodahy romóka, tsio-drívotra be.

Ourdir, Mañira, h Mañány. mañiraira. OURDISSAGE, Faniràna, fañaníana. Ourdissoir, Fántsaka fañaníana; kaníana.

Ourlet, Kolípika, Dify, Lify, h vílina. OURLER, Mañolípika, mandify, h mamílina. mandéfitra ny sisin-dámba.

Ours, Añaram-biby be sady bondófoka masíaka. —, o be volo. —, o milefa o. ? lóhotra.

ourse, *Ours* vavy. —, Añaran-kíntana.

ourson, Zanak' *Ours*.

outarde, Vorontsiloza dý.

Outil, (z) Fiasána, fizavárana, fanaôvan-jávatra, fanaôvana, otry ny fándraka, meso, antsoro, tsofa. L'OUTILLER, mañome *ou* mampánana fiasána azy.

Outrage, Fankaratsíana, fandrátana, fanimbána, fañalambaráka; tevateva, fanevatevána, pv tivativa, fanivativána, pv tihitihy, vo INJURE.

OUTRAGER, Mankaratsy, manaratsy, mandrátra, manimba, mañalabaráka, manevateva, manivatíva, manihitíhy, Mañómpa &. vo INJURIER; ÉBRÉCHER, DÉCHIRER. OUTRAGEANT, mahafabaráka, mahaméñatra.

Outrance: Combat à —, Ady mihóatra indrindra, lílatra, masiaka lóatra, tsy misy fétra. Poursuivi à—, hiáñina loatra.

outre, Hoditr'osy maina fikajiana tóaka.

Outre, *Prép. et Adv.* Lavidávitra, Andafy, Ankóatra. Passer —, Mihóatra. Le faire passer —, mañóatra azy. Il est — la rivière, Añy ny rano izy. D'—mer, Andafy ny ranomásina. — la somme, Ambony ny vola, asósoka ny vola. En —, Ary koa, aviteo, ny nasôsoka izany, ny natoby izany. D' — en —, Manintéraka, h tantéraka, pv tintéraka, mandóaka, mamboróaka, lóaka; mamáky.

outré, Lílatra, lóatra, mihóatra ny tôkony.

Outremesure, Mihóatr'ôbatra, mihóatr'érana, lóatra, be lóatra, mihóatra indrindra.

outre-passer, mihóatra, mandílatra.

Outrer, Mampihóatra; Mandroso lóatra. —, IRRITER. —, mahasásatra be lóatra, vo FATIGUER.

Ouvert, Tafisôkatra, misôkatra, mibéaña, tafivóha, mivôha; mibañabáña, misébo, misañasáña, misañáka, mangévaka, mangevakévaka, mangóaka, mangoakóaka, mangoangóana, mangoahóa; veñavéña, mibeñabéña. Tout grand —, Mibañabáña, midañadáña, mivañaváña. A demi —, Mipý, mipipý. Pays —, Tany tsisy rôva, tsy miròva. A cœur —, Tsy manan'ampo, h tsoróaka, h sasaka, tsy mivóny fañahy. Q peu —, ? h o mijahidy, pv ? mijagina, h ? mijadína. A force ouverte, Ankery tsy mamony léfona, tsy mangalatr'ády. Tenir table —, Mampihínana zay míditra foana.

Ouvertement, Imaso ny o; tsy mamony, miharihary, ampahibemaso; tsy ankodiatra, tsy amboho.

Ouverture, Lóaka, Hírika, varavárana, tamíana, lávaka, vava, fivoáhana, fidirana, vaky, tátatra, báña, bánga. —, Fanokáfana, famohána. Fenêtre qui a peu d'—, Tamíana kely vava, kely fisokáfana. — de cœur, Franchise. — d'un compas, fibakabakána, fisabakána.

Ouvrable: Jour —, Andro mety hiasána, andro fiasána.

Ouvrage, Asa. vo h Lahasa, taozávatra, voa-kova, voabazaha, ráfitra, závatra; atao. Ouvragé, nasíana haingo, misy rávaka; nozavárina, zinávatra, vea asa ankítiny; mivendrivendry. Ouvrager qc, Mañisy rávaka *ou* haingo *ou* éndrika amy ny; mañéndrika azy.

Ouvrant. A jour —, Am-pivakian'andro. à portes ouvrantes, Am-panokafam-baravárana.

ouvrer, Manao, mizávatra, manefy, mandrary.

Ouvré. Linge —, lamba misoratsóratra madinika, mivendrivendry; misy sari-mboñinkazo.

Ouvrier, Mpiasa; mpizávatra, mpanao z. jour —, andro fiasána.

Ouvrir, Manòkatra, mamoha, mampibéaña, mamaha, mampisòkatra. vo mamava, mamazavaza, maméraka, maméndrana, mamaky, mamélatra, mañámpatra; mampibekabeka, mamakabáka, mamañabáña, mandañadáña, mambáña, mampibenabéna, mameñavéña, mamohavoha. S'—, misòkatra, mibéaña, mivoha. vo mivava, mibekabeka, mibakabáka, miámpatra, mibañabáña, mivazaváza, mitanatana, mivéndrana; vo Ouvert. S'— un passage à travers, mañivakivaka azy. S'— à q, Mañambara azy ny ampó, manoka-po amy ny, maneho fo amy ny.

Ouvroir, Tany fiasána.

Ovaire, Fitoérany ny atody.

Ovale, Miendrik'atody, taboribory lavalava.

Ovation, Triomphe.

Ovipare, Mañatody,

Oxyde, Okisidy. Oxyder, Manao *oxyde*. —, Rouiller. S'—, se Rouiller.

Oxygène, *Gaze* mitéraka ny maharikívy.

Oxymel, Rano maharikívy miharo tantely.

Ozène, Fery mántsina amy ny órona

P

Pacage, Pâturage. pacager, pâturer.

Pacha, Mpanápaka tokotány añy amy ndreo *Turcs*.

Pacificateur, Mpampihávana, mpampisakaiza, mpampiádana. pacification, Fampihavánana, fampiadánana, fam-

pisakaizána. PACIFIER, Mampiádana o, tany; mampisakaiza, mampilongo, mampihávana, mamitrana o; h mampiónina, h mampiánina, manala fo o; mampandry tany. PACIFIQUE, (o) tia fiadánana, tsy tia ady, tsy mil' ady; mampiádana námana. vo PAISIBLE. Pays —, tany mandry. Hostie —, ? fanátitra hiadánana.

Pacotille, Ny Vidiana maro éntina ny mpilay. Hamaroam-bidiana madinidinika. De —, moramora vidy; maro fa ratsiratsy; maro ratsy.

Pacte, Fañekéna, fifañekéna, fihavánana, Fehivólana. Faire un —, PACTISER, Mifañéky, mifampihávana, mifamehi-vólana.

Pagaie, Fivé, h fivoy; fivézana, fivoizana. PAGAYER, Mivé; mivoy.

PAGANISME, vo Idolâtrie. fivaválana amy ny sampy.

PAGE, Ankizy lahy manómpo ny Andriana.

Page, Ila-ntakélaka, ila-takélaka, Ila-ndravin-taratasy. Ny sôratra an'ila. —, fehian-tsôratra. Mettre en —, Mámehy sôratra. PAGINATION, Ny Isa *ou* soratr'isa amy ny isantakélany, ny márika fanisána ny ilan-takélany.

PAGNE, Saimbo, lamba.

PAGODE, *Idole* any amy ny *Asie*. Traño ny *Idoles*.

PAIE, vo à payer.

Païen, Tsy mahalála Zanahary, tsy mahafántatra i Jeso-Kry; vo IDOLÂTRE.

PAILLARD, Lascif.

Paillasse, Mololo-mpandriana. Un —, O kabíaka mitsikomba hávana; mpampihoméhy.

Paillasson, Tsihy bakôraka (*ou* rary bakélaka, tsihy mangorakóraka) famoram-bity; Láfika; lafi-pamoram-bity. —, Farafara alómboka ny tsabo, lombo-boly.

Paille, Mololo. vo Ahitra, Raty, ratiraty, akáta, bózaka; táhony, taholena. — de riz, Mololo-mbary. —, Antsa, Handra amy ny vy aídina va amy ny vato sóa.

PAILLE-EN-QUEUE, Añaram-borom-pótsy lava vorombody.

PAILLER, Ny Fitoera-mololo; Antóntany mololo.

PAILLET: Vin —, Divay mena mavo, menamena.

Paillette, Lelambola sady madínika matify indrindra; ? ketsa vola, fetsy vola, ketsaketsa. —, Sombimbola, sombintsombim-bola hita anaty ony.

PAILLEUR, mpivárotra mololo.

Pailleux: Métal —, Vy Misy antsa, misy handra, misy vakivaky, misy loadóaka, misy tsy mitohy.

Pain, Mofo, sk mokary, h ampempa. Chercher son —, mitady hánina. — de sucre, vongan-tsiramamy, bolabolantsiramamy, siramamy mivolóngana. vo MASSE —. frais,

mofo vao. — rassis, mofo ela. — bis, mofo mainty, mofo manja. — d'autel, mofo fijoróana, isorònana. — à cacheter, mofo fandokoan-taratasy.

Pair, Mira, mitovy, mora vaky roy, mira, mitovy tátana, sahala, antsahala ; ? antsa. Q sans —, o tsisy fahanámana, tsisy fabaroy, tsy misy námana, mila námana. Nombre —, Isa áñona, isa tsy fañota, isa mora vaky roy mira. Non —, tsy mitovy; tsi-antsa, tsy antsahala. Être — et compagnon, Mifampitovy teña, mifampira teña. Les —, Ry andriandahy mira voñinábitra.

Paire. Une — de bœufs, aomby roy. 5 — de bœufs, aomby lahy folo; aomby dimy mivady. Une — de pistolets, poleta mivady, misy námana. Par —, Tsiroaroa, tsiroiroy, roiroy. vo Somisy, mikámbana. Une — de ciseaux, Hety.

Pairie, Ny Voñinábitry ny *Pair*.

Paisible, Mora, Mántona, miádana, bonéka, bonóka, bonika, jabonèka, h tony, mibonéka, h maótona, mándina, malemi-fañahy, mora fañahy; mora be; ? mandrifaizay; h miónona, miónina, miánina.

Paître n, — l'herbe, (aomby) mihínana áhitra, homambilona, homan'áhitra ampótotra; g miraotra; vo miórotra, mañórotra. — en liberté, h mikarenjy, mikarenjirenjy. vo mibarera, mibarakaika. —, faire — le troupeau, Mampihinan'áhitra ny aomby, manesy ny aomby añy amy ny áhitra, mampiraotra ny aomby; mampihínana azy an-tonda; mamáhana. vo mamahy. Se ---, mihínana; mamahan-troka; mamelon-troka.

Paix, Fiadánana; tsy fisíana ady. vo fihavánana, filongóana; fandriam-po, fiadanam-po; fifañekéna, salama, salamalama, salamanga, hasalamalamána. Pays en ---, tany mandry, miádana. Faire la ---, manao fiadánana; miádana; mivítrana, mibiávana.

paix! paix là! Mangiña! volia!

pal, des pals, Orinkazo marani-doha. vo pieu.

paladin, Andriandahy mireniireny miady.

Palais, Traño n'Andriana, zomba, vala-mpanjakána; Lapa. --- de Justice, Lapa fitsarána, lapa fimalóana.

palais, Ny ambóny añaty vava; Lañilány.

Palanquin, Fitakóñana o; tákona, ? filanjána, fiara, ? maromby.

palastre, Ny ampísany amy ny gadra (*serrure*).

Palatale : Consonne ---, Sóratra toñóniny ny lela amy ny lañilány.

palatine, Tséntsina afoño ndreo viavy vózona.

Pale, Sánjo ny kapóaka fijóróana. ---, ny ampísany ny fivé; ? lambampivé. --- , fiaiñan-drano, vavahadindrano

Pâle, h Hátsatra, hatsàtrátsatra; ? mihoditrovy ; pv hásaka; kótsatra, mavo, mivaloárika, matsora, mavana, malandilandy.
Palée, Orinkazo be lava manjary fefy ; filabaran-tsarodravána.
Palefrenier, Mpiandri-sovaly, mpiambin-tsovaly, mpiahi-sovaly, mpamahan-tsovaly.
Paleron, Ny nofo fisaka amy ny sóroka ny biby sásany. sadròny; rangomaina.
Palestine, Añarany ny Tany misy i Jerosalema. Palesitina.
Palet, Vato fisomaina; ? tsipivato fisaka.
Palette, Tapela-kazo famelézana ny lamba sasána; famely fisaka; silakazo. —, kapila talélaka.
Pâleur, h Hahatsárana, fahatsatratsárana. hahasáhana. ? hakotsárana.
Palier, Tani-márina, fitsahárana amy ny fiakárana; Ambara-tonga.
Palinodie, Fandavána ny teny taloha; fanatsoahan-teny. Chanter la—, mandá, manévotra, mañatsóaka ny teny natao.
Pâlir n, Manjary hátsatra; ? mihiakótsatra, mihiahásaka, mihiaitsoítso, mody hátsatra, mihoditrovy, mivalo fotsy. — ac, Mankahátsatra, mankakótsatra, mankahásaka.
Palis, Orinkazo, hazotafiórina antány, sarodraváua. —, tany mirova hazo.
Palissade, Fefihazo ; orinkazo mamefy, rovahazo, roho hazo; h sarodraváña, pv sarodravaina. ? Aridaina. Palissader, manao —; mañisy — amy ny. vo Enclore.
Pallier, Paliatif a, Manárona ny fôtotra fa tsy mañómbotra azy; Manarom-pôtotra, mandómboka, mamoño. Remède —, Aody tsy mamono fôtotra ny arétina. Un —, tákona, lómboka, foño, sarom-pôtotra. Hôsotra foana.
Pallium, Sampi-ntsóroka ny *Archevêque*.
Palma-Christi, Kináña; tanantáñana. Huile de—, sólika—.
Palme, Rantsan-kazo *Palmier*; Ravim-banty, ravin-kindro. Rantsan-kazo sary ny Fandreséna; voñináhitra. Remporter la —, Vaincre.
Palme, Zehy. Mesurer par —, Manjehy.
Palmé, Manáhakatáñana miámpatra; milámbana; (vórona) tsy vaki-rantsam-bity, ? tabetrabétra-vity.
Palmier, Palmiste, Saletra ny hazo misy ôvaka fohánina otry ny Rafia, ny Banty, ny kindro.
Palmipède, Tsy vaki-rantsan-tóngotra.
Palmiste, Banty, kindro.
Palmite, Ova-drafia, ôvaka, ôvaka-tánavy. En prendre le —, Mañôvaka azy.
Palper, Mitsapa, mitsapatsapa. vo mijabajaba, misafo,

misafosafo, maneritery, mamotsipótsika, manirakira, mandemolemo, mandomolomo. ? mipampana. —, Prendre.
PALPABLE, Azo tsapaina, reñy ny tàñana, mora tákatra, mora azo. —, ÉVIDENT.

Palpitation, Tepotepo ny fo; tsipatsípaka, tipatípaka; totóka; vo emponémpona, tebotéboka, pv kefokefo, efokéfoka, torakóvotra; ? tótotra. PALPITER, Mi— maláky.

Paltoquet, O marokoroko, o valavala; o tsy valahara.

Pâmer n, se —, Tòrana. vo Ana, variana, mihiaréraka. Se — de rire, Toran-kehy, toran-tokíky, mihomehy be.

Pamoison, Hatoránana. Tomber en —, Tórana.

Pamphelet, Lívatra hely faniñíana o.

Pampre, Rantsam-boalómbona misy ny ráviny, b Tahomboalóboka misy ny ráviny.

Pan, Tápany be. — de muraille, tapa-drova be. — de robe, ny ambány ny akanjo, ny miromaroma, ny tápany mihántona, mikararavy; ny rámbony ny akanjo lóbaka. —, ny Ampísany

Panacée, Aody mahatontolo.

Panache, Febiam-bolombórona mihopakópaka asangasánga amy ny sátroka, sangasanga mihopakópaka.

Panaché a, Poule —, Akoho misoratsòratra, vándana. Se PANACHER, manjary vándana, mody misoratsòratra, vao hisoratsoratra. mañaly hisoratsòratra.

Panade, Koba-mofo, godragodra-mofo, ? sosoa-mofo.

Panaris, Bay amy ny lohantondro; h tsevodrano, pv kaka.

Pancarte, Lamban-taratasy be misy sôratra fañanárana o.

Panée. Eau —, Rano nandónana mofo.

Panégyrique, Teny fandazána o. Panégyriste, Mpandaza, mpidera, mpañéngy o.

Paner un roti, Mandrabaraba sombintsómbi-mofo ambony hendy naomby.

Panerée, Eran'antomby, eran-károna; hárona raiky. Une — de pain, Mofo eran-károna.

Paneterie, Traño firasána mofo amy ny o. fañompia-mofo. PANETIER, Mpirasa mofo, mpizara mofo amy ny o.

Panetière, Kitapo fasiana mofo.

Panier, Hárona, Antomby; sobíky, Tanty. Un — de légumes, hárona feno áñana, áñana eran'antómby. vo Mirakitr'ankaron-doabody.

Panification, fanjariana mofo.

Panique. Terreur —, Táhotra *ou* hatairana tsisy fòtony.

Panne, Anaran-damba. —, Ny ménaka amy ny hodidambo. —, Ny madínika amy ny kanonta. Mettre en —, Manao vadi-day mifanákana. Rester en —, tsy milay, tsy mañerin-day hálaka ny tsíoka.

Panneau, Ampisany mifáritra; Talélaka mifáritra. Comme un —, marivo aty, talésaka. —, kótona voatótotra, fándrika. Tombé dans le —, Látsaka ankótona, an-dávaka, ampándrika. PANNEAUTER, Mamándrika, mamoha fándrika.

Panneton, ny tápaky ny fanalagadra míditra amy ny gadra.

PANNON, Saina lava, be-rámbona.

PANSE, Kibo, tróka, vôtraka.

Panser une blessure, Mitabá, mitsabo, miamboatra bay. —un cheval, mitsabo sovaly, mandrókotra azy, miahy azy. PANSEMENT, fitahána bay, fitsabóana fery.

PANSU, Be kibo, be tróka, be vôtraka.

Pantalon, Saimbo salórana, ? Salovan-tóngotra, ? salovam-pe, sarom-pe lava, akanjo-ntómboka, ? salo-bity. Saïmbo-misámpana, saïmbo-vaky, akanjo an-tóngotra.

Panthéon, Traño ivoriany ny zanahary tsy to rehetra, traño iangónany ny sampy rehetra.

PANTIÈRE, Harato famandriam-bórona.

Pantin, Kizanajánaka hetsiketséhina amy ny tady madítsy nika.

Pantomime, Rébika mangiña, Távana fañambarána z toñónina.

PANTOUFLE, Kiraro malemy fatao an-trano foana.

Paon, Voromvola lahy. PAONNE, Vorombola vavy. PAONNEAU, zana-borombola.

PAPA, Baba, Ada, aba, Ray, ikaky, kaky, -iangy.

PAPAL, momba ny *Pape*. Autorité —, fahefány ny Papa.

Papauté, ny Fiamboniany ny *Pape*. Ny handriánany ny Papa.

Papaye, Mapaza, voapaza. PAPAYER, Mapaza, vodi-mapaza.

Pape, ny loha ny katolika ziaby; Papa.

PAPEGAI, voron-kazo.

PAPELARD, Hypocrite.

Paperasse, Taratasy voa sôratra ka tsy ahóana koa, taratasy efa tsy misy fôtony; taratasy ratsiratsy. Paparasser, Mikotrankótrana taratasy foana, manôratra be tsy misy ántony.

Papeterie, Fanaôvan-taratasy; fivarotan-taratasy tsy misôratra. PAPETIER, Mpanao taratasy, mpivárotra taratasy.

Papier, Taratasy. — blanc, — tsy misôratra. vo Takelataratasy, lambantaratasy, ravin-taratasy, sekintaratasy. — de verre, Taratasy fañampalésana. Des —, Taratasy voa sôratra. — monnaie, Taratasy misolo vola.

Papillon, Tsipelapélaka, lailay; ? valalandolo, li lolo. PA-

PILLONNER, mitilintilina, mifindrafindra. vo VOLTIGER.

*P*apillotte, Taratasy hely mamonofoño ny volondoha voa korikóritra. Taratasy hely afoño korikori-bôlo; foño mbombolo; foñontaly, ? saron'oli-bolo. PAPILLOTER ac, mamoñofoño ny vombom-bolo. Yeux qui papillotent, Maso mihetsikétsika foana, mipipý.

*P*apiste, o Mañáraka *ou* momba ny *Pape*.

*P*âque, Paky, Fandróana amy ndreo *Juifs* ho fahatsaróvany ny ńialan-dreo tamy ny Tany Ezípitra. PÂQUES, andro nitambélomany i Jeso-Kry. Faire ses —, *Communier* amy ny *P*aky.

*P*aquebot, sambo miverimbérina mitondra taratasy sy o.

*P*aquet, Entana, fehian-draha, h añéntana, fehézana.— de cannes, fehiam-pary, Mets-le en deux paquets, ataovo roy fehy, roa fehézana izy. vo Angoby, seky, hekimbéhana. En faire un —, mamehy azy, mamory azy. Faire son --, Miféhy handeha.

*P*ar, Amy ny. — terre, momba antety; — la ville, mamaky tanána; — les haut, Mananety; — les marais, manóñaka. — où est-il venu? nomba aiza izy? — où il est venu, ny nombá'ny. --- où passerai-je ? homba aiza aho ? --- ici, (du fleuve) aty ny oñy. -- là, ao ao, ao no ao. Ce n'est point -- là qu'on l'obtiendra, tsy zany no ahazóana azy, tsy zany no hampahazo azy. -- ici par là, ao ao, ao no ao, eo no ho eo. vo — FOIS, -- DEVANT.

*P*arabole, Oha-bólana, oha-teny, ôhatra, oha-draha; fañohárana. PARABOLIQUEMENT, amy ny oha-bólana.

*P*arachute, z mahatanty ny o látsaka.

*P*araclet, Consolateur; Ny Fañahi-Másina.

*P*arade, Fanehóana z ireharehána; famerá hana, famelárana, famoáhana, fañambarána; —, tabiha, rendrarendra, tabotabo, fihamínana, fireharehána, fidosidosíana. En faire —, vo Faire MONTRE, MONTRER; --- de soi, h Pipioka, h pioka, g tabiha. Faire -- de soi, mirendrarendra, mitabotabo. mipioka, mipiopioka, g mitabiha, mamóaka tena, mireharehа.

*P*aradis, Tanimboly mahafináritra nametráhany Zanahary i Adáma mivády; fonéñana mahasámbatra, Tany be hamamíana. —, ny láñitra itoérany ny Olo-másina. *P*aradý, Paradizy. —, ny láfatra ambony indrindra.

*P*aradoxe, Teny misákana ny hévitry ny tany. vólanamiady ny jery n' ólona.

*P*arafe, *ou* paraphe, Sora-biríoka, sòratra miviríoka, sòratra, ? viriobirio-tsòratra; sora-pihamínana, haingontsòratra. PARAPHER, Mañisy —.

*P*arage. Q de haut —, o abo rázana. —, Fitoérana amy ny ranomásina. —, Contrée.

*P*aragraphe, Antokonteny, tokom-bólana; toko-nteny, bongo-mbólana, fehiam-bólana.

*P*araître, miseho, HITA; taláky. vo APPARAÎTRE. *et* miherihery, mibarinkárina, maneriñérina. — grand, karaha be, táhaka be, taláky be, koazáka be, toa be, koa be. vo misary, mivolo. Il paraît que celui-ci ira, Izy no taláky handeha.

*P*arallaxe, Ny Elanélany ny fitoérana isehóany ny kintana sy ny fitoéra' ny tokoa.

*P*arallèle a. Lignes —, Sóritra roy Mitovi-halavirana, mira halavírana, mifampitovy halavírana, mifanáraka halavírana. mitovy tátana, mifampitátana, ? mitovi-tárika, mitovi-tsípika. — s, Fanohárana z roy, fampitatánana z roy hizaha ny fitovía' ny. h fampitaháná. Les mettre en —, mampitátana, h mampitaha reo hanôhatra ny itovía' ny; mampitovy, mampira. Se mettre —, mifampitátana, mifanôhatra.

*P*arallélisme, Ny Fitovian-kalavírany sóritra roy.

*P*aralogisme, Fandaharan-teny ota.

*P*aralyser q, Mahafaty ila o; —, mahafatifáty, mahamatimaty, mahosoa, mahabóka, mamono. PARALYSIE, hafatesan'ila, ny maty ila. PARALITIQUE, maty ila, o mat'ila.

*P*aranymphe, Lehilahy manátitra ny viavy hampakárina amy ny vady ny.

*P*arapet, Rovatány, fefitány, ampiantány; ? sázony, sázoka, fefy fisazóhana; fiarôvana ha-tratra. fefy tsy mahalátsaka am-pámpana.

*P*araphrase, Famelárana teny, famelaram-pôtony ny teny; Teny lavalava milaza ny fótony ny teny sásany. PARAPHRASER, Mamélatra teny, mamela-bólana, Mamela-pôtony ny vólana.

*P*arapluie, Aloka féntina amy ny órana; fiaro-órana, fanari-órana; sarôtro. Se couvrir du —, misarotro.

*P*arasol, Áloka, Alo-bazaha. vo OMBRELLE.

*P*arasite, Mpila hánina an-trano n' ólona, h mitakárina, mpitakárina, pv mpikápoka. vo alikalíka, mifoka.

*P*aratonnerre, Fandri-báratra; fiarovam-báratra, fiarováratra.

*P*aravent, Fiaro-rívotra, riba miaro-rívotra. ? komby.

*P*arc, Vala; fáhitra, h fahy. — à bœufs, Vala naomby, vo fisoko, saha mifefy, kijá. Les mettre en —. mamala, mamáhitra, mamahy azy. En —, Ambala, ampáhitra, ampahy, mivala, mifahy.

*P*arcelle, sómbina, sombintsómbina, tápany kely indrindra.

PARCE QUE je suis malade, Fótony *ou* Akory, h satria

zaho marary. C'est parce que je suis malade que je n'y suis pas allé, je n'y suis pas allé — je suis malade, Ny tsy nandehána'ko tany, *ou* Ny fòtony tsy nandehana'ko tany, zaho marary; ny areti'ko no tsy nandehána'ko tany, ny areti' ko no fòtony ny tsy nandehána' ko tany. Tout cela arrive — il n' y a pas de civilisation, izany rehetra izany no tonga, ny tsy fisiany ny fahendréna. —, fa, nohony.

*P*archemin, Hòditra atao solon-taratasy hanorátana.

*P*arcimonie, Tsitsy, fatsitsíana; tity, fatitíana. h híhitra. PARCIMONIEUX, Tsy mahafoy vola, matíty, matsitsy, h mitsitsy, h mahíhitra kelihoho, ? kelihíratra; mandala be.

*P*arcourir, Mitety azy. vo mamántana azy, mandehandeha, miriorio, mirenirény amy ny; mamakiváky, mamaky azy. Les — des yeux, miraharaha azy, mandriorio maso amy ny.

*P*ardon, Fañadiñóana *ou* fañaríana haratsian' ólona, Tsy fankalilòvana, h famelan-kéloka, famelána ny ota, fiantrána, h fañafahan-kéloka; fandefána o nanao ratsy. Demander —, malilo, mivalo, mibáboka, h mibébaka. vo mifona, milelapaladia, h manalady; mangátaka fitsòfana, *ou* fitsòrana, fañekéna. — ! — ! malilo aho ! mivalo aho ! —, M. Azafady, Ringahy. vo aza maty, mbailálana, mbay, mba.

*P*ardonnable, azo avela, azo aríana, tòkony ho tsy ankalilóvina, tòkony ho tsy tsiñíana. PARDONNER une faute, Mañadiño, mañary, mamela, tsy mañahy, tsy mankalilo, tsy mamaly ny haratsian' ólona. — q, tsy mankalilo o, tsy mamaly ratsy azy; mañárana azy; mandefa, mamótsotra azy.

*P*areil, Mira, mitovy. vo ÉGAL. Il n'a pas son —, tsisy fahanámana. La *P*areille, Valy ny natao n'ólona, famalíana; pv Teny, fitenéna, h tody, fitodíana. Lui rendre la —, Mamaly azy, mamaly mira; pv miteny h manody ny natao ny. Juger PAREILLEMENT, mitovy malo. Je le désire —, Izaho mba tia; Zaho koa mitia.

*P*arement, Sósoka fihamínana, soso-pihamínana. vo DÉCORS.

*P*arent, Hávana: Mpihávana, féhiny, fòkony, h lafy, atihávana. vo longo, fati-drá, Mandongo. — éloigné, havantetézina, lafinkávana. — dénaturé, havantsiaiña, tsinai-homan'áty. — par aillance, Zaotra. PARENTS, Ray amindreny, Reny amindray, h Ray amandreny.

*P*arenté, Fihavánana. —, ny hávana rehétra.

*P*arenthèse, Teny añéfitra; fañeferam-bólana, éfitra, efibólána.

*P*arer qc, vo DÉCORER. Se --, Mandravaka tena &; se DÉ-

CORER, *et* mirávaka; vo mietra, mifarejo, misikina tsara; haingolava. Dont on se pare, Raváhina, firaváhina. PARER le coup, aux coups, mitávoka vango, miary vango, miáfaka amy ny; manody, manódina, manifika, misákana, mandrara vango; miaro tena. —, préparer, apprêter.

*P*aresse, Havozóana, fahavozóana; faholiana; vo fiaránana, hakosiáhana, falaiñan'asa, fahakamóana, fiebóana. PARESSEUX, Mavozo, maholy; kosíaka, matáhotra ho dísaka; vo FAINÉANT; *et* osa, kalaina, malain'asa.

*P*arfaire, vo ACHEVER; *et* mandavorary, manody. mahatantéraka.

*P*arfait s, Ny andro lasa; ny lásana, ny roso; ny teo.

*P*arfait a, Tody, vántana, tsisy antsa, tsisy handra; tsy misy diso, tsy misy tsiñy; tsara tsintr*a*, tsara avokoa, tsara dia tsara, sk senga la senga, lavorary, vita, tantéraka, tsisy aniñíana. vo fiefána, fanamperan'óñy, voa kajy, voa kajy, avy amy ny hitsy ny, avy amy ny máso ny, avy amy ny fandriana, rékitra; ari-tómbana, áñona, voiiona. tsihitavanávana, mahitsy, márina. PARFAITEMENT, Tsara indrindra.

*P*arfiler, Manatsóaka lamba mandeha vola hanaratsáraka ny fôtony.

*P*arfois, Indraikindraiky, h indraindray.

*P*arfondre, Mampimána avokoa.

*P*arfum, Háñitra; Finto. —, fiháñitra, z máñitra, z mafinto, zava-máñitra; fifinto; zava-mañi-pôfona. PARFUMER, Mañisy — amy ny, mankamáñitra azy. PARFUMEUR, Mpanao z máñitra, mpivaro-piháñitra, mpañamáñitra.

*P*ari, Loka, filokána; fañalam-památra; famátra, ? hantónana, lokamanta. PARIER, Miloka, mañala-famátra; ? mifamátra, ? famátra, mifañome hañala-famátra; mifanamby.

*P*ariétaire, (Mandrékitra amy ny rova.) Añarán'áñana.

*P*arieur, Mpilóka, mpifamátra.

PARIS, **Doány ny** *France*. PARISIEN, Anti-*Paris*. Anti-Doány, Antan-Dónaka (añy i-Farantsa).

*P*arité, Hamiràna, fitovíana, fahasahalána.

*P*arjure, Loka mandenga, Fanta-bóboka, fantavandy, fanta-tsiló, fifantána amy ny tsy to. h fianiánan-tsitó; h fañavam-bava azo n'Andriamánitra; fañankinan-denga amy ny Zanahary; h ? ngoso fisaka; —, Loka tsy atody, fanotána loka atao, tsy fanodíana loka natao; loka otaina. —; mpaníana tsy to, mpanao vava azo n'Andriamánitra, mpanao fanta-bóboka, mpanao ngoso fisaka; tsy manody loka, resiloka. Se PARJURER, h Maniana tsy to, mifanta tsy to *ou* amy ny tsy to; h manao fanta-bóboka, Mandenga amy ny Zanahary; h manao vava azo n'Andriamánitra; tsy mano-

dy loka, mañota loka, tsy mahatody loka, mañala teny nafehy tamy ny Zanahary.

Parlage, Verbiage,

Parlement, Ny Fihaóñany ny Mpanjaka sy ny Andriandahy sy ny íraky ny vahóaka. havoriany ny lohólona. Vaisseau PARLEMENTAIRE, sambo mitondra vólana amy ny fahavalo; mpikabary, alálana, añélana, íraka hirasa vólana.

PARLEMENTER, Mikabary fañekéna; mañíraka vólana fañekéna, mirasa vólana ti-hañeky; mivólana, mihiratra, mimalo; mañeky.

Parler de qc, Mivólana, h Miteny, h mirésaka, pv mihiratra z; à q, amy ny o. vo *Causer et* miloa-bava, mikabaro, mirasa vólana, mitori-teny, mañambara, milaza, mibisibisika, mivazavaza, mitárona, mizaika, mirézatra; miantsoro miañòtra, mirada, miradarada, marésaka. ? midalála. mirizariza; antsína. En — mal, en mal, Mivolan-dratsy azy.

Parler s, Fivólana, fiteny. PARLEUR, Mpivólana, vavána. Beau —, mpanao volam-boréraka.

Parloir, Efi-traño fikorañana, h firesábana, pv fihirátana.

Parmi, Amy ny, afovóany, ampovóany, añivo.

Parodie, Teny fañotána teny sásany; soa-bólana mañòva fôtony ny soáfana, fañována hévitra ny volan'ólona. PARODIER un air, Mañisy vólana amy ny mozika.—q, Contrefaire.

Paroi, Ny añaty ny riba, añaty ny ríndrina; ila añaty, ny lañy ny añaty. —, Ny mólotra ny z foañ'aty.

Paroisse, Tanána fehezin'ampijoro; *Église* ny tanána. Messe PAROISSIALE, Mesa ny tanána, ho any ny tanána.

Paroissien, O fehéziny ny mpijoro ny tanána. mónina amy ny *Paroisse*.

Parole, Vólana, h Teny; vava. fahaiana mivólana. vo fiteny, fitenénana, fivoláñana.— donnée petra-bólana, hantombólana, ankimbólana; fehi-vólana. Homme de —, O masimbava. Qui n'a qu'une —, Tokam-bólana, tsy roa vava, iray teny, rai-bólana. Retirer sa —, vo manatsóaka teny, manévotra, mamaha tény; mihémotra. vo mitantevoana; volam-boréraka, volam-bóboka.

Parpaing, Vato fisaka matáhitra misákana amy ny rafibato.

Parquer des moutons, Mamala, mamahy mamáhitra ondry; mampíditra *ou* mañatao ambala, mamótrika ambala. PARQUÉ, en PARC.

Parquet, Rari-hazo; lampihazo miefitréfitra, h rihana. PARQUETER, Mandrari-hazo, manao rari-hazo, h mandrihana, mañisy rápaka miefitréfitra.

Parrain, Lehilahy miántoka o amy ny batemy. Ada amy ny batemy, ada-batemy.

Parricide, Famonoau-dray, vonoan'ada, vonoan-kávana. Mpamono ada; namono hávana.

Parsemer de fleurs, Mamafifafy, mandrabaraba voninkazo amy ny.

PART, Famairana; faitra.

Part, Tápany, tápaka, rasa, zara, anjara; bira, firasána, fizarána, sásany, anjady; bambo, babo; vo zaratokon-teña, zaravilana. vo vadinkóditra, lovantsófina. De ma —, amy ny añara'ko. De — en —. vo D'OUTRE en outre; à —, tòkana; vo zevazeva. Se mettre à —, Mitókana, misáraka, mitokantókana. Mettre à —, Manôkana, manokantókana. Avoir —, Mimbona; teky tápany. Qui a — égale, h misalahy. En faire —, Mirasa amy ny o, manome tápany ny o; mirasa vólana amy ny o amy ny k. Prendre —, Mitahy, mba manao, manôsoka, mañampy azy. Quelque —, eñy, añy; eñy ho eñy; eñy eñy. Quelque — que ce soit, na aiza na aiza, ndre aia ndre aia. Autre —, ankafá, amy ny tany hafa. De — et d'autre on fut content, Ravoravo reo samby amy ny lañy ny, samby niravoravo reo.

Partage de qc, Firasána, h fizarána, fibirána azy. Mon —, anjara ko, zara ko, rasa ko, bira ko, anjady ko. PARTAGEABLE, Azo rasaina, h azo zaraina; azo biraina.

Partager qc; Mirasa, mibira, h mizara z. — en 4, — éfatra azy. Se — en 3, z — telo. Se — d'opinion &, misáraka jery, misara-tsaina; miandáñy, mifandañy, milañy; mifañila. — les mêmes dangers, Tsy misara-draha mahavoa. — en deux, manásaka, maméndrana azy, mirasa roy. Q bien partagé, o be bira, be rasa, be zara.

Partance, Fandehánany ny sambo. En —, efa handeha, manôhotra handeha.

Parterre, Lafi-tany famboliam-boninkazo. — fitoérana ivaiva, fitoérana ambany; Tany kétraka. Au —, amy ny rápaka, ambány.

Parti, Láñiny, Andáñiny. Le — des Blancs, ny — ny Vazaha. Prendre leur —, Miandáñy, miláñy amindreo; momba, mañáraka reo. Chef de —, Mpifehy ny miódina, talé ny ampiódina. Se diviser en —, Mifandáñy, miláñy. Qui a un —, o Iandañiany ny maro; aráhiny ny maro, ombány ny maro, maro mañáraka, maro vavíana. En tirer —, mahazo tombo *ou* zara amy ny. Choisir un —, mifidy anjady, anjara, lálana.

Partial, Manao zaravílana; mitahy sásany, h miängatra; manao mizantsindrianila, miandáñy, tia sásany, tia antsásany, mivolo añilany, mizahatavanólona, manao vórona mitahy hávana. PARTIALITÉ, Zaravilana; h fiangárana, fiandañiana, loabarimitahihávana, tomboantena, fitsarána mi-

tanila, fitahiana anila, fitiávana sásany.

Participe, Vólana mba *Verbe* mba *Adjectif*.

Participer, Mba mahazo; teky tápany, mahazo tápany, teky bambo, manan' anjara, mahazo bira, miara-mahazo; mimbona. h miómbona. — à leur bonheur, à leur joie, mimbon-jara, mimbon-karavóana, miara-miravo amy ndreo. PARTICIPATION, fimbóñana; fahazoan-tápany.

Particulariser un fait, Mandinidinika, mandinika k lazaina; Miventiventy; mañambara tsiraikiraiky; milazalaze ny zañozáño ny ; mitsimpontsimpona, mitsongotsongo, manondrotondro, mitéty, mañisaisa, manokantókana ny tapatápany; milaza ny niandóhany sy ny niafárany; mañoñontóñona; mañatrokátroka k lazaina. —, Milaza nybozak' amin' áhitra. Mivólana o irery; manókana.

Particularité, Ny zañozáño ny k; ny z madínikamitókana, z mañirery, z irery, Dínika, andíniny; ny dinidiníhina, ny ny ráviny ny k; no vániny; ny rantsandrántsana, ny Ongonóngony. Filazána z tsirairay.

Particule, Sómbina; Bítika; teni-bítika.

Particulier a, Tsy imbóñana ny olon-jiaby, tsy anáñany olon-jiaby; tsy maro-mánana, tsy maro tompo; tsy anañan-droy, irery, rérika, irérika; tsy miarak' amy ny sásany; mañirery, mirérika, tókana, mitókana, manókana. En —, Tsirairay, tsiraikiraiky. En —, tsy imaso ny maro; ankodiatra, amboho, an-traño, mangingina; am-pitokánana, am-pireríhana. Q —, BIZARRE, hafaháfa. Chambre —, traño fitokánana, fireréhana; traño ho any irery. Être en son —, Mirery, mirérika, mañirery, mitókana. Chacun en son —, samby an-traño ny, samby mitókana an-traño ny; mitókantókana. Prendre en —, Manókana, manokantókana. Une affection —, ? fitiávana manókana. Qui ont les amitiés —, O mifananjohy, mifananjohizohy, mifameby. C'est — aux Sk, fatao ny Sk foana. Un —, Pik' olona, olona pika; olom-poana.

Particulièrement, Indrindra, Sándraka, lombolombo.

Partie, Tápany, tápaka, ilany, sásaka, sásany, h antsásany, sanámany, anjarany, zara, rasa, firasána; silaka, sómbina. —, VO PARTI, JEU, ADVERSAIRE. Chant en —, Antsa mifampiáraka, miáraka; fehian' antsa. Détruit en —, Róbaka il a, róbaka tápaka. vo vazantány, zorontány; tokotány; tany, fitoérana.

Parti, Il est —, Efa lasa, lásana, Roso izy.

Partiel, somme —, tápany ny vola. —, tsy izy rehetra.

PARTIR, Mandeha, lasa, lásana, róso, loso, mienga, h miaingia, miala, áfaka, milefa; mifindra, mantsafary, manafary, mandroso; mandroso dia; mamávatra dia; —

de, Avy amy ny, mivóaka amy ny. — co le canon, mipóaka; le ressort, mibítsoka. Faire —, laisser —, Manandefa, mandefa. A — de, Depuis.

*P*artisan de q, Momba, mañáraka azy; miandáñy amy ny.

*P*artition, Taratasy misy fehian' antsa, misy ny tapak' antsa ziaby.

*P*artout, Amy ny daholo, amy ny izao tontolo izao, eñy amy ny ziaby eñy, eny kony; eny eny kony, amy ny fitoérana ziaby. — où vous irez, amy ny handehana'nao na aiza na aiza.

*P*arure, Bávaka; fiham͠ínana, fiománana, haingo. vo Décors; h farejo.

*P*arvenir au haut, Tonga añabo, avy. vo Atteindre, misándratra, taf'ákatra, tafanónga. Un parvenu, o ivarázana tafasandra-boñináhitra; nahataka-boñinábitra, nisándratra, nahazo voñinábitra.

*P*arvis, Lafi-bato añatréfany ny *Église*; hamarémana aloha ny varavárana.

*P*as, Dia; sk Lia; pv Síngana; h Díngana. Grands —, h Dingandava, dia abo. Bon —, Diandahy. — à —, à — comptés, miadam-pandeha, miandalandálana. Suivre — à —, Mañáraka dia, mañarakáraka dia azy. Faire un faux —, Broncher. vo mitófina, mitofintófina, mitolatola. Perdre ses —, mañary dia. Faire un —, maníngana; quelques —, maningantsingana. 100 —, síngana zato. Un mauvais —, Tany sárotra iengána, tany mandrevo. —, Défilé. vo Marcher.

*P*as. Il ne veut pas, Tsy mety izy.

*P*ascal, amy ny Paky; Paky.

*P*assable, Tsy ratsy, tsaratsara, sahaza, mety hiany, azo arétina, tanty.

*P*assade, Dia mandalo; fandalóvana. —, fiverimberénana.

*P*assage, Fandalóvana, famantánana, fandehánana; fitána, fitsáhana; lálana; fombána; fifindrána, fiañónana. Donner —, Mañome lálana. Oiseau de —, vórona mandalo, mifindra. passager, Mandalo foana, mamántana, mihélina, mifindra, tsy mitoetra; vahiny, mpivahiny, vetivety, tsy ho ela. — à bord, olo-mióndrana foana, mpióndrana foana.

*P*assant, Mpandolo, mpandeha. Rue passante, Lálana fombány ny maro.

*P*assavant, Taratasy mañome lálana ny vidiana.

*P*asse en mer, Fombána, lálana.

*P*asse, (soit,) *adv.* Mety, zany mety tsy mañino; ataôvo.

*P*assé a, Lasa, lásana, roso, loso, áfaka, maty. Le —, ny —, ný taloha, ny ela.

*P*asse-droit, vo Partialité, Tsy fanajam-pady n'ólona.

Passement, Tady fisaka mandeha vola, Rary, tari-bola, tády vola, rándrámbola, rongo. PASSEMENTERIE, fanávana —. PASSEMENTIER, Manao —; mandrary, *ou* mandrándrana amy ny tari-bola.

Passe-partout, ? Fanala-gadra mahatontólo *ou* mahatókana; fanalahidy mahâfaka ny gadra ziaby.

Passe-passe, Laolao fanangoléna o amy ny z asitritsitrika *ou* avoabóaka, ahelinkélina.

Passe-port, Taratasy manome lálana; lálana antsóratra; taratasy mahalefa.

Passer près, —par sans s'arrêter, Mandalo amy ny. — dans le village, mamaky tanána. — en s'arrêtant un peu, miánona amy ny. — devant, Mihélina amy ny. — par la route, momba lálana; par terre, momba antety; en pirogue, momba lákana. — d'un bout à l'autre sans arrêter, Mamántana azy. — à travers, mamorótaka, mánintéraka. — d'ici là, miála éto mandeha any, mienga eto mifindra any. — outre, mihóatra, mandilatra; mandroso dia, mandeha fóana. — et repasser, Mihelihely, mihelohelo, mihelikélina; mihelingélina, miverimbérina; li mihelontrélona. — l'eau, míta, mitsáka rano. —, Lasa, roso, nandeha, áfaka. —, miôfo, malazo. — par, en touchant, Misérana, mikásika azy, mifótra amy ny. — une phrase, Mamókina, mandika tokombólana. — q en barque, mampita, mampitsáka o. — qc à q, Mamíndra z amy ny o. — qc au de là, Mahóatra; mamindra ankóatra. — de ville en ville, mifindrafindra amy ny tanána, mitety ny tanána maro. — pour grand, Atao ho be, ambara be. — le temps, mandány, manala, mamono andro. Se faire — pour, manao tena ho..... — une liqueur, manávana azy. En — par, manéky. Se — de q, mifady azy. Ne pouvoir se — de, Tsy mahay tsy mánana. vo miésotra, midriso, misosa, mikiarétsaka, mizótra, mitsáhatra, mitsatsatsátsa, mitsetsatsétsa, miborítsaka, manérana, misonónóka, mañindálo, misémbana, mizozozozo, mizotra, mizétra, mitozétra, mibátana.

passereau, Anaram-bórona madínika.

passe-temps, Laolao fandanian'ándro, fañalan'andro.

passeur, mpampíta, mpampitsáka.

passe-volant, Intrus.

Passible, Azo asian-jávatra; Azo ampijalína, maharény arétina. —, tôkony hampijalina. PASSIBILITÉ, Ny ahefány mijaly, ny ahefány ampijalina.

Passif, Ny vóa, ny tsindriana, ny ilatsáhana, ny iantontána; mipétraka, mandéfitra; tsy manao fanaôvana. Dette passive, Trosa n'olona amy ko, vola n'olona amy ko.

Passion, Fijaliana; fandeférana; fangotsóhana. —, ha-

Postérité, Zafy, zánaka. vo tamingiana, h taránaka. Q sans —, o mati-maso. Qui a de la —, velo-maso.

Posthume, Lahefa naty. Enfant —, zaza téraka afárany nifatésany ny ada, zaza naty ada taloha nivelômany. Hon-neurs —, Fañajána ny maty.

Postiche, Tsy izy, tsy tena ny, nakámbina, mandenga. Œil —, masomíndrana, indra-maso, tsi-maso, ambara-maso.

Postillon, Mpañátitra kalesy. Iraka amy ny sovaly.

Post-scriptum, Teny mañampy amy ny taratasy ampi-tondraiña. sósoka, fanampy, fañampiana, farantsôratra, farani-sôratra.

Postulant, mpangátaka híditra, mangátaka ho raisina, mifona ho rambésina; mangata-pidírana.

Postuler, mangátaka raharaha *ou* fidirana.

Posture, Toetra, pétraka, tsángana; fitoérana, fipetráha-na, fitsangánana. Être dans une — inconvenante, ratsy fi-petráhana.

Pot, Kapóaka, bakoly lalin'aty. — à eau, kanovo, siny. —, viláñy.

Potable, azo inómina, azo sotróina. h fisotro.

Potage, Ro-nkena misy mofo na batata koba vóndraka, lasopa.

Potager, Fasiana ánana, misy áñana. Jardin —, fambolian' áñana, sk fitsaboam-pélika.
potasse, Sira hazo, siravóndrona.
pot-au-feu, Ny hena ambiláñy.
pot-de-chambre, Kapóaka famaníana.
Poteau, Tsangankazo, tsorakazo, orinkazo. vo hazofotsy, hazo mahitsy; kady, kôsa.
potée, Erany ny vilañy, eramhi'añy.
Potelé, Botrabótra, dongadonga, donga, fotrafótra, mafotrafótra, kibotabota, kibodobódony, monamóuany, ratsiratsy, matavy, saingona, botréfona, borátaka, botátaka, dófoka, dófotra.
Potence, Hazo fañantonan'ólona voa héloka va závatra foana.
Potier, Mpanefy vilañy tany, mpanefy fótaka, mpamina fótaka; mpanefy firaka, mpanefy kapóaka.
potion, Aody ho sotróina, fañafody hinómina.
potiron, Voatavo be.
Pot-pourri, Hánina miharoharo miarak' andrahóina. ? Rô-vahia. Fehezan-draha miharo.
pou, Hao.
Pouce, Ankibé. — de la main, — ntáñana. vo erianky. Deux — de terre, Tany rapahan-tondro roy, tany rapahan'ankibé roy. Déjeûner sur le —, vo manao sakafo ambanifoitra. Se mordre les —, manéñina.
Poudre, Vòvoka, Kiso-draha, hôso-draha, Koso-jávatra, vanjantány. — à tirer, Vanja, pondy. Mettre en —, Mañisoka, mañôsoka. Le couvrir de —, poudrer, Ma mòvoka azy, mamafy vòvoka amy ny. Couvert de —, poudreux, Vovóhina, be vòvoka, mitora-jofo. poudrière, Fanaòvam-bánja.—, Fitehirizam-banja, Fañompiam-pondy; kotra, tambálana, tambévy; tsifa fasiam-pondy. poudrier, Mpanao vánja., mpivaro-banja.
poudrette, Tay maina vovóhina, ? kisoka tay.
pouf, pófaka, páfaka; dabóka, debóka.
pouffer de rire, Mitsikáka tsy naby, ? mikanikány.
pouilleux, maro hao, misy hao, be hao.
Poullailler, Traño n'akôho, valanakoho. —, mpandafo akoho; mpivarotr' akoho.
poulain, Zana-tsovaly; sovaly tañôra; ? vanton-tsovaly.
poularde, Vantotr' akoho.
Poule, Akôho vavy. — mère, Reni-akoko. vo vivý. — mouillée, o osa. Qui a la chair de —, mari-kóditra; mihoditr'akôho. poulet, Zanak'akoho. poulette, Zanakakoho vavy, akoho vavy kely.
poulie, Tangérina fitarihan-draha, h kodiadia, ? boláka.

Poulier, mitèraka (sovaly).
Pouls, Ny tepotépo *ou* ny tipatipaky ny ôzatra. Tâter le —, mitandrény ny ôzatra, mitsapa ôzatra azy.
Poumons, h Havokávoka, vo Ráboka.
Poupard, Kizanajánaka botrabótra. Zaza botrabótra.
Poupe, Vodi-ntsambo. En — afárany, am-bodintsambó.
Poupée, kizanajánaka, sarin'olona fisomaina, sarinjáza.
Poupon, Poupone, zaza botrabótra lahara.
Pour, Ho, ho any, ho an', ho any ny. pv Nihiny. — moi, Ho ahy, nihinahy; — les pauvres, ho any ny malahelo, nihiny ny malahelo. — ses péchés, noho ny ratsy natao ny, amy ny ratsy natao ny. Je le prends — une piastre, alai'ko amy ny parata raiky izy. J'irai — vous, zaho hisolo anào handeha. C'est — cela que je ne parle pas, zany no tsy ivolàña'ko. Que suis-je pour que vous pensiez à moi? Ino aho no ijería'nao ahy? — moi je reste, zaho tavela. Son amour — Dieu, Ny fitiáva'ny Zanahary; pour moi, ny hatiáva'ny ahy. Travailler — la gloire de Dieu, Miasa hañome voninàhitra Zanahary. — aller, handeha, mora handeha, mba handeha. Il y a — deux jours, mila andro roy izy.
Pourboire, Amby ny tamby, sôsoka ny tamby. vo fitsokipátsika, tambi-ndamósina.
Pourceau, Lambo, kosó, h kisóa.
Pourchasser Mañiana, mangórona, mañindry, h manénjika.
Pourfendre q, mamaky o amy ny sábatra, maméndrana.
Pourparler, Conférence, Abouchement.
Pourpier, Añaran'áñana? Maromaran-tsaiky.
Pourpoint, Tafy ny antaloha. Tirer à Brûle —, mitifitra akeky.
Pourpre. La —, Mena, mena maitso, mangamena. La —, Jaky. POURPRÉ, mena ka, mena mangátraka.
Pourquoi venez-vous? Mañino, h manínona, h nahóana, h ahóana, akory anao avy? Ino, *ou* mañino no avia'nao? Ino koa no avia'nao? Voila — je viens, Zany no avia'ko eto. C'est — il faut,.., Koa amy ny zany, ary amy ny zany, ary dia tôkony. — non? h kanahóana? h kanahóana aza? — donc ça? h akority? vo kala, koa, sady, fa, kanjo.
Pourri, Lo, mótraka; vo móbaka, mómoka, milótaka, dródroka, véhaka. POURRIR ac, Mahaló, mandó, mahamótraka. — n, se —, milżaló, milżamótraka, lo, mañaly ho lo, h? milótaka. POURRITURE, ny lo; halóvana, hamotráhana, lótaka, fahalóvana.
Poursuite, Fañiáñana, fañindriana, h fañenjéhana. — vive, hazakazak'arahin-tósika. — en justice, arakáraka, fañarakaráhana; fitakéna

Poursuivant, Mpanáraka, Mpanénjika, mpitady, mpila. POURSUIVRE q, qc, Manìana, manìndry, h manénjika o, manáraka, manjohy o, trosa, lálana; mitáky trosa. — son discours, manohy vólana, p tohizina. vo manòsona, miézaka, manjó, manjohy; mandroso, mandroso día, tsy mitsáhatra; Tanaráhina, zohina.

POURTANT, Cependant.

POURTOUR, Fanodidinana, fieférana.

Pourvoir au nécessaire, Mihinahína ny z ilaina, manòhotra ny z ilaina, manahy sandra, mijery sandra ny ilaina. — q de qc, manome z, manampy z, mampahazo z azy; manisy z amy ny. — de vivre, mamatsy azy. Se —, málaka ny z ilaina. POURVU, mánana. — de tout, ampy z, ary z. — de vivres, mivatsy. POURVOYEUR, Mpamatsy o, mpanampy hánina o.

POURVU que, h Raha, pv Laha, izikoa.

Pousse, Tsiry nkazo, tsímoka; tároka, tarotároka. —, *Asthme* ny sovaly.

Poussée, Tósika, Ronjy, h rónjina; fanoséhana, fandronjíana.

Pousser, Mandronjy, Manósika; h mandrónjina. vo mandroso, mandrísika, manesy, maniárina, manao roso-lány, manao roso-vátana, manézaka manísika, manófoka, mampandeha, manao sesi-ákoka, mamporisika, manízina, mandetra, mampisosa, manésika, mamosésika, mampivangongo, mandoana, manitakita, h? manisaka, manórona. — n, Maniry, tivóana, mitrébona, mitsímoka, mitsiry, mitrámaka; miolampótotra. —, mibóhitra, mitránga, mibóntsina, misôlatra. Se —, mifandronjy, mifanósika, mifanositósika. Se —, mandroso, vátana; misésika, mikísaka, miletra, misándratra, mivangongo, mibosésika, misosa, mijojojojo, mijolojolo, mijongijongy, mijongojongo, mitsorópaka, mitsófoka, misórona.

Poussière, Vóvoka. vovotány. —de riz, mongo, mongombary. Couvrir de —, mamòvoka. Couvert de —, POUSSIÉREUX, Vovóhina.

Poussif. Cheval —, Sovaly séhoka, h séhaka, maiñaiña, miáfona, tiheky, miéhaka, hoíka, tinéhana, sarotr'aiña.

Poussin, Zanak'akoho vao ho foy. POUSSINIÈRE, trano njanak'akoho, valan-janak'akoho. —, les Pléïades.

POUSSOIR, z fandronjiana.

Poutre, Hazo be marírana, sakamandimby, tsimivadimandry. POUTRELLE, sakamandimby kely.

Pouvoir qc, aller, Mahefa, mahazo, mahay z, mety. — mandeha. — aller, MAHA-leha, — porter, MAHA-leo. — tout sur q, Mahazáka o. N'en — plus, Être FATIGUÉ, afa-po.

Qui se peut, mety, azo atao, mety atao, azo efa. Je ne puis le faire, Tsy azo ko atao ko izy, tsy mety hatao ko izy, tsy efa ko, tsy leo ko, tsy saky ko, tsy hay ko atao, tsy zaka ko. Il n'a pas pu monter, tsy tafákatra izy. tsy nahefa niákatra, tsy tonga izy. On ne peut plus y entrer, efa tsisy hidirana koa. Ce que je puis, mon POSSIBLE.

Pouvoir de faire, Fahefána, fahaízana, lálana hanao z, vo fanapáhana; hery, fanaôvana, Lui donner — de faire, mampahefa azy hanào. Qui a —, manampahefána, noména ny fahefána, nomem-pahefána. Qui a — de commercer. Manam-pivarótana. Ce qui est en mon —, mon POSSIBLE.

Prairie, Saha añalan'áhitra, tany be vilona, tany fambolian'áhitra; kijá, havanja, torangabe, hay, hiaka.

PRALINES, Vihinkazo voa endy amy ny siramamy.

PRAME, Lakambe talésaka; lakam-pisak'ambány.

Praticable, Azo atao, azo anaovan-draha. chemin —, lálana azo ombána, azo aleha, azo andehánana, mora —.

PRATICIEN, Mpanao z mazáña; zatra.

Pratique a, manao, milaza ny hatao, manody ny hay ny, manao tokoa, zatra; mazáña.

Pratique s, Fanaôvana ankítiny, fanodíana, fañaráhana; fatao; fahazárana. —, mpividy mazáña; o mazáña fividíana; o fambidíana, o fandafósana. Mettre en —, PRATIQUER, Manao mazáña, fanao, manody, fanody, mañáraka, manantéraka, zatra, zatra manao; mpanao, tamána. —, FRÉQUENTER. —, Manao. manatao. Se —, fatao, fatao ny maro, fanóina, h fanao, atao matétika.

PRÉ- *Signifiant* D'AVANCE, *dans la composition des mots, se rend*, AU PRÉSENT, *par* h RAHETO, pv LAHETO, ALOHA; *et* AU PASSÉ, *par* h RAHATEO, RAHATAÑY, pv LAHATEO, LAHATÁÑY; TALOHA; *ou* ' *n général par* SANDRA.

PRÉ, Tokotány malemy áhitra, lafik'áhitra.

Préalable, (vo Pré-.) Atao sandra, aloha, rahateo, raheto, laheto, lahateo.

PRÉAMBULE, Ventinteny mialoha.

PRÉAU, Tokotány kely mifefy misy áhitra.

PRÉBENDE, Tokotány atao fanáñany ny *Chanoine*.

Précaire, míndrana, tsy azo loatra, mora very, mora áfaka, tsy mahatoky, mora ována, tsy mahaleo tena.

Précaution, (vo PRÉ-.) Fitaóana; fañahíana sandra, z atao raheto fandrao misy loza, fitandrémana lohateo. Prendre des — avec le feu, se PRÉCAUTIONNER, mitao afo, mañhay, mitandrintándrina; mitándrina, mizahazáha, mañahialy ny afo; miaro téna.

PRÉCÉDEMMENT, (vo PRÉ-.) Aloha, taloha, mialoha; sandra.

PRÉCÉDENT, Aloha, taloha, mialoha.

Précéder q. Mialoha, mandeha aloha, avy aloha, mialohaloha. mañaloha, misalóvana. vo misóaka.

Précepte, Malo. didiitány, didy. lálana, teny fañiráhana, ánatra, fañanárana, fañambarána. PRÉCEPTEUR, Mpampiánatra *ou* mpañánatra zaza, mpamindr' ánatra amy ny zaza. PRÉCEPTORAT, Ny raharaha ny —; fampianárana.

Précession, Fialohána.

Prêcher, Mitory ánatra, mitory teny, mañánatra o, Manadidy ny k ny Zanahary. — qc, Mampiánatra z; mañánatra z amy ny o. —, mañady o. — d'exemple, mampaladamy. —, mankalaza; VANTER. — malheur, milaza loza *ou* rofy ho avy.

Précieuse, s, Viavy mijihijihy, — fivolánana, h malimálina, mitsikitsiky; ? mitsétra, mihaminkánina, ? mabay lahapáhitra, mih*i*abo toétra. vo AFFECTÉE.

Pécieux a, Betóñona, bevidy, saro-bidy, saro-tóñóna, misy vidy ny; fividíana, fañavótana, mahavidy, mahávotra. vo PRÉCIEUSE. Conserver PRÉCIEUSEMENT, Mitahiry tsara koa z saro-hidy; ? manao drémana azy. vo Voahangisampandralambo.

Précipice, Fámpana, tévana; h bántsana, lávaka be, hady lálina; aloalo, lava-dálina, ? amoron-kady. vo Dengy, antára. PRÉCIPITAMMENT, Maláky, mianjera. vo sendaotra, mikoritsaka, ? mitsontsórika. PRÉCIPITATION, halakian-dóatra. vo HÂTE *et* kobaba, kobababába. PRÉCIPITER, Manonta, mandátsaka, manjera, mamárina, mampitréka, mandronjy, mamótraka. —, vo HÂTER. Se —, miantónta, mianjera, miantrék*a*, mitandátsaka; mivárina. vo mitsontsórika, mirodana, miléntika. Se —, être PRÉCIPÉ, mek*a* loatra; foréhitra, mikobababába, dódona, maintavo, faingan-doatra, sendaotra, manao tampotámpo, manao romók*a*; mikirodoródo, mikorodondródona, misomarítaka, somebiseby; tóndraka.

Préciput, Soso-jara, soso-dova.

Précis, Indrindra, Voa tóñona, nafepétra, nafétra ankítiny, márina, mihitsy, marimárina, voa tendry; vóa tondro, hiany, edy, izy hiany. Le jour —, Ny fetr'andro, tsatok' andro. — s, Teny fohifohy milaza ny fótony indrindra, ny teny ny, ny izy hiany. PRÉCISÉMENT, Hiany, edy, indrindra, —, héka, ankitiny, zany. PRÉCISER, Mamepétra, milaza mamárina, manóñona, manoñontóñona mamepetra; un jour, mametra andro. PRÉCISION, Hafohézana ny vólana; hahitsy ny, hamarínana.

Précoce, (Voankazo) másaka aloha ny taona, mialoha ny taona. mialintaona, mañaloha; malaky másaka, faingiampiháavy, tonga aloha ny fetra; mañiana. vo miotimanta.

PRÉCOCITÉ, fahamasáhana haingandoatra.

Préconiser, Mankalaza, midera, mandaza. PRÉCONISATION, fandazána, fankalazána.

Précurseur, o Mialoha, mpialoha, tonga aloha, mpandeha aloha.

PRÉDÉCÉDER, Maty aloha. PRÉDÉCÈS, fahafatésana aloha.

Prédécesseur, Ny o nisoá fana, nodimbázana, nosolóana; ny teo taloha ny.

Prédestiner, (vo PRÉ-.) Manendry raheto, mifidy laheto, manondro laheto. PRÉDESTINÉ, Voa fidy ny Zanahary sandra, finidy lahatány, nofidína rahateo; voa tondro rahateo. Prédestination, fifidiana rahateo, fanangánana sandra.

Prédéterminer, (vo PRÉ-.) Mamepétra rahateo. PRÉDÉTERMINATION, famepérana lahateo, fepetra rahateo.

Prédicateur, Mpitory ánatra, mpitori-teny, mpanadidy ny k ny Zanahary; mpanánatra. PRÉDICATION, Tori-teny, toriánatra, fitorianteny, fitorian'ánatra, fananárana, fanadidíana ny k ny Zanahary. filazan'ánatra.

Prédiction, (vo PRÉ-.) Filazána ny z ho avy, filazána z rahateo, filazána sandra. h Vinány, h faminaniana.

Prédilection, Fitiávana, fanisóhana, fifofóana, fifidíana. Enfant de —, Isok'ánaka, fofo ánaka. Avoir de la — pour lui, Manísoka, mifofo azy; mitia azy aloha ny sásany.

Prédire, (vo PRÉ-.) Milaza z ho avy, manambara rahateo. (*ou* raheto, laheto, lahateo, lahatány, sandra). h maminány. vo mamonovolan'andrano.

Prédominer sur, Mihóatra, mandilatra, manetry, mahatesy azy; ambonimbóny, bebe, maherihery; g mizerizery, manjerizery.

Prééminent, Mirerirery ambonimbóny, amy ny láfatra ambóny, aboabo, tsaratsara, mandilatra, mihóatra.

Préexistant, Préexister, (vo PRÉ-.) Ary rahatány, ary lahatány, ary rahateo, ary taloha, teo taloha; mialoha; misy taloha. PRÉEXISTENCE, fisíana rahateo.

Préface, Ventintény mialoha, filazána mialoha, teny mialoha.

PRÉFECTURE Fanapáhana tany; raharaha ny mpifehy.

Préférable, Tôkony halaina alohaloha ny sásany, tôkony ho fidina noho ny sásany; sitrany, aleo, tsara, tsaratsara vo ovaniahay. Préférablement à toute chose, alohaloha, ambonimbóny ny z ziaby. PRÉFÉRÉ, mahery tíana, tíana indrindra; tíana aloha ny námana, tiana noho ny sásany, alaina noho ny námana. vo aleo, azoazo. PRÉFÉRENCE, fifidíana, fifidianana o aloha ny sásany, fitiávana, fanisóhana, fifofóana, fifidiánana, safidy. Demander la —, Mangátaka ho fidina (*ou* halaina, ho tiana) aloha ny námana. Lui don-

ner la —, le PRÉFÉRER, Mifidy, mijobona azy; málaka azy aloha ny sásany, maka azy no ho ny námana, tia azy ambony ny námany; manisoka, mifofo azy; vo AIMER. Celui que je préfère, ny tia'ko, ny sitraky ny fo ko; ny tia'ko ambonimbony, ny mahery tia'ko, ny mahery ankasitráhi'ko. Je préfère mourir que de pécher, alai'ko *ou* andaisi'ko ny maty toy izay manota, sitrany zaho maty karaha ny manota.

Préfet, Mpanápaka, mpifehy, mpanina, loha, talé. — de département, h vadintány, antontány.

Préfixe, Tapabólana madinika mialoha ny vólana hañampy azy, soso-bólana mialoha.

Préjudice, vo DOMMAGE; *et* fanaratsíana, fandrobátana, fandatsáhana, fahasimbána, fahaverézana. Au — de, PRÉJUDICIABLE à, PRÉJUDICIER à ma réputation, Maharátra, mandrátra, mahasimba, mahavery, mandátsaka, maharómbina, maharatsy ny laza ko. vo ÉBRÉCHER, DÉCHIRER, DÉTRUIRE.

Préjugé, (vo PRÉ-.) Saina oména tsy hampitia, malo tsisy fôtony, malo tsisy tóhana, hévitra tsisy fáhana, jery azo lahateo, malo lahateo, tsy fitiávana rahateo, fo tsy tia lahatány, fo malaiña lahateo, ? soampó, ? vinány, ? hitsakamporano. PRÉJUGER, Mimalo lahateo, mitsara rahateo.

Prélasser. Se —, Mibohibohy, mievaeva, mitrétroka. vo se PAVANER.

Prélat, Mpijoro be, mpisorombe. *Évêque*. PRÉLATURE, ny fiamboniany ny Mpijoro be, handriánany ny mpisorombé.

Prêle, Ahitra fañampalésana.

Prélever, (vo PRÉ-.) Manala (tápany) rahateo.

Préliminaire, Mialoha, aloha.

Prélire, Mamaky teny rahateo.

Prélude, (vo PRÉ-.) Antsa mialoha, fialohána, ny aloha, loha, fiventy mialoha, lohan'antsa; fanampònana, fañandrámana. PRÉLUDER, Mañaloha, mialoha, manampôna; manao ny aloha; miventy aloha, mañatao aloha, mitsapatsapa, mañándrana.

Prématuré, vo PRÉCOCE.

Préméditation, (vo PRÉ-.) Fihevérana lahateo, fisaínana rahateo. Fait avec —, nohevérina rahateo; nahy, satry. vo EXPRÈS. PRÉMÉDITER, Mikinía, h mikiasa, mikalikaly, Minia z; Mihévitra rahateo, mijery laheto, misaina sandra, mihevitrévitra aloha.

Prémices, Sambasamba, sántatra; loha; voaloham-bókatra. Prendre (et offrir) les — du riz, mañala sambasambambary, misanta-bary, ? misambasamba-vary.

Premier, Première, pv faharaiky, h voalóhany; somilu, loha ny; sambasamba, sántatra; aloha, taloha; lasa. La —

pierre, ny santa-bato, lohambato, voalohambato. Celui qui a parlé le —, ny somila nivólana, ny niteny aloha, ny nanampòna nivólana, ny tampòna-nivólana. C'est la — fois que je le vois, samba ko mahita azy, samba ko zaho mahita azy; vao hahita azy aho. Le — de l'an, h ny fandróana. vo — Ne; ny matoa, matoy; zoky; terak'aloha. PREMIÈREMENT, ny faharaiky, ny voalohany.

Prémisses, Ny laha-bólana roy mialoha amy ny *syllogisme*; ? lohanteny, ? loham-bólana.

Prémunir, (vo PRÉ-.) Miaro rahateo, mankáhery lahateo; manáuatra *ou* mañome saina rahateo. Se —, miaro tena saudra.

Prenable, (Tanána) mora áfaky ny fahavalo, mety ho áfaka; mora azo, ho azo.

Prendre, Málaka, (fc añalána; p alaina:) h Maka, (fc akana; p alaina.) mandray, mandramby; mahatrátra, mahazo, misámbotra. vo Mitana, miházona, mitélina, mifidy, mitondra, miraingitra, maningotra, mifidy, mitsimpona, mitsongo, mifofo, mamofo; manofa, manaha. — pour, Manao ho; p atao ko ho vola izy, ambara ko voláni'ko, antsi' ko, vola'ko volamena izy. — une chose pour une autre, Diso z alaina; málaka ny tsy ilaina. — une ville, Maháfaka, mañáfaka tanána; mandrómbaka azy. En —, mañala amy ny. nañalá'ko izy. — sur le fait, mahatrátra, mahatákatra. — modèle sur q, Mala-damy azy, miana-damy azy. — du bout des doigts, Mitsikitsiky. vo hintsitra, hintsika. — racine, Mamáhatra. vo — GARDE, PARTI. Le — au piége, à l'hameçon, par ruse, Mahazo fándrika, mahazo vintana, mahazo fitaka azy. — n, mandry, madity, mandrékitra. Se —, vo s'ACCROCHER, Savihina, misangázotra, misarángotra.

Preneur, Mpálaka, mpaka.

Prénom, Añarau-kely, tsy añaran-dray.

Préoccupation (vo PRÉ-.) Ahiahy rahateo, fañahiahiana lahateo, fiahiahiana ny ho avy. PRÉOCCUPER q, Mampañahiahy o ny ho avy, mampieritréritra rahateo. Se —, Être PRÉOCCUPÉ, mañahy ny ho avy, mañahiahy, miahiahy, marimárika ny ho avy, mieritréritra rahatea, misaintsaina rahateo; mijery hafa, mañahy z.

préopiner, Mialoha milaza ny fidina.

Préparatif; PRÉPARATION, (vo PRÉ-.) Fañinahinána, fañajaríana, fañamboárana, famboárana, fañohórana; fihanána, fihinahinana. PRÉPARER, Mañajary, mañatsary, h mamboatra, mañinahina, mamboatra, h manómana, mialáhatra, mañajarijary, mañatsaratsary. — en chipotant, mañeninkénina, mañenikénika z. Se —, mañajary tena, mañia-

jary lo ntena. manitsi-teña, mihinahina; mihána; mi voa-tra, mamboa-teña, miómana, mietra. Se — à partir, mañinahina mañòhotra dia hatao, mañajarijary z handelia. Se — sans fin, mihenikénika, mihenínkénina. — le tout, Mamorónkona, maudrónkona, mamorongo, mamory, mamóñona. PRÉPARÉ, Voa hajary, voa hatsary, voa ôhatra, voa hinahina, voa voatra, voa ómana, voa vóñona, voa vorongo, voa vorónkona, efa andáhatra, efa tsara, efa manjary.

Prépondérance, Hery ndanja, ambi-ndanja, fihoaram-boñináhitra. Avoir la —, être PRÉPONDÉRANT, Mihóatra, mahaleo, bebe fahefána, bebe venty, bebe, ambony, mahery noho ny sásany, mahery lánja; maharesy.

Préposé, Natsangan-kitándrina z, natsangan-kiántoka; mpiahy, mpañahy, mpiámbina z; mpifehy, nampiantóhina z; nasain-kañahy z. PRÉPOSER q, Manangana o hiántoka ou hitándrina z. Mampiántoka, mampitáudrina; mañasa o hañina

Préposition, Sosobólana milaza ny nanaôvana otry ny AMINY. ? fiañonambólana.

Prépuce, Sarontsotsóka; tsoky ntsaiky, tsotsóky, h tsotsóka; tsotsokoy.

Prérogative, Fady, voñináhitra; fahefána, fiamboniana, ? kiany.

Près de la case, Mariny, marikitra, h akéky ny traño. Il est — de mourir, efa — ho faty; efa ho maty, ho faty. Il a été — de mourir, saiky ho faty, kely ho faty izy. — de 100, mariny zato, mariniriny ny zato. Aller — de lui, mankariny, mankarikitra, manakeky azy. — les uns des autres, mifankáriny, mifankarikitra, mifañakeky, maletra, mifankaletra, mifañizina, mitangizina. — vo Añila, hodijanahary, ambavahoana, antómotra, antóhoka, ambivitra, avívitra, ampotomoty; madiva, vaika, dilatra, lilatra, tókony ho. A peu — semblable, miramira; à peu — aussi haut, miramira habósana. à peu — compris, azoazo, fantapántatra.

Présage, (vo PRÉ-.) Famantárana ny z ho avy; h fambara. Mauvais —, ? sámpona; z mañambara loza ho avy. PRÉSAGER, mañambara rahateo, mahazo hiana z ho avy; h maminány. — un malheur, mañambara loza ho avy; mandoza, mañantambo.

Presbyte, Mahita lávitra fa tsy mahita maríny.

Presbytère, Traño ny mpijoro ny tanána.

Prescience, (vo PRÉ-.) Fahalálána ny ho avy, fahalalána rahateo.

Prescriptible, (fady) azo vonóiny ny taona; azo veréna, azo simbána, azo levónina. PRESCRIPTION, Haelan'andro

mahafátratra ny fady n'ólona, fady azo amy ny haelan'andro; fahazoam-pady nohó ny haelány ny taona. vo fandriandriany, hafadrázana, vontády, hena tekeir'ambilány. —, fepétra, malo. PRESCRIRE qc, Mamepétra. vo mandidy, maníraka. — n, mahazo noho ny halavány ny taona. Se — qc, Mamepétra z hatao ntena. Se —, n, (fady) very ny haelany ny taona, very ny taona, azo vonóiny ny taona.

préséance, Fitoérana aloha, fialohána.

Présence, Añatréhana, añolóana, añatréfana, imaso. — d'esprit. hafaingan-tsaina. En ma —, añatrefa'ko, añolóa'ko, imaso ko, añila'ko, tandify ahy. Qui sont en —, mifañátrika, mifañandrify, mifampitátana. mifanángana.

Présent, a, J'y étais —, Tao, teo, tañy aho, mba teo, mba tañy aho; nitsángana tamy ny, nañátrika azy aho, nahita azy aho, tañatrefa'ko zany, tañolóa'ny aho. —, (me voici.) zaho indreto. — à l'esprit, azo jery, tsiaro, tsy hadiño, azo hévitra. Je ne l'ai pas — à l'esprit, tsy azo ko jery ataonio izy. N'être pas —, lasa jery, roso fañahy. Ce — objet, ity zity, ty z ty. A —, Ataonio, anonio, h Añkehitriny, aneto; Le —, Ny —.

Présent s, Z omena, z amíana, z atólotra; fañomézana, fañamíana, fanolórana, ? talotáñana; h fanátitra. — à un supérieur, fanompóana, fihevérana, h hásina; en nourriture, mahatánjaka. vo jaka, manásina ny andriana, manjaka o.

Présentable, Tsara hatólotra, tsara hoména, ? fanólotra, ? fañátitra; mety atérina, tôkony hatólotra. Présenteur, Mpañátitra, mpampandroso o bahazo voninahitra. Présentation, Fañatérana, fanehóana. —, Ny nañateran-dreo i Másina Mary añy an-traño ny Zanahary.

présentement, vo à PRÉSENT, *et* h eo noho eo.

Présenter, Manólotra, mañátitra, mandroso; mañome, mañamy; maneho, manóro, vo mamóaka; mampiditra, mampahita, manoka, manángana, mampákatra. — le dos à q, Mañambôho o; lui — la face, Mañatrika azy. — la gueule, l'ouverture, Mitóhoka amy ny. manóhoka vava amy ny. p vava atóhoka. Se —, Miseho; maneho teña, mampiseho téña; mandroso teña. Se — bien, mahay mitondra teña, tsara, manaja, mahay fañajana.

Préserver q de qc, Miaro azy amy ny z; mandrara, mañéfina. vo mamonjy, mitahiry. — de la corruption, Tsy mahaló; des maux, tsy mahavoa voina, tsy mankarary. PRÉSERVATIF, fiaro, fiarôvana, ody miaro; fañéfitra, fandáfika, raijaba, fanahóka, fampitsóaka.

Présider, Mifitaka amy ny fitoérana aloha; à qc, Mifehy, mañápaka, mitándrina, mañito. — aux partages, tompo

ntátana. PRÉSIDENT, Talé, mpifehy, lohà, mpanápaka, mpitándrina, tompo, ántony. PRÉSIDENCE, fitoérana aloha, fifehézana, fanapáhana, fitandrémana.

Présomptif. Héritier —, ny tandréna handova, tókony handova, ho mpandova.

Présomption, fanandréna, fanandrásana, fanandrária. vo Conjecture. —, fatokian-dóatra, h heraherа; fisángiana haherezan-tena, fatokian-lóatra amy ny tena, fatokian-tena; fahasahian-dóatra. PRÉSOMPTUEUX, matoky lóatra, misengy teña, misengy mahay. h maherahera; matoky teña; mahasaky lóatra. h sahisahy. vo mizakazáka, tesontésona, mitesontésona, minehoneho; misótroka.

PRESQUE. Il est — achevé, Efa ho efa izy, kely no tsy efa amy ny; mariny ho efa izy. — mort, matimaty, hériny ny maty, karaka maty. Il a — péri, saiky ho very izy, kely ho very izy. vo vaiky, kelikely sisa, kasa, lilatra, dílatra, madiva, saky, saka, vaikia, ilahoho sisa.

Presqu'île, Tsiraka, tsiratány, h tánjona, orontány. (? tsinosy, ? kely ho nosy.)

Pressant, Mahasétra, mahameka, h mahamaikia, mahavésoka. vo manery, mahatery, manao terisetra, maharisika, tsy azo ahilana, tsy azo elaina; manósika, mamporisika.

Presse, Fanerèna, pv faneriana. vo Tery. En —, sous —, an-tery, mbola teréna, mbola amy ny faneréna. vo famiázana, fametsána, ? fanontána, ? fanavan'antóntany. —, o maro mifanéka, miéka, mifanésika, o maro misésika vo FOULE.

Pressé, Meka, h maikia; vésoka, setra; de partir, — handeha. Affaire —, k —, k mahameka, mahavésoka, mahasetra. —, maletra. —, vo maláky, faingana, malady; marisika, mifátratra, vo fátratra; hiboka, hikia, mihíboka, mihíkia; ? hitika, ? mihitika; hívoka, mihívoka, hivokivoka; hizingízina, hitsaka.

Pressentiment, Fahareñésana (ou fahitahitána, fahazoazóana, fanahiahiana, fidoñana) ny z ho avy, fahitána ny tsy mbola tonga, fahareñésana rahateo: vo taminjo, Indrakindráfana. PRESSENTIR, mahitahita, mahareñy, mahazoazo rahateo; — ny tsy mbola tonga,

Presser (en presse), Manery. — q, un travail, mahaméka, mahasétra, mahavésoka; mankasétra, mankavésoka, mampaláky, mampalady, mankafáingana, manafaingana. vo Manao teriheky, ou terisetra, terimeka, terivaimanta; manao terihélika; maneritery; mandétra, mankaletra, mamia, mamiaka, mangia, mamína, mamihina, mangeja, mangaika, mangegéka; mangija, mangijagija, mangehy; manòtra, manindry, mameja, mametsa, mamejafeja, ma-

menjafenja, mandrisika, mandroso, mandronjy; mamosésika, mamótrika, manonta. Se —, Mifanéka, mifanery, mifankaletra, mifandetra, h mifanety, miletra, miéka, h miaikia, mifanizina, mitangizina; mifanésika, misésika, mibosésika. vo miadi-hý, mifandia-hotro, mitóhoka. Se —, vo s'EMPRESSER. PRESSIER, Mpanery taratasy; h mpanao antontany.

PRESSION, Tery; faneréna. vo fanindriana, tsindry.

Pressoir, Famiáhana, famiaham-boalóboka, famiázana, faneréna, faneriana.

Pressurer, Mamiaka, mamia, mamína, manery; mangia, mangeja azy hañala ny rano amy ny, maneritery, mamótsika.

Prestence, Tsángana, tarehy, fitsangánana, dasidasy, fidasidasiana. Qui a une belle —, tsara —; midasidasy, miendrik'andriana.

Preste, Maláky, h faingana. PRESTESSE de main, hafainganan-táñana, halakian-táñana.

Prestige, Hadisóany ny fañahy voa fitaka; fitaka, angoly, h vohony, h sándoka, famitáhana.

PRESTO, Maláky; malakia-faingana.

PRÉSUMABLE, Tandry to. ? azo vinaniana, vo PROBABLE.

Présumer, h Manandry, pv manandra, mañahiahy, h manendrikéndrika. — de, Misengy, misengy azy, mitoky loatra amy ny. — savoir, misengy mahay, mihábok a mahay, mihambo mahay. vo miahiahy; maminány, manao toatoa, mamono vólana andrano, manao hitsakamporano. Il présume qu'il viendra, handra ho avy izy, tandry ho avy izy; ahihí'ko ho avy izy.

Présupposer, (vo PRÉ-.) Manandra lahateo, h manandry rahateo; mihévitra aloha, manao rahateo ho. . .

Pressure, z mampandry ny ronono; fampandriana ronono.

Prêt à partir, Efa handeha, efa mietra handeha, efa nanóhotra dia, efa voa hinahína dia, vo tongotrombiandákana. vo PRÉPARÉ. Toujours —, mazoto, marísika. Jamais —, tsy efa fañajarian-draha, tsy efa fanohoran-draha, mihenikénika foana, lava fihaminana, mioman-dava.

Prêt s, Fampindrámana, z ampindrámina, vola ampisambórina.

Prétentaine. Courir la —, Miriorio foana tsisy fôtony; mivezivezy.

PRÉTENDANT, Mpitady, mpangátaka, mpila.

Prétendre, Mihábok a, mihambo; misengy, mitórona, h mitsengitséngy; mila, mitady; manao ho azy, mañanteña; mañampó, manampóko; mihábok a mahazáka, mihábok a

ho tompo. ? mitompo; tia, mikasa, mikinia; mila banjary...; mila ho... Un PRÉTENDU bel esprit, mpihambo ho manampanahy; mpisengy manampanahy. — s, ilaina ho vadína, fofovady, vady ilaina.

PRÊTE-NOM, Mampindrana ny aharan-teña.

PRÉTENTION, Fihambóana, fihambohambóana, fihabóhana; nevonevo, sitisity, nehoneho, nekoneko, nitinity, h sititsitika, h setrasetra, h setaseta. Avoir des —, être PRÉTENTIEUX, Mihambo, mihambohambo, misititsitika, minitinity, misetaseta, misetrasetra, misitisity, minehonebo; mihabokáboka, misengisengy, mitsengitsengy.

PRÊTER un instrument, Mampindrana z; de l'argent, mampitrosa, mampisámbotra vola. vo mampánana, mañome. — l'oreille, nanongilan-tsófina, manondri-tsófina. vo ÉCOUTER. — la main, AIDER. — SERMENT, vo JURER. —, vo ATTRIBUER, mamíndra; manandry, manandra, h manendrikéndrika. —, n, Miátatra, h mitatra. h miézaka, azo atárina, miróritra, mirórotra, mitíritra, mizózaka. Se — qc, Mifampindrana z; mifampitrosa vola. Se — à, mañeky, mieky, mananta, mañampy, mampiñánta. Qc prêté, vo tsara mandrórona.

PRÉTÉRIT, Ny Jasa, ny roso.

PRÊTEUR, mpampindrana; o findrámana. —sur gage, mpampisámbotra maka fatepitánana.

PRÉTEUR, Mpanápaka tanána.

PRÉTEXTE, Vandy atao fótony, lenga; fialána; fañalan'ady, sary; ? z lengaina.. ? tsy lengalenga, fótony mandenga.. Sous — de maladie, PRÉTEXTER une maladie, manao sary marary; ? mandenga arétina. manao fialána.

PRÉTENTAILLES, Soso-pihaminana madinidínika; tsiravadrávaka.

PRÉTOIRE, Trano fitsarána, lapa fimalóana.

PRÊTRE, Mpijoro, h mpisórona; mpisaotra tompo ny sórona, mpanao sórona; solo ny Zanahary, solontena n'Andriamáñitra. PRÊTRESSE, Mpijoro vavy amin-dreo *Païens.* PRÊTRISE, ny fahefány ny mpijoro. ny Fady ny mpijoro; ny bandriánany ny mpisórona.

PREUVE, Fáhana ny k; tóhana, éfaka ny k; famahañana k, fañankínana k, fiankinana ny k; famatrárana k; fanamarínana. vo vavomlombélona, vonosotry, tangéna. —, MARQUE.

PREUX, mahery fo amy ny ady, mpahery, tsy matáhotra, mahasáky, mpihaika, tsy resy.

PRÉVALOIR, Mahery, Maharesy, mihóatra, mandílatra; tsaratsara, bebe, sitrany. Se — de ses richesses, miavonávona, miaboabo, mirehareha, midosidosy, midosy amy ny

fanáñana; vo être PRÉTENTIEUX.

Prévarication, Fañotána ny ráriny *ou* ny raharahá ny fanjakána; fandikam-petra, fañovan-teny, ? fitsoa-teny. PRÉVARIQUER, Manota ny diditány, h mandiso lalána, mandika fetra amy ny raharaha ny fanjakána, h ? mitsoa-teny, ? mitsoatsoa-teny, mañova teny, h méloka, miólaka, matsoa-teny, matsoa-bólana, vadikádika, mandenga. PRÉVARICATEUR, mpanota. Juge —, Mpimalo méngoka.

Prévenant, mpanantitanty o; mañaja; manantitanty o, mananti-dia o, mitezantézana, mitsenatséna o. tia hitahy námana.

Prévenir, (vo PRÉ-.) Mialoha. --, mañaloha, manao aloha. -- les malheurs, mandrara, miaro, misákana ny rofy rahateo; ny rofy ho avy. — q, mañambara o sandra, manolotsaina raheto. vo manentsin-tsófina, manongonóngona, h mañampoasa. Se ---, mifañambara. Se — pour, malákv hitia; contre, hankahála. Je l'avais prévenu, nambará'ko sandra izy. PRÉVENTION, Fañahy *ou* Foazo sandra. vo PRÉJUGÉ. — favorable, fitiávana rahateo. — défavorable, tsy fitiávana rahateo.

Prévision, (vo PRÉ-.) Fahitána ny z ho avy; fahitána sandra, fahitána rahateo. vo tsinjovorimazoto.

Prévoir, (vo PRÉ-.) Mahita rahateo, mahita sandra, mahita ny ho avy; mañiana, mahazo hiana azy; mahazo jery azy laheto. — qu'il sera malade, n ahita izy harary. PRÉVU, hita rahateo, hita maso lahateo, hita sandra.

PRÉVOT, Faharoy ny talé; talé, mpiteny.

Prévoyance, (vo PRÉ-.) Fitandrémana rahateo. fahitána laheto, fisaíñana sandra. PRÉVOYANT, Mitándrina raheto, mihévitra laheto, misaina aloha.

Prie-Dieu, Fitongalifana hijoro; fitongalifana misy fiankinana.

Prier Dieu, Mijoro Zanahary; misaotra azy; h mivávaka amy ny; g mifóna, mangátaka amy ny; mitantára amy ny. vo mandamban-tánana, mikodradry, mijajy; misórona. — pour q présent, — sur q, Mijoro, misaotra o; pour q absent, Mijoro ho azy, nihin'azy; h mivávaka ho azy. Je vous en prie, aidez-moi, Masína hianao, tahio aho; mba tahio aho; Zaho mifona amy nao, tahio aho. vo traràntitra, lelafi'ko hongotr'ao, lika'nao. PRIÈRE (à Dieu et aux Saints), Fijoróana, h fivaváhana, h vávaka; fisaórana, saotra. à q, Fangatáhana, fifónana; talaho, vo Demande.

Prieur, Mpiféhy amy ny *Monastère*. Loha ny *Religieux*. PRIEURÉ. ny fehéziny ny *Prieur*.

Primat, Evéka ambony indrindra. PRIMATIE, ny fiambony ny *Primat*.

*P*rimauté, fiamboniana indrindra, fitoérana aloha indrindra, fialohána.

*P*rime, Fijoróana kiakandro, ny voalobam-pivaváhana ny maraina. —, Tamby fankazotóana. —, ? vola fampiantóhana.

*P*rimer, Mialoha; aloha, ambóny, voalóhany; mandresy; bebe. — q, Mihóatra o.

*P*rimeur, Ny vókatra voalóhany, ny sambasamba mboankazo &, ny sántatra fialohána, voalóhany.

*P*rimitif, Voalóhany indrindra, talóha. Mot —, Teny fótotra avíany ny sásany; manely maro, mitéraka.

*P*rimo, *adv*. ny Voalóhany, ny faharaiky.

*P*rimogéniture, Fizokíana.

*P*rimordial, Voalóhany; fôtotra.

*P*rince, Mpanjáka, Andríana, h roandríana, Andriandahy; Maroseránana, marolahy, lóhany. —, Zanak'andriana, Zanadónaka; zanadoány. PRINCESSE, Andriambavy.

*P*rincier, ... Ny Andríana, miendrikandríana. *P*anne princière, Kitamby n'anadónaka *ou* n'anadoány.

*P*rincipal, Loha ny sásany, voalóhany, fótotra, lahibe, ny ambóny, aloha, másony, mialoha, be, mahery, indrindra. — s, Mpifehy, mpanápaka, loha, Johary, Nahoda. —, renivola, masonkaréana, ántoka. Les PRINCIPAUX, Ry loh'ólona, beventy, roandríana, araralahy.

PRINCIPALEMENT, Sándraka, h mainka; lombolomho; indrindra.

*P*rincipalité, Fifehézana, fiamboníany.

*P*rincipauté, Fanjakána. Handriánana, fiandriánana, voninàhitry ny Andríana.

PRINCIPE, Fôtotra, Tombóana, *A*ntony, fôtony, loha; ny avíany, h ihiavíany; voalóhany, fianárana; ny manely, mahamisy, mahary; ny fanampónana, h fanombóhana.

*P*rintanier. Fruit—, Voankazo fahatároka, voankazo amy ny lohataona *ou* loharano. voalóhany.

*P*rintemps, Lohataona, loharano. fahatároka.vo folakandántona.

*P*riorité, fialohána.

*P*ris de boisson, Azo ntóaka. — par les yeux, rikíana ny masondraha, ambakaina ny masondraha. Personne bien prise dans sa taille, feja, maféja, mifeja, mafejaféja. vo tantsámbotra.

*P*rise, Fisambórana; fakána, fanalána, fitanána; fihiazónana.—, Sámbotra, Bámbo, babo. z sinámbotra. vo trapa. —de tabac, tsóngo lobáka. Donner—, s'EXPOSER. J'ai— sur lui, misy hañadia'ko azy, misy hisambora'ko, hahazoa'ko azy. En venir aux —, miady, mifanávika, mandrafitr'ady,

mifampitólona. vo Tari-baníana, sambo-bátana, sambotáñana &.

*P*risée, h fanombánana.

*P*riser, Manómbana vidiana. —, mitia, mibango, mankafý; mañéngy.

*P*riser, Mañisy Kiso-dobáka añ'órona. maka paráky amy ny órona, mala-dobáka amy ny órona.

*P*rison, Traño maízina famotréhana ny o voa héloka; traño maiky, traño famatórana, saròn'ólona. Q en —, un *P*risonnier, o an-traño maízina. o ámbáhotra, o navalóngana ao an-traño maízina; latsak' ambory, latsak' antsárona, latsak' antsalôvana.

*P*rivatif, Mañala, mañésotra, tsy mampánâna.

*P*rivation, Tsy fanáñana; fijalian-draha, fañesórana, fañalána; fifadíana, haotásana. s'imposer des —, maota z mamy, mifady z tíana. Lui en imposer, mampaota, mañota, h manoty azy, mampifady azy.

*P*rivauté, Fisakaizan-doatra sándraka amy ny viavy. vo FAMILIARITÉ. Prendre de grandes —, misakaiza loatra amy ny. vo trop LIBRE.

*P*rivé, vo Latrines.

*P*rivé de ses biens, Very haréana, tsy manankaréana, áfaka fanáñana, nalan-karéana; látsaka haréana. — d'un œil, maty maso raiky. — d'amis, tsy misy sakaiza, niengan' ólona. — d'un membre, Bólona, gólona, fólona; d'un bras, bolon-táñana. — d'un côté, takila. vo mañalána, nahafáhana, nahaverézana, naharombíñana. Q en son —, o antraño, tôkana, irery; mangingína; mañirery, mirery,[mirérika, ireritena. —, firerihana, fitokánana. Vie —, fitoérana manôkana, mañirery. —, vo APPRIVOISÉ.

*P*river q de qc, Mañala ny z amy ny, mañala z azy, mahavery z azy; ? mañota azy amy ny z. vo DÉPOUILLER; tsy mampánana, tsy mampahazo; mampifady, mampimemy, tsy mañome, manámpona, misákana, tsy mamp-, tsy maha-. — un animal, L'APPRIVOISER. Se — de qc, mifady, mimemy z; maôta z; tsy málaka, tsy maka, mahafoy.

*P*rivilége, Fady omeny ny andriana ólona irery; fady tsy anáñany ny maro, ráriny, Voñinâhitra, lálana, fahefána, fiamboniana, fahasoávana; fañafáhana amy ny fanompóana, fahafaham-panompóana; fahafáhana. PRIVILÉGIÉ, Manampady, áfáka amy ny fanompóana; mahefa, manampahefána amboni-farafara; afa-panompóana.

*P*rix, Vidy ny, tóñona; tóño'ny; fandafôsana azy, fividiana azy. à quel — est-il ? mañino ny — ? A quelque — que ce soit, ndre mañino ndre mañino ny —. De grand —, be toñona, saro-tóñona, sarobidy. vo voahangi-sampandra-

lambo. A vil —, mora vidy, mora tóñona, mora foana, kobarano, bobaina, boba, boba-rano, bohaka, fondrofondro, angatáhina; tsisy vidy ny, tsisy tóñona. Vendu son —, velon'ántoka. Qui vaut son —, antóñony. Au — de, Comparé à. —, Récompense, valy ny. —, hatsara, hatsarána, hañitra; ny mahabetóñona, ny mahatsara azy. vo ny ranomásony.

Probable, Tandry to, tandry misy fôtony, tsy vandy loatra. Il est — qu'il y est, Il y est PROBABLEMENT, Tandry eo izy, tandry eo izy biaka. vo Peut-être. On regarde comme probable qu'il viendra, tandrasan-ko-avy izy. vo manandry, manandra. PROBABILITÉ, toa márina, fitovíana amy ny márina, tôkony ho zany, ny mahamárina azy, ny fôtony izy tandry to.

Probation, Fañandraman-toetra, fitsapan-toetra, fizahan-toetra ny vao híditra.

Probatisque. Piscine —, ranovory fanasána ny ondry isorôñana.

PROBATOIRE, Fañohárana *ou* fizahána ny fañahy ny mpiánatra.

Probe, (o) Marin-toetra, mahitsy, márina, tsy mamitaka, tsy mandenga. PROBITÉ, hamarinan-toetra; hahitsíana, hítsy ny fañahy, tsy famitáhana.

Problématique, Azo isalasalána, azo iadivan-jery, azo ifandírana; Tsy mbola hay fôtony; tsy mbola voa dinidínika. PROBLÈME, k mifoño fôtony, misarompôtotra; famántatra; k mila ho fanta-pôtotra, k mila hadínina; fanadinana, fañontaníana.

Procédé, fatao amy ny námana; fanao, ? fitondrán-tena. —, fandrosóana hanao z, fañalána lañy ny asa. vo sata, sataina.

Procéder, Mandroso, — dia; mandeha, mizótra, mamava-dia, mizohizohy, mikizohizohy. —, mañáraka fántoka *ou* ampanga. — de, Mivóaka amy ny, avy amy ny, Téraka ny... D'où il procède, ny avia'ny, h ny ihavía'ny, ny ivoáha'ny;ny mañely azy; ny fóto'ny, ny tombóa'ny.

PROCÉDURE, ny Fañaráhana fántoka *ou* ampanga.

Procès, Fántoka, kabary afántoka; ampanga, kabary; ady amy ny fitsarána, fañaráhana ampanga; famantóhana. Faire un — à q, mamántoka o, mañáraka o amy ny mpimalo, mañampanga azy. Long —, h kitozankabary. En —, Mifamántoka; sans autre forme de —, Tsy mimalo, tsy manádina, tsy mandínika. Gagner son —, mahazo, maharesy. Perdre son —, resy. vo Fantok'ila.

Processif, Tia hañampanga, tia hamántoka o, tia hampíhazohazo k, tia fántoka; tia ady amy ny fitsarána, miadiady.

Procession, o mifanohitohy mijoro mandeha; o manosindia, o maro mihósina; fandehánana másina, vava-dia fijoróana *ou* ombam-pijoróana; o mizohizohy, o mikizohizohy, mifanesisesy, mifañarakáraka ; Dia mijoro; fandrosóana; ? hosin-dia; ? tari-dia másina ; fijoróana fandehánana , fijoróana mandeha. Faire la — , ? mamava-dia fijoróana, manosin-dia fijoróana, manao fijoróana ampandehánana.

Prochain. Lieu —, tany akeky, maríny, maríkitra; ? mañátona. Le mois —, ny vólana ho avy, volan-ko-avy; maríny ho avy. — s, Námana, hávana; ny o rehetra. vo mañarakáraka.

prochainement, Tsy ela.

Proche, Maríny, maríkitra, h akeky. vo près. De — en —, mañarakáraka tany mifanohitohy; mitety tanána. — Parent, des proches, Atirékitra, atinkávana , h atihávana, hávana; tsy havantetézina.

Proclamer, Milaza k amy ny vahóaka , mandrésaka k, mañambara, manadidy, mitory k; Mikabary teny. proclamation, fanadidíana k, filazána k; Teny , kabary , Tadidy, sk talily.

Proconsul, Mpanápaka tany. Solo-*Consul*. proconsulat, fanapáhana.

Procréer, Mamaitra, mitéraka, mañely; mañisy, mahary, mahavókatra. procréation , famairana , fiteráhana , fahateráhana; fañisiana; ? fahariana.

Procurer, Mampahazo, mampánana. —, mampísy , mañisy. Se —, mahazo, málaka, maka, mahazo-mila.

Procureur, procuratrice, Solo, solo-nteña, solovava, solombava, masoivoho, o hafárana hitándrina ny k ny o tsy co. Mpiaro; toñankabary.

Prodigalité, Fandaniam-panáñana, h fanan-karen'i-Tsiródona; fandrodonan-karena, fandrotsáhan-karéana; fañarian-karéana.

Prodige, vo Merveille, phénomène. prodigieux, vo Merveilleux.

Prodigue , Mpandany haréana foana; boim-panáñana, mora mandány , manao fanankareni-tsiródona; ? Dodó, ? midodó, ? manao dodó. — de sa vie, Boiñ'aiña, mañary teña, manao teña tsy ho závatra. prodiguer , Mandány foana, mandródona, mandrótsaka , mañary, mandrodaroda; ? mandodó, mañely, mamafy , manáhaka, manipakípa; mañome be, mamôraka, mamorafora.

Producteur. Génie — , fañahy mahatéraka z maro. Sol productif, Tany vañondraha, vókatra, mahavókatra, mamoa; másaka; h fotsikotro.

Produire , Mitéraka , mamoa , mamaitra. — , maneho,

mamóaka. —, Mahary, mañely, mañisy, manao. —, mampahazo. Se —, maneho teña, mamoa-bátana, Mandrosovátana, miseho, mivóaka, misándratra.

Produit, Ny vókatra, téraka, tómbony, atéraka, tombombárotra; ny avy amy ny. vo ary.

Proéminence, Trinitríny, tringitríngy; torosy. —, qc proéminent, z mitrinitríny, mitringitríngy; mañantorosy, mivóhitra, mibóntsina, mitránga, mipósaka, miávotra.

Profaner, Tsy mañaja ny másina, tsy mankamásina, Mandoto, mamorery, manéfitra, mitábaka, mitsábaka, mankaratsy, mañota, mandiso, manevateva z; manao ho závatra tsy másina, mañota fady, mañota hásina. profanation, fañotána ny másina, tsy fankamasínana, fandotóana, famoreiéna, faneférana, fitsabáhana, fanevatevána; fañotána ny fady; fanabokána; ota fady.

Profane, Tsy másina, boka, tsy fady. —, tsy mañaja ny másina.

Proférer, Manóñona, mivólana; mamóaka, mamorafôra, mamóraka.

Profès, *Religieux* efa namehi-teña, efa voa fehi-teña, efa rékitra toérana, efa nanao voady.

Professer, Mañeky, mankató. —, mañáraka. — mañambara, mampiánatra. Professeur, Mpampiánatra, mpañánatra; mpamindra jery; o fianárana. Profession, Asa, fiasána, raharaha, fiána'ny, h lahasa. — filazána, fañekéna, fañambarána. — de foi, filazána ny z finóana.

professorat, Raharaha ny mpampiánatra.

Profil, Sarin'ólona mandrírana *ou* zahána añila; sarin' ólona takon'ila, sarindraha takila; salovantava. vo fify. De —, tsy hita ila, tsy hita fify raiky. hita lañy n'órona, hita riran'órona; ? arírana, atréfina fify.

Profit, Tombo ny, tombo azo, tombombárotra, ny soa azo, fitombóana, antómbony, antombonjara, soso-jara, sosodrasa. profitable, Mahasoa, mahasoso-jara, mampahazo tombo, mampitombo, ahazoan-tombo; vókatra. profiter n, Mahazo tombo *ou* antómbony. Málaka tombo; mitombo. mandroso, mihiatsara, mitombo soa, marórokа. — du temps de qc, Tsy mamery, tsy mañary andro, tsy manoetra, tsy mamela, tsy mahafoy z, tsy mienga amy ny. — à q, Mahasoa o, mañisy zara amy ny, mahatombo zara, mampitombo soa azy, manoso-jara azy.

Profond, Lálina; lalin'áty. vo lalin-tsaina, mangoakóaka, mangoahoa; tsitaka-dompondro, tsitaka-polopolórina; ilóvina, tsy taka-body, h tsihitanoanoa, holokóloka, mangolókoka, mangitsokítsoka, antara, dengy. Peu —, Talésaka, marivo, talélaka, taliaka, salélaka. vo Talialíaka, sahía-

ka, tasy, tasíaka, tésaka; marivo aty, talésak'aty; antémoka. Dormir PROFONDÉMENT, Mamo-ntoromaso, h tsindriantory, tsindriantoromaso. s'incliner —, mióndrika bé *ou* ambány. PROFONDEUR, halaliñana, halálina; halalin-tsaina, halalínan-jery.

Profusion, Fandaníana foana; habetsáhana. vo PRODIGALITÉ. avec —, mandány be, mandródona, mandrótsaka.

PROGÉNITURE, Zánaka, ánaka; natéraka, nafaitra, faitra.

PROGRAMME, Fañambarána, fanehóana, filazána.

Progrès, Fandrosóana; Dia. vo fitombóana, fih*i*atsarána. — lents, h rosarosa. Faire des —, PROGRESSER, Mandroso, mandroso dia; mitombo; mizotra mih*i*atsara; mirosarosa. PROGRESSIF, —; *et* miandálana, miandalandálana. PROGRESSIVEMENT. tsitaitaika; tsikelikely. PROGRESSION, fandrosóana. —, fitohitohízana, fifanaráhana.

Prohiber, Mandrara, misákana, mañámpona; mametra, mankafady. PROHIBÉ, ampétra; fady, misy kady, an-kôsa. PROHIBITION, fandrarána, fetra, famérana.

Proie, Babo ny biby mangálatra, bambo, toha, sámbotra; remby, roza. Oiseau de —, vórona mangálatra *ou* mangórona, vórona mamabo. Chercher —, mitoha, miremby, miroza. Ils furent la — des soldats, no bambóiny ny maramila. Être en — à, être DÉCHIRÉ, AGITÉ par... ; vo Antañanimamba.

Projectile, Z atóraka, z atífitra; z fatôraka, z fatífitra; ? tifitra. PROJECTION, fanorábana, fanopíana, fanipíana.

Projet, z jeréna hatao; saina, hévitra; z kiníana, z kasaina, z tian-katao, fikiniána, fik*i*asána, anakampo, ampó, z ampokóina; h ampoízina. PROJETER qc, MIJERY hanao z, MISAINKANAO, MIKINIA, h MIK*I*ASA. MAMÉLATRA, mampandroso, mampiézaka. Se —, MITRINITRÍNY, pv mirinirіny, h mitringitríngy, h mitrintríny, mitrañitrány, mingitríngitra, mivóhitra, mipósaka.

Prolégomènes, Ventintény mialoha. filazána mialoha; h ? famakian-tsárona, vakisárona.

Prolifique, MITÉRAKA maro, mamaitra maro, h MAMOZEZY, vañon'ánaka. MAÑIJEJA, pv kiléna. vo MAÑAHELY; MAHAVÓKATRA.

PROLIXE, Lava, lava loatra, h lavareny.

PROLIXITÉ, halavána.

PROLOGUE, Ventinteny mialoha.

Prolonger, Mankalava, mankalavalava; manohy; (p tohízina;) mankaela, mahela, mañela; mañánjaka, mandróritra, mitárika; mampihazohazo. Se —, mih*i*alava; matsíraka; mandroso. PROLONGATION, amaray lava, ampitso lava, sosok' andro, ? tohiandro; anampy, fahalavána; fankalavána andro. — sans fin, amaray tsy lany.

*P*romener qc, Mandriorio, mampiriorio, mampitsangan-tsángana, mampaningantsíngana, mampirenireny azy. Se —, Mitsangantsángana, miriorio, miasa dia, maningantsíngana, mandehandeha, mibarera. vo mihalohalo, misiontsíona, misointsoina, mizongozongo; Marcher. promenade, fitsangantsangánana, firiorióvana; fiasan-dia, faningantsingánana, famindrána. Aller en —, aller faire une —, mandeha hitsangantsángana.

*P*romesse, Teny apétraka *ou* afehy amy ny o; vólana hantóñina *ou* ankinina amy ny o; Petra-bólana, fehi-vólana, hantom-bólana, ankim-bólana; z voláñina homena, z lazaina homena; vólana noména, teny natao. fampanantenána; ? fifofóana, h famofóana, Fikiniána, h fik*i*asana; fañampokóana. Retirer sa —, nitsoa-teno, matsoa-bólana, manatsoa-bólana, manala vólana napétraka. Faire une —, Promettre qc, Mametra-bólana hañome z; mamétraka teny, manankimbólana amy ny o hañamy azy z; mañantom-bólana, mamehi-teny, mañome vólana; mivólana hañome z. ? h mamofo z, ? mifofo z. Se —, mañampòko, mikinía, h mik*i*asa, mañampó, mañantena; mijery ti-hanao. Ce que je t'ai promis, ny z nameheza'ko vólana home'ko anao. Celui à qui j'ai promis qc, ny o nametraha'ko vólana home'ko z. Promis, h ? voa fofo.

*P*romontoire, orontány, tsíraka, tsiratány, h tánjona, h vodivona; tany mitranga *ou* matsíraka, mitsópaka.

*P*romoteur, Mpampandroso k, mpandroso k; mpampandeha, mpamporísika, mpampahatóky, mpamoha, mpañétsika.

*P*romotion, Fanandrátana o; fisandrátana, fandrosóana.

*P*romouvoir, Manándratra, manóndrotra o; manandrabonináhitra o, mampandroso o.

*P*rompt, Maláky manampòna z; maláky; h mazoto; maika, meka. vo toatsitány, vetivety, miáraka amy ny zay; maílaka, kododona, lakilaky. maladiófana, h misaléhotra. promptitude, halakiana, haladíana, hafaingánana; saléhotra, hazotóana. — d'esprit, hafainganan-tsaina, halakian-jery.

*P*romulguer une loi, Manadidy malontány, h manalálana, mañambara azy amy ny vahóaka; milaza, mitory, mikabary azy. Promulgation, fanadidíana, fanalalána, fitoríana, filazána; h alálana; ? tadídy.

*P*rône, Filazána ny k ny Zanahary amy ny Mesa. *P*rôner q, Mankalazalaza, mandazalaza, mañengy, mañañoáño, mandrengy.

*P*ronom, Solonañárana, teny misolo ny añaran-jávatra.

*P*rononcer, Manóñona; ? mañintsy, h ? manontsy; mahatónona; miventy. vo milaza, miteny, mivólana; mamora-

fora. —un jugement, manito malo, manito vólana, manápaka, mandidy, mahavita. PRONONCIATION, fanoñónana, fahatoñonana.

Pronostic, Famantárana ny z ho avy, márika fambára. vo fòfoka. Pronostiquer, Milaza rahateo, mañandro, h maminány; mañambara ny ho avy. ? mañíana ny ho avy.

Propagande, Fañelézana ny fanambarány i Jeso-Kry. PROPAGATEUR, Mpañely, inpamafy. PROPAGATION, fankamaróana; fampitombóana isa; fañelézana, pv fañelíana; famafázana. PROPAGER, Mampitéraka, mampiely, mañely; mankamaro, mampitombo. mampandroso. Se —, mihamaro; mitombo-ísa, miely, mieliely, mandroso.

PROPENSION, firôñana, fitokilâñana.

Survenir, Survenant, Avy támpoka, pv avy romóka; tonga foana, manjó; manámpoka; tsy ampoizina, avy tsy dinasana. vo Masimposaina.

survétir, Mañatao tafy ambony tafy, manòsoka tafy, manoso-tsikina.
survider, Mañala ny loatra manidina azy amy ny z hafa, mamindra kapóaka ny loatra.
survie, Tombon'aiña, ny manan-tombon'aiña, havelômana mandilatra.
survivance, Fitanan-dova ho azo rehefa naty ny tompo ny. vo tolobóhitra; fifandimbázana.
Survivre, h Tratra vélona; farafaty tavela. Elaela havelômana noho izy, lavalava andro fiaiñana, mbola vélona tamy ny nifatésany ny raiky, manan-tombon'aiña. Je survis seul, pv farafaty aho tavela.
sus, *Prép*. En —, Ambóny. 10 en sus, folo amby ny. Il n'y a rien en —? Ts'isy amby ny izy va?.
Susceptible de, Mora azo ndraha, Azo *suivi d'un participe*. mora voa, mora mahazo, mora málaka, mora mandray, mora idírana. q —, o mora tézitra, saro-boláñina. mora méloka, be sakaray; sorisoréna, saro-po, sarotsarótina, haitraitra. SUSCEPTIBILITÉ, hamoran-tézitra.
susception, Fandraisana, fandrambésana.
Susciter, Manángana, Mampisy, Mañisy, Mañiraka. —, mahary, manao, mamaitra, mamoha, mamóaka, mañòkatra; mandrísika. SUSCITATION, famoházana, fanangánana, fañiráhana.
suscription, Sòratra ambóny, sòratra añabo.
susdit, Voalaza teo, voalaza betibétika.
Suspect, Tsy mahatoky, tsy mahafatóky, imarimarihana, mampañahiahy, ahihína. — de vol, Tandrasan-kálatra, tandran-kálatra. SUSPECTER, vo soupçonner.
Suspendre, Mañántona z, k; — z ambony; — z añabo. vo PENDRE. — un agent, Mañisy fetra amy ny, misákana, manámpona, mampijánona. SUSPENDU, mihántona. vo PENDU. SUSPENS, ampetra, sakánana. En —, (Fañahy, jery) mihántona, mihambahamba, mihazohazo, misalasala, miahanáhana.
suspense, Fisakánana, fampijanónana.
suspension, Fañantónana; fihantónana, hántona.
suspensoir, Fehikibo mauanty tsinay, famehézana, fanantásana.
Sustenter, Mamáhana, mañisy hánina, manésika, mamélona, mahatánjaka, mitánjaka, mañome hánina; mitaiza, mitarimy. Se —, mamelon-troka, mamahan-kibo. SUSTENTATION, hánina, fáhana; sésika, famelômana, hánina fahavelômana.
suture, Zaitra fañaónam-pery, zaitra famodiam-bay.
Suzerain, Andríana mifehy andríana, Mpifehy, loha ny,

ambony ny, be ny. SUZERAINETÉ, fiamboniana, fifehézana.
svelte, Ngeza, h mafeja, feja; pv fezak'aiña, fezapezak' aiña.
sycomore, Añaran-kazo.
syllabaire, vo Alphabet.
syllabe, Vanimbólana, vany, tapa-bólana. De 4 —, teny vaki-éfatra, efa-bany.
syllogisme, Teny telo fiadian-kévitra, laha-teny, labab́olana mirasa telo mifandrai-kévitra. teny maharesy, teny tsy resy.
Sylphe, h ? anakandriana.
sylvain, An'ala.
Symbole, Famantárana, sary, tandíndona, ôhatra, ôhadraha. — de foi, filazána ny z finóana. SYMBOLIQUE, ôhatra, añohárana; mampahafántatra.
Symboliser, Mitovy, mañandry, mira; mifañérana, mifañahaka amy ny; manáhaka azy.
Symétrie, Fifañaráhana, fifañeráñana; fimbonan-ôhatra, fitovian-dáhatra, mifamaly. SYMÉTRIQUE, SYMÉTRISER, mifamaly láhatra, mitovy láhatra, mitovy rántina, mitovy tátana, mifañáraka.
Sympathie, Fifamalíana, Fifañarahan-katiávana, fitovìam-po, fifañaraham-po. SYMPATHISANT, SYMPATHISER, mifamaly, mifañara-po, mifañáraka, mifañara-pañahy, mitovy fo, mifankatia, miara-mahareñy.
symphonie, firaisampeo, Rédon'antsa tsara, ródona mifañara-peo.
symptôme, Famantárana ny arétina, fôfoka, toto ny dona. vo Lazo ny, atodintazo.
Synagogue, Havorian-dreo *Juifs*; fivorian-dreo *Juifs*, traño fivavahan-dreo.
syncope, Hatoráñana. Tomber en —, Tórana. —, fanapáhana, famohézana; fanohézana. (note) SYNCOPÉE, mitohy.
syndic, Mpitondra rabaraha ny.
Synecdoche, Synecdoque, Teny manóñona ny tápany ny raha lazaina, toy ny manao izao : Lay zato, izay sambo zato.
synode, Havorian'ampijoro handínika k; mpisórona mivory mimalo.
synodique. Mois —, fiovány ny vôlana; herimbólana.
Synonime, Añarana mitovy hévitra. Son —, ny teny fanována azy. Ils sont —, tôkana, tokávina, mbola izy.
synoptique, Miara-hita, mitátana, milaza ny loha ny ziaby.
Syntaxe, Ny fandrantenam-bólana, fandaharan-teny, fi-

fanarahan-teny.

synthèse, Fampiraisana, fanambárana, fanambánana.

Système, Rári-hévitra, fehían-tsaina, tenon-kévitra, hévitra mifanáraka, jery mifamehy, Jery somalika. —, ny bàvoriana, fehézana; izy réhetra, ny dahoio. —, fatao. SYSTÉMATIQUE, SYSTÉMATISER, Mandrary hévitra, manao rarihévitra; mampifanáraka.

T

Ta main, Ny tána' NAO.

Tabac, h Paráky, pv Lobáka, tambáko, antambáko, fitsáko. vo Be hátoka, be kíra, be sófina, parakijolo, parakivolotsángana. — en poudre, Kisodobáka, Hoso-dobáka, koso-dobáka, g kísoka. — en corde, Didi-dobaka, tambolim-paráky, lili-dobáka, fadidi-dobáka, olamparáky. — en carotte, Dorindobáka. — en tablette, pakondobáka.

TABAGIE, Trano fivorian-dreo mpitari-dobáka *ou* mpifodobáka, mpitro-dobáka.

TABABA, Amponga be, Hazolahy.

TABARIN, Bouffon.

TABATIÈRE, Vatra hely fasian-dobáka; g TABATÉRA. tonombolo fasiana kiso-dobáka.

TABERNACLE, Trano lay, áloka, Lay, trano n'Andriamánitra. Vatra másina. TABERINÁLOKA, TABERINAKOLY.

TABIDE, MAHIA indrindra, mirãnkana.

TABLATURE, Embarras. Donner de la —, EMBARRASSER.

Table, Latábatra, tapélaka, talatala, fáfana, tapela-kazo, fandambanan-kánina; fametrahan-kánina. — de pierre, tapela-bato, vato fisaka; vato mitapélaka. A —, Ampihinà nana, vo Mitakárina, mikápoka.

Tableau, Tapélaka misy sarinjávatra antsóratra; Sary, sarindraha. Fáfana fanorátana z. vo? lohandohany, tapélaka fanisána, tapela-panorátana, fafa-fanorátana.

TABLETIER, mpanao fafa fikatrána, mpanao lahárana, mpiasa fifangána.

TABLETTE, Latábatra madínika, talatala, talantálana. —, fafa fanorátana.

TABLIER, Hefintsíkina, lamba ahéfina, lamba manéfina, fiaro lamba, lambamiaro. Lamban-tsíkina mahéfina.

TABOURET, hálana fipetráhana.

TAC, Aretin' ondry.

TACET, Ny mangína, fangínana. Garder le —, MANGÍNA, manimo-bólana.

Tache, Pánda, Péntina, téntina; pentimpéntina, tentinténtina, téboka, tebotéboka, loto. — sur la peau, g Tándra, Antsa amy ny hóditra, hándra, h Hámatra, pv Kavaho,

pv Sóvaka; h angola. — artificiello, h Renty, réntina, g téntina. —, tsiñy. vo TOMBILA, tsimipáka, áfana. TACHÉ, misy —; mipentimpéntina, mitentinténtina, mavo, maloto, vo SALE, tanan-kavaho, kavahóina, sováhina, angolaina; niakaran-tsovaka, voa kavaho; taindalérina, be tsikoko. TACHER, Mañisy pánda *ou* téntina, péntina, tándra, loto & ámy ny; mandóto, mamentimpéntina, manéntina. vo SALIR. manamávo, manápitra, manapi-damba, mahabetsikoko.

Tâche, Asa misy fetr'ándro, asa nameran'andro. asa ny andro, asa ny isan'andro; raharaha. Être à la —, Mañáraka asa tsy mañarak'andro, miantok'ása. TÂCHER, vo S'EFFORCER.

Tacheté, Vándana, misoratsôratra, misy tebotéboka, misy pentimpéntina, misy pandapánda; ? tomen lriténdry. vo MAKANGA, soratsôratra, sada, volavita, mara, marara, mitanarivo, somôratra, mandrôvo. TACHETER, Mamándana, mamentimpéntina, manentinténtina, manebotéboka, mañisy tentinténtina, manoratsôratra.

TACHIGRAPHE, mpanôratra maláky indrindra. maláky manôratra.

TACITE, tsy toñónina, mangíña, fántatra fa tsy lazaina, mangingíña, hay ndre tsy voa láza.

TACITURNE, Vitsy teny, tsy mivólana, tsy miteny, mangíña. vo SILENCIEUX. TACITURNITÉ, Fangíñana, falaiñankoráña.

Tact, Fitsapána, fitendréna, fahareñésana, toetra ny z tsapaina. Avoir du —, hendry, pv mahíhitra, tsy ambáka, mahareñy ny tsapaina.

TACTICIEN, Mahaláhatra ny miaramila hiady, mahavalombálona ny miaramila amy ny fiadívana.

TACTILE, Azo tsapaina.

TACTIQUE, Fahaizana mandáhatra miaramila hiady, fandahárana miaramilà.

TAFETAS, Añaran-damba landy. —, lamba atámpina bay, tampim-bay.

TAFIA, tóaka.

Taie, Saron'óndana, fonon'óndana. —, Areti-maso mahajamba, fotsy amy ny maso, kavaho amy ny máso. Qui a une — sur l'œil, fotsi-maso, misy fotsy amy ny maso; ? kavahóina maso.

Taillade, Didy, didididy amy ny hóditra va amy ny lamba; sk lily, lilililý; tátatra, fátitra, tatatátatra, fatipátitra. TAILLADER, Mandidididy, sk mandilílily; manatatátatra, mamatipátitra, manetitétika, mandidy, manétika, manátatra, mamátitra, manapatápaka, manatsáka.

Taillanderie, Fanaoyan-draha maranitra, fanefen-java-maranitra. TAILLANDIER, mpanefy raha-maranitra.
Taillant, Lela-njava-maranitra. sanitra, ranitra.
Taille, Didy, sk Lily, fandidiana, fanapahana. Pierre de —, Vato-didy. —, hazo voa tapaka maniry indraiky, dimbin'antsy. —, tapa-drafia amepérana k; hazo anaôvana marika; vontady. —, Ny habóany sy ny bika ny vátana, h tsángana, h tsangánanà. D'une belle —, abo vátana. —, Dilana amy ny vátana; mince de la —, madilana. —, Feo tsy abo tsy ambány, tsy rántsana tsy lemona, feo atriátry, mamátona, antenaténa, salasala.
Taille-douce, Sary sókitra ambony takela-baráhina, sókikitra, fisokírana ambony varáhina.
Tailler, Manápaka, manapatápaka, mandidy, mandidididy; manétika, manetitétika; manatsáka, mijinja, mamángitra; manetrétra, mandrátsana (hazo); manety (volondoha; mandríngana (ny fahavalo). — droit, mamárana.
Tailleur, Mpanapatápaka; Mpanao akanjo, mpanjaitra. — de pierre, Mpandidi-vato; mpanapa-bato; h tambato.
Taillis, Ala fotapatapáhina; ala fohifohy; kiríhitra, hiríhitra, hirihitr'ala, ? ala fanalan-kitay. Gagner le —, Misitrika an-kiríhitra.
Tailloir, Hálana va fáfana be fandidididían-kena.
Taire qc, Tsy milaza, tsy manambara, tsy mivólana, tsy miteny azy, manímoka k; mamony, manáfina, manárona. Se —, Mángiña, gina, manimo-bólana, manimo-bava; sina. vo mihangihangy; *et* SILENTIEUX. Faire —, Mampangiña, h mampihombombava; Mahasina, mamehi-vava, mamono vava, mamato-hava.
Tale, Anaram-bato mangarangárana.
Talent, Lelambola, vola, parata be. —, fanahy, fahaizana, saina. —, ny hay, ny hay ny fanahy.
Talion, Valy ny ratsy natao. valy mitovy amy ny ratsy, famaliana, Teny, h Tody.
Talisman, Sary ndraha va sòratra atao ho fanafody; ody mahery. vo AMULETTE. —, z mahefa z mahatsérika.
Talles, Sampankazo, tsímoka. TALLER n, (hazo) Misámpana, mitsímoka.
Talmud, Taratasy ny *Juifs* milaza ny hevi-dalána.
Taloche, Dómona ambóny loha amy ny tánana, kápoka, dona, velihondry. Lui donner une —, Mandómona, mandóna azy. — loha azy, mameli-fetsibaña ny loha ny.
Talon, ny Tómotra, pv tómitra; h ombelahintóngotra. Marcher sur les —, Talonner, Maharak'antómotra; mifandia hotro, mifanitsa-kotro. —, mitaky, manáraka; IMPORTUNER, PRESSER.

Talus, Sompirana; ? sirana. En —, (Tany) mitsidihitra, (z) misompirana; sirana; h kisolisoly, h kisolosolo, ? misolampilampy. Faire en —, TALUTER, Manompirana, mamirana azy, manao sirana.

TAMARIN, Voamadiro; madiro. —, TAMARINER, madiro, ? hazo mahadilo.

Tamatave, Taomásina.

Tambour, h Amponga, sk Hazolahy; pv langoróny; h langoraony, pv Bingy. Hatrotrobe, tambóro; toranga. second h Tary, pv Anakazolahy, Anabingy. Battre le —, mamely —. se —, ny mpamoly —. — de basque, h kipántsona, h kitsántsona. Les premiers coups de —, h satra, satranamponga. —, vatra bory holok'aty, zava-poan'aty. —, Efi-pidirana antrano. vo SON.

TAMBOURIN, Amponga kely, h kipántsona; h kitsántsona, anakazolahy. TAMBORINER, Mamelively amponga, miánatra vango hazolahy.

TAMBOUR-MAITRE, Mpampiánatra hazolahy.

TAMBOUR-MAJOR, Tale ndreo mpamango amponga.

Tamis. pv Fitsongorána, h fanofána, fitavánana. TAMISER, mitongoza, manofa, mitávana, manávana.

Tampon, Tséntsina atámpina, tákona, támpina, támpika, tákotra; tsentsimbarika, tsentsindrano, kámpy, kámpina, TAMPONNER, Manámpika, manákotra, manámpika, manéntsina.

TAN, Hodi-kazo torotoro, vovo-kodi-kazo handonankoditr'aomby, kiso-kodi-kazo.

TANCER, mañánatra maré, maniñy maré.

TANDISQUE je vis, mbola zaho velona, vo Pendant.

Tangage, Samóana, samoimóitra, onganóngana, kongankóngana, tsikongankógana, voambóana, savoambóana (ny sambo). Éprouver du —, tanguer, mi—.

Tangence, Ny fipáhana. TANGENT, mipáka amy ny zoro ny raiky foana. TANGENTE, Sóritra mahitsy mipaka amy ny vonto.

TANGHEN, tangéna. Lui faire boire le —, manangéna azy, h mampinona azy. vo sosoamora.

TANGIBILITÉ, tsápa, Páka, fòtra; fitsapána, fipáhana, fifòrana. TANGIBLE, azo tsapaina, azo ipáhana, azo ifòrana.

TANGUER, vo à TANGAGE.

TANIÈRE, Lávaka fivoniany ny bibi-dý, hitsika, h zohý mbiby, lava-bato, fierenam-biby, trañombiby.

TANNE, Péntina kely maintina amy ny hóditra.

TANNÉ, ? mavo-mena.

Tanner, Mandon-kóditra amy ny *Tan*; mandio-hoditr'aomby. —, Molester, TANNERIE, traño fandóñan-kó-

ditra. TANNEUR, mpandon-kóditra, mpamboa-kóditra, mpanìhy hóditr'aomby, mpandio hóditra.

Tant, *Adv*. — ceux là que ceux-ci, Ndre ireny ndre irety, Na ny añy na ny atý. Il y en a — que je ne puis les compter, Ny hamaróa'ny no tsy ahisá'ko azy, no tsy ahazóa'ko isa azy. Il y a — d'hommes qu'on ne peut les compter, Maro bétsaka ny o ka tsy azo isa. Je n'en ai pas — que toi, Ny ahy tsy mitovy habe amy nihin'ao, ny ahy tsy erany ny anao, zaho tsy mánana be karaha anao, tahak'anao, toy hianao. Si — est que, Raha izany, Izikoa zany, laha zany. Il a — mangé qu'il a crevé, Nihínana dia nihinana izy, nihinan-dóatra izy, kala vaky ny kibo ny. N'en mettez pas —, Aza atao be karaha zany, aza atao be manao zao. — soit peu, Kelikely, sómbina, volohoho; très peu. Il a travaillé —, ? izy niasa erany hoe. — bien que mal, ndre tsara ndre ratsy, ratsiratsy, ataotao foana, tsy ohatrahárina; na ankasoávana na ankaratsiana; afatapátatra foana. — que je ne l'ai pas connu, Mbola zaho tsy nahalala azy. — que je vivrai, zaho koa mbola vélona. — que, ohatr'izay, ambarapara-, ambarapi-. En — qu'homme, Amy ny fombány ny olombélona, fa olona izy, izy ólona. toy ny ólona. Tant-pis, Ratsy zany, loza zany; tant pis, (peu m'importe,) Válaka, asa, vasa. Tant-pis pour toi, Válak'ao, asa nao. Tant-mieux, tsara zany.

Tante paternelle, Anabavy ndray namaitra, Adavavy, Angivavy, raivavy, babavavy. — maternelle, Rahavavy ndreny nitéraka, Reny tsy nitéraka. ? reny kely. Grand' —, Anabavy ny dady lahy, rahavavy ny dady vavy, vo ONCLE.

Tantôt. Il est venu —, Teo no navíany, tsy ela naviany; vao ho avy vetikétika izy. ato ho ato. J'irai —, tetéka zaho handeha, tsy ela zaho handeha. — il pleure, — il rit, Indraiky tomány, ndraiky mihomehy izy, indray izy tomány indray izy mihomehy.

TAON, moka be. ? Lali-pangírika

Tapage, pv Résaka, tabataba, korovetsy, korataba, horakóraka, varabáratra, hotrokótroka, h traoka, traotraoka, kitraokitrana adary; h dóboka, h diboka, pv kiboka, takíboka, tsakíboka. Faire —, Marésaka, —mena; mitabataba, mikorovetsy, mikorataba, mihorakóraka, mangotrokótroka, mitraoka, mitraotraoka, mañadary, manao varabáratra; vara-dátsaka. TAPAGEUR, mparésaka, mpikorovetsy, mpitabataba, mpikorataba, vara-dátsaka; mpanao varabáratra, be adary, mpañadary, mparesa-bava, mipatsopátsoka, mipentsopéntsona, mifentsampéntsana. vo Babiller, *et* miradarada, mifofofofo, mifotofoto.

Tape, Téfaka; Veliombv. vo soufflet. Taper, Manéfaka, manéhaka; mandómona; mamely, mamely tehamaina; mipaoka, mandona, mandaboka. vo Battre. — du pied, mitoto tany.
tapé a. Fruit —, Voankazo tinisaka, fisáka, nofisahina.
tapecu, Famelivody, velivody.
tapioca, Mahogo torotoro, kisoka mbazalıa, kisok'ovi-házo.
Tapir. Se —, Mitabotétaka, mitify z hivóny; mitabokely, mibotétaka. vo se Blottir, se ratatiner; et milampy, miolampy, mifitsaka, mipitsa.
tapis, Láfika, Lámbana, Lámaka, filámaka; tsihi-volon' ondry. — verd, Lafik'áhitra.
Tapisser, Mamétaka lamba va taratasy amy ny riba; mameta-damba, mandáfika, mandámaka amy ny rindrina, h manémitra trano; se —, miláfika, milámaka.
Tapisserie, Taratasy na lamba misoratsóratra aláfika amy ny riba; h témitra. Láfika, lámaka, filámaka apétaka amy ny riba, ou asoso-drindrina, fonondrindrina. Lamba arávaka ny riba, taratasy fanangiangian-trano. Tapissier, Mpanémitra trano, mpivárotra taratasy fampihamiana-trano.
tapoter, Manefatéfaka moramora, mamelively hely.
taquer, Mikonkóna hampira ny sóratra, mampira; Mandomondómona; manétry, manjetra.
taquet, Tapakazo mamahana, mamehy.
Taquin, Mpitsokitsókitra námana. Taquiner, mitsokitsókitra, mitsibotsiboka, mikitrana, mikotrankótrana, migodangódana, mañatikátika, mañaty, mihatsy, mitsokórika, manitikitika. h manibokibo, mañotikótika, mandrofarofa, mitrebitrébika, mitsongotsongo, mitsilontsilona, manahirana o; Mahasósotra, mahadikidiky o; mikidikidy, manao kivarivary ? mampisarintona. Se —, s'agacer. Taquinerie, Tsibotsiboka, fitsibotsibóhana, fitrokitsokirana, fikotrañana, fikotrankotrañana, fanatikatihana &: sahirana, kidikidy. sósotra ? dikidiky, kivazivazy; tarik'ady.
taquoir, Vongan-kazo hampiráñana ny sóratra; vongan-kazo fanjetan-tsóratra.
tarabuster q, Manahirana o amy ny tabataba be va amy ny volan-dava. —, Brusquer.
taquons, Hálana manóndrotra. Taquoner, Mañálana, manóndrotra ny sóratra; mañisy hálana.
tarare, Int. Vandy nao zany; bitra, sañatría. —, Válaka, asa; tsy ahoa'ko, tsy ahoa'ko ino.
tarare, z fandiovam-bary.
tarand, Vy fandoahan-by. Tarauder, mandóaka azy mo-

ra hampíditra fátsika misy didy, manao loaka misy didy.

Tard, *Adv.* Mandilatra ny fetr'andro, afárany ny fotoan' andro, afarány ny andro tòkony. Venir —, trop —, Avy afárany, avy afara lóatra; (*le matin*,) avy matsaña, matsáña loatra; (*l'après midi*,) Hariva, hariva loatra. Venez plus —, Avia matsantsáña, harivariva. Il arriva —, navy tafárany izy, tafara-loatra izy. Nous veillâmes —. Nañálina zahay niámbina, niámbina Ela zahay. Ne restez pas —, Aza mañariva, aza mañálina, aza ela anareo. Il est —, il se fait —, Efa lasan-dávitra ny andro, efa hariva, efa mañariva, efa mañálina; efa álina ny andro; efa alin'andro, efa lasa ela ny masoandro; ho álina, efa ela ny andro, tratr'ela ny andro. Plus —, Tetek'añy; añáñy, añiañy, h anihoány.

Tarder, Ela, miela; mihaela, mañela; lebánika. vo mihebinkébina, mitaredretra, mitarétra, mitarekireky, miezanézana, mihevohevo, misodisody. mitoetoetra; miantaha, vo Lambiner. Il me tarde de, Ela zaho mandiñy; mañiry, mániña, tia aho; aniña' ko izy &. ratsiaiña aho. . .

Tardif, Ela, Votsa, votsavotsa, h vosavosa, mihebinkébina, mitaredrétra, mavesabésatra. vo Lambin.

Tardivité, havotsána. —. haelána ho masaka.

Tare, Handra, antsa (amy ny sovaly); hasimbâna, ny narátra (amy ny vidiana). Taré, handraina, antsaina; misy antsa, misy handra; simba, símbana, narátra, nahaverézana. —, (o) afa-baráka, veri-laza. Tarer, Manimba, mandrátra, mahavery tápaka. —, mandanja kapoaka foana alóha ny mañisy raha añatv ny.

Tarentule, Añaran-dreni-mparòratra mahafaty. h Taratra, ? maro táñana.

Targe, Ampinga abo mahàtákona ny vátana ziaby.

Targette, Hidy, tsorabý kely famodiam-baravárana; fanidiana.

Targuer. Se — de qc, mireharehа amy ny.

Tarière, Fandoáhana be; fanirífana, homa-manta, h kamósitra; pv Mangerihòmana.

Tarif, Filazána ny fadintserañana na ny vidy njávatra. Tarifer, milaza ny vidy ny, manómbana.

Tarir un étang, Mañdritra, mankarítra, maharitra farihy; manamaina, mankamaika, mandány. —n, Se —, Ritra, miritra, mihàrítra; maina, maika, lany, áfaka. Tari, Ritra, efa ritra. Qui n'est pas Tarissable, Tsy azo ritrívina, tsy azo lany, tsy ritra, tsy mety rítra. Tarissement, haritrivaña, fandrítana, fandritrivana.

Tarte, tapéla-mofo mamy misy voankazo.

Tartine, takela-mofo voa hoso-dronono mamdry. silaka . . . . hoso-tsoli-dronono

TARTRE, Haran-ký, tainify, tain-ký; h kitro.

TARTUFÉ, Hypocrite.

Tas, Antóntany, tonta; tóvona (tovon-draha, tovombato, antontam-bato, antontan-jézika;) ándroka, (androk'ahitra; fatárana, (fataram-bary, vary ampátatra, fata-bary;) ambángonv, angábony, gáboka, vangongo. vo MASSE, AMAS. En —, Mifanovontóvona, mifanindritsindry, mitobíbika, misavóvona, mifátratra, mitovontóvona, miaboabo, mitabórona, mifamangoa, mivory, mivóngana, mivangongo, miangoango, mivongovongo, mibongo, mivengávenga. vo EN MASSE. Mettre en —, Mamory, manándraka, manobórona, manovontóvona, manao mifanindritsindry, mamátratra, manobibika, mampifanongoa, mamómpona, manámbatra, mamaingavainga.

TASSE, Kopy, finga, bakoly, kapóaka hely.

TASSEAU, Hálana, tóhana kely.

TASSÉE, Eram-pinga, eram-bakoly.

TASSER, vo mettre en TAS. — n, mitokotoko faniry.

TÂTER, Mitsapa, mitsapatsápa, manapatsapa, mijabajaba, misafosafo. Vo mipámpana, manándrana, tsapa-rôroka, maneritery, mitantána, h mikatokato.

TATILLONNER, Mandinidinika lóatra ny k; h mikarakara, mikajakája loatra.

TÂTONNEMENT, Tsapatsapa, fitsapatsapána, jabajaba, fitsapána. katokato.

TÂTONNER, aller à tatons, Mitsapatsapa, misafosafo; mikároka, mikarokároka, (mikaro-jávatra;) mijabajaba, miraparapa. ? mirabaraba. À TATONS, —. Chercher qc à q, Mikarokaro-jávatra.

TATOUAGE, Téntina, tentinténtina (atao amy ny lahára), péntina, pentimpéntina, soratsôratra, téboka, tebotéboka, h renty. (vo tombila, tsimipáka, áfana, fanafánana, sori-daza.

TATOUÉ, se TATOUER, Mi—, Mi— hándrina, Mi— sora.

TATOUER, Manéntina, manentinténtina, manebotéboka, mamentimpéntina; manao tombila, manoratsôratra vátana.

TAUDIS, Taudion, Kivohy ratsy maloto.

TAUPE, Anaram-biby miramira amy ny voalavo be mipétraka anaty tany vo trándraka. Topa. TAUPIER, Mpitómboka topa.

TAUPINÉE, TANY kely vokáhiny ny *Taupe* toy ny votry; bongo hely, ongontány madinika.

TAURE, Vantotr'aomby.

TAUREAU, Aombilahy tsy vósitra, ombilahy, h ombelahy, g Jao, jaolahy. vo Filohany, lahiloha; miantsoarivo, lahinaomby. Jeune —, Mandongo, manarivo, ombimitrongitány. vo Dronga, vantotr'aomby, ? jaojao.

Tautologie, Teny miverimbérina, hévitra miverimberin-tendro. Echo Tautologique, Talango mamalivaly, manointoina, mahindroy mamaly.

Taux, Tohom-bidiana, tóhona, Vidy notapáhiny ny andriana, Vidy voa tápaka.

Tavelé, (hóditra) vándana. Moucheté. Tavelure, *Bigarrure* amy ny hóditra.

Taverne, *Traño* finoman-divay, traño fisotróany ny rorôbantainólona, fanjoan' ampinon-toaka. *Tavernier*, Mpitándrina *Taverne*.

Taxe, Vidy no tapáhiny ny andriana, tóhona, fandafôsana, hetra, fandoávana. —, vidiloha. *Taxer*, Milaza ny vidy ny, manápaka ny vidy ny *ou* ny tóhony, mampandoa hetra. —, manandra, manandry; maniñy, manao ho.

Te, *Pron*. Je te vois, Hita ko Anao, h Hianao. g zaho mahita Anao. *Tu* te vantes, mankalaza *Tena* anao. Ce qui te plait, Zay tia' Nao.

Technique. Mot —, *Teny* amy ny fizavaran-jávatra.

Tégument, hóditra; sárona, foño.

Teigne, arètiny ny hodi-doha, hátina an-doha; h *Tsin*-doha; ? kifongo; mokoko, koko, koko bay. —, Voaña hômana lamba. ? fósitra. —, hátina amy ny hodi-kazo. *Teigneux*, misy —; tsindohaina; ? kongónina, kongonin-doha.

Teiller, vo Tiller.

Teindre, mañova sora lamba, mañisy volo lamba; En noir, manôk*a* maintina azy; En jaune, mamóndrana azy. En rouge, h manato. vo éngitra. Se —, mivalo sora; azo asoka, azo ována volo.

Teint, Sora, tarehy, volo ny sora, endrika. Bon —, tsara sok*a*, tsara fanôhana.

Teinte, Volon-jávatra, sora-njá vatra, sôratra.

Teinture, Fanófana lamba; Rano fanôhana. vo rano-famondránana; volo, sora, volon-jávatra, sorandamba. Teinturerie, Traño fanôhan-damba. Teinturier, h Mpanôka, mpano-damba; mpamóndrana, mpanato.

Tel, Telle. Une — mort, h ahafatésana izany, *ou* táhaky izany, táhaky izao, manao zany, manao hoe, hoe. Tel qu' un bœuf, táhaka, karaha, koazáka, otry, totry, toy aomby. Un —, Iano, h Iánona, h Ránona; antsinika, antika. — fut son discours, zany ny vólana natao ny. — quel, tsy tsara tsy ratsy, foana, nataotao foana, tsara tsy tsara, ratsy tsy ratsy. — qu'auparavant, Faranilôhany.

Télégraphe, Závatra mañelañélana milaza ny k lávitra.

Télescope, Maso lávitra mahabé ny z taráfina.

Tellement, toy izany, to'izay; be ka... Il mangea — qu'il mourut, nihinam-be izy ka naty, kala naty, h ka dia naty.

Téméraire, (o) Boin'aiña, tsy manahy tena, manao vy very, h. manaboa-maty.; mahasaky lóatra, h. sahisahy, manao tena tsy ho závatra; (Ahiahy fanandrasan-dratsy o) tsisy fòtony tsisy tombóany, tsisy antony. vo] Maintavo, maikia loatra, dodona, sendaotra, mitsontsórika, tsy mihévitra. TÉMÉRITÉ, Hasahíana, fahasahiana lóatra, fanaòan' aiña tsy ho z, fanaovam-bi-very, tsy fidonan-tena.

Témoignage, *Teny* ny Sahada; Vólana mankató, filazána, fankatózana, fankatóvana, vav'olombélona, vava. —, marque. Rendre —, Mankalaza, mandaza, mankató. TÉMOIGNER, maneho, maiiambara, milaza, mankató; mitsangankamáhana, mitsangan-ko vavolombélona; Sahada. TÉMOIN, Sahada, h. vav'olombelona. mba-mahita; mba-naharéñy, ? mpañampanga. vo tangem-belondrávina; tangem-boasa. Prendre à —, Mañantso ho Sahada, miantso. ho vavolombélona.

Tempe, h? Fibirífana, tampom-pify, ilankándrina, ny anila ny handrina.

Tempéramment, *Toetry* ny vátana; tena. —, z. mahamora, mahafehy, mahavítrana ny k. —, fifanekéna, elañélana, fanampy; z mifaneky, mifampañeky, mifankamora.

Tempérance, h. fahonenam-po, fanisiam-petra. h. fahalalan' onony; vo SOBRIÉTÉ. TEMPÉRANT, *Tsy* tia ny loatra, tsy tsontsòraka; Mahakétraka teña, tsy maka loatra, tsy manao loatra, tsy mandilatra ny érany; mahay ny sahaza, h. mahay ny onony.

Température; Ny toetry ny hafanána va no hanarána, toetry ny tsioka.

Tempéré, (Andro, tany) tsy mafana lóatra, malemy hafanána, antónony, mora, h. onony, maotona; —, miádana, ? marimáritra.

Tempérer, Mañala ny loatra, mañétraka, mankalemy, mankamora, mampibeña, mañetry, manjetra, manatsatso, h. mampiónina, h. mampiárina, mampiónona, mampisahala.

Tempète, Rivotra mahery, rivo-dahy, fororo, h. tadio, tafio, h. tafio-drívotra, ? valazy. Saisi, battu par la —, azo ny —. Emporté par la —, nahólony ny rivotra.

Tempêter, (o tézitra) Marésaka be, ménjika, mandráhona maré, h. mirézatra, py mandalála; h. mirohondróhona; mandrívotra.

Tempêtueux, Mandrívotra, be rivotra.

Temple, *Trano* fijoróana; h. fivaváhana.

Temporaire, *Tsy* andrakizay, ho misy fanampérana, ho támpitra vetikétika, vitsy. andro, misy fetr'andro, tsy mahárítra, tsy mitoetra. TEMPOREL, vo TEMPORAIRE, *et* amy ny izao fahavelómana izao, amy ny izao tontolo izao, aty an-

tany aty, antety tany, atý ambany lánitra aty, amy ny ty tany ty. —, h fanáñana. temporiser, Ela, Mañela, mahela, manao ampitsolava, manao amaray lava, manao tatalava, mangatak'andro, mampitsotra. TEMPORISATION, fanaovan' ampitsolava &. — sans fin, amaraitsilány.

Temps, Andro, taona. Je n'ai pas le —, tsy mánana, tsy misy, ts'isy andro aho. Qui a le —, malala-draharaha. à — amy ny fotoan'andro, fetr'andro, amim-potóana, amy ny zay andro tôkony, amy ny andro anazy. Le — est à la pluie, Hañôrana ny andro. De — en —, de — à autre, indraikindraiky, h indraindray. Du — de Radama, faha i Labidama; de mon —, faha izaho tañy, faha zaho teto. En ce — là, fahíny, fahizany, faizay; tamy ny zany andro zany. — fixé, tsatok'andro, fotoan'andro, paik'andro, ? fotoa-maty. En même — que, PENDANT. se donner du bon —, Mañaran-trôka; Prendre son —, miádana. Avant le —, Misamboboa tsilátsaka, misazo-boatsilátsaka.

Tenable, azo tánana, azo hazónina; azo itoérana.

Tenace, Mandrékitra, madity, mamáhatra. vo mañékitra, mifikitra, mikiribiby, madítra, mihenahena, mitompo teny fántatra, manao fihinkala; mivánditra amy ny z. TÉNACITÉ, fandrekétana, haditíana, famahárana, ditra, fikiribibiana, fihenahenána, fanavan-ditra, fitompoan-teny fántatra, jajírika, fijajiríhana, h fijaríhana.

Tenailles, Fisamboraım-bý, fañalam-pátsika, fañombotam-pátsika, h fanalan-kombo, fanavo-pátsika. — de forgeron, Tandra, Fanambôrana. TÉNAILLER q, Mandriatríatra o amy ny tandra va amy ny fañalam-pátsika; mandrotidrótika, mamiravira o.

Tenant, Mitohy, mipáka, mandrékitra amy ny. —, mpiaro, mpiántoko. Biens tout d'un —, tany mipaka, fankaríny, mifanohy, mitohy.

Tendance vers qc, Fandrosóana amy ny z; fañatóñana z, ny mankamy ny.

Tendant, vo Tendre.

Tendelet, Lamba hénjana manáloka lákana, áloka.

Tendoires, Henjohenjo ou Enjoenjo fanalampázana lamba voa soka.

Tendon, Tendro ny ôzatra, ôzatra. vo traingovázana.

Tendre qc, Mañéñjana; h manínjitra. — des pièges, mamoha fándrika, mamándrika. — vers qc, Mandroso amy ny, mañátona, mankaríny azy, mank'amy ny, miézaka. vo Mikendry, mihátra, mila, mikasa, mañandrify; ABOUTIR.

Tendre a, Malemy, mafonty, maléfaka, mora, mora rasaina, malía, malea, tañora, tsótsana. vo Rano, Antarávana, malemy paika, lako, lakolako, lanto, milenoleno, mou-

dra, vohavoha, vololondrávina; antr'ólona, miantra, mafiraiña o; malahelo o.

Tendresse, Fiantrána, hatiávana, fitiávam-be, famindram-pó.

Tendreté, Halemy, halemiana, hafontésana, hafontiana.

Tendron, Lengolengo-njávatra; sakéliny; tovondraha, tsimoka, volólona, ládina. Jeune —, tovovavy. vo tánora, tsótsana.

Tendu, Hénjana; voa hénjana, mihinjitra, midiridiry. vo daridary, dibadiba.

Ténèbres. vo Obscurité. Ténébreux, Obscur.

Ténesme, Arétina ta-hangery lava fa tsisy z, arétina mangidy fory.

Teneur, Ny z añaty sôratra, ny fôtony, ántony.

Tenir qc, Mitána. vo Porter; Retenir, *et* mambeda, mibeda, miházona, misámbotra, nahazo, mitahiry; mitsikitsiky. — le ménage, mitándrina sy mitondra ny raharaha ny traño. — pour, manao ho. — lieu, solo, misolo. vo Remplacer. — à ses idées, h mitompo teny fántatra. Tiens-le bien, Táno maré izy. Tiens, le voici, indré izy, indreto izy. vo indro aoeho. tenir n, — à, vo Attaché, rékitra, mirékitra, mandrékitra amy ny; tánany ny; mifántsika amy ny, fatséhany ny. —, Durer, Matána, mah""", mateza. — à, (Contigu,) mipáka amy ny. Qc qui ne tient qu' à un fil, tánany tady kely foana, tady kely foana no mitana azy. Q qui tient aux lois, o mitána ny didiány tsy mahafoy azy, tsy mahalefa azy. —, — contre, — tête, vo Résister, Mahafáhana, mamáhana. — de, avy amy ny, aviany. —, vo Ressembler; *et* mifotra amy ny, mañandry azy? milaho. — pour q, miandány amy ny, miaro azy. Se — à qc, Mamáhana, mamáhatra amy ny z. Se — là, mipétraka, mitsángana, mitoetra eo. Se — les bras croisés, (dites croiser les bras,) Manovon-táñana. Se — droit, miárina. — ensemble, se — l'un l'autre, — l'un à l'autre, mifandrékitra, mifampitána, mifanávitra, mifandrávitra, mifandravidrávitra, mifampirávitra, miravidrávitra; mitohitohy, mifanohitohy. Qu'à cela ne tienne, Tsy mañino ny zany; ndre zany, zany tsy mañino.

Tenon, Ny tendro ny hazo míditra añaty vavan-omby, ny lahy ny, tsoky ny, loha ny, fitánana.

Ténor, Feo atriátry.

Tension, Diridiry, hahenjánana, fihenjánana, fañenjánana, fidiridiríana.

Tentateur, Mpitárika, mpitaona amy ny ratsy, h mpaka fanahy. — a, vo Tenter.

Tentation, Fitaríhana amy ny ratsy, fitaoman-dratsy,

fanahy ratsy, jery ratsy, h fakampanahy, fandrisihana. —, fahiriana, fo tia z, jery ti-hanao. vo petrak'áhitra.
Tentative, Fañandrámana hanao z, fañohárana, fañohatrohárana, fitsapána asa, famantárana fikomikomiana, firikirikíana; sántatra, sólatra, fanampônana, ny samba atao ny somila atao; manao ny hay, manao ny tratry ny aiña.
Tente, Traño lay, lay, traño fotsy, áloka, alokáloka; toby, lasy. Dresser ses —, Manangan-traño lay, mitoby, milasy, manangan-day.
Tenter, Mañándrana hanao z, mitsapa asa, manantatra, mikomikomy, mirikiriky, mañohatróhatra, manambahamba, manólatra, manampóna. — q, Mitárika, Mandrísika, mitaona, mandronjy amy ny ratsy, h maka fanahy azy. —, Mitsapa fañahy, mizaha toetra, mitsapa fo azy.
Tenture, Lamba ahénjana amy ny riba, lamba arindrina, lamba mihántona, h temitra; ribalamba.
Tenu. Bien —, (miaramila) tsara ina, tsara fañinána, (tsabo) tsara fanajariana. — a, Obligé, azo, tánana, andrekétana, géhina. vo antanamamba; andraikitra.
Ténu a, Matify, h manify, madínika indrindra, piripítika, tsikiritika.
Tenue, Toetra, fitondran-tena, fipetráhana, fitsangánana, tsángana, fitsángana. —, síkina, fisíkina, fisikinana En grande —, mihánina, milávana, tsara síkina. vo anjaika; mianjaika, milatsak'anjaika.
Ténuité, Hadinihana, hakelézana, hatifisana, habitihana.
Térébenthine, Añaran-dokonkazo mahery fófona. Loko ny *Térébinthe*.
Tergiverser, Mila fiariana, mila fialána, mañomboho, mivoho, mitovevy, miáfaka, miahanáhana. vo mamalampálana, mialala, mifelipélika. mivádika, miovaova, mifindrafindra, miverimbérina. Tergiversation, Fiariána, filána ny fiariana. vo Hésitation.
Terme, Fanampérana, fiefāna; fárany. —, fetr'andro, febólana; à son —, tondro-bólana, todi-vólana. Elle attend son —, mandiñy vólana; miandry andro izy. Qui est au — de ses jours, tampitr'andro. vo tampi-téraka, tampi-dia, tampitr'ariary; áñona.
Terminaison, Fanampérana, h fahatapérana, fietána, fifána; farantsóratra, fara-sóratra.
Terminé, Támpitra, tápitra, efa, tody. Terminer, manámpitra, h manápitra, mankefa, manody, mandify, mamita, mahavita, mahatápitra; támpitra atao. Se —, tápitra, támpitra, vita; tsófotra, mipáka, vo zozorovoatsaika; lambotsimandry, soromandriandry; antefa.

Terne, Tsy mangilotra be, tsy mipelapélatra, tsy mazava loatra; ? málotra, h máloka. matimaty hazavána, mátroka, matromátroka. vo mandaviana, nalazo, voa lazo. Ternir, Manala hílotra, mamono hílotra, h mahamátroka, mahamatromátroka; mankaiziñízina; mandazo, manamavo, manamaízina; ? mandálotra. Se —, Malazo, mihamátroka, mihamavo, mihalazo; vo Terne. Ternissure, ny mátroka, hamatróhana, lazo, halazóana, panda.

Terrain, Tany, lémboka. vo handrintány, lalangy. Bon —, tany lalinofo.

Terraqué, Misy tany sy rano.

Terasse, Tany aboabo marimárina fitsangatsangánana; hamarénana, lafi-tany, farafaratány; kibanitány, halalóhana aboabo.

Terrassement, Fanondrotan-tany, ? sondro-tany, fanovonan-tany, fanavan-tovontány. fipongisan-tány.

Terrasser, Manovon-tany amy ny; mamátratra tany, manóndrotra tany. — q, Manonta o an-tany, mamíoka, maméfika, manólaka, mandrampy; mandavo, mandátsaka, mampitreka.

Terre, tany; Lémboka. vo tazoa. tanety. Sur terre, antety, amonto. Les biens de la terre, ny haréana an-tany, aty an-tany ty, amy ny zao tontolo zao. Dans les —, Andoha rano, antety, añedinedin-tany, Prendre terre; mañitsa-tany, miómtsaka. — blanche, taniravo; dure, handrintany. — ferme, Tanibé, tany mitohy. Perdre —, (o) lasa tany, niengány ny tany.

Terreau, Zézika. ? tany lonaka.

Terre-plein, Tany avo márina.

Terrer, Manótotra tany azy; mañisy tany amy ny. Se —, misítrika antány, mivony, miery antany; mandevim-bátana. Se —, Manangan-tany hiaro teña.

Terrestre, Antány, ambony tany, momba ny tany, mónina antany. ? antantány.

Terreur, Táhotra be, Vílona, félana, hovotra, fangovótana, horohoro.

Terreux, misy tany; manáhaka tany.

Terrible, Mahatáhotra, atahórana, mahafati-vilona o, vo Effrayant, Effrayer.

Terrier, Lávaka antány ivoníany ny biby; lava-tany, hitsi-tany, torabintsy.

Terrifier, vo Effrayer. —, Manova z ho tany, mampanjary tany izy.

Terrine, Lovia tany lalin'aty, finga be.

Terrir, (Fano) Manaton-tany, mitody ka mañatody; (Filao) mankariny tany.

Territoire, Tany, tany fehézina, fanjakána, fizaran-tany, tokotány inaina.
Terser, Mañintelo miasa tanimboalóboka.
Tertre, Bongontány madínika, havóana kely, tanety hely, kivorontany; tendrombóhitra kely.
Tesson, Têt, Bakilambilány; Bakilan-kapila, h tavilotra, h ? távimbilány.
Testacé, (Biby) misy sísika, misy akárany (*ou* akora, korókany, hara.)
Testament, Faravólany ny maty, háfatra, farafaravólana, farateny, farambólany ny maty; fanomézany ny maty. —, fañekéna; Tesitamenta. Testateur, (o ho maty) mañáfatra, mpañáfatra, mañáfatra. Tester, (o ho faty) mañáfatra, mamarafara vólana.
Testicules, Vihiny, vihy, tabory. vo vórotra,
Testimonial a, (Taratasy) milaza ny izy, filazána ny izy.
Tet, test, Ny korôkany ny biby, kindráñony, karákony, kárany, hara. —, korôfany ny vary &, —, Tesson,
Tétanos, Anaran'arétina, ? hetsiketsik'ôzatra tsy kétraka, tetánosy.
Têtard, Zana-tsáhona.
Tête, Loha. Perdre la —, very jery, very fanahy. — de mort, karandoha. vo Signe de —. Aller — levée, miandra, miandrándra, mianganga. vo misótro-ró-ndáñitra, misolanandrana. Y donner — baissée, misótroka azy, miantsótroka amy ny. A qui la — tourne, fánina, fanimpánina; azontambérina. vo Mal de —, vángoloha &. Donner des coups de —, h manao katrok'ondry lahy. Tenir —, s'Entêter, Résister. En — aloha. Aller en —, mialoha. Faire à sa —, mañáraka ny jery ntena, manjak'aiña.
Tête-à-tête, Koráña n'olon-droy mangingína.
Têter, Minono. — avec empressement, vo h misomótaka, pv mandatsa-bory, mampanjotso, mamótaka. Donner à—, mampinono.
Tétin, Lohanono, tendronono. — très petit, nono tsítika. vo tsiti-nono izy.
Tétine, Nono n'omby, nono fohánina.
Téton, Nono ny viavy.
Tétracorde, Jejy éfatra tady.
Tétragone, Efa-drírana, efatr'ampísany.
Tétrarque, Mpanápaka tokotány. *Tétrarchie*, tokotány fehény ny *Trétrarque*, ny ampahéfatry ny tany.
Tette, ny lohanono ny biby.
Têtu, Madi-doha, maheri-loha, maheri-hátoha, botraika, mibodo, maheri-záka, mahalavavava, tsy azo anárina, mihenahéna.

TEXTE, ny teny ny hiany. ny vólana, teny iray reny; teny lazain-kévitra, fôtotry ny hévitra.

TEXTILE, Azo tenómina.

TEXTURE, toetry ny z voa ténona. — fanenómana.

THÉ, Rano finómina mahalátsaka hánina. Dité, te.

Théatre, Hamarénana filaolaôvana, halaláhana filañónana, lampihazo fanehoan-jávatra, tany filañónana. Coup de —, zava-támpoka mahatalánjona, raha romóka mahatsérika, tola-draha romóka. Un roi de —, kimpanjakampanjáka, mpanjáka boka.

THÉIÈRE, kapóaka fasiana dité (*Thé*).

THÉISTE, o mankató misy Zanahary fa tsy mino ny teny ny.

THÊME, Loha hévitra, hévitra; teny afindra. vo voamaso ny.

THÉCRATIE, Fanjakána éntiny ny Zanahary, fanapahan' Andriamáñitra.

THÉOGONIE, Fiterahan'Andriamañitra.

Théologal a, Amy ny Zanahary, mank'amy ny..., momba, mañátrika, mañátona, mila Zanahary; Zanahary no fôtony; an'Andriamañitra hiany.

Théologie, Fahalalána k ny Zanahary, fianárana ny z amy ny Zanahary. THÉOLOGIEN, Mahalala ny k ny Zanahary, mpanádina ny k ny, mpañaliñálina ny z amy ny Zanahary.

Théorie, Hévitra fa tsy ny atao, fahaízana amy ny jery foana fa tsy amy ny táñana, fihevérana tsy fanaôvana; fahaízana tsy fanaôvana. THÉORICIEN, malay mihevi-jávatra fa tsy zatra manao; malay fa tsy mba manao.

THERMAL a. Eau —, rano mafána avy amy ny tany.

THERMES, trañо fandróana amy ny rano mafána; fiséhana mafána.

THERMOMÊTRE, z fañeráñana ny hafanána sy ny nara, famantaran-kafanána.

THÉSAURISER, Mamory vola, h manangom-bola, mihary; manovontovom-bola. THÉSAURISEUR, mpamory vola.

THÈSE, ny maso ny vólana, maso ny kabary. Antony, fôtony; teny hankamarínana, ny teny faháñana; toriteny.

THON, Añaram-pilao.

THORAX, tratra. THORACHIQUE, thoracique, amy ny tratra.

THURIFÉRAIRE, mpitondra émboka, mpañémboka, mpitondra fañembôhana.

THYM, Añaran'ahi-máñitra.

TIARE, Sátroka ny Papa.

TIBIA, kirandra.

TIC, Filiendrátana ny tapa-bátana va ny lahara; héndra-

tra, hétsika.

TIÈDE, g MARIMÁRITRA; máritra. vo MATIMATY, mafána kely, tsy may, manaranara, afa-dranompanala, afa-panala, áfaka nara; mahalalatondro. ---, (o) tsy marísika, tsy mazoto, malaindaina. TIÉDEUR, naranara, hanaranarána, ? hamarimarétana, tsy hafanána, hafanána kely. TIÉDIR, MIHÁMARIMÁRITRA; mihánaranarána, mihámatimaty.

TIEN. Le —, h ny anao, pv nihin'ao, nihy nao.

TIERCE s, Fahatélony, ampahatelony.

TIERCER, MAMPITOMBO ampahatelony, manósoka ampahatélony azy. —, MAHINTELO manao.

TIERS, TIERCE a, fahatelo, --- ny. Le tiers-état, ny o ivarázana, Fièvre tierce, tazo mahavy isantelo andro.

TIERS s, fahatélony, h ampahatelony. ---, elan'ólona, ólona mahélana.

TIGE, Vodinkazo, h táhony; rotsakazo. ---, loha rázana, ray voalóhany, fitohizan-drázana. Dépouillé de sa ---, h voa taho.

TIGNASSE, Indrambolondoha ratsy. vo PERRUQUE.

TIGRE, Biby masíaka mena mira amy ny piso be indrindra. TIGRÉ, moucheté.

TILLAC, Ny rápaka ambony ny sambo.

TILLER, vo MAHISATRA; mitory rafia, maháfotra, manódika, mahéndaka. —, mahendry háfotra, mahósina hafotra.

TILLEUL, Anaran-kazo, ny voniny fatao róboka finomina.

TIMBALE, Amponga karaha finga be, kipántsona. —, kapóaka metaly, kapoa-bola finómana, bakoly vola, finga varábina. TIMBALIER, Mpamely amponga.

TIMBRE, ? Fiteháhana; feo, tónona; márika, fanava-márika; fanoto. TIMBRER, Mahisy márika, manamarika azy. TIMBRÉ, voo márika, misy márika. —, adala, geigy.

TIMIDE, Matahotáhotra, mehaméhatra, mehamaso, tsy mahasáky, mifihifihy, be fihifihy, mihifihify, mipitsipitsika, meha-maso olona, h mihangihangy, saro-kéhatra, teramena, somaingisaingy. vo mendamenda, h lodilody, mándina, resinkéhatra, joko, jokojoko, kaody, mangenahena, mibolidy, mibolidilidy, sarotáhotra, tsiravindrávina, tsy sahy, homaingisaingy, misodisody, misokisoky, sokoka. TIMIDITÉ, heha-maso, hehatréhatra, héhatra, fihehárana, fahatahotahórana, tahotáhotra; fihifihy, hifihify, tsy fahasahiana, h hangihangy: h malo, malomalo; sodisody, sokisoky.

TIMON, hamory ny lasarety. TIMONIER, MPAHAMORY, ankamory.

TIMORÉ, Matáhotra Zanahary, mifihifihy amy ny; tsy mahasáky Zanahary. —, timide.

TIN, Hálana; fáhana, tóhana, fanankínana.
TINE, baríka hely, tanty, hárona.
TINTAMARRE, vo tapagc.
Tintement, kinkína (ny lakilosy va ny sófina), h ngingína, tintína, ? kitrankitrana, kirintsandríntsana. Tinter, Mi —; *et* h ? mangintsingíntsina; (sófina) kai aha aňenovampinjy.
TINTOUIN, ahiahy mikitrankitrana fañahy.
TIQUE, Voaňa be mandrékitra amy ny hóditry ny biby hômana azy; ? kongona.
TIQUER, (sovaly) misy *Tic*, azonkéndratra, ataontsingévitra.
TIQUETÉ, tacheté.
TIR, *T*ífitra, fitifirana. —, sôlatra. fikendréna.
*T*irade, *T*áriny, taríhany, taríhiny, toríny, tohitohy ny, fílahárana, z mitohitohy, mifaňarakáraka, tsy maïto, lava. *T*out d'une —, lava, tsy maïto. atao tari-dava.
*T*irage, Fitaríhana, tárika.
*T*iraillement, síntona, sintontoho, [sintonôvaka taritárika, saritsárika, sarítaka, rórotra, róritra, retsidrétsika, rotidrótika, hotikótika. — des nerfs, tsetsétra. *T*irailler, Mitaritárika, manaritárika, misaritsárika, manintona, manao sintontoho, manao sintonôvaka, manarítaka, mandrórotra, mandróritra, mandretsidrétsika, mandrotidrótika, maňotikótika. —, mitsetsetra. —, mitaritarik' ády, mitifitifitra. Se —, mifampanaritárika, mifanaritárika, mifanarítaka, mifandrôrotra.
TIRAILLERIE, Tifitífitra, poapóaka, kitaritarik' ady.
*T*irailleur, Mpitaritarik' ady, mpitarik' ady, mpitifitífitra aloha; Mpaňatsikátsika.
Tirant, fitaríhana.
*T*irasse, harato famandriham-bórona, fandri-kibo. *T*irasser des, — aux cailles, mamándrika kibo.
*T*ire. *T*out d'une —, mamántana, tsy maïto, tsy maňito, tsy mitsáhatra, tsy miáhana, manao taridava.
*T*iré, a, Mahia, fézaka, kémpana.
*T*iré, s, *T*ífitra.
*T*ire-balle, faňalam-bala, faňombo-bala, faňobotambala.
*T*ire-botte, faňalan-kiraro abo. h fanalam-behoty.
*T*ire-bouchou, faňalan-tákotra, faňalan-tséntsina, fanala-támpina.
*T*ire-bourre, fanalan-koto. fanala hoto; fikaróňan' ampingáratra.
*T*ire-clou, fanalam-pátsika, fanala fátsika, h fanalankombo, fanómbo-pátsika.

Tire-d'aile, Hofokofok' élatra ny voro-mitílina. à —, Maláky.

Tire-larigot. Boire à —, minona be, migáka be.

Tire-ligne, Fanoritana, fitarihan-tsóratra, h fanavan-tsipika.

Tirelire, kapóaka keli-vava fasiam-bola; h vatambola, vatrambola.

Tirer qc, Mitárika, manárika, misárika; vo mitaritárika, mitari-dava; mañantsóry, mañantsoritsóry. — avec secousses, manintona, manao sinton-toho; mamali-víntana. —, Puiser. —, Mañála, mañómbotra, mañávotra, mañáfaka, manóaka, mañatsóaka, mañésotra, mañísotra; misókitra, mamóaka, mañókatra, mañôhy, mampipitsoka. — q, maka sary, mala-tsôra azy. — du sang, mañala ra ámy ny. —, mañénjana, mandrórotra, mañátatra, h manitatra. — une vache, Mitéry aomby. — la détente, mañátsika, — basy. — sa source de, Avy ámy ny ; mibóaka ámy ny. —, tirer le canon, &, Mitífitra, mampipóaka basy, mañandefa tafondro. — des flèches, mañandéfa zanak'antsáky. — sur q, mitífitra o. — à part, manókana. — la langue, tabodela, tranga lela, dabodela, h mitanaka. vo mañantsaky. — les vers du nez, manao saina bahafántatra ny jery ny námana. mañantsáfa, mamóvo, mikátso. — chacun de son côté, Se — l'un l'antre, Mifandrórotra, mifandróritra; mifampitaritárika. — la bonne aventure, Misikídy o, miláza ny víntana. — n. — sur le noir, Somary mainty. — vers l'est, maniñamana; le nord, mañaváratra. — à conséquence, (k) bevava, lehibe, mampidi-doza, arahin-doza. Se —, miala, miésotra, matsóaka, mihifika, miávotra, miléfa, mandósitra, manavobátana, mañáfaka teña.

Tiret, Sóritra fohy, sori-pohy, tari-pohy; sóritra fanohízana, sori-pitraófana.

Tireur, mpitífitra; mpañandéfa basy. —, mpisikídy, mpiláza víntana.

Tiroir, Vatra talésaka taríhina. ? vatra fitárika, ? vatra fanárika.

Tisane, Robok'aody; fañafody finómina.

Tison, Forôhana. vo — tápaka, — tápitra; kao-porôhana ? rôhotra.

Tisonné, (Sovaly) misoratsôratra mainty; mandrôvo, sada, sada-mainty.

Tisonner, Mañetsikétsika ny forôhana, misoitr' afo, misoitsóitr' afo; mikontronkotran' afo. manorontsórona forôhana. TISONNEUR, mpisoitr'áfo. TISONNIER, fisoitr'áfo,

Tissage, Ny manénona, fanenómana.

Tisser, Manénona, mamango lamba. vo mandrándrana,

mandrary. TISSERAND, inpanénona; mpamango lamba.
TISSERANDERIE, Fanenômana, famangóana lamba.

Tissu, ténona; rary. vo Vango, tenombánditra, rándrana; z voa ténona, z voa rary, fahantsiatohy, vangonkova, tenombaráhina, tenombola, tenontsaoka; ténona mifahambola. Le — du discours, ny fitohízana, fitohitohízany ny vola. vo TISTRE.

TISSU, (*Particip. du verbe* TRISTRE *inusité*) voa rary, voa rándrana. Qui a —qc, nandrary, nandrándrana z.

Tissure, toetry ny ténona.

Titillation, g Hitikítika, pv hilikítika, pv hilikílika. h kibokibo. TITILLER ac, Mañitikítiky, mañilikítika, mangilikílika azy, manibokibo azy. — n, o —, *et* o hitikitíhina, kibokibóina.

Titre, Sôratra andoha ny lívatra, loha ntsôratra, ny andoha ny. Añárana; —, Voñináhitra; — taratasy ahazóana, taratasy mampahazo, fôtony, ráriny, vavolombélona, fahazóana.

Titrer q, Mañisy añaram-be azy, mañome voñináhitra, manampady azy. TITRÉ, manan'añárana, manam-boñináhitra, malaza añárana.

Titulaire, MANAN'AÑÁRANA.

TOCSIN, Lakilosy fanaírana *ou* fahataírana, fampitaírana, famombóana. Sonner le —, mamango —.

TOI, Anao, h hianao; vo Ia, ialahy, rik*ia*, roky.

Toile, Lamba atao amy ny róngony (h *chanvre*). Lamba manara, lambarano. — bleu, kaník*ia*, h paraikzala. vo lambasámpona, patana, lambasôratra, patry. — d'araignée, farôratra, farora-baukohy, h folihala, farora-manga, h tranonkala, ladimpolihala.

TOILERIE, Lamba avidy; fivarotan-damba.

Toilette, Fiakanjóana, fihamínana, filaváñana; síkina —, lamba —. Faire sa —, être en —, Mihámina, milávana, miómana, misíkina tsara, tsara akanjo.

TOILIER, MPIVARO-DAMBA.

Toise, Refy be. Mesurer les autres à sa —, MANAO námana mitovy amy ny tena. TOISÉ s, Refy ny, fandrefésana. TOISER, MANDREFY; mañérana, mañôhatra. — q, mizaha ny vity ny sy ny loha ny; ? mitety maso azy, ? mañôhatra maso azy, ? mandrefi-maso azy.

*T*oison, Volon' ondry iray manintolo.

*T*oit, Vòvona, tafo, vovòñana, tafontraño. Sans —, tafolánitra, — plat, vantaza; ? voantaza; h tatazo; talatala, farafara.

*T*oiture, vo *T*oit, —, ny manafo, fanafóana, famovôñana.

TOLE, Takela-bý, ravim-bý.

Tolérable, Tanty, leo, áritra, h azo arétina, azo iarétana' mety, tsy raràna. TOLÉRANCE; tsy fandraràna, fiarétana, famelàna, faharétana, faharàhana. TOLÉRER, MIáritra ny tókony ho tsy iarétana, MAmela, tsy mandrara, mahárana ny tókony ho raràna, MAHÁritra, mahadiñy azy. mahímpy maso amy ny. TOLÉRANT, mahárana. vo tsiambaibay, mora.

· TOMATE, Voantabiha, ? aña-malao, voangilombazaha, tabiha, voan-damóro.

Tombant. Cheveux —, volondoha miròtsaka, mitsorótsaka, mirotsadrótsaka; lavo. Tige tombante, hazo manonta.

Tombe, Lávaka fandevéñana, lava-pandevéñana; levéñana, h fásana. vo SÉPULCRE. —, vatompásana.

TOMBEAU, vo Tombe.

Tombée. à la — de la nuit, amy ny itsofórany ny andro, harivariva.

Tomber d'en haut, Látsaka; de son haut, Lavo. vo (Rávina, órana) latsadátsaka, ráraka, raradráraka, mirabaraba. (vato) midabóka, midebóka an-drano; (o) Pótraka, mipótraka, midabóboka, midalabóboka, miapoka, miforara, mikarápoka, midina, mihíntsana, mitáboka, mitávoka, mitsingádina, mitsingídina, miheña, mizetra, mizeka, mietry, mitsinkásina, mitsirara, mivalóngana, miòndrika, manonta, misíntona, mirétaka, mitreka, miantefa, miródana, mikoródana, mifôfoka; miròtsaka, mirotsadrótsaka, mitaborótsaka, miborótsaka, mitsororóka, lanja mandrórona. Laisser —, faire —, Mandátsaka, mandavo, mamótraka, mandráraka, mamorabora, mandrabaraba, mandalabóboka, mandrótsaka, manonta &. — sur, se laisser — sur, Mitandátsaka, mitandavo, miantonta, miantréka, miampófoka, misafófoka amy ny. vo aomby mióvoka. — malade, azo n'arétina. — dans l'oubli, matilevy, matisiontsíona, matisíntsina. — en défaillance, Tórana, ana, mihiaréraka. — comme mort, lamba látsaka. — en masse, fari-lavo. — dans le malheur d'où l'on voulait retirer un autre, h maňara-míritra. — en enfance, mody zaza, mihiazaza, mifanahy njaza. — d'accord, mifañeky, mifanka-azo, tokantsátoka. — des nues, Tsérika be. — sous les sens, azo tsapaina, mora reñy. — au pouvoir de q, tonga n'ólona, nentin'ólona, lasa n'ólona, azo n'ólona; an-tanan'ólona. Il tombe de la pluie, Látsaka ny mahaléna, mahórana. Vous avez laissé — votre chapeau, látsaka sátroka anao.

TOMBEREAU, Lasarety fitateran'éntana.

TOME, firasan-taratasy, rasa, fizarána.

TON pied, ny vity NAO, ny tongotr'AO.

Ton, Toñon'antsa, tóñona, toñonkira. vo toky —, feo, fanoñónana; teetra. Des —, des Ains. Sur un bon —, ? antóñony, añôhany. — hautain, vava miávona, avombava. Donner le —, málaka toñon'antsa; ? Manoky antsa, p ? tokína; ? miventy hira.

tondre, Mañety volon-doha, manety ondry, mañala volo ny ondry, ? mamongobolo. — une haie, Mamángitra valavélona. tondu, mihety, voa hety, bory; fóngotra. vo mifángitra. tondeur, mpanety.

tonique a, Mampiaiña, mahatánjaka, mampody aiña. — s, Toñon'antsa, lohatóñona.

tonnage, Hetra aloa ny sambo. —, habézany ny sambo; ny érany ny sambo.

tonne, Barika be.

tonneau, Barika, pipa.

tonnelier, Mpanao barika.

Tonnelle, Alo-dráhaka, raha-bahy, Alo-bahy, alodrándrana, trano rantsan-kazo. —, harato famandrihambórona, fandri-bórona. Tonneler, Mamandri-bórona. Tonneleur, Mpamandri-bórona amy ny harato.

Tonner, (il tonne,) Mangótroka, mangotrokótroka, h mikótroka; mamáratra, mamarabáratra. vo Ampy, mañampy. — fg. —, et mandróhona, mirohondróhona, mandráhona maré.

tonnerre, Váratra; Hotro-báratra, hotrokotro-báratra, h kótroka; vo ampy, rañanjy. — mêlé de pluie, hotrok'órana.

Tonsure, Havan'akanga amy ny loha ny mpijoro; Hávana. ? havam-bolondoha, ? havan-doha. Tonsuré, voa havan-doha, voa havam-bolondoha, voa hety loha, voa hety tampon-doha. Tonsurer, Manety volo, manety loha; mañavam-bolo, manety ny tampondoha.

tonte, Fanetézan'ondry &.

tontine, Vola aloa isan-taona.

tonture, Ny sombitsómbiny ny hetézana, ny zañozaño ny hetézana. ? tai-nkety.

topaze, Vato soa tamotamo.

Tope! Eke'ko, efa, rékitra, létaka, ataovo, heko; mety aho. Toper, Mañeky, mifaneky; mandrékitra k.

topinambour, Anaram-batata.

Topique, Aody apétaka, fesan'aody, petak'aody. —, fôtotra hévitra analány ny maro, loha hévitra.

topographie, Fanorátana tokotány raiky, filazána tokotány raiky.

toque, Satrok'iva, ? satro-bálona.

Torche, Fañilo, ilo, fañilována; hazo fañilóvana, vo En-

dratra. —, Héfina, hefin-doha, óndana, hálana.

Torcher, Maimótra maré, mamitra, mamopôtra, mandrókotra, mikásoka. —, manaotao foana, mamatapátatra.

TORCHIS, Feta miharo mololo, fótaka miharo áhitra.

TORCHON, Lamba bakóraka famôrana, gony famôrana; Famôrana.

Tordre, Mañótaka, mañotakótaka. vo mañota-bózona; manota-bólana, manota-damba, mañólana, mañolañólana, mañolakólaka. mandimbana, mamiríoka. Se —, miótaka, miotakótaka; (rávina) mihósina, mihosinkósina, mihoronkórona; o miotikótika. Se — les mains, mañotakótaka táñana. TORDAGE, ótaka. TORDEUR, mpañótaka. TORDOIR, z fañotáhana. TORDU, Miótaka, miotakótaka, voa otaka. vo miféitoka, mifarengo, mifaingoka, miviríoka, mivaibaitra, miviry, miólana, miolañólana, voa olana, mibiríoka, méloka, mitangólika, mibilaka, mibilabílaka, mivilavila.

TORE, Válona amy ny vody n'andry.

TORPEUR, Ngoly, fahangoly, havolíana.

TORPILLE, Añarampilao mahamamosiana, mahaváhotra, (h mahavoly, pv mahamáritra) ny mitána azy, Fia-mangátaka, fai-mangátaka,

TORPORIFIQUE, Mahamamosiana, h mahavoly, h mahangoly, mahamarimáritra, pv mahamáritra, maheváhotra.

TORQUER le tabac, Mañótaka, mañósina, mañosinkósina paráky.

Torréfier du café, Mañendy kafe; mitono tsako, mamamaina, mañánina. vo káraka, fórona. TORRÉFACTION, fañendázana, fananínana.

Torrent, Ríana, rano be mandriana; rano be midoróka, h ríaka, rano mandríaka. — d'été, h ranontrambo. vo Tóndraka, ranotóndraka. Comme un —, mandríana, midoróka, mandríaka. TORRENTUEUX, (ôrana) mibararáka, mikararána, miboráraka, h miboroóaka.

TORRIDE. Zonne —, tany may.

TORS, TORSE, vo TORDRE. Cou tors, miota-bózona, melo-bózona.

TORSADE, hósina fihamínana; hosimbola.

TORSE, sary bólona, sary bory tsisy loha tsisy sandry.

TORSER une colonne, Mañótaka andry.

TORSION, fañotáhana; fiotáhana; ótaka.

Tort, ótaka, éngoka, héloka, ota, diso, hadisóana. Qui a —, mañota, méngoka, miótaka, diso, ota, dímbana, ratsy. Donner —, maníñy; manéngoka, h manaméloka. A — et à travers, mandikadika, mamilabila, mandimbandímbana, manaotao foana, mandisodiso, manao somaríaka, ? mamatovato, mitovantóvana. —, vo DOMMAGE, PRÉ-

JUDICE. Porter —, faire —, vo PRÉJUDICIER.

TORTICOLIS, Ota-bózona. Qui a le —, Mitovevy, miotabózona.

TORTILLAGE, Teny mivandibánditra, miolikólika; g Badabáda. Dabadaba.

*T*ortillement, otakótaka, olanólana, vandibánditra, olikólika, Tangólika. vo fadiditra, felipélika, otikótika, hosinkósina, safotimpótina. Se TORTILLER, Mi—; vo mikolepadépaka, mitangólika. —n, Mifelipélika, mamelipélika. — qc, Mañotakótaka, manolikólika, mañolañólana; manosinkósina, mamandibánditra.

TORTILLÈRE, Lalan-kely miolikólika an' alavory; ? olikolidálana.

*T*ortillon, sátroka maventy ny viavy miloloha éntana, hefin-doha, halan-doha; satro-pitataóvana.

TORTIS, hendri-vánditra, *T*ady maro rándrana.

Tortu, a, Méngoka, mengokéngoka, miengoméngoka, mèloka, meloméloka. vo mibilika, mibilabila, mibirioka, mibengobengo. Qui a les jambes —, Bingo, bingobingo, bingomalaza; tívaka; h tsívaka, mikon-dohálika, mivaditóngotra, mivadi-bity. vo Tortuer.

*T*ortue de mer, Fano; très grosse; fano fandranto. — d' eau douce trgs grosse, Reré. — de terre de Saint Augustin, Renikongo; ? Angónoka. — à écaille précieuse, fanohara. — très petite qui s'ouvre, g kápika, sòkatra, hily, ? kapidolo.

TORTUEUSEMENT. Agir —, Mamelipélika.

TORTUEUX, Mengoméngoka, mibengobengo, meloméloka, mifengopéngoka, miolikólika, miolakólaka, mifelipélika, mifelopéloka; mibilabilaka.

*T*ortuosité, Engokéngoka, éngoka, bengobengo, fengopéngoka,|héloka, helokéloka; haengòhana, haéngoka, haengòfana, haengokengòfana, olikólika, olakólaka, fiolikolihana; fiolakoláhana.

Torture, fañoláñana, ólana, ótaka, fañotáhana; fijaliana, fampijaliana, fahoriana. TORTURER, Mañólana, mañolañólana o; mañótaka, mañotakótaka. mañotikótika, mamiravira; Mampangótsoka, mampijaly, mampiory, mampangirifiry, manahirana, mahasòsotra. — le sens d'un mot, Mañota-bólana.

Toste, Toaste s, Minon-draha misaòtra o. TOSTER le roi, Misaòtra ny andriana amy ny finómana.

Tôt, *Adv*. Maláky; aloha. Plus —, alohaloha. Assez —, tsy afárany, mahatákatra. Bien —, maláky, faingana. — ou tard, ndre ombiana ndre ombiana.

Total a, Avokoa, daholo, tontolo, indrindra; ziaby, rehe-

tra, aby. vo fongo-body, Ruine. Le TOTAL, la TOTALITÉ, izy dabolo, ny volóngany, ny hamaróany, izy rehetra, izy ziaby, ny habény, ny ankabiázany, ny antsahabény, ny tontolo, ny havoriany; ny isa ny, pv sabo, h hasabo; ? ehany. TOTALEMENT, avokoa, indrindra, aby. vo Entièrement.

Touchant, a, Mahavoa fo, mampangóraka ny fo; mampiferinaiña. —, *Prép*. Mipák; *amifòtra* amy ny; ny amy ny.

TOUCHE, Fitendréna, fititíhana; fanohinana; fizabána, fañandrámana. Pierre de —, vato fizaham-bola; famantárana.

TOUCHER, Mitendry, manendritendry, mitána, mitantána, manóhina, mitítika, mandray, mandrairay, mitsapa, mikásika, mikasikásika, manibéña azy; mahazo. —, Mifôtra, mipáka, mitéhina, mihátra, mipika; misaoka, misaso amy ny, mabatakatra. vo Tibeña, tefôtra, tikásika, (sambo) mahazo tany. —, Proche. Se —, Mifampitána; CONTIGU. vo Nitouche. Ce qui touche à Dieu, ny z mifòtra amy ny Zanahary. vo mifo-bólana. —, vo TOUCHANT. Etre touché, (o) Mangóraka, mangora-po, mangorakóraka; voa fo, mafiraiña, maferinaiña, malahelo, miantra.

TOUCHER s, Ny manendry, fanendréna, fitanána, fitsapána, fanohínana, fititíhana.

TOUER, Mampañátona sambo mandroso, mampandroso azy, mitárika.

Touffe, Toko, tókony, tokotoko, bongo, bongobongo; havoriana, fehíana, fehy. — de cheveux, volondoha iray vóngana, raiky fehy, tokombolo, bongombolo, volo vory. Qui sont par —, mitokotoko, mibongobongo, h mibangobango, mitsitokotoko; mitokotokofaniry. Les mettre par —, Manokotoko, mamongobongo; mamorivory, h mamangobango.

TOUFFU, (Ala, volo) malétra, vory, h milobolóbo, pv miroborobo, mitokotoko faniry, miboalaboala, h mibolobolo, maro rávina, maro rántsana.

Toujours, pour —, Andrakizay, h mandrakizay, g ambarakizay, pv Barkizay, — doria, h — alaovalo, h mandrakariva. — travailler, miasa lava, tsy voly asa, tsy méñina miasa, miasa ndre ombiana ndre ombiana, lava fiasána. Qui parle —, Lava vava. Qui a — été gros, Be lahatañy, lahatrizay; be laitrizay niaiña'ny. Que l'on porte —, féntina isanandro, vo HABITUELLEMENT. J'en ai —, tsy ienga' ny aho, fománana aho. Frappez —, frappez encore, vangoy, vangoy; volézo eka. Allez — je vons suivrai, mandehána foana,..... vo Antaranóana, antára, hoatrínona; Andraka, Doria.

TOUPET, Sanga, tsokotsóko, tokombolo, sangasánga; volo iray vóngana. Porter —, misanga. Avoir du —,

Hardi.

toupie, Sangódina, vo Pirouette. toupiller, misangódina, misangeringérina. —, mihelinkélina, mihelihely, mihebiheby, miverivéry tsisy fòtony.

toupillon, sánga kely, toko kely.

Tour. Un —, Hérina, sangérina; hódina, sangódina, fiherénana, fisangerénana, fihodinana. Des —, herinkérina, sangeringérina, sangodingódina, fiherinkerénana. A — de bras, Amy ny héry ny ziaby. En un — de main, tsy ampitoinona, maláky. Faire un —, Mitsangatsángana hely; se Promener. Le — de la ville, Hodídina, fañodidínana ny tanána; fáritra, fieférana. Des —, Gambades. —, Ruse, Safélika, fitaka, angoly, fanambakána. Lui jouer un —, mañangoly azy. — de force, Atao mila hery. Affaire qui prend un bon —, k tsara fanampônana. Parler à son —, Mandímby mivólana, mba mivolana. mamaly. Chacun à son —, — à —, Mifandimby, mifandimbidímby, mifañáraka, mifampisolo, mifampisóatra, mifanandro. C'est mon — aujourd'hui, hériny ny ahy niány, ierénany ny ahy aneto, ny ahy niany, izaho niany.

Tour, Z famonésana, fankavonésana hazo. Fait au —, fg tsara fanaôvana, koazaka zinávatra, koa naloa, koa mivánina, mirijarija, méndrika, mafeja, feja, marótsaka.

tour, Rova abo kitsoloka, traño fiarôvana. ? Jómana, h zoma.

tourbe, Populace, vodiahitrarivo, bozakamin'áhitra.

tourbe, tany azo aréhitra, fótaka asolo hazomaty; ? tany atáina. tourbière, Fakan-tany *Tourbe*.

Tourbillon de vent, Rambondánitra, pv Gosy; un petit —, h tadio. — d'eau, pv Amboalava. (Tsíoka, rano) Misafotimpótina, misangeringérina, mákatra. Tourbillonnement, safotimpótina, herinkérina, sangodingódina. tourbillonner, Mi —.

tourelle, Rova abo madinika, traño hely tataôvina.

tourière, *Religieuse* mitam-baravárana.

tourment, vo Torture.

tourmente, Tempête.

tourmenter, vo Torturer. Se —; miólana, miolañólana. vo s'Agiter, s'Inquiéter.

Tournailler, g Mihelihely, mifarifary, g mihebiheby, mihelinkélina, h mihelontrélona, miriorio, manodidina, vo Roder.

tournant, s, fiviriana, h fivilíana, fiherénana, Takólaka, —, famiriana, familiana, fañerénana. —, fiolíhany ny rano, olika. rano misangodina, ranomody, rano misangeringérina. vo tangólika, fifelipeléhana.

TOURNANT, a. Pont —, tetézana ahérina.
TOURNE-À-GAUCHE, Fanerénana, fanotáhana.
TOURNEBROCHE, Fanerenan-tsali-tréhika.
TOURNÉ. Esprit Mal—, fañahy miótaka. Bien —, mahitsy. — de côté, mivorioka, mivirotra, mivirobirotra, mibirioka, mandimbana, bila, mibilaka, mania.
TOURNÉE, Ny famindrány ny mpanápaka mamangy tany; dia ny tompo mitety tany anazy, fitetézany, famangiana tany fitsangatsagánana. Faire sa —, Manodidina ny tany mamangy azy.
Tourner la roue, Mañerinkérina. — la table, mañérina azy. — bride, mimpody. — la tête, mitódika, mitoditódika, h mihérika. — une corde autour de l'arbre, Mamandibánditra, mamadíditra, mamánditra tady amy ny hazo, — l'ennemi, mamélika, mamálana ny fahavalo. — le feuillet, Mamádika ny takélany. Lui — le dos, Mañamboho azy. — qc vers, manódika, manóhoka amy ny. p z atódika, atóhoka amy ny. — les esprits, Manova, mamádika azy. —, faire — la tête à q, Mañadala o, mankafánina, mahafánina, mahavery fañahy. — en tous sens, — et retourner, mamadibádika; manao vadibóntona azy. — en bien, Mañova ho tsara, mañódina ho tsara. — la montagne, Miary bongo. — un bâton (au tour), mamôny azy amy ny famonésana aherinkérina; mañarinkárina azy. — en ridicule, mikízaka, mañadala, manendrikéndrika, h mamingivíngy azy. — casaque, Miódina, mivádika, mamadi-tsátroka, mivadi-tsátroka. vo Manódina, mañodinkódina, mañóhoka, mamótitra, mamindra, manakoriana, mañarinkárina, mampitsingeringérina, mampitangólika, mampitódika. TOURNER n; — sur soi, Miherinkérina, mihérina, h mihódina, mihodinkódina, misangeringérina, mitsingérina, mitsingeringérina. — autour, Mañodídina, mañariary, miariary, mihodídina, mamalampálana azy. — à droite, h Miviry, pv mivíly ankavánana. — de côté; vo CÔTÉ. —, (tsioka) mivádika. — bien, mody tsara, ho tsara fitodíana. — en eau, manjary rano, miova ho rano. — de tout côté, miverimbérina, mitsimberivery, mitamberivery, mifarifary. La tête me tourne, Fánina aho, azo ny tamberin-tany aho; tamberintány aho; azon-tambérina aho. Le lait a tourné, tola ny ronono. se TOURNER, Mihérina; mivádika. se — vers q, Mañátrika o; vo mitódika o. Se — en, manjary..., miova ho.., vo Mifótitra, mihóhoka, mikodíadia, mihodívitra, mikidingodingo, mivadibóntona, mivadi-maso.
Tournesol, Anaram-boninkazo mira amy ny masoandro ka mañátrika azy.
TOURNEUR, Mpamôny z amy ny famonésana aherinkérina.

TOURNEVIS, g Fanerikeréñam-pátsika, h? fanodinandríndrany, fanerénam-pátsika.

TOURNIQUET, Sakan-dálana mihérina; fisakánana.

Tournoiement, Sangodingódina, sangódina, sangeringérina, tsingeringérina, safotimpótina, ? tambolimbólina, h kapilipily. Tournoyer, Mi — : vo Fanimpánina.

TOURNURE, Endrika, bika, toetra, tarehy, fitondranteña &. fandeha.

TOURTERELLE, Domóhina. *T*ourtereau, Zana—.

*T*oussaint, Andro fandazána ny Olo-másina ziaby.

*T*ousser, MIKÓHAKA. — exprès, faire hem! h mikehankéhana. — pour avoir avalé de travers; kófina, rofiñina, mikofinkófina, mikófina. vo MIKÁHAKA, miháhaka, be réhoka.

Tout, toute a, Ziaby, h rehetra; aby, sk Iaby, ziaby rehetra; ziaby kony. Tous ceux du même village, Saletra *ou* hetra reo tanána raiky. Aller tous, mandeha daholo. Ils sont tous morts, efa naty avokoa izy rehetra, efa maty aby reo ziaby; tout le jour, tontolo andro; tout un jour, raik' andro jitra, h indraiandro manínjitra, indraiandro mañénjana. Toute la nuit, miloak'álina, mandrítra ny álina, niloak'álina. Ils en auront tous chacun un, samy hahazo iray avy. Tout homme désire, vo CHAQUE. Tout homme qui, Zay, na zovy na zovy, ndre ia ndre ia, na iza na iza. TOUT ce qui, ndre ino ndre ino, na inona na inona, zay; izay závatra. Tous les deux jours, Isan-droi-andro. TOUTES les fois que je l'appelle, isany añantsova'ko azy.

Tout s, Ny z ziaby, ny z rehetra, izao tontolo izao, zao ziaby zao. C'est —, efa ziaby; támpitra. Le —, izy rehetra; ziaby, izy daholo, ny volóngana, sarambabe. vo TOTAL.

Tout, *Adv.* — malade, Marary avokoa *ou* indrindra, be. Maître et père — ensemble, Tompo ndraiky ada. — roi qu'il est, ndre mpanjaka izy. Il est — oreille, tadíny avokoa ny vátany rehetra. — au plus dix, tsy mandilatra folo. vo PLUS, MOINS.

TOUT-À-COUP, h Támpoka. pv Romóka. vo CLIN d'œil, COUP.

TOUT-À-FAIT, Indrindra, pv indríndraka, h avokoa, aby, h hiany. vo Entièrement.

*T*out-à-l'heure. J'irai —, Tetéka zaho handeha. Il est arrivé —, vao ho avy vetivétika izy. vo Vetivety, vetivety foana, betibétika, betibety, atohoato, rahefa, rehefa, lehefa, teonohoeo.

TOUT-AU-LONG, MAMÁNTANA azy.

TOUT-BEAU! MORAMORÁ! sahaza érika! aok' ary! aok' aloha.

TOUT-CONTRE, vo Contigu.
TOUT-COURT, fohifohy.
TOUT-DE-BON, Ankitiny, tokoa, márina; tsy vandy, tsy lainga. tsy vazivazy, tsy manao kivazivazy.
TOUT-DE-SUITE, Maláky, vetivety, miárak'amy ny zay, siaka. vo CLIN-D'OEIL.
TOUT-DOUX ! Moramorá !
Tout-d'un-coup, h támpoka, pv Romóka; tsy ampoizina. —, indray maka; &. vo COUP ; MANDRAOKA, mifaoka.
TOUTEFOIS, pv Tsantsala, kanjo, ndre zany. vo Cependant.
Toutpuissant, vo Puissant, *et* mahatody z ziaby, mahatontósa ny z rehétra, Nahary ndre ino ndre ino, mahatantéraka na ínona na inona. TOUTE-PUISSANCE, vo à PUISSANCE, *et* fahatodíana ny z ziaby, fahatontosána ndre inona ndre ínona, fahatanteráhana z rehétra; ? fahariana na inona na ínona.
TOUTE-SCIENCE, Fahalalána ny z rehétra.
TOUTOU, amboa kely.
TOUX, Kóhaka. vo koadambo, koakántitra; fòfoka, kátraka. Réhoka, rehorého, kàhaka, hóhaka. ? sátra
TRAÇANT a, (Váhatra) mipasasáka tsy mangady.
TRACAS, Fanahiráñana, z mahasahirana, fahasosòrana, korataba, tabataba, gódana, kótana, korókaka;figodánana.
Tracasser q, Manahirana, mahasahírana, mahasósotra, mikotrankótrana, mitsokitsókitra, migódana. mahadikidiky o, ? mampañahiahy o. mampitamby. — n, se —, Sahírana, sahiránina; mañahy, mifarifary, mikorataba.
TRACASSERIE, Fikotráñana o, fanahiráñana, fitsokitsokírana, fañoláñana o, levilevy, filan'ady. vo CHICANE.
Tracassier, Mpikotrakótrana námana, mpanahírana, mpil'ády, mpanisotrísotra hávana lava, mpahasósotra, mpitsokitsókitra námana, mpanao ady antsángana, mpila levilevy, mpandevilevy o.
Trace, Dia, sk Lia; dia ny. Qui ne laisse point de—, tsisy dia ny; tsy voa dia. Suivre ses —, manara-dia azy; mandia ny no diá'ny; (Pour le trouver ou le reconnaître,) Mitsongo-dia, mamoadia.— des roues, lalan-dasarety; des ongles, lalan-koatra. — sur le papier, Sóritra. Des —, soritsóritra.
TRACÉ, soritsóritra, sarinjávatra.
Tracer, Manoritsóritra, manao sarindraha, manôratra, manao sarinjávatra, h manao tsípika; manao antsòratra, maného, manóro, manóndro. — n, (hazo) mamáhatra lava fa tsy lálina, mamaka lava tsy lálina, mipasasa-báhatra, mandáma-báhatra, mandrapa-báhatra.
TRACERET, TRACELET, fanoritana.
TRACHÉE, Vava fiaiñana.— artère, ? treotréoka, tenda be.

TRAÇOIR, Fanorítana; ? fanóritra. fanavan-tsóritra, h fanavan-tsípika, fanava-márika.

Tradition, Fanolórana. —, fifindrafindrány ny teny ndrázana amy ny z. —, teny ndrázana tsy natao antsôratra, teny avy amy ny rázana, nentindrázana, vontadindrázana, filazandrázana, fatao ndrázana, h fanao-ndrázana, lovantsófina. Traditionnel, avy ny rázana fa tsy voa sôratra, lovantsófina, lazaina fa tsy voa sôratra. avy amy ny ntaolo.

Traduire, Mamindra teny, mamindra vólana, mibeko; h mibaik*io*, mandika teny. Le —en Malgache, mamindra azy ho teny malagasy; mal—, diso famindran-teny, diso beko. —q, mamántoka o. TRADUCTEUR, Mpamindra vólana, mpibeko; mauvais—, manota famindranteny, tsy mahafindra teny, tsy mahay beko. TRADUCTION, famindranteny, beko, fibekóana. TRADUISIBLE, azo afindra, azo bekóina.

Trafic, Várotra, vanga. h jírika, ranto. fivarótana, fivangána. TRAFIQUER, Mivárotra, mivanga, mandranto; h manao jírika. TRAFICANT, Mpivárotra, mpandranto vidíana, mpivanga, mpanao jírika.

Tragédie, Filazána z toa hampidi-doza ao antraño filaolaôvana. Filazána loza nahavoa o; loza, alahelo. Trazedy.

Tragi-comédie, Filazan-jávatra miharo ny mahatsikeky sy ny mahalahelo. filazan-kajirindraha kabíaka tsy mahafaty; loza mampihomehy ka tsy mamono.

Tragi-comique, sady mahalahelo mampihomehy.

Tragique, karaha *tragédie*. —, manao trazedy. —, mampalahelo, mampidi-doza, loza, mandoza.

Trahir, Mamádika o, ? manódina azy, miódina amy ny, ? mivádika amy ny. —, Mahafoy, mandao; mañampanga; mañôkatra, maneho. mantavava, vadikádika. vo mañani-drova. TRAHISON, famadíhana, fiodínana. Haute—, komy handróbaka ny mpanjáka.

Traille, Lakampisaka fitána, zahi-pitána, lakantalésaka fitsáhana.

Train, Fandehánany ny sovaly. fandeha, leha, dia. Aller bon—, MALAKY. Aller son —, mandeha mandeha, mandeha foana, midoróka; mitoháka manao z, mandroso foana, tsy mitsáhatra. En—, Marésaka, ménjika, efa mandeha, may dia, marísika. Mettre en—, Mandrésaka; mandródona, mandroso, manampôna, mampandeha, mandrísika, mampiénjika. —, adary, godana, BRUIT, TAPAGE. Faire du —, Mañadary, be adary. —, tabiha; avoir du—, MITABIHA, —d'artillerie, ny hamaroan-draha fomba ny tafondro. —, kidóny, záhitra, —, Lákana mifamehy. vo réhona.

Trainant a, (Akanjo) mikararávy, mitsoritsory, mirefa-

refa, mikorefarefa; taríhina, taritaríhina, antsoritsorína. (Vólana, feo) midarésaka, mitaredrétra. mikirindréva, mihenahena. vo LAMBIN, osa, saozanina. D'une voix —, miadampiteny.

TRAINARD, vo TRAÎNEUR.

TRAINASSE, Ládina ny áhitra sásany. — de calebasse, Ladimboatavo.

TRAINASSER, vo LAMBINER.

Traîne. En —, à la —, Taríhana, antsoritsorína, jonjorína. A la—, mireparépa, mirebaréba,mibarakaika, mieliely, mipetrapétraka ao ao.

Traîneau, Vatra antsoritsorína, fañantsoritsorían'éntana, h ? Ambarambana; h ? arana; fitarihan-jávatra; kodóny antety, záhitra antsoritsorína antety.

Traînée, Taríhina, táriny, sáriny; tohitohy. — de poudre, Taríham-póndy, tarimbanja; vanja mihósina, vanja mivávatra, pondy mitsoritsóry, tohitohi-mbánja; ? vanja taritaríhina. ? tsoritsorimbanja.

Traîner qc, Mañantsoritsóry, manoritsóry, mitárika, misárika, manárika z. vo manao jonjory azy, manjonjory; manao tari-dava. — n, Mitsoritsory, mirefarefa, mikararávy, h mikorefaréfa, mireparépa, mirebaréba, miremaréma; misy rámbony, misy romaroma, mikirindréva afárany, mitambótsotra afárany; taríhina, antsoritsorina, arefarefa, mirerarére, mitaredrétra; vo LAMBINER. Se —, Mañantsoritsóry teña, mitari-bátana, mandady, mandadilády. miladilády. vo mikizehozeho; mizehozeho, mikorisa, mikorisarísa. mikisaka, mikisakísaka.

TRAÎNEUR, Mpañantsoritsóry. —, TRAÎNARD, mpikirindréva afárany, mpitambótsotra afárany, ny romaroma ny dia, mpikirireva, ny rambondia, mpitaredrétra, h mihenahena afárany, mañáraka afárany.

TRAIRE, g MITERY aomby, ? manery aomby. vo terivótsotra, terimpanavy, terivôry, terirá.

TRAIT, a. Argent —, tari-bola, vola tinárika.

Trait, Lefompohy atôraka; zanak'antsaky, h zana tsípika, tsipika, tsindrona atopy. Partir comme un —, siaka izy roso, sélatra foana izy lasa, sélatra izy dia lasa. —, vólana mahatrébika o, tsíndrona, teny maníndrona, —, Tady fitaríhana, ánjaka, anja-kóditra fitaríhana. —, ny inómina indray mitárika. Tout d'un —, indray misotro, indray mitélina. Boire à longs —, mínona manao tari-dava, mitaridava minona, manao tari-dava ny inómina, ? migáka, ? mitsóntsona. Goûter à longs —, Mihango. Ses —, ny soritsóritry ny sora ny, ny sora ny, ny lahara ny, ny tareby ny. — de lumière, tsélaka, tsirin'afo. — de plume, sóritra, so-

ritsóritra, táriny, sáriny. — fil de métal, tarihana, tariny, sariny. — de scie, Didy, lily; didididy, lilililv. — d'union, sori-pitraôfana, sori-pamehézana, fikambánana, sori-panohízana. —, ACTION.

Traitable, (o) mora, mora voláhina, zak'anárina, azo éntina, h malemy paikia, moraina, moramoreiny.

Traitant, (Commerçant), Mpivárotra, mpivanga; mpandranto vidíana.

Traite, Dia tsy maïto, dia lava, leha, fandehánana. Une longue —, lalan-dava. ? tari-dia lava. —, Famindram-bidiana an-tany hafa. —, vo TRAFIC. La — des nègres, Fandafosan'olo-maintina, fivarôtana, fividíana, famindrána olo-mainty.

Traité, k fanaôvana, fanekéna, fifanekéna, teni-miera. vo ACCORD. Faire un —, Mifamehi-vólana, mifaneky, mifañantom-bólana. —, Taratasy filazána.

Traitement, Ny atao, anoanóina, fanaotaôvana, fanano-anóana, fanoanóina, fataotao amy ny o; ny kabary atao amy ny o; fandraísana, fandrairaisana, fandrambirambésana o. Mauvais —, sata, hasiáhana amy ny o; fankaratsíana, fandrofarofána o, vo MALTRAITER. Bon —, Hobohobo, fanobohobóana, kobaby, kobikoby, fikobabíana, fikobikobiana; fanabahabána, habababa. —, karama ny manamboninähitra; sara. —, Fitahána ny marary, h fitsabóana ny marary.

Traiter q, Mandray, mandamby. — sans soins, manaotao, mananoano amy ny, mandrairay, mandrambiramby azy, mandrofarofa, mamotsipótsika, mitintina, mitsintsina, mamingivingy. vo Maltraiter. — cruellement, masiaka amy ny. — bien, largement, Mikobaby, mikobikoby, manobohobo, manabahaba, manárana, manantóana, manikotra. mandray, manaja. — un malade, Mitaha, h mitsabo azy, mitaiza, mitoty, manome aody, manaody azy. —, mampihínana, manome hánina. — son sujet, mamótsika maso ny k; mitory. — une question, mikabary, mimalo k, mizáka, mandínika, mirésaka k; mifampiera. — ses affaires, miraharaha. miasa, mitondra ny k ntena. Le — de voleur, manao azy ho mpangálatra; de fou, mankadala azy, mivólana izy adala, manao izy adala. Le — comme son fils, manao azy karaha zánaka, manao amy ny tábaka amy ny zánaka. Se —, mamelon-troka; malak'aody.

TRAITEUR, MPIVARO-NAHANDRO, mpivaro-kani-másaka, mpampihínana, mpandato hánina.

Traître, Traîtresse, Mpamádika; mpiódina, mpañódina; manani-drova. —, Mamádika; mañody, pv manódina. vadikádika, mivádika, manambobo; mamitaka; mivadibádi-

ka. mandainga.

Trajet, Halavány ny lálana; Elañélana hitsáhana, elanélana itána; lálana, fandehánana, aleha, halavána ny fitána, —, fitána, fitsáhana, dia.

Tramail, Síhitra, h síhika, fanihírana, h fanihífana; vo harato, vovo, tandroho. Pêcher au —, Maníhitra, manihika filao. vo mamovo, mañarato; mamandri-pilao.

Trame, Fahanténona, fáhana. La — de la vie, ny haelá' ny ny havelômana. —, Complot. Ourdir une —, Mamoron-tsaina hiódina, Mandrari-hévitra hiódina, vo Comploter.

Tramer, mamáhana ténona. —, mandrary, manénona; mamoron-tsaina, manao saina miray tétika, mijery hanao ratsy.

Tramontane, Rívotra avy aváratra; ny kíntana aváratra mañambara lálana ny sambo. Qui a perdu la —, Very jery, very fañahy.

Tranchant a, Maráñitra, Marángitra, velondráñitra, mahatápaka, Mahadaika, Mahadidy. vo Décisif. — s, Ráñitra, rángitra, sañitra. A deux —, Roy —; marañi-droy.

Tranche, Takélaka, tapélaka, sélaka, sílaka. Des —, selatsélaka. — de pain, sílaka mofo, sela-mofo; de bœuf, selakena, Masikita, safindrina, tokoza, kitoza, hena iray didy, takela-kena. Couper par —, Manelatsélaka, manilatsílaka, mandidididy matify, Manafindrina, manokóza hena.

Tranchée, Hady fivoahan-drano, hady fivoníana ny mitífitra tanána, aloalo fifefiana, hadi-manákona. vo haditápaka, hadimamóngana, hadifetsy. —, vo Coliques; *et* hotikótika ny tinay. Causer des —, Mañotikótika ny tinay.

tranche-file, fchin-doha ntaratasy.

tranche-montagne, Fanfaron.

Trancher, Manápaka, mañito. — n, — du grand, Mitabiha, tia be, mitrehatreha, manandrian-teña, manao teña ho be. — à tors et à travers, manapatápaka foana tsy mañerañérana; h manámaka. vo Mandidy, mandidididy, mamita, mankefa; mañito dn*aá*.

Tranchet, Antsy ny mpanao kiraro, fanápaka, fandidy, meso.

tranchoir, Hálana fanapatapáhan-kena, latábaıra fandidididian-kena.

Tranquille, Tsy miolaola, Bonéka, boníka, bonóka; Jabonéka, miádana, mándina, mántona; h maótona, mánina, mora, moraina, rainazy, mandry, morabe, vo mijámoka, Baranahy, mibaranahy, ? tony, ? oniny, fiádana; mandrinahalémana, miroandróana, mitsilañimandry; amparafara; matoky; tsy azontsámpona. Mahíhitra, miaran'ahy.

Rester —, Mibonéka, miboníka, mibonóka, mijabonéka, mitabonéka, midabonóka, mitabonóka, mimándina, mimántona, mipétraka, mitómbina; mantoetra; matoky; mangiña, mandéfitra, manao baranahy; miárana. Soyez —, Aza maňahy, matokía.

Tranquillement, Moramora, miádana, tsy maňahy.

Tranquilliser, Maňala ahiahy, mampatoky, mampitoetra, mampiádana, tsy mampaňahiahy. h mampiónina, mampiánina, h manony, mampitóny azy. Se —, Matoky, mody matoky, tsy maňahy koa, maňary ahiahy, h mónina.

Tranquillité, Habonéhana; fibonéhana, fitabonéhana, fijabonéhana; fimandínana, fimantónana, fipetráhana, fiaránana, fiadánana, Baranahy, fiaránan'ahy, ? habaranahy, faotónana, h ónana, hasalamalamána; salamaláma, salama.

Transaction, Faňekéna; fifaňekéna. vo Accords.

Transcendant, Mandílatra, mihoatra.

Transcrire, Mamindra sôratra; mamindra amy ny taratasy hafa; mala-tsôratra. Transcription, sôratra voa findra, sôratra nafindra. —, famindran-tsôratra, findra-sôratra.

Transe, Táhotra be, Vílona, félana. Dans les —, matáhotra be, mandryandrían'antsy, mandry antendrondéfona, azombílona, mangorohoro.

Transférer, Mamindra, — tany azy. Transférable, azo afindra. Transfert, famindrána.

Transfiguration, Fiovan-tsora, fiovan-tarehy, fiovan-dahara. Se transfigurer, Miova tarehy, miova sora, miova lahara.

Transformer, Manova tarehy (*ou* sora; lahara); —en, manova azy ho...; Se —, mody ho...; manjary. Transformation, fanován-tarehy &, fiovan-tarehy &; fanována ho...; fiována ho...

Transfuge, Miaramila maňani-drova miandáňy amy ny fahavalo; mpiandany amy ny fahavalo. mpilefa, mpandósitra, lava fe maňátona ny fahavalo. mpamádika.

Transfuser, Maňidina amy ny lovia hafa, mamindra lovia, mialo azy. Transfusion, faňidíňana amy ny hafa, famindrána kapóaka azy, fialózana. vo maňororóka.

Trangresser, Mandika, maňota, mandiso, mamókina, tsy mahafády, tsy maňáraka diditány. &. Transgresseur, Mpandika didy, mpaňota. mpandisolalána. Transgression. fandikána, pv fandikávana, faňotána, fandisóana; ota-fady, ota.

Transi, Reki-katsíaka, Rineki-katsíaka, tami-nara, azo ny nara; mangatsíaka, manára; antara. vo voly, ngoly, — de frayeur, azom-pélana, mangóyitra.

Transiger, mifañeky. — avec, Mifampañeky.
Transir, — de froid, Manamy nara azy, mankanara be, mahareki-katsiaka. h mahavoly, mahangoly azy; de peur, Manamy vilona azy, mamono vilona, mampangóvotra azy, — n, Transi. Transissement, havolíana, hangolíana, hatsíaka be, harekétan-katsíaka. —, hovotróvotra.
Transit, Fanomezan-dálana, lálana homba.
Transitif, (Verbe) mamindra, mahavoa.
Transition, fifindrána.
Transitoire, mandalo, mamántana, mihélina, tsy mitoétra; vetivety, tsy ela.
Translation, Famindrána, fanapíhana.
Transmarin, a, Andafindranomásina, andafy.
Transmettre, mamíndra, manapíka z amy ny o.
Transmigration, Fifindran-tany, fifindrána, fitsapíhana. — de Babylone, Ny nifindran-dreo *ou* ny fifindrá' ny tañy am-Babilôna.
Transmissible, Azo afindra amy ny o.
Transmission, Famindrána, fanapíhana amy ny o; fañatérana, fitondrána,
Transmuable, Azo ampifanována.
Transmuer, manova vy ho vy hafa, mampifanova.
Transmutation, Fifañována, fampifañována, fanována.
Transparent, a, h Mangarangárana, pv maugarankárana; madio —; h manganohano, mahita, mazava, ahitána, tantéraka, madio, tomaratara, mangirangirana, mangarakáraka, mibonáka, mibolálaka; taratasy mangerakéraka, homerakéraka, miverangérana, miverambérana, matífy mangerakéraka, matify vérana, matify verambérana, ? matify jérana. Un —, z mangarangárana, &. Transparence, Hazavána mangarangárana; fangarangaránana, fangarankaránana, hadio, hadióvana.
Transpercer, mamboróaka, manintéraka, mandóaka, manómbaka, mangoróbaka.
Transpiration, vo Sueur. transpirer, Mitsimitsimy, miboiboika, mitsíka, mitíka. —, vo Suer. —, k misehoseho, manampôna ho reñy n'ólona, mitránga, mivoabóaka, reñy fôfona, voa vahavaha.
Transplanter, Mamíndra vodihazo (*cu* voly, tsabo); mañetsa (vary); mañetsakétsa, mametsy, manobotrobo azy. Riz bon à —, vary fañetsa, vary fanobotróbo. Le temps de —, Fañetsána, fametsíana. riz transplanté, Ketsa, vary ketsa, vary fetsy. — au hazard, ketsandramoraina. transplantation, Famindram-boly, fañetsána, fametsíana, fanobotrobóana.
Transport, Famindrána ankafá; fitatérana, fitondrána

andafy. — de joie, Haravóana mahatámbana; de colère, Hasira mahasadéraka; safóaka, tafóaka, hatezeram-bé, afonáfona. —, — au cerveau, hadalána betibétika avy amy ny tazo, firadaradána.

Transporté, Ravoravo be. — de fureur, miafonáfona, misafóaka, misamóntitra. —, azon-tsadéraka, támbana.

Transporter, Mamindra ankafá, manapíka; mitondra hivóaka; mampitsáka, mampita. —, Mahatámbana, mahasadéraka, maharikíana. —, maharavoravo, mahavarivary. —, mahatézitra, mampisamóntitra, mampisafóaka, mampiénjika. Se—, mifindra, mitsapíka, mank'amyny, mandeha.

Transposer, Mamíndra. — tany. — láfatra azy. — azy an-koláfany hafa. TRANSPOSITION, famindran-dáfatra.

Transsubstantiation, Fiovány ny mofo sy ny divay ho vátana sy ho ra ny Jeso-Kry Tompo ntsika; fiovam-pôtotra.

TRANSSUBSTANCIER, mañova z ho z hafa; ? fañovam-pôtotra.

TRANSSUDER n, mitsimitsimy, mitsíka, mitika, ? manétona, ? tsémboka.

Transvaser, Mañídina, h mañaidina amy ny hafa, mialo, manapíka, mamíndra amy ny kapóaka hafa. mañororóka.

Transversal, Mitsiválana, manompírana, misákana, ? Mifandalo, ? manavokovoko. vo OBLIQUE.

TRANTRAN. Le — du palais, ny fiheveran-draharaha añy an-dapa.

TRAPPE, Varavárana atonta, tamíana alátsaka; Tonta, fandrik'atonta. vo hadifetsy, fándrika mitótotra, longoamitoto-bózaka.

TRAPU, Fohi-be, botréfona, tabokely, boteta, botétaka, botry botrabótra.

TRAQUENARD, vo Amble. —, fándrika famandriham-bibimaimbo.

Traquer un bois, Manárona ala hálaka ny biby, mamehy, mañodídina, manampin-dálana, mamehi-lálana. — des voleurs, Mandátsaka azy ambory, mamono-lálana azy, mamala. vo ASSIÉGER.

TRAQUET, Fiteháfana. —, fandri-bibimántsina.

Travail, Asa, h Lahasa, taozávatra, raharaha; z atao; závatra, fiasána. — fahasasárana. — forcés, ny raharaha ny andríana ampanaóvina ny olona very. En— d'enfant, marary efa hitéraka. — mal fait, vangovango. vo sakafoamba nifoitra.

TRAVAILLÉ avec soin, Tsara fanaôvana, Koa zinávatra, koa naloa. —, sásatra, trótraky ny asa.

Travailler, Miasa, mizávatra, mitsabo, manao, vo Mamôrona, mandrary, manefy, mamboatra, miraharaha, mizáka. —, de toutes ses forces, h miantotomaty, miasa fátratra,

mikely aiña, man dóditra tena. — constamment et vigoureusement, mak'ampandairany, mak'ankihitra. — grossièrement, mamangovango. — le bois, la pierre, mandráfitra hazo, vato. —, (hazo) Mihénkina, mangérotra, miólana, milántika, h mifántsika, mibaraingo, mivóhotra, mivava, mikénkona, miova. —, (Toaka) mitánika, mandevilevy. —, Mañólana, mañétsika, mañozonkózona, mamòfoka, Se —, se tourmenter, s'inquiéter. Travaillé de la fièvre, atao ntazo, anoin-tazo, azontazo.

TRAVAILLEUR, Mpiasa; mpizávatra. Grand —, fatra-piasa, maheri-miasa; fiasa, fatratr'asa, maheri-fiasa.

Travers. Le —, ny Antsákany, ampóhiny, sákany. Un — de doigt, rapahan-tondro. En —, Antsákany, ampóhiny. misákana, mitsiválana; manákana, fanákana, mifampisákana, mivokovoko, vokovoko. Se mettre en —, misákana, manákana, mibáhana, mibada. Mets-le en —, asakáno izy, Du TRAVERS, tsy hahitsíana; Vílana, viríoka, biríoka, bila, bilabila, kobila, sia, siasia, éngoka, engokéngoka, ótaka, ólika, ólaka, dimbana, viry, vily, sobílaka, sobílatra, sírana, sompírana, diso, ota, vírotra, virobírotra, vevy, vila, vilavila, fibilabilána. Qui sont, qui vont de, qui est de —, Bila, bilabila, vila, vilavila, kobila, mikobíla, mikobilabila, mibiríoka, miviríoka, vírotra, mivírotra, vílana, mivílana, mania, maniasia, méngoka, dimbana, mandímbana, mivi-ry, mivily, misobílaka, misobílatra, sírana, sompírana, diso, ota. miótaka, miólika, miólaka, vevy, mitovevy, mivirobírotra, njola, manjola, mikobilabílaka. vo o ambevimaso, o miviro-maso, o miviro-bava; aomby bila *ou* vila, zara vilana; lákana bila; fañahy, teny miótaka; o mifingafinga, o mivilampijery. vo REGARDER, MARCHER, BOITER. Le faire de —, Mamilabila; mikobilabila, mampikobilabila azy, mañéngoka, mampiótaka, mamilavila, manao miviríoka, manao mivírotra azy, mamiravira, Qui a avalé de —, kófina, rofiñina, sakáhina. Qui fait avaler de —, Maha —. Aller de —, (Rano atélina) misondróvaka; vo à TORT et à —. A — la ville, Mamaky tanána; la cloison, manintéraka, manaboróaka, mitaborôaka, mandóaka riba. Par le —, Tandrify, fañandrify, fanjó.

Traverse s, Sákana, hazo asákana, antsákany, ampóhiny; z misákana, z mitsiválana, latsy, sakamandimby. Chemin de —, lálana mamaky, sampandálana, lalankely, sampañandálana. Prendre la —, mamaky, h mamitravítra. Venir à la — de, misákana, manámpona. Des —, Sámpona, fanampónana. émbitra.

TRAVERSÉE, Fitána *ou* fitsáhana ranomásina, dia andranomásina; fandehánana.

Traverser une ville, Mamáky tanána; — en tout sens, mamakiváky tanána. — la forêt, Manintéraka, h manantéraka, Mandóaka, Manaboróaka ala. — la nuit, miloak'álina. — l'eau, Mita, mitsáka rano, —, Misákana, manámpona, mañémbitra. Forêt que traversent des chemins, Ala vakivakín-dálana maro. Traversé en différents sens, h tafasiantsíana.

Traversier a, (Lálana) mamaky, mitsiválana, misákana, (Lákana) fitána, fitsáhana.

Traversin, óndana lava, ondan-dava, onda-misákana. —, hala-misákana.

Travesti, Novan-tsíkina, navádika ho ratsy, novan-tarehy, natao ratsy sora, novan-ko-ratsy sora, niova-tarehy. Travestir, mañova tarehy, mañova lamba, mañova ho ratsy, h mañendrikéndrika, mañadala, mamádika ho ratsy; mañafahafa. vo Déguiser. Se —, Misíkina hafa, miova tarehy, mody hafa; mody ho tsy izy, mody hafa. vo se Déguiser.

Travestissement, vo Déguisement, et fitafiana tsy ahafantá rana.

Trayon, Lohanono ny aomby.

Trébucher, (o) mifíngana &. vo broncher; ny vity ny mamítaka, mavandy, ? mandenga; diso. — dans une affaire, tsy mazó, mandoly, mandamóka.

Trébuchet, Fandri-bórona, tonta, hadifetsy, lávaka tóto-tra, fándrika mitótotra, lávaka tsy hita. Prendre au —, Mandátsaka o an-dromay, ou antsóboka; manao sesi-ákoka azy, mamárina o; mamándrika, mañambáka, mamangopángoka o. —, Fandanjam-bola, filanjána madinika.

Tréfiler, Manao tari-bý, ou tari-baráhina, Mandroro-bý, mandrori-bý; manjao, manjaozao, manjaotra vy. mañalava, mañánjaka, mitárika vy. Tréfilière, fanavan-tari-bý; Tréfileur, mpanao tari-bý.

Trèfle, Ahitra telo ravin-kely.

Treillage, Latsy mitsivalambálana, harato-hazo, harato-vý, Rari-tsorakazo mangorakóraka, Tsorakazo mifanakantsákana. Treillager, Mañisy —.

Treille, harato hazo mifify riba amahañam-tahomboalóboka, Tohamboalóboka, harato hazo aníhiny ny voalómbona, toham-boalómbona.

Treillis, Tsora-draha (ou tsora-bý, tsorakazo) mifanakantsákana, ou mitsivalambálana; harato-hazo, harato vý. vo vokovoko. Treillisser, manisy —.

Treize, pv folo telo amby, h teloamby ny folo. Treizièmement, Treizième, Faha—. Un —, h ampahatelo amby ny folo.

TRÉMA, Tebo-droy tataòvin-tsòratra.

TREMBLANT, (táñana, olo-matoy) ataontsingévitra, azontsingévitra, mitsingévitra. h (feo) miparaetra. vo Ranoandrávina.

TREMBLE, Añaran-kazo abo misy rávina mitsingevitrévitra foana.

TREMBLÉ, a. Écriture —, sòratra mitsingevitrévitra; miolikólika. —, s, olikólika, tsingévitra.

Tremblement, horohoro, hovotra, hovotróvotra, hevitrévitra, tsingévitra, tora-kóvotra, tora-kóvitra. vo Jihijíhy, vihivihy, fihifíhy, hifihífy; hofokófoka, hozonkózona, pararétra. — de terre, horohoro-ntány. Trembler, Mi —; *et* Mangorohoro, mangóvotra, mangovotróvotra. — de peur, mañaran-défona, mitsirávina; hevy; de froid, mivihivihy, mangóntsina. vo TREMBLANT; *et* ménjika, mihenavélona, mitsirávina; mievotrévotra.

TREMBLOTER, TREMBLOTANT, mangovotróvotra, mitsingevitrévitra, mihebikébika, mihevitrévitra, mihefikéfika. Mitsingevikévika, mitsingevingévina, mikevikevy, mihavatrávatra, miheviliévy; hevihevy; mihevingévina, mitsingévina. mipempéna, mipendrampéndrana. vo TREMBLER.

Trémoussement, hetsikétsika; hofokófoka, h kofokófoka, ofikófika; honinkónina, h koropadrópaka, korofodrófoka, hendratréndratra, olaola. vo AGITATION, TREMBLEMENT. TRÉMOUSSER, mi —. Se —, Mihefikéfika hanao z, — des ailes, mañofokófoka élatra. ? mitehatehak' élatra. vo Mikarokároka, mirofodrófoka, mitrehantréhana, miraharaha.

TREMPE, ôfana, so*ka*. De bonne —, (Antsy) tsara —.

Tremper du linge &, Mandón*a*, manô*ka*; manjóboka lamba; la soupe, Mandóna lasopa; le fer, manôfana, manoka vy; son vin, mamaky rano azy, Mandena azy; la terre, (Orana) Mandéna, mañámpoka, mandítsaka, mahaléna tany. Mandona, mandena taratasy. — n, Milóna; mibobo-drano, ? misóka. — dans une affaire, (o) míditra añaty malo ratsy, mirai-tétika, miara-manao, mirai-kévitra. TREMPÉ, Lena, ámpoka, ampo-drano, tamy rano. dítsaka, bobo-drano, voa lona; vo h kotsa, kotsakótsa, kotsátsa. —, (vy) efa voa ôfana, voa so*ka*. vo mitsoitsoy, mitsontsoina.

TREMPERIE, trempage, fandémana, fandónana taratasy.

TREMPIS, Ranomadiro fandónana vy va hóditra ho fotsíana.

TREMPLIN, Fafa milebolebo diány ny mpitsambókina.

TREMPOIRE, Vilañy fandónana éngitra.

Trente, une TRENTAINE, Telopolo, Trentièmement, TRENTIÈME, Faha— ; faha— ny. Un —, h Ampaha— ny.

TRÉPAN, z fandoabána ny haran-doha. Trépaner, Mandóaka. vo mandidy ny taolandoha.

Trépas, (fitána, famantánana;) fahafatésana, fialan' aiña, tonompaty. Trépassé, naty, maty, nafoy. TRÉPASSER, Maty; mial'aiña, modimandry. maty an-jofo.

TRÉPIDATION. Tremblement.

Trépied, (Telotóngotra,) Toko, tokóana, mandiatelo; en pierre, tokodidy; en fer, tokový. Fipetráhana telo tóngotra, hálana telo tómboka.

Trépignement, Totototo tany. TRÉPIGNER, (o tézitra, o miravoravo) mitotototo tany.vo? mipatrapátraka,? migodongódona, midiadia, ? mitróatra.

Très haut, Abo Be, abo Indrindra. vo — ROUGE, mena ká. — noir, — obscur, maintim-pónitra, maizim-pátatra, maizin-goka. — blanc, fotsy mangántsa, fotsy jíaka. —méchant, masiaka mena. —actif, maláky féngana. — bon, tsara dia tsasa,tsara malaza. Je le sais très bien, hay ko loatra.

Trésor, Haréna, Antontambola, vola navory, vola vory, hávoriam-bola, h Rákitra; pv Drémana, ankera, Vola. haréana, fanáñana, ompy. —, TRÉSORERIE, Famoriam-bola, firakétana, fitahirizam-bola, fañompiam-bola. TRÉSORIER, Mpitam-bola, mpiraki-bola, mpañompi-vola, mpiambimbola.

Tressaillir, Taitra, taitaitra, héndratra, mihéndratra, mihendratréndratra, héndra, éndratra. — de joie, Tai-dravoravo, mibítaka, mibitabítaka, taitra haravóana; varivary, mitroatróatra. — de frayeur, Mihóntsina. TRESSAILLEMENT, Hataírana, héndratra; bítaka, hóntsina.

Tresse longue, Rándrana, taly; en forme de natte, Rary. vo eka, ólana. TRESSER une corde, les cheveux, Mandrándrana, mirándrana, mitaly; ? manólana. — une natte, un chapeau, Mandrary. TRESSÉ, mitaly, mirándrana, voa taly, voa rándrana. TRESSEUR, mpandrándrana, mpitaly; mpandrary. TRESSOIR, fandrandráñana, fitalíana; fandraríana.

Tréteau, Tómbo-datábatra, tómboka, indran-tómboka, indram-bity, antóka, hálana, toko, tóhana.

TREUIL, Z fampakaran'enta-mavésatra.

Trève, Andro itsaharan'amy ny ady, andro fanoeran' ady, andro tsy iadivana, fitsahárana amy ny ady; andro iankóana; fañitósan'ady. Faire —, mitsáhatra; mañito asa.

Triage, Fañaráhana ny tsara amy ny ratsy, fifidíana, fifidíanana, sk fifilíana; fidy, safidy; fily; fántina, fifanténana, ny mitsongora, ny mitsímpona.

TRIANGLE, qc triangulaire, Telo-zoro.

TRIBORD, ny ankavánany ny sambo.

TRIBU, Fahitr'ólona, fáhitra; h fokompirenéna, firenéna,

firazáñaua, vavíana.

tribulation, fahoríana. ADVERSITÉ, AFFLICTION.

Tribun, Mpifehy. — du peuple, Tale ny vohóaka, mifehy ny vahóaka, mpiaro ny vodiabitrarivo, mpanápaky ny arivo; kapiteny be.

tribunal, Lapa fimalóana, h fitsaráua, fikiabaríana.

tribunat, Ny raharaha sy ny voñinálitra ny *Tribun.*

Tribune, Rápaka abo fikabaríana, sandrátana fitorianteny, Fikabaríana, fitoeran'abo, hálana, talatala.

Tribut, Ny aloa amy ny Mpanjáka, h hetra. — de soumission, hásina, habahaba, fanompóana. — personnel, vidiloha, h ? tombandoha. vo fadintseráñana. Soumis au —, TRIBUTAIRE, h mihetra; ? mañefa ny tsy nirango; mandoa hetra.

tricher, mamítaka, mañangoly amy ny fisomána. vo TROMPER. TRICHERIE, fitaka, angoly.

tricolore, telo volo ny, telo sôra. vo lambasámpona.

Tricot, Kibay be fohy, kinongo, kononga, h langilangy, fivély, famely. TRICOTER, Mandráry toy ny *Bas*. Manénona amy ny tsoratsora-bý madínika mirimbon'ása. --, (Sovaly) mañetsiketsi-bity fa tsy maláky fandehánana.

trictrac, Añaran-daolao.

trident, telo nify, telo hý; éfaka telo tsíndrona.

